



**REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA TSY ARA-POTOANA VOALOHANY  
TAONA 2019**

---

DIRECTION DE LA LEGISLATION

-----  
SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-10 EX

FANOLORAN'ANDRIAMATOA PRAIMINISITRA LEHIBEN'NY  
GOVERNEMANTA, NTSAY CHRISTIAN, NY FANDAHARAN'ASA  
FANATANTERAHANA NY POLITIKA ANKAPOBEN'NY FANJAKANA

Fivoriana faha-3  
Natao ny  
Zoma 16 Aogositra 2019  
- Maraina -

## **FOTOPOTOTRY NY FIVORIANA**

**Natao ny**

**Zoma 16 Aogositra 2019**

**Maraina**

	Pejy
- Fitohizan'ny fivoriana .....	01
- Famakiana ny andininy faha-99 ao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny andininy faha-171 ao amin'ny Fitsipika Anaty .....	01
- Fiantsoana anarana.....	02
- Fanolorana ny PGE nataon'Andriamatoa Praiminisitra .....	02
- Fanomezana soso-kevitra sy fanamarihana nataon'ny Solombavambahoaka .....	26
- Fanampim-panazavana nentin'Andriamatoa Praiminisitra .....	122
- Fandraisam-pitenenan'ny Vondrona Parlemantera .....	130
- Fiatoan'ny fivoriana .....	135

## **FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

**MPITANTSORATRA:** - Ramatoa MICHELLE Bavy Angelica  
- Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré

**FOTOANA:** Zoma 16 Aogositra 2019, tamin'ny 10 ora sy 35 minitra, maraina.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fanoloran'Andriamatoa Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta, NTSAY Christian, ny fandaharan'asa fanatanterahana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana.

- 1 -

**- Fitohizan'ny fivoriana -**

**Ramatoa FILOHA**

Tompokolahy sy Tompokovavy,  
Mitohy ny fivorantsika.

Manolotra ny fiarahabana an'Andriamatoa Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta sy ianareo mpikambana ao amin'ny Governemanta tonga manatrika etoana.

Miarahaba antsika Solombavambahoaka koa amin'izao fivoriana maraina izay atrehantsika izao.

Ny fandaharam-potoana androany Zoma 16 Aogositra 2019 dia fivoriambe hanoloran'Andriamatoa Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta eto anoloantsika Antenimierampirenena ny fandaharan'asa momba ny fampiharana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana.

Alohan'izany anefa, miangavy an-dRamatoa Mpitantsoratra hamaky ny andininy faha-99 ao amin'ny Lalàmpanorenana ary ny andininy faha-171 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

- 2 -

**- Famakiana ny andininy faha-99 ao amin'ny Lalàmpanorenana  
sy ny andininy faha-171 ao amin'ny Fitsipika Anaty -**

**Ramatoa MICHELLE Bavy Angelica**

Andininy faha-99 ao amin'ny Lalàmpanorenana.

Ao anatin'ny 30 andro nanendrena azy no anoloran'ny Praiminisitra ny fandaharan'asany momba ny fampiharana ny politika ankapoben'ny fanjakana amin'ny Antenimiera izay afaka manome tolo-kevitra.

Raha tsapan'ny Governemanta eo am-panatanterahana ny asa fa misy fanovàna fototra tokony hatao amin'io fandaharan'asa io dia entin'ny Praiminisitra eny amin'ny Antenimierampirenena izay afaka manome tolo-kevitra izany fanovàna izany."

Andininy faha-171 andalana voalohany, ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Araka ny andininy faha-99 ao amin'ny Lalàmpanorenana, ny Praiminisitra no manolotra ny fandaharan'asany momba ny fampiharana ny politika ankapoben'ny fanjakana amin'ny parlemanta izay afaka manome soso-kevitra.

### **Ramatoa FILOHA**

Misaotra anao, Ramatoa Mpitantsoratra.

Izao dia hiroso amin'ny fiantsoana anarana, koa miangavy an'Andriamatoa Mpitantsoratra mba hanatanteraka izany.

- 3 -

### **- Fiantsoana anarana -**

#### **Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré**

AFAKANDRO Alphonse

.....  
.....  
.....

ZAFINANDRO Perle Bien Aimée

### **Ramatoa FILOHA**

Misaotra anao, Andriamatoa Mpitantsoratra.

Omena, an'Andriamatoa Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta ny fitenenana hanolorany antsika ny fandaharan'asan'ny Governemanta.

Koa miangavy anao, Andriamatoa Praiminisitra, handroso ety anoloana hanatontosa ny fanolorana izany programan'asa izany.

Omena anao ny fitenenana, Tompoko.

- Tehaka -

- 4 -

### **- Fanolorana ny PGE nataon'Andriamatoa Praiminisitra -**

#### **Andriamatoa NTSAY Christian, Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta**

Misaotra indrindra, Tompoko.

Ramatoa Filohan'ny Antenimierampirenena;

Ramatoa sy Andriamatoa isany Mpikambana ao amin'ny Biraô Maharitra;

Ramatoa sy Andriamatoa isany Minisitra, Mpikambana ao amin'ny Governemanta;

Ramatoa sy Andriamatoa isany Solombavambahoakan'i Madagasikara;

Isika rehetra manatrika etoana;

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Raisiko an-kafaliana tokoa ny fitenenana eto anatrehanareo amin'ny maha Praiministra, Lehiben'ny Governemanta ny tenako ka hamelabelaroko ny fandaharan'asa ho fanatanterahana ny Politika Ankabopen'ny Fanjakana izay nankatoavina teo anivon'ny Filankevitry ny Minisitra tamin'ny faha-31 Janoary 2019.

Noho ny fahasoavan'Andriamanitra sy ny herim-pon'ny tomponandraikitra rehetra dia vita soa aman-tsara tokoa ny fifidianana Solombavambahoaka ka nahavoafidy anareo.

Manantitra ny fiarahabana an-dRamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena amin'ny nahazoany ny fitokisan'ny Solombavambahoaka, ka nametraka azy ho Filoha. Miarahaba ihany koa ireo mpikambana rehetra ao amin'ny Birao Maharitra.

Amin'ny anaran'ny Governemanta tarihiko sy amin'ny anaran'ny tenako manokana no anehoako fisiorana eram-po, eran-tsaina an'Andriamatoa Andry RAJOELINA, Filohan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ianareo Solombavambahoaka amin'ny fametraham-pitokisana, ny fanolorana ary ny nanendrena ahy indray ho Praiministra. Manamafy ny fisiorana amin'ny nahatafatsangana soa aman-tsara ny Governemanta sy ny mpikambana ao anatin'y araka ny Andininy faha-54 ao amin'ny Lalàmporenana.

Ramatoa Filoha,  
Tompokolahy sy Tompokovavy,

Ny Andininy faha-63 ao amin'ny Lalàmporenana, andalana voalohany dia milaza fa anjaran'ny Governemanta no mamadika ho Fandaharan'asan'ny Politika Ankabopen'ny Fanjakana izay natolotry ny Filohampirenena araka ny Andininy faha-55, Andalana faha-6, mba hampiharana ireo Velirano miisa 13 nifanaovan'ny Filohampirenena tamin'ny vahoaka Malagasy.

Feno ny rafitra ankehitriny amin'ny Fanjakana foibe, tafapetraka soa aman-tsara ny Governemanta sy ny Antenimierampirenena, koa raisinay ho adidy araka ny voalazan'ny Andininy faha-99 ao amin'ny Lalàmporenana ny manolotra etoana ireo fotokevi-dehibe raketin'ny Fandaharan'asa miainga avy amin'io Politika Ankabopen'ny Fanjakana izay efa voalazako teo aloha io.

Natao izany mba ho tonga tamberin'andraikitra mivaingana, hita maso sy azo refesina izay andrandrain'ny vahoaka Malagasy amintsika rehetra tomponandraikitra ankehitriny miaraka amin'ireo rantsamangaika rehetra na aiza na aiza misy azy.

Ny fanatanterahana izany dia hovelabelarina etoana ao anatin'ireto lohahevitra dimy lehibe manaraka ireto, ka ahitana ny ankabopen'ny asa hatao:

- 1. Ny lafiny Fitantanana**
- 2. Ny lafiny Fandriampahalemana sy Filaminana**

- 3. Ny sehatry ny Toekarena**
- 4. Ny sehatry ny Tontolo iainana**
- 5. Ny lafiny Sosialy**

Ramatoa Filoha,  
Tompokolahy sy Tompokovavy,

### **1. Ny lafiny Fitantanana**

#### **1.1. Ady amin'ny kolikoly, tsy misy fandeferana**

Hatsaraina hatrany ny fitantanana ny raharaha-panjakana ary hotohizana sy hamafisina ny fampiasana ny «E-gouvernance» hanatsarana ny fampandehanana ny asa rehetra. Hisy ny famolavolana ny paikadim-pirenena momba ny «E-gouvernance» izay eo am-pamolavolana azy ankehitriny.

Singanina manokana ny fampiasana ny rindrambaiko AUGURE entina hitantanana ny mpiasam-panjakana. Vitaina amin'ny volana Septambra 2019 ho avy izao ny fampidirana ny anaran'ny mpiasam-panjakana rehetra sy ny momba azy ao anatin'io AUGURE io. Ny tanjona dia ny hitantanana ny isan'ny mpiasam-panjakana amin'ny alalan'ny AUGURE izay hifandray ho azy amin'ny fitantanana ny karaman'ny mpiasam-panjakana.

Hotohizana ny fampiasana teknolojia vaovao amin'ny fitantanana sy fanaraha-maso ny karapanondrom-pirenena. Izany dia tafiditra amin'ny fanatsarana ny fomba fitantanana sy hiadiana amin'ny hosoka ary mba hananantsika antontan'isa azo antoka sy hampihenana ny fisian'ny karapanondro hosoka.

Hampiasana teknolojia vaovao koa ny fahazoan-dàlana hitondra fiara (permis de conduire biométrique) sy ny taratasy mirakitra ny mombamomba ny fiara (Carte grise). Foibe miisa 12 no hametrahana izany eto amintsika, izay efa natomboka any amin'ny renivohi-paritany 6 eto amin'ny nosy, ka harapitaka ihany koa amin'ny renivohi-paritra 6 hafa ary kendrena ho vita mialohan'ny faran'ny taona 2020 izy rehetra.

Ny ady amin'ny kolikoly dia hifantoka ihany koa amin'ny fikirakirana ny taratasin'omby. Alohan'ny faran'ny volana Oktobra 2019 ho avy izao dia hivoaka ny rijan-teny mba hametrahana ny vidin'ny FIB (Fiche Individuelle des Bovidés) sy ny Bokin'omby ho sarany iray mitovy maneran'i Madagaskara. Izany no hatao mba hiadiana amin'ny kolikoly amin'ny fomba maharitra izay mianjady indrindra indrindra amin'ireo tantsaha sy mpiompy any ambanivohitra rehetra any.

Eo amin'ny asam-panjakana, efa natomboka ary hafainganina ny fomba enti-manatanteraka ny asa araka ny fototra tsy miova «Standard de services» eny amin'ny toeram-piasana mikirakira ny raharam-bahoaka mba ahafahan'ny olona rehetra mahalala mialoha ny pitsopitsion'ny taratasy ilaina, ny sarany ary ny fotoana iandrasana ny valiny. Izany no atao mba ho fampitoviana ny fomba fiasa eo anivon'ny sampan-draharaha-panjakana sy hialana amin'ny kolikoly eny amin'ny biraom-panjakana rehetra.

Hatevenina ny fomba fiasa, ka ho tena mangarahara ny tolo-barotra rehetra iarohana amin'ny Fanjakana. Hapetraka alohan'ny faran'ny taona 2019 ny «Mercuriale des prix» mba hamehezana ny vidin'ny kojakoja sy ny fitaovana isan-tsokajiny rehetra tafiditra eo amin'ny tsenam-baro-panjakana (marchés publics). Hatevenina ny asa sy ny andraikitrty ny «Contrôle Financier» sy ny «Inspection Générale de l'Etat» eo amin'ny lafin'ny fampiasana sy fandaniana ny volam-panjakana ary ny fitantanana ny sampandrahaham-panjakana rehetra manerana ny nosy. Hampiharina amin'ireo manodinkodina ny volam-panjakana ny lalàna velona. Anisan'izany ny fampiharana antsakany sy andavany ny fepetra voalazan'ny Hitsivolana laharana faha-2019-015 tamin'ny 15 Jolay 2019, momba ny famerenana ireo fananana sy vola azo tamin'ny fomba tsy ara-dalàna.

Lavina marindrano ny kolikoly amin'ireo fafaninana rehetra hidirana ho mpiasa sy tomponandraiki-panjakana. Tsy misy fiantrana ny ho setriny ny fahatratrarana ny manao kolikoly amin'ny fifaninanana ara-panjakana.

Mbola hatevenina hatrany ny ady atao amin'ny kolikoly mikasika ny mpitandrofilaminana eny amin'ny lalam-pirenena, eny amin'ny seranam-piaramanidina sy seranan-tsambo, ny ao amin'ny fitsarana ary ny ao amin'ny lafin-tany mba hamerenana ny fitokisan'ny vahoaka azy ireo.

Hijoro hatrany ho modely amin'ny fahamendrehana sy ny fahamarinana eo amin'ny fitantanana ny tomponandraikitra rehetra, ka izay mania dia hahazo ny sazy mifanaraka amin'izany. Antoka ho famerenana indray ny fahatokisan'ny vahoaka ny fanjakana izany ary antoky ny filaminana sy ny fampandrosoana ara-toe-karena, ara-piaraha-monina sy aratsosialy ihany koa.

Fehiny, hamafisina ny ady amin'ny kolikoly, ka tsy handeferana ireo minia manao izany.

## **1.2. Fitsinjaram-pahefana sy fampandrais'an'andraikitra ireo vondrombahoakam-paritra**

Mila fanavaozana ny politikam-pirenena momba ny fitsinjaram-pahefana eto amintsika amin'izao vanin'andro izao mba hanafainganana ny zotram-pampandrosoana izay hirosoan'ny rehetra amin'ny fomba maharitra. Hatao laharam-pahamehana ny fampandrosoana ny Faritra rehetra mba hialana amin'ny fivangongoam-pahefana aty amin'ny Fanjakana Foibe.

Foto-kevitra telo lehibe no hitondrana ny fitsinjaram-pahefana:

-Voalohany: ny fizarana ny fahefana any amin'ny Faritra, mba hahafahan'ireo tomponandraikitra manapakevitra haingana sy mitondra vahaolana ho an'ireny olana samihafa sy laharam-pahamehana hita eny ifotony ireny, fa tsy hiandry vahaolana avy aty amin'ny Fanjakana Foibe hatrany.

-Faharoa: ny fampivoarana eny anivon'ny Faritra. Tsy voatery hiandry ny Fanjakana Foibe ny fanombohan'ny asa fampandrosoana, fa ny Faritra ihany no mamaritra ny laharam-pahamehana sy manapakevitra amin'izay fotodrafitsara tokony hamboarina na hatsaraina araka ny filan'ny vahoaka sy filan'ny ara-toe-karena any ifotony, ka afaka manatanteraka ny asa noho ny fision'ireo fitaovana maro isan-karazany eo am-pelan-tànany.

-Fahatelo farany: ny mikasika ny ara-bola. Omena titebola manokana ny Faritra tsirairay hahafahany manatanteraka sy mampivoatra maharitra ny Faritra iadidiany.

Noho izany, manomboka amin'ity taona 2019 ity, mba hanatanterahana ny fampandrosoana eny ifotony dia tetibola mitentina Iray miliara ariary isaky ny Faritra no homena hampiasaina amin'ny fampandrosoana eny ifotony araka ny fandaharanasan'ny Faritra tsirairay avy. Ny fampitaovana ny Faritra rehetra manerana ny nosy dia atomboka amin'ity taona ity ihany koa.

Hapetraka ato anatin'ny telo volana ho avy izao ireo fitsipika aman-dalàna vaovao ifotoran'ny fitsinjaram-pahefana eto Madagaskara. Izany fitsipika aman-dalàna izany dia tsy maintsy hirakitra ireo fepetra mamaritra ny andraikitra, ny anjara toerana ary ny fahefan'ny vondrom-paritra itsinjaram-pahefana. Noho izany, tsy maintsy omena fahaiza-manao momba ny fitantanana ireo tomponandraikitra amin'ireo vondrona ireo.

Harindra ny fandefasana sy ny fametrahana ireo mpiasam-panjakana eny ifotony (fonctionnaires et agents publics locaux) mba hanatevenana ny fanapariam-pahefana ary hanatsarana ny fampandehanana ireo sampandrahaham-panjakana ifotony (services publics locaux).

Noho izany, hatomboka amin'ity taona 2019 ity ny fivorian-dehibe isam-paritra momba ny tetibolam-panjakana taona 2020 (Conférences budgétaires régionales pour la des finances 2020) hahafahana mampiseho amin'ireo vondrom-bahoaka ifotony, fa omen-danja ireo tena laharam-pahamehana sy ny filany amin'ny fampandrosoana mba hahazoana mamaritra mazava ireo tetibolan'ny Faritra.

Fehiny, isika dia tsy afaka miala intsony amin'ny ezaka iombonana takian'ny vahoaka Malagasy amin'ny hanatsarana haingana ny fitantanana ny firenena. Ireo asa maro voatanisa teo aloha ireo dia antoka lehibe tsy maintsy apetraka mba ho lasa zezika hanosika hatrany ny asa fampandrosoana.

## **2.Ny lafiny fandriampahalemana sy Filaminana**

### **2.1.Mikasika ny fandriampahalemana any ambanivohitra**

Fandaminana sy fandrindrana asa vaovao no hapetraka eto amin'ny firenena mba hamerenana ny filaminana sy ny fandriampahalemana anatin'ny fotoana fohy araka ny velirano nataon'ny Filohampirenena sy ny Politika Ankabopen'ny Fanjakana.

Efa naroso ary mbola hatevenina ny fandefasana mpitandrofilaminana mampandry tany any amin'ireo faritra mena eto amin'ny firenena, izay antsoina hoe "Zones Rurales Prioritaires de Sécurité" ary miisa efatra izy ireny (ZRPS Alpha any Ranohira, ZRPS Bravo any Miandrivazo, ZRPS Charlie any Morafenobe, ZRPS Delta any Maevatanàna).

Mbola mitohy hatrany ny iraka ataon'izy ireny na dia efa azo tsapain-tànana sahadys ny vokatra azo. Atao ny famerenena tanteraka ny fandriampahalemana any amin'ireny faritra mena ireny; na izany aza anefa dia tsy mitsahatra ny mikaroka paikady sy fomba vaovao hahazoana mamongotra ny asa ratsy isika.

Noho izany, tsy maintsy tanterahana ireto ezaka manaraka ireto ho amin'ity enim-bolana faharoan'ity taona ity ary mbola ho tohizana amin'ny taona 2020 izany.

Hapetraky ny Tafika Malagasy ireo rafitra maharitra sy nohavaozina ary haorina ireo fotodrafitsara handraisana azy ireny:

-Tobin'ny "Bataillon Opératoinnel Avancé (BOA) miisa dimy (5) ao Tsaratanàna, Iakora, Marafenobe, Ambatofinandrahana ary Isatry.

-Vondrona miaramila manokana ho an'ny fandriampahalemana na "Département Spécial de Sécurité" (DSS) miisa efatra (4) ao Vondrozo, Amboasary-Atsimo, Befotaka ary Ambohimahasoa.

Eo amin'ny Zandarimaria dia soritana manokana fa na dia efa an-taonany maro no nikasana hametraka Fiadidiam-paritany iosaky ny Faritany, Vondron-tobim-pileovana isaky ny Faritra, Vondron-tobim-paritra isaky ny Distrika ary Tobim-paritra isaky ny Kaominina dia ireo Fiadidim-paritany sy ireo Vondron-tobim-pileovana ihany aloha no efa tafapetraka avokoa.

Ireto kosa ny Kaominina hisitraka ny fitsanganan'ny Tobim-paritra (Brigade) amin'ny taona 2020: CR Marolinta, District Beloha; CR Tranomalo, District Amboasary-Atsimo; CR Soalazaina, District Ambatondrazaka; CR Talata/Vohimena, District Manandriana; CR Rantabe, District Maroantsetra; CR Alasora, District Antananarivo-Avaradrano.

Mba ho fanamafisana ny fitandroana ny filaminana sy fandriampahalemana eny amin'ireo lalam-pirenena dia apetraka manomboka amin'ity taona 2019 ity ny "Brigade Routière Spéciale" eny anivon'ny faritra fialan-tsasatra voaaro na ny "Aire de repos sécurisée" ka Kaominina valo (8) no hisantatra izany: CR Ambalamakanana, District Ambohimahasoa (RN7); CR Sahamamy, District Brickaville (RN2). CR Ambohimpiaonana, District Ambohidratrimo (RN34); "Croisement" Kiangara, District Ankazobe (RN4); CR Tsaramandroso, District Ambato-Boeny (RN4); CR Manampisoa, District Ambalavao (RN7); CR Ivohita, District Sakaraha; CR Irondro District Ifanadiana (RN25).

Mba ho fanamafisana ny fahaiza-manaon'ireo Zandary dia hatsangana any amin'ireto Kaominina manaraka ireto ny Foibe fanofanana "Centre Spécial d'Aguerrissement Opérationnel": amin'ny taona 2019 dia ny CR Malaimbandy, District Mahabo; CR Beroroha, Disitrcit Beroroha; CR Maromby, District Amboasary Atsimo; CR Imanombo, District Ambovombe; CR Beravina, Disitrcit Morafenobe; CR Ranotsara-Sud, Disitrcit Befotaka ary ny taona 2020 kosa ny CR Andriamena, District Tsaratanàna; CR Belo-sur-Tsiribihina, District Belo-sur-Tsiribihina ary "Centre National d'Entraînement Spécifique de la Gendarmerie Nationale" ao amin'ny CR Ambatolampy, District Ambatolampy.

Izany rehetra izany dia mitaky fanatevenana ny isany mpitandrofilaminana, ka handray zandary vaovao miisa roan-jato sy arivo (1200) amin'ity taona 2019 ity.

Ambonin'izany rehetra izany, tsy ataon'ny Gouvernement ambanin-javatra ny fampitaovana, ka homena fiara sy "motos" tsy mataho-dalana amin'ity taona ity sy amin'ny taona 2020 ireo Vondron-tobim-paritra, Tobim-paritra ary Foibe fanofanana voalaza etsy ambony ireo.

Farany, mikasika ny halatr'omby manokana, tazonina ny fanapahan-kevitra noraisina momba ny tsy fahazoana manondrana omby any ivelany ary hamafisina ny ezaka fanaraha-maso momba ny omby amin'ny alalan'ny fampiasana ny "puce électronique". Araka izay voalaza etsy ambony (teboka 1.1), hivoaka ato anatin'ny fotoana fohy ny Didim-pitondrana iraisan'ny Minisitera mikasika ny FIB sy ny Bokin'omby ary ny sarany.

## **2.2 Mikasika ny fandriampahalemana an-tanàn-dehibe**

Mbola mitohy hatrany ireo hetsika fisafona na "patrouille" ataon'ny mpitandrofilaminana telo tonta Polisy, Zandary ary Miaramila eo anivon'ireo Faritra mila izany eny an-tanàndehibe.

Amin'ity taona ity sy ny taona 2020 dia hatao ny fanamboarana trano handray ny "Commissariats de Police" any Mahatangy Vangaindrano, any Tsaratanàna, ao Mahatsinjo, District Maevatanana II. Mbola hisy koa fananganana efitrano vaovao handray ireo sampandrahaharaavy amin'ny Fiadidiam-parity ny filaminam-bahoaka miisa enina ambin'ny folo (16) maneran'ny nosy.

Mbola hohatevinina hatrany ny ady atao amin'ny "cybercriminalité" ary hohamafisina ny fanaraha-maso ny fivezivezen'ny olona eny amin'ny seranana isan-karazany ireny; ao anatin'izany ny ady amin'ny fandefasana olona antsokosoko ary ny fifindra-monina tsy aradalàna any ivelany.

Hisy ny fandraisana polisy vaovao miisa 1250 amin'ity taona ity ary mba hahalavorary ny fiofanana izay harahin'izy ireo dia hisy fanorenana trano vaovao sy fanatsarana sy fampitaovana maro samihafa eny Sekolin'ny Polisy.

Hotohizana hatrany ny ady atao amin'ny fakana ankeriny aty an-drenivohitra sy ny ady atao amin'ny zava-mahadomelina.

## **2.3. Mikasika ny fandriampahalemana an'habakabaka sy an-dranomasina**

Mbola hohatevenina hatrany ny fampitaovana ny Tafika an'habakabaka mba ahafahana mifehy tanteraka ny fandriampahalemana eto amin'ny nosy.

Manampy betsaka ny mpitandrofilaminana an-tanety sy an-dranomasina amin'ny famerenana ny fandriampahalemana sy ny fiarovana ny sisin-tany ary ny fari-dranomasina ny fitaovana efa eo am-pelan-tànana sy izay mbola ho tonga, toy ny fiaramanidina sy ireo angidimby.

Misy ny fanofanana alohan'ny farany taona 2019 mpanamory fiaramanidina sy angidimby miisa 30 ary mpiasa hafa misahana ny fikojakojana fiaramanidina sy angidimby.

Hatsangana ny fotodraftrassa vaovao handraisana ireo angidimby ho an'ireo Vondron-tafika "Bataillon Opérationnel Avancé" na ny BOA miisa 5 efa voalaza tetsy aloha. Havaozina ihany koa ny tobim-piantsonana fiaramanidina miaramila ao Arivonimamo.

Eo amin'ny lafiny ranomasina, hovitaina ato anatin'ny enim-bolana ho avy izao ny Paikadimpirenena momba ny fandriampahalemana an-dranomasina. Noho izany, hapetraka ny lalantsaina vaovao izay hifototra bebe kokoa amin'ny fiarovana ny sisin-tany sy ny fari-dranomasina mba hampanjariana ny toe-karena manga (Garde-côte) ankoatry ny efa mahazatra mikasika ny asa iandreketa'ny Tafika an-dranomasina (Forces Navales). Ilaina ny hamehezana tsara sy handrindrana metimety kokoa ny asa rehetra amin'ny fiarovana ny sisin-tany sy ny fari-dranomasina ka apetraka ho iray ihany ny fibaikoana ny asa rehetra.

Eo anatrehan'izany, tsy maintsy atao ezaka faran'izay haingana ny fampitaovana ny Tafika an-dranomasina sambo miaramila mpisafy vaovao (patrouilleur) izay marihina fa hatramin'ny niverenan'ny fahaleovantena dia sambany izao vao mba hividy fitaovana sahaza ny toetrandro toy izany ny tafika an-dranomasina.

Ny vaninandro ankehitriny dia mitaky fomba fijery vaovao mba hifanaraka amin'ny zava-misy tokoa ny rafitra apetraka.

Fari-dranomasina “Zone Maritime Prioritaire d’Intervention” (ZMPI) miisa 2 no hapetraka dia ny fari-dranomasina Avaratra-Atsinanana sy ny fari-dranomasina Atsimo-Andrefana.

Hisy fanamboarana ivon-toeram-pampianarana manokana ho an'ny Tafika an-dranomasina miisa roa (2) ao Antsiranana sy Mahajanga. Hoforonina ny tobim-pamaharana vaovao ho an'ny Tafika an-dranomasina ao Taolagnaro. Ny fananganana azy ireo dia hanomboka amin'ity taona 2019 ity ary hotohizana izany amin'ny taona ho avy sy ny manaraka.

#### **2.4. Mikasika ny fanatsarana ny toeram-pamonjana**

Fonja maromaro no hatsangana manomboka amin'ity taona 2019 ity. Misy amin'ireo toeram-pamonjana ireo no tsotra toy ny hatsangana any Sambava sy Fianarantsoa ary misy kosa ireo matevim-piambenana ho an'ireo nahavita heloka bevava mamoafady hatsangana ao Imerintsiasika (Antananarivo) sy any Ikelivondraka (Ihosy). Havaozina sy hitarina ny fonjan'i Tsiafahy sy ny any Moramanga.

Hovatsiana fitaovam-piadiana vaovao ireo mpandraharahan'ny fonja ary hampiana ireo fiara fitondrana voafonja, mialohan'ny faran'ny taona 2019.

Amin'ny taona 2020, hisy fanamboarana fonja tsotra any Manjakandriana, Vohémar ary ao Antananarivo Avaradrano. Harahi-maso amin'ny alalan'ny “camera de surveillance” ny fonjan'Antanimora, ny fonjan'I Toamasina ary ny Fitsarana ambaratonga voalohany any amin'ireo toerana ireo.

Hampiasana solosaina ny fitantanana sy fanaraha-maso ireo fonja manomboka amin'ity taona ity, ka hatramin'ny taona 2020. Io solosaina io dia mifampiakina sy mifandray any amin'ny fitsarana ambaratonga voalohany sy fitsarana ambony. Izany no atao dia mba hampihena ny kolikoly any anivon'ireny fonja ireny.

Hisy amin'ity taona ity ireo fanadinam-panjakana handraisana mpiandry fonja miisa dimampolo amby zato (250).

Raha ohatra efa betsaka ny fitsarana mitety vohitra (audience foraine) izay natomboka tany amin'ny tapany atsimon'ny nosy dia hitarina any amin'ny Faritra sasany toy ny any Atsinanana sy ny eto Analamanga izany, mba hampihenana kokoa ny isan'ireo voafonja vonjimaika milona ao an-tranomaizina miandry fitsarana.

Ho fehin'ity ezaka amin'ny fandriampahalemana ity, tsara ny manamarika fa tsy maintsy miditra amin'ny fanovàna fomba fiasa isika. Isan'izany ny fifampiankinan'ireo sampana rehetra ary tsy maintsy arindra ny asa atao sy ny fepetra horaisina. Araka izany dia hatambatra ny fitaovana ananana mba hisian'ny vokatra tsaratsara kokoa amin'ny famerenana ny fandriampahalemana eto amintsika. Mitaky fanatsarana sy fanamafisana ny fahaiza-mitarika eo amin'ny fitantanana ny lafiny fandriampahalemana (OMC any ifotony) ary ny fandraisan'anjaran'ny olom-pirenena amin'ny fampandriana fahalemana any ambanivohitra sy ety an-tanàn-dehibe dia entanina hatrany.

Ny tanjona tiana hotratrarina dia ny famerenana ny fitokisan'ny vahoaka ny mpitandrofilaminana, ny fitsarana ary ny lafin-tany amin'ny alalan'ny fanovàna hita maso ny fomba fiasa, ny hanaovana ihany koa ho soatoavina hajaina sy hiainan'ny tomponandraikitra rehetra ny fahaiza-manao, ny fahamendrena ary ny fahamarinana.

### **3. Ny sehatry ny Toe-karena**

#### **3.1. Fanatsarana ny toe-karena sy ny fitantanam-bola**

Ny tetibolam-panjakana nasiana fanitsiana taona 2019 dia efa nampifanarahina tamin'ireo laharam-pahamehana vaovao araka izay voalaza ao amin'ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana.

Eo amin'ny sehatry ny tetibola, tohizana ny ezaka amin'ny fampitomboana ny vola miditra amin'ny fanjakana sy ireo vondrom-paritra eny ifotony, amin'ny alalan'ny fiantohana ireo vola azo amin'ny harena voajanahary ary ny fandraisana an-tànana miandalana ny asa fihariana tsy manara-drafitra mba hiditra eo amin'ny sehatry ny ara-dalàna.

Hamafisina ihany koa ireo fanaraha-maso mialoha sy aorian'ny fampiasana sy fadaniana ny volam-panjakana mba hamongorana ny kolikoly sy ny hosoka. Tsy atao ambanin-javatra ny ady amin'ny hosoka amin'ny fampidiran-ketra sy ny fadintseranana amin'ny alalan'ny fanitarana ireo fotodrafitsara manaraka ny fivoaran'ny teknolojia (infrastructures de dématérialisation) sy amin'ny alalan'ny fanaovana sy fitsirihana anatiny.

Ny tanjona hotratrarina dia ny fiakaran'ny harin-karem-pirenena ho 7 isan-jatony ato anatin'ny telo taona ho avy, ka tahan'ny fampidiran-ketra hahatratra 15 isan-jatony amin'ny taona 2023.

Hisy ny fifampiresahana sy fifampiofanana mikasika ny tetibolam-mpanjakana eo amin'ny Minisitera misahana ny Fitantanam-bola sy ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola aty amin'ny parlemanta.

Ivon-toeran-ketra miisa 9 no hajoro ny taona 2019-2020 dia any Antanifotsy, Mampikony, Betsiboka, Amboasary, Mahajanga, Toamasina, Ambositra, Ifanadiana ary Farafangana.

Ivon-toeran'ny fadintseranana 4 kosa no hosokafana ny taona 2019-2020 dia any Mananjary, Analalava, Maroantsetra ary Mananara.

Ankoatr'izany, hosokafana alohan'ny faran'ny taona 2019 ny sampandrahahara misahana ny fandoavana ny karaman'ny mpiasam-panjakana sy ny volan'ny zokiolona ao Mananjary, Betroka, Mananara-Avaratra, Bekily, Beloha, Mahanoro, Mandritsara ary Analalava. Ny taona 2020 no hanokafana ny any Anosibe an'Ala, Nosivarika, Ambatofinandrahana ary Morondava. Ny sasany amin'izy ireo dia "Perception principale" (Betroka sy Mananara-Avaratra) ary ny hafa kosa "Trésorerie Générale" (Manajary sy Morondava).

### **3.2 Fampivelarana ny sehatry ny Indostria**

Tanjona ny hamokaratsika eto an-toerana ireo entana sy sakafo ilantsika andavandro. Hamoraina ny fananganana industria eto Madagasikara, ka homena vahana bebe kokoa ny fanodinana sakafo, ny famokarana siramamy ary ny fanamboarana fanafody. Amporisihana ny fahatongavan'ireo orinasa vahiny azo antoka, toy ny mpamokatra simenitra sy ireo mpamokatra herin'aratra azo havaozina.

Mbola eo amin'ny sehatry ny indostria dia hisy ny fameloma-maso sy fampandehanana indray ireo orinasam-panjakana lehibe izay mandalo fahasahiranana.

Hatsangana ny "Agence de Gestion des Zones D'Emergence Indistrielle (ZEI) ao anatin'ny enim-bolana, mba ahafahana mametraka ny paikady ho an'ireo karazana "Zone Industrielle" eto amintsika. Ny fametrahana ny ZEI dia hatomboka any Moramanga, Taolagnaro, Antsirabe ary Mahajanga.

Raha mikasika ny fampiharana ny lalàna ho an'ny fampandrosoana ny orinasa vaventy eto Madagasikara (Loi sur le Développement de l'industrie de Madagascar-LDIM Loi n°2017-047 du 29/01/2018) dia hivoaka amin'ny volana Oktobra 2019 izao ny didim-panjakana manatanteraka izany.

Ho fampiroboroboana ny asa fandraharahana sy ny famoronana orinasa dia hatsangana ny "incubateurs d'entreprise" miisa (3) any Vakinankaratra, Atsimo Andrefana ary Toamasina, ny taona 2019-2020.

Hatonta sy hozaraina manomboka amin'ity taona ity ny "Livret Kajy" miisa roa tapitrisa, mba hampidirana ny mpanao asa tànana amin'ny sehatra manara-drafitra.

Ho fanatsarana ny kalitaon'ny vokatry ny asa tànana mbaho matianina amin'ny asa sy ho fiadiana amin'ny asa tsy manara-drafitra dia hotohanana ny mpanao asa tànana sy ny Tranoben'ny Asa Tànana alohan'ny faran'ny taona 2019. Izany dia hatao any amin'ny Faritra Vatovavy Fitovinany, Boeny, Analanjirofo, Atsimo-Andrefana. Mpanao asa tànana miisa dimy alina (50°000) no hahazo tombotsoa amin'ny "Tetikasa Fihariana" amin'ny alalan'ny fanentanana sy tosika samihafa any amin'ny Faritra Diana, Boeny, Atsinanana, Atsimo Andrefana ary Amoron'i Mania.

### **3.3.Fanitarana sy fanatsarana ny fambolena:**

Mba tsy hanafarana vary intsony, efa natomboka ny fanajariana ny faritra hambolena mirefy iray hetsy hekitara (100 000 ha) ao anatin'ny dimy taona. Ny tanjona voalohany dia ny hanatrarana ny fahaleovantena ara-tsakafo.

Amporisihana ny fampiasam-bola amin'ny fambolena, ny fiompiana ary ny jono sy ny fanodinana vokatra avy amin'ireo seha-pihariana ireo. Ataontsika vainedohan-draharaha ny fiompiana sy ny fanatsarana ny omby eto amintsika.

Amin'ny fomba industriel no hitrandrahana ny fiompiana, ny fambolena ary ny jono mba hamoronana asa mendrika sy hanatsarana ny kalitao sy ny vokatra. Omen-danja manokana amin'izany ireo vokatra mampidi-bola vahiny sy ireo vokatra alefa any amin'ny tsena iraisam-pirenena, toy ny lavanila, ny "letchi", ny jirofo, ny "cacao" sy ny sisa sy ny sisa. Hamoraina ny fanampiana ireo mpamokatra madinika, indrindra fa ireo tanora mba ho matianina.

Amin'izao fotoana izao dia efa an-dalam-panitarana ireo velaran-tany azo ambolena vary ny Fanjakana. Izany dia hita amin'ny lemak'i Bekapila, Distrika Port-Bergé, manodidina ny arivo sy iray alina hekitara (11°000 ha) ka hatramin'ny fiandohan'ny taona 2020 no hanomboka ny asa miaraka amin-dry zareo Indiana.

Any amin'ny lemak'i Bas Mangoky dia dimy alina hekitara (50 000 ha) izay iarahana amin'ny BAD sy FIDA.

Any Alaotra dia efatra arivo hekitara (4 000 ha) iarahana amin-dry zareo Sinoa.

Iray alina hekitara (10 000 ha) vatsian'ny FIDA sy ny Vondrona Eropeana (UE) ary ny Banky Iraisam-pirenena (BM) efa natomboka tamin'ity taona ity ao Ambilobe, Antsirabe, Vangaindrano, Farafangana, Iazafo Vavatenina, Bealanana, Marovoay, Ambositra, Taolagnaro, Ambovombe.

Ny fanitarana ny tanimbaro ho an'ny ketsa izay hampiasana masomboly nohatsaraina kosa (vary an-tanety) dia dimy arivo sy roa alina hektara (25 000 ha) any Itasy, Bongolava, Vakinakaratra, Amoron'i Mania, ary Matsiatra Ambony.

### **3-4 Fanatsarana ny sehatry ny Fiompiana sy ny Jono**

#### **Fiompiana**

Eo amin'ny seha-pihariana omby dia hampitomboina ny isan'ny omby ompiana. Iantohana ny fahafantarana ny niavian'ny omby sy ny mombamomba azy (traçabilité). Hohatsaraina ny toerana famonoana omby (abattoirs) ary hisy fananganana toerana fiompiana omby moderna hanatavezana omby. Amin'ny taona ity dia hatomboka ny fananganana "abattoirs" any Toamasina sy Tsiroanomandindy.

Ny taona 2020 dia toerana famonoana omby folo (10) no hamboarina: Antsohihy, Morondava, Antsirabe, Sabotsy Namehana, Anosizato, Taolagnaro, Ihosy, Mahajanga, Antsiranana ary Sambava.

Hisy ny fananganana toerana fiompiana omby mifahy moderna vaovao, ka ny any Tsiroanomandidy ary Ambatomainty dia hatsangana alohan'ny faran'ny taona.

Eo amin'ny seha-pihariana dia hampitomboina hatramin'ny roapolo tapitrisa isan-taona (20 000 000) ny famokarana zanak'akoho (mpanatody lava sy fakana nofo) izay ilain'ny mpiompy tsotra sy ny mpiompy matianina. Izany dia atao any Mahajanga ary Brickaville. Tanora miosa 150 no hofanina ho mpahandrahahaha amin'ny fiompiana akoho, ka hatomboka amin'ity taona ity ny fanomanana izany.

### **Jono**

Havaozina ny fepetra amin'ny jono an-dranomasina amin'ny alalan'ny fanatsarana ny vola miditra amin'ny fanjakana avy amin'ny jono. Noho izany, haverina hojerena ny fifanarahana ara-jono rehetra efa misy.

Hatao koa izay hampahiratra ny fitrandrahana ny harena anaty rano, toy ny drakaka.

Farany, arovana ny faritra fanjonoana izay antsika Malagasy, ka hatevenina ny fitaovana fanaraha-maso any Nosy Be, Maintirano ary Mananara.

### **3.5 Fanamboarana fotodrafitsara sy fanatsarana ny endrik'i Madagasikara**

#### **Ny lalana sy ny asa vaventy**

Hotohizana ny fanavaozana sy fanarenana ireo lalam-pirenena maro eto amintsika. Tanterahina amin'izao **taona 2019** izao ka vinavinaina hifarana ny taona 2020-2021 ny asa fanamboarana sy fanavaozana ireto lalana ireto:

- RN5 (Toamasina - Soanierana-Ivongo)
- RN5 (Soanierana-Ivongo - Mananara - Maroantsetra)
- RN5A (Ambilobe-Vohémar)
- RN6 (Ambanja-Diego, ka ny fanarenana tetezana dia efa manomboka)
- RN12A (Vangaindrano-Taolagnaro)
- RN43 (Sambaina-Faratsihio)
- RN44 (Marovoay-Vodiala-Ambatondrazaka).

Raha eto amin'ny Faritra Analamanga sy Antananarivo izay renivohitr'i Madagasikara manokana no resahina, efa natomboka ny asa maika fanarenana sy fanatsarana ny:

- RN1 (Soarano-Mandriamena, “rond point” Anosy-fivoahana “pont” Ampitatafika), lalana Itaosy (Tetezana Ampasika mipaka any amin'ny “Cité des Assureurs” ary ny “bretelle d'Avarabohitra”)
- RN2 (Gara Soarano-Mahazo)
- RN3 (Andravoahangy Ambony-Sabotsy Namehana)
- RN4 (Soarano-Imerinafovoany)
- RN7 (Soarano-Mandriamena)
- Fanamboarana ny “Rocade Est” sy “Nord-Est” (“By pass”, Ambohimahitsy “Marais Masay”)
- Fanamboarana “échangeurs” sy “fly-over” Anosizato-Itaosy
- Fanamboarana ny lalana mailaka mampitohy ny “village artisanal” sy Ivato, 18 km.
- Fanamboarana lalana ambanivohitra manohy an'i Mahitsy sy Mahasoazaza, 19km.
- Fanamboarana ny fefiloaha havanan'ny reniranon'ny Sisaony.
- Fanatsarana ny fefilohan'i Sisaony hatrany Soalandry sy Ampanefy.

- Fanamafisana ny fefilohan'Imamba, Ankadikely Ilafy ary ny "Canal Andraintany" hatrany larinarivo.

Ny any amin'ny faritra hafa, ireto asa ireto koa dia efa nanomboka:

- Ny fanamafisana ny lakan-dranon'i Kiembe-Toliara ary ny asa fanajariana sy fanalavana ny fefiloha miaro an'i Kiembe Toliara
- Ny fanarenana ny lalan-drano (viaduc) Sahasinaka amin'ny lalamby Fianarantsoa-Côte-Est
- Ny fanombohana ny asa fanajariana ny fotodrafitrasa manaraka ny sisin-dranomasina ao Toamasina (Boulevard Tsimilaho) izay hifandrindra amin'ny "tetikasa Miami"
- Ny fanamboarana tetezana ao Andranomanakova, RN35
- Ny fanamboarana ny "bac" ao Ambila Lemaitso
- Ny fanamboarana sy fanavaozana ny lalana ifamezivezena any amin'ny Kaominina maro manerana ny nosy.

Hirosi ihany koa isika amin'ity taona 2019 ity amin'ny fanamboarana ny "routes fleuries" eny amin'ny lalam-pirenena RN1, RN2 sy RN7 izay hasiana fanarenana. Izany dia ao anatin'ny fiaraha-miasa amin'ny sehatra tsy miankina (PPP). Koa mba ho fanentanana sy famporisihana ireo orinasa handray anjara amin'izany fiaraha-mientana izany dia natsangana ny "Certification Label vert" izay toavina maneran-tany.

Hatomboka amin'ny taona 2020 ho avy izao ny fanamboarana na ny fanarenana ireto lalana ireto:

- RNS1 (Tsiroanomandidy-Maintirano)
- RN2 ary anatin'izany ny fanatsarana ny tetezan'i Mangoro sy ny tetezan'Antsapazana
- RN3B (Ambariomiambana-Andapa-Bealanana)
- RN4, RN6, RN7 dia ny fanarenana ireo lalana ireo
- RN8C (RN4-Kandreho)
- RNT8 (Bekopaka-Morondava)
- RN9 (Analamisampy-Manja) ka ny fanamboarana ny fanohizana ny lalana Tsianisia-Andoharano (racordement RN9) mahatratra 16km dia efa amperinasa tanteraka. Hatomboka ihany koa ny fanamboarana ny tetezana Mangoky (Bevoay) RN9 izay mahatratra valopolo sy valonjato metatra (880m)
- RN10 (Andranovory-Ambovombe)
- RNT11 (Mananjary-Nosivarika-Mahanoro)
- RN13 (Ambovombe-Taolagnaro)
- RNS13 (RN7-Ambovombe)
- RN18 (Vangaindrano-Midongy-Befotaka)
- RNT19 (Katsepy-Maintirano)
- RNT20 (Ilaka Atsinanana-Antanambao Manampotsy)
- RN23 (Mahanoro-Marolambo)
- RN31 (RN6-Bealanana)
- RN33A (RN4-Tsaratana)
- RN55 (RN9-Morombe)
- Ny fanarenana ny lalana ao an-tampon-tanànan'i Fianarantsoa, Mahajanga, Toliara, Antsiranana, Toamasina.

- Ny fanamboarana ireo tetezana amin'ny lalana mankany amin'ireto tanàna ireto: Beroroha, Besalamby, Ambalavao, Vohiposa
- Ny fanamboarana ny "Rocade Digue de Fiherenana"
- Ny fanamboarana ny lalana Antsohihy
- Ny fanamboaran-dalana eny ambanivohitra mirefy valopolo kilometatra (80km) sy tetezana any amin'ny Faritra Boeny sy Diana.

### **Ny Paositra**

Havaozina tanteraka ny paositra eto amintsika ary averina amin'ny toerana tokony hisy azy ny fandraharahan'ny paositra manerana ny nosy. Momba ny fotodrafirasa dia havaozina ny Foiben'ny Paositra Malagasy eo Antaninarenina izay vinavinaina ho vita amin'ny taona 2020. Havaozina koa ny biraon'ny Paositra miisa dimampolo sy roanjato (250) maneranan'i Madagasikara.

Mikasika ny "e-paiement" dia hisy fiaraha-miasa amin'ny sampandrahaharam-panjakana, orinasa ary tranom-barotra lehibe maro eto amintsika. Ny tanjona dia ny hahatratrarana mpanjifan'ny "Paositra Money" miisa telo hetsy (300 000) ao anatin'ny roa taona (2021).

### **Ny fitaterana sy ny fizahantany**

Hapetraka manokana ny politika vaovao eo amin'ny sehatry ny fitaterana mba hampivoarana haingana ny fizahantany eto amintsika.

Mba hahazoantsika manatsara sy mampiroborobo ny sehatry ny fizahantany dia tsy maintsy atao ny fanitarana sy fampanarahana fenitra ny fotodrafirasa amin'ny fitaterana rehetra. Hatsangana amin'ny velaran-tany sivy hekitara (9ha) alohan'ny volana desambra 2019 ny tanàna fialan-tsasatra (village de vacances) any Ampefy.

Amin'ny fitaterana an-dalamby, efa natomboka ny asa fanamboarana ny tetezana ao Sahasinaka amin'ny zotra FCE ary hatao ny fividianana lohamasinina roa (2) mampitohy Fianarantsoa-Faritra Atsinanana izay vinavinaina ho vita alohan'ny desambra 2019.

Hatsaraina koa ny asa atolotra ho an'ny fitateram-bahoaka na eto an-drenivohitra na any amin'ny Faritra; singanina amin'izany ny fametrahana mailaka "La City"-Tsarasaotra-Ivato-Talatamaty izay kendrena ho vita alohan'ny desambra 2019.

Hosokafana ny habakabak'i Madagasikara mba hanatsarana ny sehatry ny fizahantany. Efa irosoana ihany koa ny fanadiovana sy fampiroboroboana ireo rantsamangaika sy ny orinasam-panjakana izay misehatra eo amin'ny fitaterana sy ny fizahantany.

Mbola an-dalana ny fifampidinhana sy ny fifanarahana amin'ny fitantanana (Concession ou contrat de gestion) momba ireo seranam-piaramanidina hafa toy ny any Antsiranana, Mahajanga, Toamasina, Toliara, Morondava ary Taolagnaro. Manaraka izany dia eo ampanamboarana ny seranam-piaramanidina any Toliara sy Taolagnaro isika mikasika ny famaritana ny farity ny seranam-piaramanidina (limitation domaine aéroportuaire) sy fametrahana ny marika famantarana (balisage) izay kasaina ho vita amin'ity faran'ny taona 2019 ity.

Anisan'ny laharam-pahamehana ny fanamboarana ny seranam-piaramanidina any Bekopaka sy Ranohira mba hisitonanana bebe kokoa ny mpizahantany. Hosokafana ny seranam-piaramanidina Andrakaka any Antsiranana amin'ny sidina iraisam-pirenena; efa natomboka ny asa fandinhana ahatongavana amin'izany.

Ankoatran'izay, efa hatomboka alohan'ny faran'ity taona ity ny fifanarahana amin'ireo mpiara-miombon'antoka rehetra mba hanavaozana ny «Canal des Pangalanes» avy aty Toamasina ka hatrany Mananjary, mba hitondrana fanampiana amin'ny fampivelarana ny seha-pihariana, toy ny lavanila, ny harena an-kibon'ny tany, ny fizahantany, ny fambolena, ny industria, sy ny sisa.

Ho tohizana ny taona 2020 ny fanatsarana ny fifamoivoizana amin'ny "Canal des Pangalanes", ka hovitaina ny ampahany Toamasina-Foulpointe ary Mananjary-Farafangana.

Farany, hisy fihaonambe mikasika ny fampiasam-bola eto Madagasikara (Wave Madagasikara) amin'ny faha-17 ka hatramin'ny faha-20 Septembre 2019 ho avy izao, eny amin'ny CCI Ivato, ka mpandraharaha avy any ivelany mihoatra dimampolo (50) no ho tonga amin'izany.

Hasaina amin'izany ireo mpandraharaha rehetra izay mety liana amin'ny fifanarahana amin'ny fitantanana toerana fandraisam-bahiny, seranam-piaramanidina, seranan-tsambo, fitaterana an-dranomasina sy an'habakabaka.

Hamboarina ary hovitaina amin'ny taona 2020 ny tobim-piantsonana an-dranomasina ao Foulpointe sy Sainte-Marie. Hatao ao anatin'ny efa-taona ho avy ny asa fanarenana sy fanitarana ny tobim-piantsonan-tsambo any Vohemar, Antsiranana, Mahajanga ary Toliara.

Farany, hatomboka ny fanadihadihana mikasika ny fananganana tobim-piantsonan-tsambo vaovao ao Morondava sy Marohita Mananjary.

#### **4. Ny sehatry ny Tontolo iainana**

##### **4.1. Angovo sy rano fisotro madio ho an'ny rehetra**

Antoky ny fivoarana sy fampandrosoana ny firenena ny angovo sy ny rano.

Mikasika manokana ny angovo sy ny herinaratra dia hampitomboina avo roa heny ny famokarana herinaratra ao anatin'ny 5 taona. Hampiasaina bebe kokoa amin'izany ny angovo azo havaozina, mba hampihenana tsikelikely ny fampiasana solika mahazatra antsika sy hifehezana ny saran'ny famokarana.

Efa natomboka ireo asa hoenti-manangana ny foibe famokarana herinaratra avy amin'ny rano ao Sahofika, hamokatra sivifolo ambizato "mégawatts (190 MW) ary Volobe hamokatra roapolo ambizato "megawatts" (120 MW). Ezahina ny hamita tanteraka ireo foibe famokarana herinaratra ireo alohan'ny faran'ny taona 2023.

Hanamboatra tobim-pamokarana herinaratra mitambatra (Centrales hybrides) isika amin'ny tanàna miisa 45, izay hamokatra hatrany amin'ny 40 MW amin'ity taona ity 2019 ary anisan'izany Ambanja, Sambava, Antalaha, Nosy-Be, Mananjary, Ihosy, Betroka, Ranohira, Antsohihy, Port-Bergé, Mampikony, Toamasina, Sainte-Marie, Morondava, Ambovombe, Toliara, Miarinarivo,...

Efa vita ny fanamboarana toby famokarana herinaratra avy amin'ny "biomasse" (jatropha) ho an'ny tanànan'i Tsihombe.

Marihina etoana, fa anisan'ny laharam-pahamehana miaraka amin'ny JIRAMA ny fanamboarana na ny fanatsarana ny fotodrafitsara famatsiana herinaratra ny renivohitry ny Distrika rehetra eto Madagasikara. Noho izany, efa mijery akaiky ny fanatsarana ny fitantanana ny orinasa JIRAMA isika amin'izao fotoana izao, ka raisina ho laharam-pahamehana amin'izany ny fanavaozana tanteraka ireo fifanarahana amin'ny mpandrahahaha mpampanova milina, izay mitondra fatiantoka miavosa ho an'ny orinasa JIRAMA.

Ezaka goavana izay hatao ihany koa ny hanafoanana ny vesatry ny trosa ao amin'ny orinasa JIRAMA. Hisy ezaka manokana mikasika ny vidin-jiron'ny JIRAMA, mba hampihenana tsikelikely ny tsy fitovian'ny vidin-jiro any amin'ny faritra (pérequation tarifaire) Hotohizana koa ny fanomezana herinaratra mivantana eny Ambanivohitra.

Hahazo herinaratra avy amin'ny rano (hydro-électricité), amin'ity taona 2019 ity, ny Kaominina Ambanivohitra miisa 48 amin'ireto Distrika ireto: 15 ao Ambatondrazaka, 1 ao Amparafaravola, 1 ao Moramanga, 6 ao Bealanana, 3 ao Antsohihy, 3 ao Ambohimahasoa, 3 ao Tsiroanomandidy, 5 ao Anjozorobe, 1 ao Manjakandriana, 7 ao Ambositra ary 2 ao Toamasina II.

Hahazo herinaratra avy amin'ny masoandro (énergie solaire), amin'ity taona 2019 ity, ny Kaominina Ambanivohitra 28 amin'ireto Distrika ireto: 3 ao Antsiranana II, 1 ao Ambilobe, 1 ao Ambanja, 1 ao Ambalavao, 11 ao Toliara II, 2 ao Morombe, 1 ao Ambovombe, 1 ao Bekily, 2 ao Ampanihy, 1 ao Betioky, 2 ao Betafo, 1 ao Brickaville ary 1 ao Mahajanga II.

Hitarina amin'ity taona 2019 ity, ny tambazotran'ny herinaratra ao amin'ny Kaominina Ambanivohitr'i Sambaina, Manjakandriana, Sahanivotry (Antsirabe II) ary Fandriana.

Ho an'ireo toeram-ponenana lavity ny tambazotra dia hanaovana ezaka manokana ny fanapariahana ireo fitaovana isan-tokatrano manome herinaratra avy amin'ny masoandro "Projet kits solaires Johary". Hanomboka amin'ny volana Septambra ho avy izao ny fanapariahana ireo "kits" ireo, ka mihoatra ny iray hetsy (100 000 kits) ny tokatrano hisitraka izany amin'ity taona 2019 ity ary hahatratra roa hetsy (200 000 kits) izany manomboka amin'ny taona 2020. Marihana manokana, fa hirary ny vidin'ny hivarotana azy ireo ary azo aloa tsikelikely mba hitsinovana ny fahefa-mividin'ny vahoaka.

Mikasika ny rano, hampitomboina ny famatsiana rano fisotro madio ho an'ireo mpiarabelona manerana ny nosy ary hatevenina ny asa efa natomboka eo amin'ny sehatry ny fanadiovana sy ny fidiovana.

Momba ny famatsiana ny Faritra Atsimon'ny nosy manokana, efa vita ny tambazotran'Ampotaka izay mamatsy rano fisotro madio ny tanànan'i Sempeza, Beloha, Tsihombe, Ampotaka, Tranovaho, Marovato, Faux Cap. Ho vita amin'ny voalohan'ny taona 2020 ny tambazotran'i Sampona, izay hamatsy ny tanànan'Amboasary, Maroalompoty, Ankilikira ary tsy maintsy atomboka amin'ny taona 2020 ny fanamboarana ny tambazotran'i Bemamba.

Hovitaina alohan'ny faran'ity taona 2019 ity ihany koa ny fanatsarana ny famatsian-dranon'ny tanànan'Antananarivo sy ny manodidina azy (Grand Tanà). Anisan'izany ny faritra Atsinanana (Ambohimangakely, Ambohimahintsy, Mahazo, Ambatomaro); ny faritra andrefana (Itaosy, Ambohidrapeto); ny faritra avaratra (Sabotsy Namehana, Ilafy, Lazaina); ny faritra avaratra andrefana (Ankadindravola, Ivato, Ambohidratrimo, Ambohitrimanjaka) ary ny faritra atsimo (Iavoloha, Mahalavelona, Alasora, Andoharanofotsy).

Hovitaina toy izany koa ny fanamboarana na ny fanarenana ny famatsian-drano an'ireto tanàna ireto: Ambanja, Ambilobe, Ambatoboeny, Antsirabe, Mananjary, Miarinarivo, Sambava, Toliara, Tsiroanomandidy, Kandreho, Mahabo, Marovoay, Vohémar, Ambatondrazaka, Antsohihy, Maintirano, Morondava, Ihosy, Antalaha, Belo sur-Tsiribihina, Antsiranana, Fianarantsoa ary Toamasina.

Marihana etoana, fa anisan'ny laharam-pahamehantsika ny fanamboarana na ny fanatsarana ny fotodraftrasa famatsian-drano ny renivohitry ny Distrika eto Madagasikara.

Momba ny famatsiana solika dia nanao ezaka lehibe ny fitondram-panjakana tamin'ny fampihenana ny vidin-tsolika ho an'ny mpanjifa; kanefa mbola misy Distrika 40 eto Madagasikara no tsy manana toby fivarotana solika (station-service).

Amin'ny taona 2019 ity dia Distrika 5 amin'ireo mbola tsy manana no hahazo toby vaovao: 3 no efa vita (Anjozorobe, Andilamena, Mahabo), 2 eo andalam-panorenana (Ifanadiana, Belo sur-Tsiribihina). Tsy maintsy misy toby fivarotana solika iray farafahakeliny ny Distrika rehetra eto Madagasikara alohan'ny taona 2023.

#### **4.2. Fitantanana maharitra ny harena voajanahary**

Manomboka amin'ity taona 2019 ity ny fametrahana ny fotodraftrasa maitso (infrastructure verte) amin'ny alalan'ny fambolen-kazo, ka ny ezaka hatao dia ny fambolen-kazo ho an'ny velaran-tany efatra alina hektara ( $40^{\circ}000$  ha) isan-taona eran'i Madagasikara.

Mikasika ny fiarovana ny ala dia atao laharam-pahamehana ny fanomezan-danja ny toe-karena maitso (économie verte) sy ny toe-karena mifampsitsinjo (économie circulaire). Noho izany, hatomboka amin'ity taona ity ny tetikasa fanodinana fako miisa telo: ao Toamasina, Antsiranana ary Antananarivo Avaradrano, mba ho azo ampiasaina hanoloana ny arina na saribao. Hatomboka amin'ity taona ity ny fiaraha-miasa amin'ny sehatra tsy miankina amin'ny fanjakana, mba ahafahana mametraka fivarotana antsinarany ny etona (tavoahangy "gaz" 1 hatramin'ny 4 kilao).

Eo amin'ny harena ankibon'ny tany, hatao izay hifehezana haingana amin'ny fomba manardraftra ny fitantanana ireo harena ankibon'ny tany sy ireo loharanon-karena stratejika. Hatsaraina ny lalàna mifehy ny fitrandrahana harena ankibon'ny tany eto amintsika mba hametrahana ny tanjona hisian'ny tamberina fampandrosoana ho an'ireo tanàna sy ireo Faritra rehetra manankarena eo amin'ny lafiny harena ankibon'ny tany.

Ny volana Septambra 2019 ho avy izao dia hotohizana ny fanatsarana ny fitantanana ny fahazoan-dalana hitrandraka harena ankibon'ny tany.

Ny volana Desambra 2019 dia hapetraka ny foibe ho an'ny volamena sy ireo vato sarobidy ary koa ny fanatsarana ny fomba sy fepetra fampidiram-bola amin'ny asa fitrandrahana. Hotohizana ihany koa ny fametrahana maridrefy ny fangaraharana amin'ny fitantanana ny vola amin'ny sehatry ny harena ankibon'ny tany, izany dia hovitaina alohan'ny volana Jona 2020.

Noho izany, hatramin'ny volana Desambra 2020, hampidirina amin'ny sehatra manara-draftra ny mpitrandraka volamena miisa roa hetsy ( $200^{\circ}000$  orpailleurs), ny mpanangona volamena diman-jato (500) ary "comptoirs de l'or" miisa dimampolo (50) no hatsangana.

Alohan'ny faran'ny volana Jona 2020 dia hosokafana ny fanomezana fahazoan-dalana mitrandraka harena ankibon'ny tany vaovao miisa dimampolo (50 PE), ny fahazoan-dalana mikaroka harena ankibon'ny tany miisa dimanjato (500 PR) ary ny fahazoan-dalana hitrandraka ho an'ireo mpitrandraka madinika miisa dimanjato (500 PRE).

Mba hahazoantsika tombotsoa betsaka eo amin'ny fitrandrahana ny harena ankibon'ny tany dia tsy maintsy atao ny fampihenana ny fanondranana ireo akora fototra mbola tsy voahodina amin'ny alalan'ny fametrahana orinasa mpanodina manakaiky ireo toeram-pitrandrahana ary ny fampiofanana ireo mponina manodinana izany.

## **5. Ny lafiny Sosialy**

### **5.1. Fanabeazana sy fiofanana ho an'ny rehetra**

Iantohan'ny fanjakana ny fahafahan'ny olona rehetra mahazo fanabeazana sy fiofanana mahomby, indrindra ho an'ny zaza sy ny tanora Malagasy. Hamboarina hanaraka ny fenitra ny sekoly. Hampifanarahana amin'ny filan'ny tsenan'ny asa ho an'ny tanora. Havaozina hifanaraka amin'ny fivoaran'ny teknolojia ny fitaovana enti-mampianatra any anivon'ny EPP, CEG, "Lycée" ary Oniversite.

Ao anatin'ny fampandrosoana ny Kaominina andrasan'ny rehetra anjara sy ny fitsinjaram-pahefana dia hisy EPP vaovao hahitana efitra 12 miisa telopolo (30) hatsangana amin'ity taona 2019 ity, any amin'ireto toerana ireto: Andemaka-Vohipeno, Ifanadiana, Farafangana, Manja, Mitsinjo-Toliara, Matsaborilaidama-Ambilobe, Soavina-Betafo, Brickaville, Sahalava-Fianarantsoa, Ambatolahy-Fianarantsoa, Ankadinandriana-Antananarivo Avaradrano, Antanetibe-Anbohimangakely, Iavoloha Atsimondrano, Antanimena-Tana ville, Andranomena-Tana ville, Alakamisy-Ambositra, Morombe, Ampitsaharana-Soavinandriana, Befalafa-Taolagnaro, Andranomadio-Tsiroanomandidy, Beandradezona-Bealanana, Sahavolo-Fenerivo Atsinanana, Asabotsy-Ambatondrazaka, Amborovy-Mahajanga, Andrefantsena-Ihosy, Antanimbarinandriana-Vohemar.

Misy ihany koa fananganana CEG vaovao valo (8), ahitana efitra 24 amin'ireto toerana ireto: Analamahitsy-Tana Ville, Soamahamanina-Miarinarivo, Analamalotra-Toamasina II, Manakara, Anivorano Avaratra, Tsararano-Mahajanga I, Tanambao Taolagnaro, Tsimahavoakely-Morondava.

"Lycées" vaovao enina (6) ahitana efitra roa ambinifolo (12) no hatsangana ho amin'ity taona ity, ao Tongarivo-Tanjombato, Vatomasina-Vohipeno, Ambondromamy-Ambato-Boeny, Fanandrahana-Toamasina II, Scama-Antsiranana I, Mahavatsy I-Toliara.

Hisy ihany koa manomboka amin'ity taona ity:

- ny fananganana toeram-piofanana momba ny fambolena ahitana efitra roa ambinifolo (12) miisa iraiky ambinifolo (11) manerana ny nosy ao Soavina-Betafo, Vatomandry, Maevatanana, Andoharanomaitso-Isandra, Bealanana, Brickaville, Antampon'Ihorombe, Tsihombe, Tsiroanomandidy, Ambilobe ary Moramanga.
- ny fanamboarana Ivon-toeram-piofanana arak'asa fototra ahitana efitra roa amin'ireto toerana sivy ambinifolo ireto: Iakora, Ambohimahasoa, Ikongo, Soanierana-Ivongo, Anosibe An'ala, Beloha, Manja, Antanambao-Manampotsy, Port Bergé, Morombe, Ikalamavony, Vondrozo, Soalala, Besalampy, Morafenobe, Kandreho, Ambinagny-Antalahala, Sainte-Marie, Mananjary.
- ny fanokafana ny "cantines scolaires" ho an'ireo faritra lavi-dalana sy marefo ao anatin'ny Faritra Androy, Atsinanana, Vakinankaratra ary Analamanga.
- ny fanamboarana dabilio miisa sivy arivo sy iray alina (19°000) haely eran'ny nosy.
- ny fizarana boky miisa roa tapitriza (2°000°000 de livres) ho an'ny mpianatra hiatrika fanadinana.
- ny fizarana "kits scolaires" amin'ny endriny vaovao.

Amin'ity taona 2019 ity, hotohizana ny fanamafisana fahaiza-manao ho an'ireo mpampianatra rehetra. Efa napetraka ny vaomiera manokana mba hisahana ny fanapahankevitra amin'ny fandraisana mpampianatra amin'ny sekolim-panjakana rehetra. Izany no natao dia mba hialana amin'ny fitongilanana sy ho fanomezan-danja ny mangarahara.

Ny taona 2020, hotohizana ny ezaka fanatsarana ny fampianarana sy fiofanana ara-teknika sy arak'asa eto amintsika. EPP vaovao ahitana efitra 12 miisa 63, CEG vaovao ahitana afitra 24 miisa 8, "Lycées" vaovao ahitana efitra 12 miisa 6, toeram-piofanana momba ny fambolena ahitana efitra roa ambifolo (12) miisa 15, Ivon-toeram-piofanana arak'asa fototra ahitana efitra roa (2) miisa 21 no hatsangana eran'ny Faritra roa amby roapolo (22).

Hotohizana ny fanamboarana dabilio, ka tsy tokony hisy intsony amin'ny taona 2020 ny mpiantra mipetraka amin'ny tany ao am-pianarana any amin'ny sekoly rehetra manerana ny nosy. Hotohizana ihany koa ny fividianana boky ho an'ny mpianatra sy ny fizarana "kits scolaires".

Raha momba ny fampianarana ambaratonga ambony dia napetraka ho laharam-pahamehana ny fanamboarana Universite 4 ho an'Antsirabe, Fénérive-Est, Soavinandriana ary Morondava, ka hatomboka ny volana Septambra 2019 ny fananganana azy ireo. Ny taona 2020 dia hatsangana ny Universite miisa enina (6) hafa ho an'Ambovombe, Mandritsara, Antalahala, Ambatondrazaka, Farafangana ary Ihosy.

### **5.2 Fahasalamana:zo fototra ho an'ny olombelona.**

Hampitomboina ny tetibola ho an'ny fahasalamam-bahoaka. Laharam-pahamehana ny fandraisana an-tànana ny fahasalam'an'ny zaza latsaky ny 5 taona sy ny reny bevohoka ary ireo zokiolona.

Hatsaraina ny fampitaovana ny hôpitaly sy ireo toeram-pitsaboana samihafa. Efa amperin'assa ireo fiarabe fitsaboana 11 alefa any amin'ireo Faritra saro-dalana sy lavitry ny toeram-pitsaboana.

Efa napetraka ny fepetra momba ny fiarovana ny valan'aretina, toy ny pesta, ny "ebola", ny bonibony. Efa mipetraka ny paikady hisorohana sy hiadiana amin'ireo valan'aretina ireo ary efa miasa andro aman'alina ny rafitra mandrindra ny asa hiatrehana an'izany. Momba ny "ebola" manokana dia hotohizana ny fanamafisana ny fanaraha-maso (surveillance et dépistage) eo amin'ireo tobin-tseranam-piaramanidina sy seranan-tsambo eto Madagasikara, ka foibe fanaraha-maso ara-pahasalamana valo (8) no efa miasa ao Antsiranana, Nosy-Be, Mahajanga, Ivato, Toamasina, Toliara, Taolagnaro, Sainte-Marie.

Ho fampiroboroboana ny fahasalamana eny ifotony sy fampanarahana fenitra ny toeram-pitsaboana dia efa andalana ny fanamboarana ireto fotodrafitrasa vaovao ireto:

Toeram-pitsaboana fototra CSB miisa telo ambinifolo (13) manaraka ny fenitra sy mitovy firafitra no hatsangana amin'ity taona 2019 ity any **Motombositra-Beloha**, **Ambodiranao-Vondrozo**, **Ankaratra-Ambilobe**, **Sendrisoa-Ambalavao**, **Ranohira-Ihosy**, **Ambatomitsangana-Soavinandriana**, **Mahatsara Ilafy-Ambatondrazaka**, **Ambonivohitra**, Ambatondrazaka, **Bekodoka-Besalampy**, **Manja**, **Talatan'Angavo-Ankazobe**, **Antetezanintsina-Antalaha** ary **Manjarivo-Manakara**.

Efa andalana ihany koa ny asa fanamboarana hôpitaly manara-penitra "Centres Hôspitaliers de District" (CHD) miisa telo ambinifolo (13) any amin'ireto Distrika ireto: Analalava, Mandritsara, Mampikony, Antanambao Manampotsy, Beloha Androy, Antsalova, Ankilizato, Manandriana, Ambohimahasoa, Vohibato, Iakora, Ivohibe, Vondrozo.

Hamboarina manomboka amin'ity taona 2019 ity ihany koa: - ny «Centre Hôspitalier de Référence Régionale» (CHRR) vaovao any Maintirano;

- ny «Unité de transplantation rénale» eny amin'ny CHU Andohatapenaka, ka ao anatin'izany ny hanokafana ny «Unité de hémo-dialyse» maimaimpoana;
- ny fampitaovana ny CHD Beloha Androy, Manandriana ary Ambohimahasoa amin'ny «matériels techniques de blocs opératoires» ary torak'izany koa ny ho an'ireo CHU miisa 11 eran'i Madagasikara;
- ny fanamboarana ny Ivon-toerana fitsaboana fo sy voa ao Befelatanana.

Amin'ny taona 2020, hatao ary hamafisina ny fampitaovana ireo toeram-pitsaboana vaovao maro namboarina tamin'ny taona 2019 ireo.

Ny taona 2020, hotohizana ny fanamboarana CSB miisa 13 dia any **Ambatoaranana** (Antanifotsy), **Ilanjana** (Manandriana), **Antanivony** (Fandriana), **Maroanakomby** (Ambatofinandrahana), **Belintsaka Tanambao** (Ambatofinandrahana), **Belavenona Janjina** (Ambatofinandrahana), **Ambohitsaony** (Ambatofinandrahana), **Mahatsara Soalazaina** (Ambatondrazaka), **Vatolatsaka**(Betioky Sud), **Befotaka**, **Mahatalaky** (Taolagnaro), **Beampombo** (Betroka) ary **Beangily** (Bekily).

Efatra amby ny folo (14) ny CHD vaovao hamboarina amin'ny taona 2020; any Andramasina, Anjozorobe, Ambatomainty, Vavatenina, Port-Bergé, Befandriana Avaratra, Antanifotsy, Soanierana-Ivongo, Amboasary Atsimo, Mitsinjo, Bekily, Lalangina, Mandoto ary Vohipeno.

Amin'ny taona 2020 ho avy izao:

- hotohizana ny fampitaovana ny CHD manerana ny Faritra 22;
- homena fitaovana ny CHU (Centre Hôspitalier Universitaire) Analamanga, ka anisan'izany ny «Bunker» ao amin'ny HJRA;

- hatsangana ny “radio numérique” ary hampiana ny toeram-pandidiana any Mahajanga,
- hatsangana any Mahajanga, Antsiranana, Fianarantsoa ary Toliara ny «Unités de néphrologie» miaraka amin’ny “Centre de hémo-dialyse” maimaimpoana.
- hampiana ny toeram-pandidiana any Toliara.

Ny fanarenana ny tobim-pahasalamana efa misy eran’ny nosy dia hotohizana hatrany.

Ankoatran’ireo rehetra ireo, horaisin’ny Fanjakana an-tànana ny fitsaboana ireo tena sahirana. Hisy tahirim-bola hatokana amin’izany, ka miainga avy amin’ny Fokontany ny fifantenana ireo olona tena sahirana hisitraka izany.

Amin’ny taona 2020, hisy tetibola hatokana handraisany fanjakana an-tànana ny fitsaboana ireo zokiolona mihoatra ny dimy amby enimpolo (65) taona sy ny reny bevohoka ary ny zaza latsaky ny dimy (5) taona.

### **5.3.Toeram-ponenana sy fananan-tany**

Laharam-pahamehana ny fanorenana tanàna vaovao isaky ny renivohi-paritany rehetra. Koa ho an’Antananarivo dia fametrahana fotodrafitsara “Tanamasoandro” izay hatomboka amin’ity taona 2019 ity.

Ankoatran’izay, trano fonenana miisa dimy alina (50°000) no hatsangana eran’ny nosy ao anatin’ny dimy taona. Ezahina ny hanorenana fonenana mendrika ho an’ireo tokatrano marefo, miisa valopolo amby zato (180). Hatomboka ihany koa amin’ity taona ity, ny fanamboarana trano fonenana ao Fianarantsoa, Toliara ary Mahajanga miaraka amin’ny orinasa SEIMAD ary trano fonenana any Toamasina, Antsiranana sy Antananarivo miaraka amin’ny orinasa ANALOGH.

Ao anatin’izany rehetra izany, hotohizana ny ezaka ahafahana manampy ireo tantsaha Malagasy hahazo karatany, ka faritra 10 no hisitraka izany (Bongolava, Amoron’i Mania, Matsiatra Ambony, DIANA, SOFIA, Boeny, Androy, Alaotra-Mangoro, Atsinanana, Analamanga). Eo ankilan’izany, handraisana fepetra manokana ireo antontan-taratasy tsy ara-dalàna ka nahazoana tanim-panjakana tamin’ny fomba tsy mendrika.

Hovitaina amin’ity taona ity ny «Guichet unique foncier», ka birao miisa sivy (9) no hatsangana amin’ity taona ity: Befandriana Avaratra, Sakaraha, Andapa, Bealanana, Amparafaravola, Vangaindrano, Betafo, Ambatofinandrahina, Ambalavao.

Eo ankilan’izany, hapetraka ihany koa amin’ny taona 2020 ny Birao Ifotony momba ny Fananan-tany (BIF) amin’ireto toerana ireto: Mahajanga II, Toliara II, Vavatenina, Ambatoboeny ary Faratsihio.

Biraon’ny fananan-tany miisa telopolo sy roanjato (230) no hatsangana, ka ny taona 2019 amin’ny Faritra Analamanga, Itasy, Analanjirofo ary ny taona 2020, any amin’ny Faritra Atsinanana sy Vakinankaratra.

Tsy zoviana amintsika, fa fanamby goavana ny mikasika ny fananan-tany eto Madagasikara; noho izany dia ezaka maro no hatao.

Anisan'izany, ny fanamarinana sy fanomezana «Titres Fonciers» miisa dimanjato sy efatra arivo sy iray alina (14°500 titres fonciers) ary «Certificats Fonciers» miisa dimy arivo sy telo alina sy iray hetsy (135°000 certificats fonciers) amin'ity taona 2019 ity. Mikasika an'izay ihany, ny vina ho an'ny taona 2020 dia «Titres Fonciers» miisa roa arivo sy telo alina (32°000) ary «Certificats Fonciers» miisa dimy hetsy (500°000) no hovitaina.

#### **5.4 Fampivoarana asa mendrika ary fanomezan-danja manokana ny vehivavy sy ny tanora**

Omena tosika ireo tanora lahy sy vavy izay mamorona asa amin'ny alalan'ireo tetikasany. Ny programam-pirenena «Fihariana» dia fitaovana iray lehibe ahatongavana amin'ny fampiroboroboana ny asa mendrika ho an'ny tanora eto amintsika.

Omena fiofanana ho matianina eo amin'ny sehatry ny fihariany ihany koa ireo tanora tantsaha ary tolorana tany izy ireo (Titre verte).

Hapetraka ny banky hamatsy vola manokana ny fandraharahana ara-toe-karena ary hamoraina ny fisitrahan'izy ireo izany. Noho izany, homena vahana ny fifaninanana masina, fampiratiana sy famokarana eny anivon'ny Faritra rehetra. Hisy ireo fepetra horaisina hahafahan'ny vehivavy misitraka ny fanampiana ara-teknika amin'ny famoronana asa mampidi-bola sy mahavelona.

Efa natao ny ezaka manokana nampiakarana ny karama faran'ny ambany ho roa hetsy ariary (200°000 ariary). Homena lanja ny asa fitiliana any amin'ny orinasa ataon'ny Sampana fandraharanana ny asa eran'ny nosy.

#### **5.5 Fampivoarana sy fampiraovana ary fametrahana ny tanora Malagasy amin'ny toerana mendrika**

Ny tanora, araka ny tenin'ny Filohampirenena ombieny ombieny, no ankehitrinin'ny Firenena. Noho izany, ampiana sy tohanana araka ny tokony ho izy ary faran'izay tratra izy ireo. Ankoatran'ny fanohanana efa voatanisa etsy ambony, omen-danja lehibe ny fitaizana sy famolavolana azy ireo ara-panatanjahantena.

Hapetraka ny fomba rehetra hanatanterahana ny programa «sport-études». Torak'izany koa, ny fametrahana vatsim-pianarana ho an'ireo mpianatra sy mpiofana ara-panatanjahantena mendrika.

Ezahina ny hametraka ny sata manokana ho an'ny atleta matianina. Ezahina koa ary hatsaraina hatrany ny fampitaovana ireo federasiona rehetra.

Hapetraka eto Madagasikara ny «bureau permanent d'alliance de haut niveau pour le sport et l'éducation physique en Afrique». Vina lehibe tokoa izy io mba ho fanatsarana hatrany ny fanofanana sy fitsinjovana ny tanora Malagasy.

Hatsaraina sy havaozina ihany koa ny fiofanana arak'asa maharitra ho an'ireo mpampianatra EPS sy «sport santé» sy ireo tomponandraikitra isan-tsokajiny miasa eny anivon'ireny ivon-toerana mikarakara ny tanora ireny.

Ho fanatanterahana ny vinan'ny Filohampirenena, momba ny fanatanjahantena sy ny fampivoarana ny tanora, hatsangana sy harenina ary havaozina ireo fotodrafirasa maro isan-karazany ato anatin'ny fe-potoana fohy ny taona 2019-2020. Ao anatin'izany ireto programan'asa ireto:

- fananganana «Académie Nationale des Sports» avo lenta ao amin'ny fotodrafirasan'ny «Tanamasoandro» sy any amin'ny renivohi-paritany dimy hafa;
- fanavaozana ny kianjaben'i Mahamasina mba hahazaka olona hatramin'ny dimy alina (50°000);
- fananganana “stades” ary “gymnases” manara-penitra any amin'ny renivohi-paritra izay mbola tsy misy;
- fanamboarana dobo filomanosana manara-penitra (piscines olympiques) any amin'ny renivohi-paritany enina (6) sy ao Antsirabe. Efa hatomboka amin'ity taona ity ny any Mahajanga sy Toliara;
- fananganana “boulodromes” misy “gradins” any amin'ny renivohi-paritra roa amby roampolo (22) manerana ny nosy;
- fanavaozana ny «Académie Nationale des Sports» ao Ampefiloha-Antananarivo;
- fametrahana sy fampitaovana ny fotodrafirasa «parcours de santé» any amin'ny renivohi-paritany enina (6), ka hatomboka amin'ity taona ity ny any Fianarantsoa sy eto Antananarivo;
- fanavaozana ary fampitaovana ny «Institut National de la Jeunesse» ao Carion;
- fananganana «Cours de tennis» manara-penitra any amin'ny renivohi-paritany enina (6), ka hatomboka amin'ity taona ity ny eto Antananarivo.

## **5.6.Serasera sy kolotsaina**

Momba ny serasera dia hatao laharam-pahamehana ny fanitsiana ny lalàna momba ny serasera amin'ny haino aman-jery. Hapetraka ny «Autorité Nationale de la Régulation de la Communication Médiatisée» na ANRCM.

Hezahina manokana ny fampanarahana toetr'andro ny haino aman-jerim-bahoaka (ORTM). Hezahina amin'izany ny fanatsarana ny fadraisan'ny Kaominina rehetra manerana ny nosy ny haino aman-jerim-bahoaka.

Havaozina ny «Centre d'Etudes et de Formation Multimédia» (CEFOM) ao Maibahoaka-Ivato mba hanaraka ny filana takian'ny toetr'andro.

Ankoatran'izay, mitaky kolotsaina mifanaraka amin'ny tena maha Malagasy izay mampivoitra ny soatoavina lovain-jafy ny fanatanterahana izao programan'asa izao.

Tohizana ny famerenana indray ny fanabeazana ny maha olom-pirenena, ka efa ampiasaina fatratra amin'izany ny haino aman-jerim-bahoaka. Hohatevenina ny ezaka mba hanentanana ny rehetra amin'ny fitiavana, ny fanajana ary ny fikolokoloana ny fananana iombonana amin'ny alalan'ny «Asa tàngnamaro».

Havaozina ireo vakoka ara-kolotsaina sy ara-tantara maro dia maro misy eran'i Madagasikara ary hanamboatra mozea koa isika hampiratiana ny harem-bakoka ananantsika manerana ny Faritra maro. Tsara ny manamafy etoana fa hovitaina alohan'ny volana Jona 2020 ny asa famitana ny Rovan'Antananarivo.

Farany, hanomboka amin'ity taona ity ny asa fanamboarana ny Akademia Nasionaly Taozavatra sy Kolotsaina na ny «Académie Nationale de Arts et de la Culture», mba ahafahantsika manofana sy mampivoatra ireo ho tena matianina amin'ny sehatry ny kolotsaina. Tanjona ny hitantanantsika amin'ny tokony ho izy ireo harena rehetra ananantsika eo amin'ny sehatry ny kolotsaina.

Ramatoa Filoha;  
Tompokolahy sy Tompokovavy;

Mazava izao ny tanjona tiana hotratrarina dia «ny hanenjika ny fahataran'i Madagasikara ary hampandroso azy eo amin'ny sehatra rehetra».

Ny fanatanterahana ity programan'asa ity dia mila diplomasia mavitrika izay hanamafy ny hanatsara hatrany ny fiaraha-miasa iraisam-pirenena ho fampandrosnana maharitra an'i Madagasikara. Efa natomboka ny fanadiovana sy ny fanatsarana ny anjara andraikit'r'ireo masoivoho Malagasy rehetra any ivelany. Hotendrena tsy ho ela ireo "Ambassadeurs" na "Chargés d'Affaires" na "Consul" hitantana ireo masoivoho ireo.

Hiompanana bebe kokoa amin'ny lafiny fifandresen-dahatra ara-toekarena sy ara-barotra iraisam-pirenena manomboka izao ny diploma Malagasy.

Hiezaka koa isika hanatanteraka ireo tetikasa rehetra voatanisa ato anatin'ity programan'asa ity amin'ny alalan'ny herintsika sy ny vokatry ny harentsika; kanefa tsy atao ankilabao ny fiaraha-miasa amin'ireo mpiara-miombon'antoka amintsika. Ao anatin'izany dia efa natomboka ny fandrafetana ny drafi-pirenena ho amin'ny fampandrosoana na ny «plan emergence Madagascar 2019-2023» mba handrindrana ny asa sy ny ezaka hanandratana ny firenena.

Ny tao-trano tsy vitan'irery, ilaina indrindra indrindra koa ny fahaizana miara-miasa sy fahaizana mandrindra ny asa atao; koa manainga antsika eto anivon'ny Antenimierampirenena; manentana ihany koa antsika vahoaka Malagasy rehetra tsy ankanavaka mba hifanome tànana an-kitsipo sy ampiralahahiana ho fampandrosoana maharitra ny firenena.

Eto ampamaranana dia ambarako etoana ny fahavononan'ny Governemanta tarihiko amin'ny fanatanterahana haingana ity programan'asa ity.

Misaotra indrindra anareo rehetra ny tenako nampian-trano sy nandray izao famelabelarana izao.

Misaotra Tompokolahy.  
Mankasitraka Tompokovavy.

### **Ramatoa FILOHA**

Misaotra anao, Andriamatoa Praiminisitra, tamin'izay famelabelarana sy fanoritsoritana ny fandaharan'asan'ny Governemanta izay tarihinao izay.

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Hiroso amin'ny fandraisana fitenenana isika izao satria manan-kolazaina sy manan-kambara ny Solombavambahoaka.

Alohan'izany anefa, manolotra fisaorana ho anao Andriamatoa Praiminisitra sy ireo Minisitra mpikambana ao amin'ny Governemanta noho ny fandaharan'asa izay misy fivoarana satria raha notanisaina ny programa rehetra, ny fivoarana tsapa tamin'izany, ny nametrahahanareo Governemanta ny fotoana na ny datin'andro hanombohana ny asa sy ny hanatanterahana izany fandaharan'asa izany. Mazava sy misoritra ary mirakitra ato anatin'ity fandaharan'asa ity mantsy izany.

Raha sitrakareo, izao no hanaovantsika ny fomba fiasantsika: hanao fanamarihana na hanao tolo-kevitra isika Solombavambahoaka tsirairay ary aorian'izay, omena fitenenana ny Filohan'ny Vondrona Parlementera na ny solotenany izay vonona amin'izany, ka afaka manolotra soso-kevitra koa izy ireo hanatsarana sy hanitsiana ny fandaharan'asan'ny Governemanta izay naroso tamintsika teo.

Marihana anefa fa izay fandraisantsika fitenenana na soso-kevitra na fanamarihana izay mba tsy hivaona amin'izay voalaza ho fandaharan'asan'ny Governemanta.

Koa hiroso amin'izany isika izao.

Langaviana isika izay handray fitenenana hanangana ny tànany mba horaisina ny anarany, ka araka iny filaharany iny no hanomezana fitenenana anareo.

Misaotra Tompoko.

Mandray fitenenana voalohany, Andriamatoa AFAKANDRO Alphonse, Solombavambahoaka voafidy tany Maintirano.

- 5 -

**- Fanomezana soso-kevitra sy fanamarihana nataon'ny Solombavambahoaka -**

### **Andriamatoa AFAKANDRO Alphonse**

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarhaba anao, Andriamatoa Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta sy ny Minisitra miaraka aminy; ny Solobavambahoaka namana.

Andriamatoa Praiminisitra, ravo sy faly ny tenanay amin'ny maha Solombavambahoaka anay voafidy tany amin'ny Distrikan'i Maintirano, renivohitry ny Faritr'i Melaky.

Hatramin'izay nisian'ny fitondrana, vao sambany izao mba voatonina tato anivon'ity Antenimierampirenena ity ny fisian'ny "route nationale" voalohany mampitohy an'i Tsiroanomandidy sy Maintirano; vao sambany koa, Andriamatoa Praiminisitra no mba nahitanay ny anaran'i Maintirano sy ny Faritr'i Melaky ato anatin'ny programan'asa Governoremanta. Koa mankasitraka tanteraka, Andriamatoa Praiminisitra ary midera sy vonona ny hanampy an'izao Governoremanta izao izahay satria mifandraika amin'ny soritr'asa izay napetraky ny Filohampirenena hajaina izany; na izany aza, Andriamatoa Praiminisitra, tiako ny mampahafantatra anao, fa misy tranon'ny polisim-pirenena any, vao namboarina sy mbola tsy voatokana ary mbola tsy nisy nipetraka kanefa efa simba sahadys. Mba jereo ny mikasika izany ary mangataka fanampiana amin'ny fampitaovana azy koa, Andriamatoa Praiminisitra.

Midera mandrakariva, Tompoko, ary manome voninahitra anareo hatramin'ny farany.

Misaotra Tompoko.

### **Ramatoa FILOHA**

Misaotra ny Solombavambahoakan'i Maintirano tamin'izay fandraisam-pitenenana izay.

Azafady fa ny filaharana tonga eto amiko sahalan'ny mitovy amin'ny filaharan'ny lisitry ny Solombavambahoaka, fa ny filaharan'izay nanangan-tànana voalohany no mandray fitenenenana voalohany koa.

Andriamatoa Solombavambahoaka mitondra ny laharana faha-128, RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, voafidy tao Ikongo.

### **Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle**

Misaotra betsaka, Ramatoa Filoha nanome ny fitenenana.

Manantitra ny fiarahabana an'Andriamatoa Praiminisitra sy ny Governoremanta miaraka aminy.

Misaotra betsaka, Andriamatoa Praiminisitra, nanolotra ny programan'asa izay hita fa manomboka mivelabelatra ary mazava kokoa ny zavatra tiana hotanterahina.

Ny indro kely, Andriamatoa Praiminisitra, tsy voatonina tao amin'ny programa novololainao mihitsy ny Distrikan'Ikongo. Mba anaovako "réclamation" satria mbola tao amin'ny Governoremanta isika tamin'ny taona 2018, ka nosoloina ny satan'ny lalam-pirenena faha-14 raha ohatra "route nationale temporaire" izy tamin'izay na "tertiaire", nampiakarintsika ho "route nationale", ka "adopté" tao amin'ny "Conseil du Gouvenement" kanefa raha ny programa tonga eto, tsy misy resaka ary tsy misy fikitohana mihitsy ny momba izany. Zavatra iray ihany no hitako mikasika an'Ikongo ao, ny an'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena izay hametraka efitrano roa hanaovana fampiofanana manokana.

Tsara ny programan'asa, Andriamatoa Praiminisitra, fa mangataka aminao izahay Distrikan'Ikongo, mba hampidirina ao anatin'ny programan'asa fa sao hadino, Tompoko. Mankasitraka indrindra.

**Ramatoa FILOHA**

Misaotra an'Andriamatoa Solombavambahoaka.

Andriamatoa Solombavambahoaka ANDRIANO Giscard, no mandray fitenenana.

**Andriamatoa ANDRIANO Giscard**

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Mamerina ny fiarahabana an'Andriamatoa Praiminisitra sy ny mambran'ny Governemanta.

Fampahatsiahivana kely fotsiny ny anay, Andriamatoa Praiminisitra. Momba ny fampanantenana nataon'Andriamatoa Filoha, satria tao aminay izy nahazo 80% anefa ny zavatra nampanantenainy tsy hita soritra ato anatin'ity PGE ity. Koa mampahatsiahy momba ny "port"-n'i Manakara izahay; misy roa izy ireo. Ny hopitaly izay henatra ho antsika raha mandalo ao. Henatra ho antsika raha tsy vita.

Eo ihany koa ny tetezana ao Manakarabe. Ny FCE dia efa isaorana ny Minisitra saingy mba jereo koa ny mpiasa, fa efa betsaka ny mandeha misotro ronono kanefa mbola tsy mandray tambin-karama izay tokony horaisiny.

Mankasitraka Tompoko.

**Ramatoa FILOHA**

Misaotra an'Andriamatoa Solombavambahoaka.

Mandray fitenenana manaraka Andriamatoa ANDRIAMANJATO Liantsoa Bina, voafidy tao Andramasina.

**Andriamatoa ANDRIAMANJATO Liantsoa Bina**

Miarahaba antsika rehetra, Tompoko.

Voalohany dia mikasika ny fotodrafirasa; amin'ny maha Filohan'ny Vaomieran'ny Fotodrafirasa sy ny Fampitaovana, ahy, Tompoko. Aleo mba atao iaharam-pahamehana ihany koa ny fotodrafirasa eto amin'ny Antenimierampirenena aloha.

Izay no tena iadianay, mba tena idongianay aminao. Tsy fantatro, fa raha sendra mba mandeha kely ato anatin'ity Lapa ity sy ny any ivelany, indrindra amin'ireo fonenan'ny Solombavambahoaka namana ireo, tsy hay lazaina intsony ny fahasimbana sy ny fahanteran'ny fitaovana.

Izay angamba aloha ho antsika rehetra, Tompoko.

Manarak'izay, mikasika ny jono.

Ny jono an-dranomamy tsy dia voalaza tao anatin'ny fandaharan'asa. Ao anatin'izay any Tsiazompaniry izay anisan'ny fiveloman'ny olona maro ny jono.

Ao anatin'izay ny resaka fanabeazana; tsy voaresaka ny "allegement" sy ny "subvention" ho an'ny sekoly tsy miankina. Manao ahoana ny politikatsika mikasika an'iny.

Mikasika ny "recrutement"-n'ireo mpampianatra koa, Tompoko. Ny "kit scolaire" sy ny boky; manao ahoana izay, ho an'ny "public" ihany ve izy ireny sa mba misy ho an'ny "privé". Ny iangavianay dia mba hisokatra ho an'ny "privé" tahaka ny taloha; ho an'ny zanaky ny Malagasy rehetra.

Ao amin'ny fahasalamana, ohatran'ny tsy voalaza koa ny resaka "personnel". Ny maha olombelona; ny dokotera indrindra indrindra. Tokony hatao politika ankapobeny ihany koa ny fanomezana "ambulance" isaky ny Distrika.

Hamaranako azy, ny resaka lalana: ny Distrikan'Andramasina dia malaza raha ny Distrika manodidina an'Antananarivo; tena ratsy dia ratsy ny lalanay, Tompoko. Koa mangataka ny hijerena izay Distrikan'Andramasina amin'ny taona manaraka.

Misaotra indrindra, Tompoko.

### **Ramatoa FILOHA**

Misaotra an'Andriamatoa Solombavambahoaka.

Mandray fitenenana manaraka Andriamatoa RAPHAELIEN Solofoniaina Emilien Narson, voafidy tao Mampikony.

### **Andriamatoa RAPHAELIEN Solofoniaina Emilien Narson**

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Faly miarahaba antsika vahiny, indrindra ianao Ramatoa Filoha.

Faly ny any aminay amin'ny tolotr'asa izay hataon'ny Governemanta; kanefa misy indro kely mba tianay hampitaina, Andriamatoa Praiminisitra; mikasika ny fandefasana ny mpitandrofilaminana mpampandry tany any an-toerana. Hitantsika fa vao nandeha tamin'ny televiziona tsy ela akory izay ny "opération" nataon'ny Zandary tao Andilamena sy Mampikony ary Mandritsara. Anisan'ny mamaivay mitovy amin'ireo faritra izay voalaza teo ireo any; ny asan-dahalo ao amin'ny Distrikan'i Mampikony; mba tsy hilazako hoe isankerinandro dia misy fanafihan-dahalo hatrany.

Manarak'izay, anisan'ny nampanantenain'Andriamatoa Filoha kanefa tsy tafiditra ato ny lakan-drano. Voatonona teo i Port-Bergé mikasika ny fanitarana ny velaran-tany hambolena. Anisan'ny manana tany midadasika koa anefa ny Distrikan'i Mampikony. Voalaza ary navoakan'ny fanjakana fa hoe haverina amin'ny Malagasy ny tanin'ny "colon" hanitarana ny fambolena any Mampikony. Anisan'ny tany tsara indrindra azo ambolena io tany io kanefa amin'izao fotoana izao, mbola tsy tafaverina ary mangataka ny hamerenana izany izahay.

Mikasika ny fitaovana; ekena ny fanomezana "moto" satria efa nahazo izany izahay, fa ny isan'ny mpitandrofilaminana no tsy ampy. Tokony hampidirintsika izany satria vitsy dia vitsy izy ireo; 20 no misahana ny Distrikan'i Mampikony kanefa tany tsy mandry fahalemana. Anatin'izany, ny CB izay anisan'ny manampy trotraka ny asan-dahalo ao amin'ny Distrikan'i Mampikony.

Izay no mba fanamarihana tiako hampitaina amintsika.

Ireo hetahetan'ireo Sefo Fokontany: eritreretin'izy ireo, fa tafiditra ao anatin'ity programan'asan'ny Governemanta ity ny fanatsarana ny tambin-karaman'izy ireo.

Mankasitraka, mankatelina, Tompoko; izay no fanatsarana avy aminay.

Misaotra, Tompoko.

### **Ramatoa FILOHA**

Mandray fitenenana manaraka Ramatoa RAHELIHANTA Jocelyne, voafidy tao Antsiranana I.

Misy satroka? Satroka fa tsy fanamarihana.

Omena anao Andriamatoa Solombavambahoaka ny fitenenana.

### **Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré**

Mankasitraka, Ramatoa Filoha.

Miarahaba, Andriamatoa Praiminisitra.

Tokony hifehy ny fandraisam-pitenenana isika satria samy mba te-hiteny daholo. Tokony ho 5 minitra ohatra. Azafady raha mety.

### **Ramatoa FILOHA**

Misaotra anao.

Angamba hoferantsika, hataontsika 3 minitra amin'izay antonony; raha 5 minitra izany be loatra; 2 tsy ampy, 3 minitra no hataontsika.

Ramatoa RELIHANTA Jocelyne, voafidy tao Antsiranana I. Telo minitra.

### **Ramatoa RAHELIHANTA Jocelyne**

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Miarahaba, an'Andriamatoa Praiminisitra.

Andriamatoa Praiminisitra, misaotra tamin'ny programanao izay natolotra anay Solombavambahoaka teto ho an'ny vahoakanay.

Alohan'ny hanatanterahana izany, tokony hisy lamina kely, Andriamatoa Praiminisitra, amin'ireto mambran'ny Governemanta ireto, satria rehefa miantso izahay, tsy raharahiana.

- Tehaka -

Tsara ny programa; mety aminay ary mety amin'ny vahoaka nify anay, fa raha tsy misy ny lamin'asa amintsika, ny mambran'ny Governemanta sy ny Solombavambahoaka dia tsy misy zavatra handeha eto, Tompoko. Rehefa mba handeha ireo Minisitra mambran'ny Governemanta ireo, Andriamatoa Praiminisitra, mba tokony hiantso anay hoe handeha any amin'ny toerana misy anareo izahay, mba mifampiantso ahafahanay miara-miasa amin'izy ireo. Izahay izao no miantso; ohatra ny Minisitry ny Vola, miantso indroa aho tsy azo izy.

Rehefa azo izy, jereo ao amin'ny sekretera. Mandeha any amin'ny "secrétaire particulière", mandehana any amin'ny "protocole". Inona ny iraharahiako handeha any amin'ny "protocole"-n'ny Minisitra; ny Minisitra no tiako hiresahana.

- Tehaka -

Ny Minisitra sasany mba azo amin'ny telefaonina ihany.

Koa raha tantsika handeha ity zavatra ity, satria mila fanovàna hoy ny Filohan'ny Repoblika Malagasy, hampandeha haingana ny asantsika ho tsara dia tokony mba mandray anay ny Minisitra, Tompoko, fa maro ny zavatra tokony halamintsika amin'ireto rehetra ireto.

- Tehaka -

Manaraka, tsy hitako noresahan'Andriamatoa Praiminisitra, teo ny oniversite, ny resaka vatsim-pianaranana; 20°000 Ariary, Tompoko, ny vatsim-pianaran'ny mpianatry ny oniversite. Tena tsy ampy. Tena mampalahelo ny mpianatra avy lavitra ao amin'ny oniversite any aminay. Kely loatra ny vatsim-pianarany.

Tsy voateny teo koa, misy fandaminana hoy ianareo; fa tsy voateny ny resaka zotra. "La Réunion-Diégo, Diégo-La Réunion-Maurice". Marina fa misy fandaminana, efatra taona izay, tsy nisy «vol extérieur» mandeha ao aminay. Koa mangataka an'izay izahay, Andriamatoa Praiminisitra.

Tsy voaresaka koa ny indostria, ohatra ny SOAVANIO. Efa ela be ny Tale Jeneralin'ny SOAVANIO; efa manomboka mivarotra tany koa ny olona sasany. Efa lasa tsikelikely ny tanin'ny SOAVANIO, ka mila fanarenana izany.

Ny SECREN, ao anatin'izay, ny SIRAMA. Ireo Sinoa ireo, Andriamatoa Praiminisitra.

### **Ramatoa FILOHA**

Tapitra, Tompoko.

Mandray fitenenana manaraka Ramatoa ANGELE Solange.

### **Ramatoa ANGELE Solange**

Misaotra, nanome ny fitenenana, Ramatoa Filoha.

Miarahaba an'Andriamatoa Praiministra, tonga mitondra ity PGE ity eto aminay.

Misaotra betsaka amin'ny resaka fandriampahalemana teo. Izahay ao Amboasary no tena mijaly amin'ity resaka fandriampahalemana ity. Efa hita ny programanao teo, fa mety hisy ihany ny hampiova azy amin'ny manaraka.

Amin'izao fotoana izao, Andriamatoa Praiministra, tena mijaly dia mijaly tokoa ny vahoakan'Amboasary Atsimo. Tsy matory rehefa hariva. Koa miangavy aho, mba hisy fepetra mafimafy, "immédiat" horaisina mikasika ny Distrikan'Amboasary Atsimo, fa tena mijaly ny vahoaka.

Mangataka mba homena fiara ny Polisy sy Zandary ao Amboasary satria sahirana be izy ireo mamonjy ny "alerte"; tsy misy fitaovana entiny mamonjy izany, fa atosika ny fiaran'izy ireo.

Resaka sekoly, tsy misy mihitsy ao Amboasary kanefa ny ady amin'ny tsy fandriampahalemana dia ny fidiran'ny zaza any an-tsekoly. Koa miangavy, mba hatao laharam-pahamehana koa Amboasary amin'ny fananganana EPP, CEG, Lycée.

Manana tany koa izahay, 5°000 Ha ao Ambariho, Kaominina Ambiranobe, hiadiana amin'ny tsy fandriampahalemana koa izay, Andriamatoa Praiministra. Mba tokony hampidirina amin'izay resaka hanaovana "barrage" izay koa.

Alohan'ny farany, ny RN13, efa tokony ho natao tamin'ity taona 2019 ity, mahagaga fa nakisaka amin'ny taona 2020 indray. Hamboarina ihany ve izy io sa mbola hihemotra koa.

Ny Sefo Fokontany, satria hiatrika fifidianana isika. Tsy misy resaka. Betsaka ny biraom-pokontany no tsy misy, fa any an-tranon'ny Sefo Fokontany no anaovana fandatsaham-bato. Tokony hojerena malaky koa io; tokony hanana birao izy ireo. Tokony ho voakarakara tsara ny fandraisan'izy ireo vola, ny karaman'izy ireo fa tena mijaly mihitsy.

Mahafinaritra ny programan'asanao, Andriamatoa Praiministra, fa misaotra anao ny vahoakan'Amboasary izay soloako tena eto.

### **Ramatoa FILOHA**

Misaotra, Tompoko.

Mandray fitenenana manaraka Andriamatoa ANDRIATAHINANOMENJAHARY Felicien, voafidy tao amin'ny Distrikan'Ambositra.

### **Andriamatoa ANDRIATAHINANOMENJAHARY Felicien**

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Miarahaba anao, Andriamatoa Praiminisitra sy ireo mambran'ny Governemanta rehetra.

Zavatra telo no tiako hotsindriana ho an'Ambositra manokana. Fantatrao tsara Ambositra, Andriamatoa Praiministra, satria matetika ianao no mandalo any. Asa tànana no tena iveloman'ny ankabeazan'ny mponina ao.

Efa heno ny programan'ny Governemanta mikasika ny hazo. Izany hoe: harovana ny ala, fa ny mampalahelo any aminay any Ambositra, ny politika mazavan'ny Minisiteran'ny Tontolo Iainana, mba tokony ho fantatra ary ny mpanao asa tànana any aminay efa manomboka mamboly hazo amin'izao fotoana izao. Ny zavatra mampalahelo dia misy amin'ireo mpampiasa hazo izay migadra, tsy fantatra mazava hoe inona no tena antony; satria ny tomponandraikiry ny rano sy ala any an-toerana dia misambotra ireny mpanao asa tànana ireny. Ny angatahana dia tokony mba hidina any an-toerana mihitsy ny Minisitra mijery akaiky ny fanaovana ity asa tànana amin'ny hazo ity.

Mikasika ny fampianarana: ny oniversite ao Ambositra dia misy antsoina hoe ISTA. Ny mampalahelo amin'izao fotoana izao ary isaorana an-dRamatoa Minisitra vaovao voatendry satria araka ny fahitana azy, ny amin'ny Minisiteran'ny "Enseignement Supérieur" no resahiko eto. Efa noraisiny ireo solotenan'ny tomponandraikitra ao amin'ny ISTA ireo. Mangataka mba hijerena haingana ny hanoloana ny Tale Jeneralin'ny ISTA raha izay no tsy hampandeha azy, satria lasa mamono mpianatra. Mikatona, tsy mianatra mihitsy ny mpianatra amin'izao fotoana izao.

Hamaranako azy, betsaka ny "maître FRAM" no mitaraina. Amin'ny fampianarana ihany, Solombavambahoaka namanay tato izy fa efa lasa Minisitra. Efa valo volana mahery, hono, ny "maître FRAM" no tsy nandray karama.

Misaotra, Tompoko.

### **Ramatoa FILOHA**

Mandray fitenenana manaraka, Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa, voafidy tao Manandriana.

Mandray fitenenana manaraka Ramatoa RAHARIMAMPIONONA, voafidy tao Ikalamavony.

### **Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa**

Efa ato aho, Ramatoa Filoha.

Misaotra nanome ny fitenenana, Tompoko.

Andriamatoa Praiminisitra, ny zavatra tiana horesahana, raha nandinika io programa io, hita fa ny ankamaroany dia amin'ny taona 2019-2020. Izany hoe aorian'izay ve, mety mbola hisy fanolorana programa hafa ihany koa.

Faharoa, hita ny fampanantenana nataon'Andriamatoa Filoha, raha tany amin'ny Distrikan'i Manandriana izy kanefa tsy misy tafiditra tao. Ny hopitaly aloha tafiditra, fa misy lalana, resaka fanamboarana ny tanàna, mba tianay ho tafiditra ao, Andriamatoa Praiminisitra.

Mikasika ny tsy fandriampahalemana, efa manomboka ny korontana any amin'ny Distrikan'i Manadriana amin'izao isika miteny izao. Halina, nisy olona iray maty ary omby folo no nangalarin'ny dahalo. Amintsika miteny izao, mitohy ny fanarahan-dia. Ingavianay ny fitaovana naseho tamin'ireny 26 Jona ireny, ny angidimby, indrindra ny fiara 4x4 ho an'ny mpitandrofilaminana; ny "opération" koa ilainay satria mitady hirongatra ny tsy filaminana ao amin'ny Distrikan'i Manandriana. Eo ihany koa ny fanampiana ny isan'ny mpitandrofilaminana.

Mikasika ny fiompiana: eran'i Madagasikara no hijerena hoe ahoana no fomba hitaizana ny biby. Ireny "vétérinaires" ireny ve tsy azo heverina ho an'ny fanjakana, fa lasa "privés", tena midangana izay tsy izy ny vola alainy amin'ny mpiompy. Koa mangataka izahay ny hamerenana azy ireo isaky ny Distrika; na isaky ny Kaominina. Tsy tokony ho "privatiser"-na satria mihasahirana ny tantsaha.

Izay angamba fa misaotra, Andriamatoa Praiminisitra.

Mbola mamerina izahay fa ho anareo mpikambana ao amin'ny Governemanta; izahay Solombavambahoaka rehefa tonga any amin'ny Minisitera, tsy hitady tombotsoa ho anay manokana, fa ny zavatra misy any amin'ny fari-piadidianay no angatahinay aminareo.

Raha miantsika telefaonina izahay, mba raiso satria hanatanterahana ity programa ity no tanjontsika rehetra, indrindra fa izahay no nametraka an'Andriamatoa Filoha Andry RAJOELINA teo.

Misaotra indrindra, Tompoko.

### **Ramatoa FILOHA**

Mandray fitenenana manaraka Ramatoa RAHARIMAMPIONONA, voafidy tao Ikalamavony.

### **Ramatoa RAHARIMAMPIONONA**

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Miarahaba ny vahiny ary miarahaba antsika rehetra ihany koa.

Hamafisina ny politikan'ny Governemanta mikasika ny fanamboaran-dalana eny anivon'ny Kaominina satria ny vokatra rehetra dia miala eny anivon'ny Kaominina izay vao mamonjy ny lalam-pirenena. Toa zava-poana ihany ny hanaovana ny lalam-pirenena raha tsy vita ny lalana eny anivon'ny Kaominina. Irahantsika mahalala anefa fa tsy misy ny hoenti-manana amin'izany satria na ny tetibolan'ny Kaominina aza efa manahirana. Izany tsy midika hoe tsy manana olana izahay amin'ny lalam-pirenena satria Ikalamavony no Distrika mitoka-monina ao anatin'ny Faritra Matsiatra Ambony sady faritra mena ihany koa. Angatahanay ny hanamboarana ny RN42 izay tena manahirana tokoa satria "escorter"-na ny "taxi-brousse" mandeha noho ny faharatsian'ny lalana, ny antony, tafihin'ny dahalo foana raha tsy atao an'izay.

Manarak'izay, nisy fanomezana momba ny fandriampahalemana teo; misy ny "brigade spéciale" izay tokony hapetraka noho ny asan-dahalo amin'iny RN42 iny. Ny jiro koa, mbola ao anatin'izay fampandriana fahalemana izay.

Io Distrika io, tsy mandeha ny jiro ao aminy raha tsy amin'ny 2 ora tolak'andro ka hatramin'ny 9 ora alina ihany. Eo an-tampon-tanàna ihany izany, fa raha miala 2 km dia efa tsy mandeha izany. Ilaina amin'ny fandriampalahalemana rahateo izany ary tsy mahavita asa ny tena raha ilana jiro ny zavatra atao, fa tsy maintsy miandry ny tolak'andro.

Ny manaraka, mikasika ny politikan'ny Governemanta amin'ny vehivavy. Raha ny statistika nivoaka farany teo, ny vehivavy no maro an'isa. Tokony ho fanoitra ho an'ny fampandrosoana ny vehivavy. Tsara raha mazava hoe: inona no politika tokony hatao amin'ny vehivavy mba hahatonga azy ho fanoitra ho an'ny fampandrosoana.

Mandeha mivantana izao fandaharana izao kanefa ny Distrikana'lkalamavony, tsy mba manana televiziona akory. Simba ny "émetteur", simba ny "antenne" efa ho taona maro izao. Tsy afaka mijery televiziona ny vahoakan'ny Distrikana'lkalamavony.

### **Ramatoa FILOHA**

Mandray fitenenana manaraka Andriamatoa Justin Abel RANDRIANARIVELO, voafidy tao Antanambao Manampotsy.

### **Andriamatoa RANDRIANARIVELO Justin Abel**

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Miarahaba anao, Andriamatoa Praiministrá sy ianareo mpikambana ao amin'ny Governemanta.

Mikasika ny PGE, angamba inoana fa ity no voalohany tena nitondra ny antsipiriany, mora azo raha ohatra ampitahaina tamin'ny PGE hatramin'izay. Isaorana anao, Andriamatoa Praiministrá, nanome anay Solombavambahoaka azy.

Ny teny entina angamba, mba misy zavatra tianay hotsindriana ho anay any amin'ny toerana avo. Isaky ny "périmètre irrigué", tokony hisy fitsinjovana manokana amin'ny fanajariana amin'ny resaka fambolena sy ny lafiny fiarovana ny tontolo iainana. Ny mahapotika ny ala any aminay dia ny tavy. Nilaza ny programa teo, efa fantatra fa ny Governemanta tarihinao no sahy nilaza voalohany, fa hanokatra ny lalana Antanambao Manampotsy amin'ny taona 2020. Koa isaorana anao sahady izany.

Andriamatoa Praiminisitra, ny zava-misy mialohan'ny taona 2020 dia azo lazaina fa tsy azo ianala Antanambao Manampotsy raha ny fivezivezen'ny mponina amin'izao fotoana izao, fa tsy mitondra afa-tsya ny entam-barotra ny fiara izay mandeha any aminay. Isika hametraka fotodrafitrasa any. Koa irinay ny hanaovana "désenclavement" amin'ity taona ity; hirosoana amin'ny fanamboarana izany ianala izany amin'ny taona 2020. Misy fitaovana lehibe an'ny BNGRC azo ampiasaina any anivon'ny Faritra, saingy ny solika sy ny tambin-karaman'ny olona hitondra ny fitaovana no sakana tsy ahafahana manatanteraka ny "désenclavement"-n'ny Distrika.

### **Ramatoa FILOHA**

Mandray fitenenana manaraka, Andriamatoa DINAH Romual, voafidy tao Maroantsetra.

### **Andriamatoa DINAH Romual**

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Soso-kevitra ny ahy Andriamatoa Praiminisitra.

Misaotra anao amin'ny programan'asanao rehetra. Mety aminay iny.

Ny famindran-toerana teto amin'ny firenena momba ny mpiasam-panjakana tsy manara-dalàna manao kolikoly saingy tsy nahafoana ny kolikoly izany.

Soso-kevitra ny ahy, izay mpiasam-panjakana tsy manao ara-dalàna ny asany dia ampiakaro CODIS.

Faharoa mihatra ny fandroahana, satria maro ny zaza manam-pahaizana.

Fahatelo: ny famonjana.

Miangavy ny Minisitra mba hidina eny amin'ny Distrika hampanao varavarana misokatra, mihaona mivantana amin'ny vahoaka mba hihainoanareo ny olan'ireo vahoaka ireo amin'ny tsindry mahazo azy.

Manaraka, ny fampanantenan'ny Filohan'ny Repoblikan'i Madagasikara hoe: hanamboatra tara ny tampon-tanànan'i Maroantsetra izay feno ny rano rehefa manorana ny andro. Iny mbola tsy teo.

Ny fanamboarana hopitaly manara-penitra ao Maroantsetra; misy Fokontany ao Ambodiaramy, Kaominina Ambinanitelo, CSB io. Tototry ny tany tamin'ny rivo-doza "Enawo"; mbola tsy misy fanajariana hatramin'izao. Miangavy ny hanaovana izany izahay.

Manarak'izay, ny lemaka ao Maroantsetra, satria nisy fanajariana lemaka teo. Anisan'ny be lemaka sady faritra mando i Maroantsetra, ka mila hajariana mba hahazoantsika vary hamatsy an'i Toamasina iray manontolo, tahaka an'Ambatondrazaka.

Mikasika ny fitaterana, anisan'ny be mpandeha i Maroantsetra, 2 Hetsy Ariary ny kilaon'ny lavanila maitso; misy mpandefa amin'ny zotra-piaramanidina izay tsy ampy. Ny seranam-piaramanidina koa mila itarina mba ahazoan'ny "boeing" mipetraka aminy.

Manaraka, ny fampiasana ny toby fivarotana solika: mila ampiana ny sambo mpitatitra solika ao Maroantsetra satria tsy ampy izany. Sahirana amin'ny resaka solika i Maroantsetra satria mivoatra be amin'ny fampiasana ireo zavatra mila solika.

Mikasika ny herin'aratra: efa angovo azo havaozina no miasa any Maroantsetra kanefa mbola lafo be ny herin'aratra ary tapatapaka koa ny jiro.

Mamarana azy ny oniversite: tsy misy lalana any Maroantsetra, mba mangataka ny hananganana oniversite any izahay; miisa 700 ireo mpianatra afaka bakalorea kanefa zara raha ampy 300 no ...

### **Ramatoa FILOHA**

Mandray fitenenana manaraka, Andriamatoa RAZANADRABEARIMANANA Jacques Aurelien, voafidy tao Vavatenina.

#### **Andriamatoa RAZANADRABEARIMANANA Jacques Aurelien**

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Miarahaba anao, Andriamatoa Praiminisitra.

Efa mandeha ny antsika ny resaka dahalo; fa any Analanjirofo, resaka dahalon'ny lavanila no tena olana goavana. Lavanila maitso «1°000°000 Fmg» ny kilao. Ny dikan'izay, lavanila 5kg mitovy amin'ny vidina omby iray. Tokony mba hojerena ny amin'io halatra lavanila io. Izay no anisan'ny zavatra goavana any Analanjirofo, ny resaka lavanila.

Vavatenina manokoana indray ity: isaorana betsaka fa hamboarina ny CSBII ary hamboarina ny lemak'i Azafo. Ny lalana mampitohy an'Antsikafoka-Vavatenina dia tamin'ny CP 14 tamin'ny 2014 no farany nanamboarana azy. Mampalahelo satria efa miala daholo ny tara rehetra nanaovana azy.

Misaotra betsaka ihany koa amin'ny resaka FIB saingy tokony handraisany Governormenta anjara ny fanomezana karapanondro sy kopia. Tsy hahavita karapanondro sy kopia ny mpianatra Malagasy satria misy maka vola 20°000 Ariary ny mpiasan'ny Kaominina amin'ny fanaovana izany. Ahoana no hahavitantsika karapanondro sy ny kopia raha ohatra izay no zava-misy.

Mitodika amin-dry zareo mpitandrofilaminana: tsy manana fiara na ny Polisy na ny Zandary any aminay. «Deux chevaux» no faran'ny fiaranay tany amin'ny taona 80 tany angamba.

Ho an'ny Minisitry ny Fanatanjahantena, manantena izahay fa ho voavaha ny kianja ao Vavatenina, Andriamatoa Minisitra.

Mankasitraka Tompokolahy sy Tompokovavy.

### **Ramatoa FILOHA**

Misaotra an'Andriamatoa Solombavambahoaka nampiasa ny fotoana nomena azy.  
Mandray fitenenana manaraka Ramatoa Solombavambahoaka voafidy tao Isandra.

### **Ramatoa VOAHANGINIRINAZAFIMADIMBY Marie Laurette**

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba anao, Andriamatoa Praiminisitra sy ianareo mpikambana ao amin'ny Governemanta.

Faly ny fonay fa tafiditra ato anatin'ny programan'asa ity ny Distrikan'Isandra. Hamafasiko anefa ny fangatahan'ny Solombavambahoakan'lkalamavony. Tena mampijaly anay io RN42 satria mandalo an'Isandra vao tonga any lkalamavony. Angatahana ny fanaovana izany, Andriamatoa Praiminisitra, satria efa nampanantena, Andriamatoa Filoha tamin'ny namangiany anay tamin'ny fididianana.

Manarak'zay, nisy biraon'ny Lehiben'ny Distrika efa niorina tamin'ny taona 2008 kanefa tsy miasa. Efa ho bobongolo izy ao anefa nandaniana vola be.

Manarak'izay, ny CSBII ao amin'ny Kaominin'Ambondrona, mitambatra ny marary sy ny mpiteraka. Raha misy lehilahy marary ao dia mahita vehivavy miteraka. Mba angatahanay ny hanamboarana hopitaly ary atao manara-penitra atonotonony.

Manarak'izay, misy kianja, io ianao Andriamatoa Minisitry ny Fanatanjahantena, nandraisany ny Filohampirenena tamin'ny fampielezan-kevitra izany. Nampanantena izy fa hatao manara-penitra io kianja io, ao Isorana no misy azy. Efa nahazo alalana tamin'ny fanjakana izany ary ahafahana mandray lalao ao amin'ny Faritra raha vita.

Angatahana ny fandraisana ho mpiasam-panjakana an'ireo "maître FRAM", mampalahelo satria aty amin-dRamatoa Solombavambahoaka izy ireo no mangataka ny karamany fa tsy mahazo vola.

Farany, fisaorana lehibe no atolotra anareo.

### **Ramatoa FILOHA**

Manaraka, Andriamatoa RAMILISON Ange Richard. Voafidy tao Sambava.

### **Andriamatoa RAMILISON Ange Richard**

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Miarahaba anao, Andriamatoa Praiminisitra.

Misaotra fa nahazo anjara i Sambava tamin'ny fandaharan'asa nomenao teo.

Misy zavatra tena mampikolay, hoy ny fiteny azy amin'izao fotoana izao, ao Sambava. Tena mahaontsa tanteraka ny zava-misy ao amin'ny hopitaliben'i Sambava-Besopaka amin'izao

fotoana izao. Izany hoe, ny zo mahaolombelona dia tena tsy misy ao amin'io hopitaly io. Ny fotodrafitsara efa ela, antitra; ny fitsaboana, mampalahelo satria tsy vitan'ny fandriana tsy ampy, fa hatramin'ny lalan-tsara avy no feno marary. Hatramin'ny lavarangana ihany koa. Mitodika aminao, Andriamatoa Minisitry ny Fahasalamana; asa na mba efa nanao tatifra taminao ireo tomponandraikitra amin'izany, fa miteraka fahafatesana isan'andro ho an'ny marary izay zavatra izay. Eo amin'ny resaka fandidiana na ny «opération», raha tsy manana vola any amin'ny “7°000°000 Fmg” ny marary dia tsy ataon'izy ireo ny fandidiana. Ao amin'ny Distrikan'i Sambava-Besopaka no ahitana izany.

Manarak'izay, ny Distrikan'i Sambava dia anisan'ny be mponina; maro ny toerana, 28 no totalin'ny Kaominina ao amin'ny Distrikan'i Sambava.

Koa mangataka, Andriamatoa Praiminisitra, omeo Distrika vaovao ao Amboahangibe, renivohitr'i Bemarivo ambony, izay manankarena amin'ny resaka lavanila. Efa ela no nangataka Distrika, koa miangavy mba hatao ao anaty laharam-pahamehana ny hanomezana Distrika an'Amboahangibe.

Mikasika ny lalana, mandritra ny 6 volana dia tsy ahafahana mandeha iny lalana iny. Ny fiara efa tsy afaka any rahateo. Mba mangataka ny hanamboarana ny lalana mampitohy an'i Nosiarina-Amboahangibe izahay.

Farany, ho an'ny tampon-tanànan'i Sambava: nisy «promesse présidentielle» nataon'ny Filohampirenena, indroa tamin'izy nandeha tany Sambava. Misy ao an-tampon-tanàna, raha miala an'i Besopaka ianao, ka tonga any amin'ny seranam-piaramanidina, adiny roa no anaovana azy kanefa 6km monja.

### **Ramatoa FILOHA**

Mandray fitenenana manaraka, Andriamatoa RANDRIANASOLO Augustin, voafidy tao Marolambo.

### **Andriamatoa RANDRIANASOLO Augustin**

Misaotra betsaka, Ramatoa Filoha.  
Miarahaba anao, Andriamatoa Praiminisitra.

Zavatra telo no horesahana eto: ny ady amin'ny kolikoly.

Ho an'i Marolambo, ny ady amin'ny kolikoly dia amboarina kely aloha ny fonjan'i Marolambo. Tsy misy fonja ao; na ny resaka halatra akoho aza, lasa miakatra any amin'ny 80 km any amin'ny sisin'i Marolambo. Iny no andehanana tongotra 2 andro; resaka halatra akoho fotsiny izany; kanefa tsy azo tazonina mihoatra ny 2 andro ny olona. Aterina any Vatomandry rehefa misy olona gadraina. Miteraka fandaniana be izany. Aleo averina ny fonja satria efa nisy teo taloha. Tokony hamboarina ny fotodrafitsaran'ny fonja satria efa ratsy be ary ampiana koa ny isan'ny mpiasan'ny fonja.

Manarak'izay, ny tobin'ny Zandary, latsaka ambany tahaka ny valan'omby izy ao. Tena ratsy, koa miangavy mba hasiana fanamboarana ary avy eo,omena fampitaovana; tsy fiara fa "moto". Zavatra madinika tokony mba ho vita kosa izany. "Moto" no angatahinay satria tsy misy lalana any aminay.

Manolotra fisaorana feno amin'ny nampidirana ny lalana ao Marolambo tao anatin'ny programan'asa iny. Antenaina fa ho vita izy io.

Manaraka, mikasika ny fampianaranana: tsy tafiditra tao anatin'ny nahazo EPP na CEG na Lycée izahay; sao mba tokony hoeritreretina ny momba izay.

Ny tena olana koa dia ny kianja; sady ho an'ny tanora izany no hampiasain'ny mpianatra. Indraindray mantsy io kianja io, lasa «salle de cours» ho an'ny EPS saingy tsy misy an'izany ao Marolambo. Indraindray izy io lasa «salle d'examen», ka lasa manao fanadinana tsy manara-penitra izahay any hatramin'izay ka hatramin'zao. Antenaina fa mba hisy fiovàna izany.

Manaraka, mitovy amin'ny resaky ny Solombavambahoaka Antanambao Manampotsy teo, ny fanamboarana tohadrano, telo izany, ka angatahina ny hanaovana azy. Ao amin'ny Kaominina Ambohimilanja misy roa ary ao Anosiarivo ny iray.

Manaraka, ny resaka rano fitsotro madio. Ny Distrikan'i Marolambo an-tampon-tanàna no mba angatahiko; mbola tsy hangataka ny an'ny Kaominina manodidinana aloha aho. Ao an-tampon-tanàna, Fokontany iray no mba misy rano fisotro madio, fa ny Fokontany ambiny kosa mitsahatra ny rano amin'ny ora rehetra. Tsy tongan'ny rano mihitsy ny Fokontany hafa, fa ny iray no mba misy rano amin'ny maraina ary amin'ny harivariva indray vao mandeha. Lafo loatra ary mahamenatra raha Distrika no tsy misy rano madio.

Faramparany, ny «bloc administratif»-n'i Marolambo, tena mampalahelo satria tsy misokatra izany hatramin'izao ary tsy misy mpiasa intsony. Mangataka ny hanomezana mpiasa hanokatra azy io izahay; mba misy mandalo tsindraidray ihany ireny mpanao asa an-tsitraro ireny; izy ireo sisa no manodina azy.

Tapitra ny teniko, fa misaotra betsaka tamin'ny fanolorana ny programa teo.

### **Ramatoa FILOHA**

Mandray fitenenana manaraka, Andriamatoa RAVENASY Jean Emanielson, voafidy tao Bealanana.

### **Andriamatoa RAVENASY Jean Emanielson**

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba anao Andriamatoa Lehiben'ny Governemanta sy ireo mpikambana mpiara-miasa aminao.

Raha ny programan'asa natolotry ny Lehiben'ny Governemanta teo, tena tsara ary saika nahazo avokoa ny Faritra rehetra sy ny Distrika rehetra.

Koa mangataka izahay mba tsy hatao programan'asa ambony latabatra tahaka ny tany aloha, fa tena hotanterahina izay zavatra rehetra voasoratra ato.

Ny mampijaly anay ao amin'ny Distrikan'i Bealanana dia ny lalana.

Mangataka izahay, Tompoko, tena hatao laharam-pahamehana ny fanamboara-dalana any amin'ny Distrikanay.

Ao anaty programan'asa, tsindriana mafy; ny rano fisotro madio, mijaly ny Distrikan'i Bealanana satria tsy misotro rano madio. Mba mangataka ny hanatanterahana izany.

Mamarana azy, ny resaka fandriampahalemana: tokony homena baiko hentitra ny mpitandrofilaminana mba hisian'izany fandriampahalemana izany.

Misaotra, Tompoko.

### **Ramatoa FILOHA**

Mandray fitenenana manaraka, Andriamatoa SAID ZAKANIAINA, voafidy tao Soalala.

Tsy ao.

Manaraka, Andriamatoa RAJOELINA Andriami-harimana Seth, voafidy tao Fianarantsoa I

### **Andriamatoa RAJOELINA Andriami-harimanana Seth**

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba an'Andriamatoa Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta ary misaotra ihany koa satria anisan'ny tena mahafinaritra ny programa.

Ny zavatra holazaina voalohany satria fohy ny fitenenana dia ny momba ny karaman'ny Sefo Fokontany. Tena mitaraina ry zareo satria hatramin'izao, mbola tsy voaray izany karama izany. Karama moa io sa «indemnité» na tambin-karama satria misy ny famerana ny karama farany ambany ary ny «indemnité» farany ambany, tsy fantatra hoe manao ahoana eo anatrehan'ny asan'ireo Sefo Fokontany ireo.

Momba ny Kaominin'i Fianarantsoa, manahirana satria misy mpiasa tsy mandray karama nandritra ny 17 volana ao amin'io Kaominina andrenivohitra io. Maloto ny tanàna, tsy fantatra na fitaovana na resaka inona. Tena betsaka ny fako ao amin'io tanànan'i Fianarantsoa io.

Momba ny filaminana, eto ny Minisitra roa; resahaña ianareo satria mitaky fitaovana ny Polisy, toy ny “talkie walkie” mba hanaovana «intervention» faran'izay malaky. Eo koa ny tsy fahampian'ny fiara sy ny solika entina manatanteraka ny asa.

Mangataka «Commissariat» koa izahay ho an'i Vatosola satria lavitra izy io kanefa mbola ao anatin'ny Kaominina andrenivohitra.

Amin'ny resaka «la ronde» tokony hatao amin'ny tanàn-dehibe; mangataka izahay ao antampon-tanànan'i Fianarantsoa mba hasiana izany, ka iarahan'ny Miaramila, Zandary ary ny Polisy.

Ny fitaterana koa, izay isaoranay an'Andriamatoa Minisitra satria raha nanontany azy izahay dia efa hisokatra ny zotra-piaramanidina mampitohy an'Antananarivo sy Fianarantsoa.

Eo koa ny resaka fiaran-dalamby; mangataka izahay satria fampanantenana nataon'Andriamatoa Filoha ny tobim-piantsonana ho an'ny "taxi-brousse" sy ho an'ny fiara vaventy. Tokony hojerena ny hanatanterahana azy ireo.

Ny fanajariana ny tany indray, misy tetikasa lalankely; hitanay ny nanaovana azy taty andrenivohitra, tokony hampitaina any amin'ny Faritra izany satria mijaly ny mpianatra rehefa tonga ny fahavaratra.

Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré, Filoha Lefitra avy amin'ny Faritanin'Antananarivo indray no nitarika ny fivoriana.

### **Andriamatoa FILOHA**

Misaotra, Andriamatoa Solombavambahoaka.

Manaraka Andriamatoa ROILAHY, voafidy tao Toamasina II.

### **Andriamatoa ROILAHY**

Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba anao Andriamatoa Praiminisitra.

Fisaorana no atao, Andriamatoa Praiminisitra, amin'ny fotodrafitsara toy ny RN5, ny fanomezana CEG sy Lycée, ny tobim-piatsonana ao Foulpointe.

Manarak'izay, mikasika ny tsy fandriampahalemana; miombon-kevitra amin'ny namako teo aloha aho amin'ny fampitaovana ny "brigade de Foulpointe"; tokony homena "moto" na fiara ny Zandary ao satria saika mitoka-monina daholo ny Kaominina miisa 18 ao Toamasina II, kanefa isan'andro, tsy maintsy misy fanafihana mitam-piadiana ao anatin'ireny Kaominina ireny.

Farany, mikasika ny fananan-tany; ho an'i Toamasina II, tena betsaka ny olana momba ny tany.

Ekena ny ezaka ataon'ny fanjakana amin'ny fanomezana «titre» ary nilaza koa ianareo fa ny tany azo tamin'ny tsy ara-dalàna dia tokony haverina amin'ny vahoaka. Amin'izao fotoana izao anefa maro ny vahoakanay no mipetraka amin'ireny toerana ireny ary misy ny fandroahana azy ireo. Tena mampalahelo izany ka tokony hojerena. Henonay fa nilaza ianareo Governemanta fa tsy azo atao ny manao fandroahana faobe na «expulsion massive» kanefa ao Toamasina II, mbola mihatra izay zavatra izay. Miangavy izahay mba hampiatoana izany mba hirosoan'ny vahoaka amin'ny fangatahana «transfert à l'Etat» eo anivon'ny fananan-tany.

Mankasitraka, Andriamatoa Praiminisitra. Misaotra, Tompoko.

**Andriamatoa FILOHA**

Misy manao satroka, azafady.

**Andriamatoa RAJOELINA Andriami-harimanana Seth**

Miala tsiny, Andriamatoa Filoha, fa novelomina ny fanisana teo, 2 minitra sy 28 segondra dia tapaka ny «micro». Mba jereo akaiky, Andriamatoa Filoha, fa alohan'ny hametrahana fanontaniana, mba faritana tsara hoe izao minitra no itenenana. Lasa tsy tafita ny hafatra, mety hanananay tsiny amin'ny vahoaka naniraka anay izay. Mba jereo kely, Andriamatoa Filoha, fa 2 minitra sy 28 segondra ny ahy teo, tsy feno 3 minitra akory.

**Andriamatoa FILOHA**

Misaotra anao, Andriamatoa Solombavambahoaka.

Raha ny mpangataka fitenenana ato, mbola misy eo amin'ny 50 eo no isany. Hojerentsika ny fandaminana ka izay tapakatsika eto ihany. Nisy teo fandaminana hoe 3 minitra na 5 na 2 minitra; aleo hotapahantsika satria samy mba te-handray fitenenana daholo isika, ka miezaka manafohifohy izay miteny.

Izay manana soso-kevitra dia omena fitenenana, Tompoko.

Manao satroka Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina.

**Andriamatoa RAHOLIDINA Naivo Herinantsoina**

Andriamatoa Filoha, tsotra ihany ny satroka: isika tsy hihaona amin'Andriamatoa Praiminisitra eto isan'andro. Izaho tamin'ny Solombavambahoaka rahalahy namana niteny teo hoe ataovy 3 minitra; rehefa hanao fifidianana isika na amin'ny 9 ora alina aza dia eto ihany ary andro iray toa zato ny ohatran'izao. Tsy hoe rehefa vita ny an'ny sasany dia lazaina hoe fintimpintino, ataovy 1 minitra ihany; mbola betsaka ny te-hiteny.

Faharoa, resaka tamin'ny fandaharana teo; aleo mba hajaina ihany ny fomba fiasa hatramin'izay, Andriamatoa Filoha. Efa nanatitra taratasy ka izay manatitra aloha no miteny aloha; izay foana no niainantsika teto.

Rehefa nandeha izany, izahay no nanatitra faha-5, FAFI V, sady Boriborintany faha-V. Efa nandrasako mihitsy izy teo kanefa any amin'ny farany, mbola tsy tonga ihany. Aleo isika hifanaja, Lapan'ny Demokrasia ato.

Misaotra, Tompoko.

**Andriamatoa FILOHA**

Misaotra anao, Andriamatoa Solombavambahoaka.

Misy manao satroka; omena fitenenana ianao, Andriamatoa Solombavambahoaka.

**Andriamatoa RAKOTOMALALA Lucien**

Misaotra, Andriamatoa Filoha manome ny fitenenana.

Ohatr'izao no tiana hotenenina, Andriamatoa Filoha: tsy fantatra izahay na laharana fahafiry. Mba tianay ho fantatra ny olona folo handray fitenenana manaraka eo. Raha ohatra ka laharana faha-30 dia aleo...

Misaotra, Tompoko.

#### **Andriamatoa FILOHA**

Satroka. Omena fitenenana ianao, Andriamatoa Solombavambahoaka.

#### **Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène**

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Izany hoe manindry mihitsy aho amin'ny resak'Andriamatoa Naivo RAHOLDINA teo hoe: izaho tsy manao hoe tsy ferana, mba ferana ho 5 minitra ary tokony hitadiavana fomba na teknolojia vaovao, «automatique». Rehefa tapaka eny aloha dia tapaka amin'izao kanefa mbola manana zavatra tokony horesahana ny olona.

Faharoa manarak'izay, tokony aato ity zavatra ity, fa andao isika hisakafo; efa noana izao; olona 50 izany anie ka maro.

#### **Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré**

Andriamatoa Filoha, tokony hohamarinina kely ny zavatra nolazain'Andriamatoa Naivo RAHOLDINA teo satria nisy namana niaraka taratasy taminay. Aleo miandry an-dRamatoa Filoha.

Ramatoa Filoha, fanamarihana. Eto no mahagaga anay, ny taratasiko nentin'Andriamatoa Solombavambahoaka Aurélien, nahavita izy, fa izaho mbola tsy nahavita kanefa nalefa niaraka ny taratasinay.

#### **Andriamatoa RAZANADRABEARIMANANA Jacques Aurelien**

Izao no nahatonga azy, hazavaiko tsara: rehefa tonga teny an-dalana, maro ireo taratasy, navadiko ambony ny ahy.

#### **Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré**

Misy kolikoly koa ato, Andriamatoa Praiminisitra.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filohan'ny Antenimierampirenena indray no nitarika ny fivoriana teto.

#### **Ramatoa FILOHA**

Azafady, ny taratasy dia araka izay filaharany eto no hamakantsika azy.

Azafady hoe, mandray fitenenana ianao, mandraisa «micro» dia manazava hoe: inona no soso-kevitrareo mba hananganantsika tànana.

#### **Andriamatoa RAZAFINANDRASANA Raulan**

Misaotra betsaka, Ramatoa Filoha.

Mba tonio aloha ny fo. Nifanaraka isika fa 5 minitra; nampalahelo ny teo taloha fa 3 minitra ihany. Aleo mba hitovy, rehefa 3 minitra ny teo taloha, mba 3 minitra koa ny amin'izao. Ny 3 minitra mba mipetraka ho ara-dalàna, satria efa betsaka ny nahavita, lasa manjary manahirana ny any aorianana raha izay no izy.

### **Ramatoa FILOHA**

Efa nisy nahavita, tsy efa napetraka ho 3 minitra izy teo, ka aleo ajanona 3 minitra ihany. Tsy asiantsika mihoatra an'izay intsony, tsy atao latsak'izay koa.

Hotononina ny anaran'ny hiteny, satria manjary mandingana ny tànanareo ary tsy mahazo miteny intsony ianareo rehefa tsy eo kanefa voaantso ny anaranareo; folo izay.

Satroka. Tena satroka fa tsy mivaona amin'ny satroka.

### **Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina**

Ianao Ramatoa Filoha, tsy teo; nanisa mihitsy izahay tamin'ny nanome taratasy teo. Fahadimy ny laharanay, lasa mikorontana izany. Izao efa fahafiry mbola tsy tafiditra izahay. Izay no notenenin'ny namana teo, aleo mba hataontsika matotra ity zavatra ity; tsy atao vazivazy hoe afindra eny an-dalana. Izahay gaga satria mbola tsy voatonona hatramin'izao.

### **Ramatoa FILOHA**

Fito no voalazako teo, telo izany sisa. Mandray fitenenana araka izay filaharany izay isika. Mijanona eo amin'ny 10; haingana isika fa samy manana ny fotoany daholo na Andriamatoa Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta na isika.

Eny, Tompoko, misy satroka.

### **Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore**

Miarahaba ny vahiny manan-kaja.

Mikasika ny laharan'ny olona handray fitenenana, Ramatoa Filoha, tena miagavy raha azo atao mba ry zareo nandray ny taratasy no mandahatra azy. Ny tonga aloha no aloha. Ny olona nomeko tataratsy talohako no tonga aloha; ny ahy efa lasa taloha be kanefa hatramin'izao mbola tsy nahazo fitenenana ihany. Ry zareo no asaina mitandrina kely, fa lasa miteraka fanafitohinana.

Misaotra indrindra.

### **Ramatoa FILOHA**

Izay tonga aloha, alaharo araka ny nandraisanareo azy azafady, ka arakarak'iny no tonga eto. Tsy afeniko anareo, fa misavoritaka be izay tonga teto. Efa nisy folo izany ireto ka hantsoina.

Andriamatoa VELOMAHAZO Patrice voafidy tany Antsalova, efa niteny sa mbola tsy niteny.

### **Andriamatoa VELOMAHAZO Patrice**

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Miarahaba anareo vahiny tonga ato aminay.

Resaka fandriampahalemana: izahay ao amin'ny Distrikan'Antsalova dia 120km miala an'i Maintirano; mba mangataka fiara hampiasain'ny mpitandrofilaminana, indrindra ny «poste avancé» ao Tsiandro, ao Bemaraha Atsinanana.

Io «poste avancé» io, efa nisy folo taona mahery no niorenany, fa hatramin'izao dia mbola trano tany, anefa eo no lalana fandehanan'ny dahalo avy any Maintirano sy avy any Antsalova, mitondra omby any amin'ny Faritr'i Miandrivavo.

Mikasika ny fianarana, mangataka izahay ao amin'ny Distrikan'Antsalova mba hasiana “centre d'examen du baccalauréat» satria ny saran-dalana mandeha any Maintirano amin'izao fotoana izao, efa tafakatra ho 50°000 Ariary ny olona iray.

Mikasika ny ady amin'ny kolikoly, satria ny tenako no Filohan'ny Vaomieran'ny Fiarovam-pirenena, maro ny zavatra voaraiko momba io resaka kolikoly io. Ao amin'ny fonjan'Ihosy, misy zavatra tsy ara-dalàna, Andriamatoa Praiminisitra. Efa nanaovako antso tamin'Andriamatoa Minisitry ny Fitsarana izany; mba jereo akaiky satria izany no antony mampirongatra ny tsy fandriampahalemana amin'ny faritr'Ihosy sy Fianarantsoa iny noho io gadra maro votsitra akana vola io.

Mikasika ny fitsarana ao Maintirano, misy olona tratran'ny Lehiben'ny Distrikanay, tena tratra ambody omby; nalefa tany amin'ny fitsarana tao an-toerana, votsitra avy eo. Manontany tena izahay hoe: olona manao ahoana no tokony higadra.

Mikasika ny lalàna momba ny toaka, izahay mangataka satria ny tanànanay betsaka fambolena fary, mba omena alalana ny vahoaka Malagasy hamboatra taoka gasy.

Misaotra, Tompoko.

### **Ramatoa FILOHA**

Manaraka, Andriamatoa ANDRIANANDRASANA Norbert Marie Ignace, voafidy tao Mananjary.

### **Andriamatoa ANDRIANANDRASANA Norbert Marie Ignace**

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Miarahaba anao Andriamatoa Praiminisitra sy ianareo mpikambana ao amin'ny Governemanta.

Raha namaky an'ity fandaharan'asa ity dia voalaza tao ny Faritra 22. Nanao velirano taminay ny Filohampirenena fa hanome Faritra an'i Vatovavy. Aiza ho aiza, Andriamatoa Praiminisitra, ny fahazoana izay faritra Vatovavy izay satria raha jerenay ny tombotsoa ato, ny faritra no anisan'ny mahazo betsaka. Ao aminay, Distrikan'i Mananjary dia miandry fatratra izany faritra Vatovavy izany.

Manarak'izany, mangataka fotodrafitsara izahay mba handraisana an'io Faritra Vatovavy io. Maro ny trano izay napetraky ny kompania tamin'ny fotoan'andron'ny vazaha; efa ratsy daholo izy ireo ka mila fanamboarana. Maro koa ny olona naka azy ireo kanefa tsy araka ny tokony ho izy, mangataka fanazavana amin'izany trano izany izahay.

Manarak'izay, nisy velirano nataon'ny Filohampirenena momban'Anjilanjila, tetezana izy io tetezana mihantona na "pont suspendu", 12km tsy hidirana an'i Mananjary.

Manahirana anay satria afindra aloha ny entana sy ny mpandeha miampita eo, izay vao mandeha any Mananjary. Mampiakatra ny vidim-piaianana any aminay izany toe-javatra izany ka mila jerena. Voatery mandeha baka ny entana mihoatra ny 10 taonina, jereo fa tena mijaly izahay.

Velirano nataon'Andriamatoa Filohampirenena izany, koa manantena izahay amin'ny hanaovana azy. Tsy ny fikojakojana no tadiavinay, fa ny hanamboarana azy mba ahafahan'ny fiara be mandeha eo aminy.

Manarak'izay, toerana manankarena izahay ao Mananjary, indrindra amin'ny resaka volamena. Maro ny mpandraharaha vahiny; ohatra ny Sinoa sy ny namany, maka fotsiny ny volamena any amin'ny "forage" sy ny namany. Tsy manaraka ny bokin'andraikitra, angoniny daholo ny harena, tsy misy tombotsoa azon'ny Kaominina akory. Tsy manara-dalàna ry zareo amin'ny lafiny tontolo iainana; koa mangataka izahay ny hanatsaharana an'io aloha. Atao indray mandeha ny fifarahana vaovao mba hanarahan'ireo mpintrandraka volamena sy harena an-kibon'ny tany izay marobe ao amin'ny Distrikan'i Mananjary, Andriamatoa Praiminisitra.

Manarak'izay, mikasika an'i Namorona II. Niteny Andriamatoa Filoha rehefa nandalo tao Fianarantsoa, fa hatao izy io ary mety hahazoana herin'aratra «16 MegaWatts». Hahazoanay rehetra tombotsoa amin'ny faritr'i Fianarantsoa iny izany, ka ampahatsiahivinay anao, Andriamatoa Praiminisitra.

Farany, misaotra anao izahay ao Mananjary, fa afaka amin'ny "délestage" satria nahazo "groupe" izahay.

### **Ramatoa FILOHA**

Mandray fitenenana manaraka, Ramatoa MAMIZARA Yasmirah Loeticia.

### **Ramatoa MAMIZARA Yasmirah Loeticia**

Misaotra anao, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba anao, Andriamatoa Praiminisitra sy ny mpikambana ao amin'ny Governemanta.

Ny voalohan-teniko dia misaotra an'Andriamatoa Praiminisitra manokana satria efa ela ary tsy mbola nisy tany Besalampy izany Lehiben'ny Governemanta nidina tany an-toerana izany. Isaorako koa fa tena nahita maso ny zavatra maharary ny vahoaka tao Besalampy ianao: ny hopitaly, ny mpianatra mipetraka amin'ny tany.

Misaotra ny Minisitry ny Serasera koa tonga tany. Efa ho 8 taona izay no tsy nisy fahitalavitra, tsy nahita fahitalavitra mihitsy ny Distrikan'i Besalampy. Marihana eto anefa raha nidina tany, Ramatoa Minisitra, tsy niantso ny Solombavambahoka akory. Midika izany ho anay, fa fanaovana tsinotsinona ny Solombavambahokoaka. Rehefa misy ny fidinanareo Minisitra any amin'ny toerana nahavoafidy anay; miangavy izahay mba antsoy ary ampahafantarina mialoha ny fidinanareo any ifotony.

Manarak'izay, tena zavatra maika, amin'ny resaka fandriampahalemana; mijaly tena mijaly izahay ao amin'ny Distrikan'i Besalampy satria, voalohany, tsy ampy ny isan'ny Zandarimaria; etsy andaniny, ny fitaovana tsy ampy satria ny lalana sarotra rahateo.

Ny olana manaraka, ny resaka "réseau"; manjaka ny asan-dahalo, ny «antenne» tsy misy. Raha ohatra hangataka fiara tsy mataho-dalana, mbola lafo ny vidin'izany.

Mitodika aminareo aho, Andriamatoa Minisitra misahana ny Fandriampahalemana: eny, na misy "moto" fotsiny aza mba ahafahana manao "intervention" haingana satria i Besalampy no faritra tena midadasika ao amin'ny Faritr'i Melaky. Izay no angatahiko.

Manarak'izay, mba asio "poste avancé" koa any aminay; ny lalana ratsy aleo amboarina satria mitoka-monina mihitsy i Besalampy.

Tahaka izany koa amin'ny resaka fampianarana. Mitodika manokana amin-dRamatoa Minisitry ny Fampianarana aho; tsy eo izy fa teneniko ihany. Atao fakana "poste budgétaire" fotsiny any aminay, fa rehefa tafiditra mpiasam-panjakana dia mangataka fifindran-toerana. Noho izany, lasa tsy misy mpampianatra any an-toerana; miteraka olana ho anay ny fanaovana zavatra ohatran'izany.

Hofaranako ny teniko, mamerina fisiorana ho anareo amin'ity fandaharanasan'ny Governemanta ity; fa tena mety ary vonona ny tenako amin'ny fampandrosoana ity tanindrazantsika ity.

Misaotra, Tompoko.

### **Ramatoa FILOHA**

Ny Solombavambahoaka RAMENASON Rio Merci, voafidy tao Antsiranana I, mandray fitenenana.

### **Andriamatoa RAMENASON Rio Merci**

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba an'Andriamatoa Praiminisitra;

Miarahaba anareo mpikambana ao amin'ny Governemanta.

Andriamatoa Praiminisitra, mankasitraka anao izahay vahoakan'Antsiranana rehetra, ny Faritany manontolo satria efa mandeha ny fanamboarana ny lalana Ambilobe-Vohemar. Isaorana koa Andriamatoa Filohampirenena amin'izany.

Mbola manome fisiorana anao sy ny fitondram-panjakana koa tamin'ny nampidirana tao anatin'ity PGE ny RN6; voalaza ao ny lalana Ambanja-Antsiranana izay efa mandeha ny fanamboarana madinidinika amin'izao fotoana izao.

Andriamatoa Praiminisitra, ny ahiahy anefa tsy ihavanana, horohoro, hono, vadin'ny tahotra. Manahy ary misy fahatahorana ihany izahay any an-toerana raha mijery ny fandehan'ny fanamboarana ao Marivoraho, Isesy sy ao Tanambao-Nakinaka; efa nisy tahaka an'io tamin'ny taona lasa; tonga ny fahavaratra, tsy vita ny lalana. Raha mijery ny vahoaka izay tsy mba mahay mikajy loatra, mijery ny fomba fanamboarana azy ao, mbola matahotra foana

sao hotrathy ny fahavaratra io lalana io ka tsy ho vita. Izahay misolo vava ny vahoaka, koa mangataka ny hanafainganana ny fanamboarana izany mba tsy ho tahaka ny tamin'ny taondasa teo. Mijaly ny vahoaka satria mitoka-monina Antsiranana.

Manarak'izay, Andriamatoa Praiminisitra, mikasika ny rano; mijaly izahay. Manombaka amin'ny 1 ora maraina ka hatramin'ny 4 ora maraina no mandeha maka rano kanefa tsy mahazo ihany.

Mankasitraka anao satria nisy fotoana nidinanao tany tamin'ny faramparan'ny taona 2018 iny ka naka fepetra mikasika ny loharano ao Ankizavo izay misy olana ny fitantanana azy. Mangataka ny hamerenana an'iny fepetra noraisina tamin'ny izahay mba ahafahana mampitombo ny fahazoana rano fisotro any aminay ao mandrapahatongan'ny fanamboarana fotodrafitsara.

Isaorana anao sy ny fitondram-panjakana tamin'ny fanomezana ny vola fisotroan-dronono tao amin'ny SECREN. Andriamatoa Praiminisitra, mbola maro anefa no mitaraina, anisan'izany ny mpiasan'ny Faritany sy ny hafa izay mbola manana olana amin'ity fisotroan-dronono ity. Miangavy antsika mba hijery akaiky momba izany ary tokony hatao laharam-pahamehana koa izay.

### **Ramatoa FILOHA**

Ramatoa RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine, voafidy tao Ambositra.

### **Ramatoa RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine**

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Miarahaba anao, Andriamatoa Praiminisitra sy ianareo mpikambana ao amin'ny Governemanta.

Mankasitraka ny zavatra izay nahatafiditra ny Distrikan'Ambositra ny tenanay; na izany aza anefa miombon-kevitra amin'Andriamatoa Solombavambahoaka namana, indrindra momba ny resaka asa tànana teo.

Eo ny mikasika ny lalana, Andriamatoa Praiminisitra, misy ny RIP13 mampitohy an'Ambinanindrano-Ambositra izay efa lasa tantara. Tsy misy lalana intsony; na ny olona hiteraka aza, entina amin'ny "moto" amin'izany lalana izany. Mangataka izahay mba hatomboka ny fanamboarana azy.

Manarak'izay, mitohy amin'ny Faritra Zafimaniry iny; mamokatra fary tokoa ny olona ao; mamokatra toaka gasy ihany koa. Ny hevitray, mba ampidirina amin'ny programa momba ny "ethanol" amin'ny resaka industria izany. Mila ahodina ny fary mba ho lasa zavatra hafa ankoatra ny toaka gasy satria fantatsika ny fiantraikan'izany eo amin'ny fahasalamana.

Manarak'izay, ny fanadiovana ny tampon-tanànan'Ambositra: tsentsina daholo ny lakandrano isan-karazany, tsy mandeha ny loto.

Nisy mpamony voina tao taloha saingy tsy mandeha intsony kanefa misy haitrano matetika any an-toerana.

Mikasika ny fitaovana ao amin'ny trano fiterahana any ambanivohitra; raha tsy hiteny hoe ao Mahazina sy ao Ambohimpierenana, zara raha misy kidoro kanefa trano natao hiterahana ireo, Andriamatoa Praiminisitra.

Ny "maître FRAM", ankoatra ny karamany; ao koa ny fitohizan'ny fandraisana azy ho mpampianatra raikitra. Tena mitaraina ny Ray aman-dReny satria lasa vesatra ho azy ireo ny mpampianatra.

Farany, misaotra an-dRamatoa Minisitry ny Fampianarana Ambony tamin'ny fifampiresahana satria raha nantsoina izy dia namaly. Misaotra betsaka, Ramatoa Minisitra.

Ny hisian'ny "université de proximité" no nanaovana an'ireo "universités" be dia be ireo. Efa misy an'izany amin'izao, koa misaotra, Andriamatoa Praiminisitra, fa hohamafisina ireo rehetra ireo ao amin'ny programa.

Farany, raha ohatra mbola misy ny fotoana; nisy "conférence budgétaire" niantsoana anay tao amin'ny Faritra Amoron'i Mania...

### **Ramatoa FILOHA**

Ny Solombavambahoaka MAMIHAJA Charlot; voafidy tao Mananjary.

### **Andriamatoa MAMIHAJA Charlot**

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Miarahaba anao, Andriamatoa Praiminisitra.

Ankasitrahana ny nametrahana anay tato amin'ity fandaharan'asa ity. Izany hoe, ny fanamborana ny lalana Nosivarika-Mananjary. Tena zanaky ny RN11 tanteraka aho, Andriamatoa Praiminisitra. Ny angatahana dia mba hanaovana azy tara amin'izay, fa hatramin'ny fahazazako ka hatramin'izao izaho Solombavambahoaka izao, itarainana foana izany RN11 izany.

Ankasitrahana ny fanamboarana, fa angatahana, angatahan'ny vahoaka, Andriamatoa Praiminisitra, ny hanamboarana azy ho tara tanteraka amin'izay.

Ankasitrahana koa ny fanadihadiana hatomboka mikasika ny tetezana ao Marohita, hoy ianareo, tato anatin'ny fandaharan'asa. Araraotiko eto satria niverenako intelo io Marohita io ary fantattro tsara.

Ho avy ny fididianana izay ho Ben'ny Tanàna, efa mandeha ny fanadihadiana mikasika ny seranan-tsambo. Andriamatoa Paraiminisitra, sao mba tokony hatao tranga manokana i Marohita, hatao Kaominina amin'izay.

Ombako manana ny fampanantenana nataon'ny Filoha tany aminay izay nambaran'ny Solombavambahoaka rahalahiko teo; aiza ho aiza ny Faritra Vatovavy, efa dodona izahay vahoakan'i Mananjary.

Mbola misy fampanantenana nataon'ny Filoha koa Andriamatoa Minisitry ny Fanatanjahantena; aiza ho aiza ny fanaovana kianja manara-penitra ny kianja "Rabe Marcel" sy ny tetezana ao Anjilajila izay voalaza teo.

Ho an'ny Minisitry ny Foloalindahy: mangataka ny "deuxième régiment de génie" mba hohatsaraina fa tena efa tsy toby miaramila intsony raha ny fahitana azy. Tsy misy trano intsony fa lazany sisa sady tsy misy jiro ihany koa.

Ho an'Andriamatoa Minisitry ny Fitsarana: ny tribonaly ao Mananjary koa efa simba tanteraka ny tafo, mampalahelo ireo mpitsara ao aminay, fa rehefa hody amin'ny hariva dia saronana "imperméable" ny antontan-taratasy rehetra.

Ombako manana ny toaka gasy teo; angatahana, Andriamatoa Praiminisitra, ny hamelana malalaka an'izany hamidy, hovokarina, hotaterina an-kalahahana eto Madagasikara. Toaka Malagasy izy io, ka tsy tokony hatakolontsika "whisky".

### **Ramatoa FILOHA**

Andriamatoa FIAROVANA Lovanirina Celestin, voafidy tao Betafo.

### **Andriamatoa FIAROVANA Lovanirina Celestin**

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Faly miarahaba an'Andriamatoa Praiminisitra sy ianareo mpikambana ao amin'ny Governemanta.

Misaotra betsaka tamin'ny fanolorana ny PGE teo.

Mazava ny "plan d'émergence, Madagasikara 2019-2023".

Zaraiko roa ny fandraisana fitenenana: ny fampanantenana nataon'ny Filoha sy ny hetaheta. Mikasika ny voalohany, mbola tokony hampidirina ny fiara fitaterana marary ho an'ny CHRD, ny kianja hatao manara-penitra ary ny fananganana ny orinasa hanodinana ovy ho "chips".

Ny hetaheta: ny fefiloha ho an'ny fambolena, ny fefiloha ao Andratsay izay mampitohy an'Antsirabe-Betafo; ahitana vokatra betsaka ao, fa zara raha ahazoana vokatra satria tototry ny rano isan'andro.

Manarak'izay, ny fotodrafirasa, ny tetezan'Antokofoana Ambatonombalahy; efa hitan'Andriamatoa Filoha izany tamin'ny fandalovany tany Soavina ary noteneniny fa hatao, ka tsara ny hijerena azy satria mampitohy Kaominina efatra izay mamokatra tokoa.

Eo amin'ny lafin'ny fahasalamana satria dokotera ny tena; ao anatin'ny «financement basé sur la performance» izahay, koa angatahana ny hamadihana ho CHRDII ny CHRDI ao Betafo.

Ny dikan'izay, mila «bloc opératoire» sy “dentisterie” izahay. Misy ny dokotera mpitsabo nify, fa ny latabatra no efa tsy azo ampiasaina intsony.

Nanana fomba fiasa manokana izahay, nanangana CSBII vonjy maika tamin’ny toerana mitoka-monina; nentanina ny Fokonolona nanamboatra trano, vita ny trano.

Angatahanay mba ho lasa CSBI ireny trano ireny. Misy hatrany amin’ny 12 ny efitra amin’izany ary manara-penitra ny ankamarony. Takianay koa ny handraisana ireo mpilatsaka an-tsitraro nanao ny asa tamin’izany mba ho lasa mpiasam-panjakana.

Ho an’ny Fifandraisana sy ny Serasera, trano foana no tranon’ny “Délégué”-n’ny Fifandraisana sy ny Sesera ao Betafo; efa nisy ny fitaovana nolazaina fa natolotra saingy tsy misy an’izany akory; tsy misy “radio”, tsy mandeha ny fahitalavitra; na inona ataonao, miasa jamba rafozana.

Ny velirano voalohany, resaka ny fandriampahalemana: mangataka izahay, Andriamatoa Praiminisitra, mba hanaovana fampandrian-tany na “opération” any amin’ny faritra mampisaraka anay sy Ambatofinandrahana.

Takianay ihany koa ny hanafoanana ny “arrêté préfectoral” mandrara ny fiasan’ny kalony satria ireo olona ireo no hany miaro ny vahoaka tamin’ny fotoana nahamay. Tokony homena fiofanana izy ireo mba hanara-dalàna, hapetraka koa ny dina hifehezana azy ireo.

Hofoanana ny DAS, miandry ny fanoloana izahay ary inona indray no tolo-kevitra hafa raha soloana izy ireo.

Amin’ny maha Filohan’ny Vaomieran’ny Asam-panjakana ahy, tokony hojerentsika ny sata mifehy ny mpiasam-panjakana satria efa antitra loatra.

### **Ramatoa FILOHA**

Andriamatoa IDEALSON, anao ny fitenenana.

### **Andriamatoa IDEALSON**

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Miarahaba an’Andriamatoa Praiminisitra sy ianareo mpiakambana ao amin’ny Governemanta.

Ny fandraisam-pitenenana voalohany dia mikasika fankasitrahana.

Mankasitraka ny vahoakan’Ampanihy tamin’ny fahitana ny vinavina ho fanamboarana ny RN10 izay vinavinaina hatomboka amin’ny taona 2020. Hivavaka mafy izahay, Andriamatoa Praiminisitra, mba tsy hohoatra an’izay satria tena ela njaliana ny vahoakanay.

Mankasitraka koa fa hahazo jiro mandeha amin’ny herin’ny masoandro izahay ary ivavahanay mafy izay satria amin’ny faran’ny taona 2019 no handeha araka ny voalaza teo.

Mankasitraka manokana ny fandraisana andraikitra ataon’Andriamatoa Minisitry ny Angovo satria nisy fotoana, maizina tanteraka ny Kaominina iray tao Ejeda any Ampanihy saingy rehefa nandefahafatra tany aminy izahay, nalaky ny fandraisana andraikitra, tafaverina ny jiro vonjy maika hitondrana vahaolana.

Mankasitraka Tompoko.

Mikasika ny fitsinjaram-pahefana: namelabelatra, Andriamatoa Praiminisitra, teo fa hisy politika momba izany. Rehefa novakina izany teo, hita fa mianona fotsiny amin'ny fampitaovana sy famatsiam-bola ny Faritra.

Fantatsika anefa fa ny Faritra mbola ahitana Kaominina maro any anatiny. Ny Kaominina mbola misy anarivony maro, izay no ilazako hoe: raha tonga any aminy ny famatsiam-bola, fanomezana tetibola hiasan'ny Kaominina, atao fa handeha miandalana ny fampandrosoana. Marina fa efa misy ny CLD izay tantanina ao amin'ny Distrika, fa angatahana izany mba hampitomboina ahafahan'ny Distrika manaparitaka ny fampiasambola any amin'ny Kaominina.

Faharoa, resaka fandriampahalemana: misy fangatahana hampitaina any amin'ny Sekreteram-panjakana miadidy ny Zandarimariam-pirenенана momba ny fandriampahalemana ao Fotadrevo amin'izao fotoana izao. Mirongatra izay tsy izy ny halatr'omby: maraina, atoandro, hariva ary tsy voafehy intsony. Angatahana ny handraisareo fepetra hentitra sy haingana araka izay azo atao.

### **Ramatoa FILOHA**

Andriamatoa, FERNAND Jeannot.

### **Andriamatoa FERNAND Jeannot**

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Faly miarahaba anareo vahiny izay tarihin'Andriamatoa Praiminisitra.

Resaka lalana, Andriamatoa Praiminisitra, no hanombohako azy.

Ambato Boeny-Andranofasika izay 20km, monja. Mijaly izahay, Andriamatoa Praiminisitra; andoavana 10°000 Ariary izany lalana 20km izany.

Raha tany ianareo tamin'ny fahavaratra, faly izahay tao fa ho vita ny lalana satria hitan'ny Praiminisitra maso izany. Nalahelo izahay satria hatramin'izao, mbola tsy tafiditra ato anatin'ny programa izany lalana izany. Koa matoky sy manantena izahay, fa ho tafiditra izany lalan'Ambato Boeny izay mampangotsoka anay izany amin'ny manaraka.

Manaraka, ny fandriampahalemana.

Misaotra, Tompoko, fa azo atao hoe milamina any amin'ny tapany andrefana amin'izao, fa aty atsinanana no mbola tsy milamina satria tsy tonga any ireo mpampandry tany. Mangataka izahay mba hojerena akaiky, fa raha tany izahay tamin'ny Alahady teo, mitomany ireo vahoaka izay tafihin'ny dahalo amin'iny toerana iny.

Mikasika ny vidim-bokatra: Ambato Boeny dia tany mamokatra, ao ny vary, ny katsaka. Koa ianareo ao amin'ny Minisiteran'ny Varotra sy ny Indostria, jereo ny mpandraharaha mba ho afaka mividy vokatra any aminay ary amin'ny vidiny lafo kokoa satria tena mora ny vidin'izany, hany ka lasa matiantoka ny tantsaha. Mangataka koa izahay mba hisian'ny famerenana indray ny orinasa nampalaza an'Ambato Boeny taloha dia ny fanodinana voatabia izany.

Momba ny fampianarana; nahazo "lycée technique" Ambato Boeny tamin'ny herin-taona. Maro ny mpianatra efa nanoratra anarana kanefa dia niveri-maina.

Ramatoa Minisitra, mangataka "tables bancs", fampitaovana "ordinateur" ary "tables de bureaux" io "lycée technique" io mba hisokafany amin'ity taona ity, any amin'ny volana Oktobra any.

Farany, mikasika ny hopitaly, nahazo hopitaly fandidiana izahay. Atao hoe manara-penitra, vao notokanana herin-taona kanefa efa misy triatra sahadys, simba ny valin-drihana, "bouché" daholo ny "tuyaux" rehetra. Rihitra simenitra no tokony tany amin'ny "cahier de charge" kanefa rihitra tany no nanaovan'ny mpanao azy.

Andriamatoa Praiminisitra, mangataka izahay mba araho maso akaiky izany, fa lasa vola very fotsiny.

Misaotra Tompoko.

### **Ramatoa FILOHA**

Ireto indray no Solombavambahoaka handray fitenenana manaraka.

Ramatoa isany JOHASY RAHARISOA Eléonore sy Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina ary Andriamatoa RAZAKANDRAINY Henri Dominique.

Manao satroka, Ramatoa RICHARD Tsimahalefy Alexandrine.

### **Ramatoa RICHARD Tsimahalefy Alexandrine**

Tao anatin'ny fahafolo ny tenako, Ramatoa Filoha kanefa hadinonao.

### **Ramatoa FILOHA**

Omena anao ny fitenenana ianao, Ramatoa Solombavambahoaka.

### **Ramatoa RICHARD Tsimahalefy Alexandrine**

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba an'Andriamatoa Praiminisitra sy ianareo mpikambana ao amin'ny Governemanta.

Gagagaga izahay raha nihaino ny programan'ny Governemanta teo satria nodinganina, Tompoko, izahay ao Miandrivazo kanefa vavahadin'i Menabe.

Raha tsy hiresaka afa-tsy ny GRPS ao Miandrivazo aho. Izany ihany no nahavoatonona an'io tanànanay io kanefa izahay ao dia manana olana lehibe. Ohatra ny fefiloha ao Mahajilo; efa indroa izany no vaky: tamin'ny taona 2015 sy tamin'ny taona 2017. Handrasana amin'ny taona 2021 ve, Andriamatoa Praiminisitra, vao hamboarina io fefilohanay satria tsy ato anaty lisitra.

Manaraka, ny lalana Ankavandra-Miandrivazo. Raha isika hiteny fandriampahalemana mandrakariva; raha io lalana io no tsy vita, ataoko fa ho zava-poana izany fandriampahalemana any aminay izany. Izay no hitanay fa laharam-pahamehana amin'ny resaka fampandriana fahalemana izany na ny famoahana ny vokatra ary ny marary efa tsy tenenina intsony.

Manarak'izay, ny hopitaly ao Miandrivazo: ny trano fiterahana efa mitongilana. Ny trano misy ny mpitsabo tiberikilaoy efa 100 taona, simba tanteraka.

Mikasika ny fampianarana, ny EPP ao amin'ny Kaominina Ambatolahy, Fokontany Ankazoambo, efa 20 lasa taona no nisy EPP farany. Hatao aiza ny zanakay 200 isa, tsy mianatra satria tsy tafiditra ao anatin'ity programa ity ny fanamboarana an'io EPP io. Miangavy izahay, Tompoko, mba omeo EPP manara-penitry isaky ny Fokontany, indrindra fa Ankazoambo; na efitra roa ihany aza.

Misaotra Tompoko.

Mikasika ny tetezana ao Ambatakazo; tokony tsy handrasantsika ela intsony fa efa hamono olona mihitsy. Nandalo teo aho halina hamonjy an'ity favoriana ity; ny masoko izao no nahita. Miangavy anareo tomponandraikitra mba hijery an'io tetezana ao Ambatakazo io fa efa simba tanteraka izany.

Farany, mampalaza an'i Miandrivazo ny tsaramaso. Ny vidim-bokatra...

### **Ramatoa FILOHA**

Ireto indray ny Solombavambahoaka mandray fitenenana manaraka: Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina, Andriamatoa RAZAKANDRAINY Henri Dominique, Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène, Ramatoa RAHERIARIJAONA Régina Clémence, Andriamatoa RAHOLIJAONA Harson, Andriamatoa RAKOTOARIMANANA Patrice, Andriamatoa RAKOTOARISOA Nirina Fenohery Johnny, Andriamatoa RAKOTOMALALA Lucien, Andriamatoa RAVELOSON Guillaume Narindrasana; izay izy folo.

Mandray fitenenana, Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore.

### **Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore**

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Mamerina ny fiarahabana an'Andriamatoa Praiminisitra sy ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta.

Fisaorana no andraisako fitenenana voalohany eto satria maromaro ihany ny mikasika ny Distrikan'i Vangaindrano no tafiditra ato anatin'ity vinavina natolotr'Andriamatoa Praiminisitra ity. Raha tsy hilaza fotsiny hoe: efa tanàn-dehibe ny Kaominina ao Mahatanga satria hasiana "commissariat"; ny RN18 miainga ao Vangaindrano mankany Midongy sy Befotaka; ny RNT12 mankany Taolagnaro. Manantena izahay fa ho vita satria efa matetika ny filazana ny fanamboarana an'io lalana io. Ohatra ny miato foana ka ny iafarany dia hanaovana HIMO kanefa hatao tara (goudron) no nolazaina fa hanamboarana azy. Lasa very fanantenana izahay ankehitriny.

Mikasika ny fanomezan-danja ny fambolena mampidi-bola toy ny jirofo, ny "letchi", ankasitrahana koa fa ny indro kely dia nisy "Promesse Présidentielle" mikasika ny hametrahana orinasa fanodinana ireny vokatra ireny satria raha nandalo tany ny tenany tamin'ny fampihelezan-kevitra dia nilaza fa hanamboatra orinasa fanodinana jirofo ao amin'ny Kaominina Mahatanga. Tombony izay, satria sady mampisy "valeur ajoutée" no miteraka asa. Tsapa fa olana lehibe any aminay ny tsy fananana asa.

Anisan'ny fampanantenana nataony koa izay tsy hita ato anatin'ity vinavina ity, ny fanamboarana CSB ao amin'ny Kaominina Mahatanga; na amin'ity taona 2019 ity izany na amin'ny taona 2020. Miandry amin'ny taona 2021 angamba izahay.

Mahavelom-bolo ny programa amin'ny hametrahana fambolem-bary 10 000ha any amin'iny Distrika iny, fa angatahana mba hisy serasera misimisy kokoa ahafahanay miomana amin'izany.

Mitodika any amin'ny Minisiteran'ny Fampianarana: ao amin'ny Kaominina Mahatanga dia misy "Lycée" ary tsy mahaleo intsony ny mpianatra afaka BEPC tamin'ny taona lasa izany fa voatery ny Raiamandrenin'ny mpianatra manamboatra trano fianarana izay tsy zarizary. Efa nampiakarin'ny DREN aty amin'ny foibe ny fangatahana mikasika an'izay.

### **Ramatoa FILOHA**

Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina.

#### **Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina**

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba anao, Andriamatoa Praiminisitra sy ny Governemanta.

Momba ny fanabeazana no hanomboako ny fandraisana fitenenana.

Eo amin'ny lafiny fidiran'ny mpianatra: mety hatomboka amin'ity taom-pianarana ity ve ny fidirana maimaimpoana ho an'ny ankizy eny amin'ny sekolim-panjakana sa tsia.

Momba ny asa vaventy, hita fa tena betsaka ny fanamboaran-dalana indrindra eto Antananarivo. Antananarivo faha-III dia misitraka izany, toy ny eny Andraharo, Besarety. Isaorana manokana ny fitondram-panjakana izany.

Mangataka ny hijerena ny "plan souterrain" ho an'ny tanànan'Antananarivo; ny "canaux d'évacuation d'eaux usées" izany satria tena mijaly ny mponina, indrindra eny amin'ny Boriborintany faha-III fa rehefa tonga ny fahavaratra, tena miakatra ny rano. Betsaka ny fanorenana amin'ireny toerana fivoahan'ny rano ireny ka izay no mahatonga azy hiakatra.

Mangataka ny hijerena manokana ny hanavaozana ny "plan souterrain"-n'ny tanànan'Antananarivo.

Amin'ny lafiny fandriampahalemana; mangataka izahay ny hanampiana ny isan'ny mpanao fisafaoana. Mandeha eny amin'ny "route principale" izy ireo kanefa ny tsy fandriampahalemana, raha eny amin'ny Boriborintany faha-III manokana no jerena, eny anelankelan-trano no betsaka. Ny mpanendaka aza mitam-piadiana ary maro ny olona namoy ny ainy.

Manarak'izay, ny rano: misaotra noho ny ezaka nataon'ny Minisitera tamin'ny famahana ny olana momba ny rano, indrindra eto Antananarivo. Hita taratra fa nisy fanampiana tamin'ireny "borne fontaine" ireny; toy ny "citerne", ny fanamboarana ireo fitahirizan-drano eran'Antananarivo sy ny manodidina.

Mangataka ny hanafainganana ny asa rehetra izahay, Tompoko, satria tena mijaly ny vahoaka amin'ny tsy fision'ny rano, indrindra eto andrenivohitra.

Misaotra Tompoko.

### **Ramatoa FILOHA**

Andriamatoa RAZAKANDRAINY Henri Dominique.

### **Andriamatoa RAZAKANDRAINY Henri Dominique**

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Miarahaba an'Andriamatoa Praiminisitra sy ny mpikambana ao amin'ny Governemanta.

Tsara ny fandaharan'asa. Hamafisina mba tsy ho ambonin'ny latabatra fotsiny izany, fa hiroso amin'ny fampiharana avy hatrany.

Ho an'i Sakaraha manokana, ny tsy fandriampahalemana. Tao an-tampon-tanànan'i Sakaraha, roa no maty voatomboka baramina tao anatin'ny roa herinandro. Ny mampalahelo, vehivavy daholo izy ireo; tamin'ny 5 ora sy sasany hariva, ny iray; tamin'ny 7 ora, alina, ny iray.

Hamafisina ho an'ny tomponandraikitra, fa mampalahelo ny zavatra miseho; sao hirongatra ny vahoaka ka hanao fitsaram-bahoaka ihany koa. Henonay fa misy tratra ao, koa iangaviana mba hanaraka ny rariny sy hitsiny amin'ny fijerena ireo olona ireo.

Resaka karapanondro: anisan'ny fitarainan'ny olona any aminay, fa tsy misy mihitsy ny renikaratra hanamboarana karapanondro amin'izao fotoana izao. Raha misy tampoka, henonay fa amidy 10 000 na 15 000 Ariary ny iray.

Mankasitraka ny FIB sy ny bokin'omby izay hampitoviana ny vidin'izany eran'i Madagasikara. Tena zava-dehibe izany satria raha ny "décret régional", heno fa eo amin'ny 20 000 Ariary izany. Misy anefa milaza fa varotan'ny sasany 25 000 na 30 000 Ariary ny FIB. Anisan'ny itarainana koa izay.

Mankasitraka koa amin'ny "opération". Aoka mba tsy ho vahaolana vonjy maika fotsiny izany; iray volana na roa volana fotsiny, fa hiditra amin'ny zavatra maharitra isika satria tena ilain'i Sakaraha izany.

Ankasitrhana ny Minisiteran'ny Foloalindahy, saingy misy Kaominina roa dia Mikoboka sy Mitsinjo; mihazakazaka mankany ireo dahalo, ka mila jerena akaiky ny filaminana ao.

Ny CSB kosa tsy tafiditra ao anatin'ity fandaharan'asa ity. Tsy misy hopitaly ao Mikoboka io sy Mitsinjo ary Mihavatra.

Tamin'ny fampielezan-kevitra tany aminay, tao amin'ny EPP no miasa ny mpiasan'ny hopitaly. Ny ilan'ny trano, atao fianarana; ny anankiray kosa hopitaly, hanaovana vaksiny satria tsy misy hopitaly amin'ireo toerana ireo.

Manana olana amin'ny lafiny rano i Sakaraha; efa ao ny fotodrafitsara, saingy efa volana maromaro no tsy mandeha. Raha vao miditra ao Sakaraha ianareo, tosika varamba feno "bidon" no hita. Tsy mandeha ny rano ao an-toerana.

Mangataka, Andriamatoa Praiminisitra, mba hasiana “panneaux solaires” hisintonana rano. Ny fotodrafitsara efa ao, fa ny fampiakarana ny rano ho ao amin’ny siniben-drano no tsy misy.

### **Ramatoa FILOHA**

Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène.

### **Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène**

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Miarahaba an’Andriamatoa Praiminisitra sy ny mpikambana ao amin’ny Governemanta.

Ny voalohany, ny fanamboarana ny RN1, mankany Maintirano. “Passe rapide” ve io fanamboaran-dalana io sa fanamboarana azy ho tara. Fanontaniana iray izay.

Misy “bretelle” ao Bemahatazana, mandeha any Morafenobe; angatahanay mba ho tsaroanareo io rehefa manao ny lalana any.

Manarak’izay, misy Kaominina vaovao tamin’ny fiandohan’ny “mandat” teo, tsy nanana CEG ao Antranokoaky, any Morafenobe. Mangataka an’izay izahay satria efa maro ny mpianatra no afaka fanadinana CEPE kanefa tsy tafiditra any amin’ny CEG.

Mikasika ny famoronana Kaominina vaovao; nisy maromaro no efa nahazo; roa no azonay tamin’izany. Noho ny tsy fahampian’ny vola, mbola ny iray no alefa aloha. Manao ahoana ny Kaominina tavela izay mbola tsy nisy “décret d’application” hatramin’izao. Mangataka ny hametrahana an’ireo izahay alohan’ny hanaovana izao fididianana ho avy izao. Ny ahy izao misy Kaominina iray atao hoe Bekibohy.

Ny famerenana ny fanokafana ny seranam-piaramanidina izay efa nisy teo aloha, indrindra amin’ireny toerana mitoka-monina ireny. Tsipihako amin’izany i Morafenobe, Ankavandra, Antsalova, Besalampy, Maintirano, Kandreho ary Ambatomainty; tena mitoka-monina ireo toerana ireo.

Manarak’izay, Andriamatoa Praiminisitra, raha mba mitady anao izahay, aza manidy varavarana ianareo, Tompoko. Izay no fangatahana satria misy ilana anao; ianao no solotenan’ny Filohampirenena. Tsy ho voarain’ny Filohampirenena daholo izahay, Tompoko, fa ianao no heverinay fa mifanerasera aminay. Fanamarihana sy fangatahana ihany ny ahy.

Misaotra Tompoko.

### **Ramatoa FILOHA**

Ramatoa RAHERIARIJAONA Régina Clarisse, voafidy tao Farafangana.

### **Ramatoa RAHERIARIJAONA Régina Clarisse**

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba an’Andriamatoa Praiminisitra sy mpikambana ao amin’ny Governemanta.

Ny voalohany, fankasitrahana sy fankatelemana sahady amin'ny fanadaharan'asa izay novelabelarina sy novakina taminay teo. Mankasitraka sy mankatelina ihany koa amin'izay efa nahitana taratra ny Distrika misy anay dia i Farafangana izany.

Mbola betsaka ny zavatra tokony ho hita tao anatin'y kanefa tsy hita ao. Izay no tiako hangatahaha aminareo mpikambana ao amin'ny Governemanta.

Fisaorana manokana ho an'ny Minisitry ny Fampianarana Ambaratonga Voalohany tamin'ny nahazoanay EPP manara-penitra.

Manarak'izay, ho an'ny Minisitry ny Fampananan'asa izay nahazoana biraon'ny "fonction publique".

Mitodika amin'ny Minisitry ny Fahasalamana manokana.

Ao Farafangana dia mila hopitaly manara-penitra satria amintsika miteny izao, matory amin'ny tany ny marary, tsy misy fandriana, tsy misy kidoro. Ny fitaovana rehetra antitra, ny mpiasan'ny hopitaly, ny dokotera, tsy ampy fa mifandimby manao "garde". Vokatr'izay, maro no maty noho ny tandrevaka sy ny tsy fahampian'ny fitaovana. Apetraka aminareo Governemanta izay, indrindra ny Minisitry ny Fahasalamana.

Minisitry ny Asa Vaventy.

Misy lalana mirefy 22 km hiditra an'i Farafangana, efa tamin'ny andron'ny Praiminisitra RAVELONARIVO Jean no saika hanaovana azy kanefa mbola tsy vita hatramin'izao. Tao anatin'ny zavatra nampanantenaina anay izany. Gaga aho fa tsy hitako ato anatin'ity fandaharan'asa ity, fa tonga dia i Vangaindrano sy Taolagnaro no ato. Alohan'ny ahatongavana any Vangaindrano anefa tsy maintsy mandalo ao Farafangana. Koa miangavy an'izay sy ny lalana madinidinika ao an-tampon-tanànan'i Farafangana izahay, Andriamatoa Minisitria.

Manararaotra ihany, mba mangataka ny "route intercommunale" mihazo an'i Mahabo miditra ny Kaominin'Ifatsy, Ankarana, Ihorombe ary Etrotraoka izay toerana tena mamokatra indrindra. Tsy afaka mandefa ny vokatra any Farafangana noho izay olana amin'ny tsy fisian'ny lalana izay. Anisan'ny mahamaro ny tsy fandriampahalemana ihany koa izay toe-javatra izay. Mbola tamin'ny andron'ny 3A no nisy nanamboatra io lalana io, Tompoko.

Farany ho an'ny tsy fandriampahalemana; efa nisy ezaka nataon'ny Fanjakana. Ny fampitaovana ho an'ny Zandarimaria no angatahaha satria tsy ampy izany. Tsy ampy satria na eo an-tampon-tanànan'i Farafangana amin'ny andro harivariva dia efa misy fanafihana. Tsy fantatro na tsy fahampian'ny fitaovana no anton'izany.

### **Ramatoa FILOHA**

Andriamatoa RAHOLIJAONA Harson, voafidy tao Tsiroanomandidy.

### **Andriamatoa RAHOLIJAONA Harson**

Misaotra Tompoko.

Miarahaba antsika rehetra, Tompoko.

Ny voalohany, Andriamatoa Praiminisitra sy ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta dia mikasika ny Sefo Fokontany satria ireo no fanjakana eny ifotony; 20 000 Ariary no karama isam-bolana sady tara ny fandraisana azy.

Mangataka ny hijerena an'izay satria ny Filohampirenena efa nampiakatra ny karama farany ambany; mba ataovy amin'izay ny fampiakarana izany ho an'ny Sefo Fokontany mba hisian'ny fampandrosoana haingana. Ampidirina ao anaty tetibolantsika amin'ny taona ho avy izay. Mba raisina mivantana satria very eny an-dalana ny karaman'izy ireo.

Faharoa, laharam-pahamehana ao anatin'ny programanao, Andriamatoa Praiminisitra, ny fandriampahalemana.

Ao amin'ny Distrika misy ahy, ny Distrikan'i Tsiroanomandidy Faritr'i Bongolava izany; tao anatin'ny iray volana, indroa niverina ny asan-dahalo.

Ny vahaolana naroson'ny fitondram-panjakana dia ny ZRPS; marina fa misy any aminay ny BIA (Bataillon Interarmes de l'Armée Malagasy) saingy mbola tsy mahafapo ny vahoaka ny fomba fiasany.

Ao anatin'ny ZRPS-n'i Miandrivazo ny "Bravo" sy ny "Charlie" ao Morafenobe; izay no misy amin'izao fotoana izao, latsaka ao anelanelany izahay ao Tsiroanomandidy ka lasa sahirana. Noho izany, mba mangataka sy mitaky aminao, Andriamatoa Praiminisitra, hanome vahaolana mifandraika amin'ny fahasahiranan'ny vahoaka.

Ny voalohany, raha ZRPS no atao amin'ny alalan'ny MMSR (Marche Manoeuvre de Sécurité Rurale); tsara izay saingy ilaina any amin'ny faritra hafa ny Dina. Izany no laharam-pahamehana tokony hojerena. Ny sasany Kalone, ombako manana izay, satria io no mampilamina ny Distrika misy ahy. Tohananay ny fametrahana Kalone. Ny olana amin'izao fotoana izao dia ny tsy famoahana ny "port d'arme blanche". Takianay ny hamoahana izany amin'ny tokony ho izy satria betsaka ny olona milanja sabatra kanefa tsy nahazo alalana hitondra izany. Toy izany koa ny basy, amin'izao fotoana izao, tsy misy mivarotra bala; fa bala varo-maizina daholo no hita satria tsy misy ao amin'ny "magasin Neron" eto Antananarivo. Noho izany, lasa varo-maizina ny basy; aiza no iafaran'ireo basy ireo raha ny "politique d'armement"-ntsika no jerena.

Farany, Andriamatoa Praiminisitra, nofoananao ny DAS na ny miaramila mandeha eny ifotony satria efa natokana fa tsy andoavam-bola izy ireo ka nofoanana amin'izao fotoana izao. Tsy voatery hoe ny DAS rehetra no ratsy fa ny sasany tamin'ireo miaramila niasa tany ifotony. Misy toerana mitaky ny hamerenana izany, tahaka ny any Tsiroanomandidy. Tsy ny Kaominina rehetra, fa misy faritra sasany, notsoahan'ny SEMGAM ny miaramila sasany. Mangataka baiko avy aminao amin'ireo faritra hita fa mila izany izahay.

### **Ramatoa FILOHA**

Andriamatoa RAKOTOARIMANANA Patrice, voafidy tao Andilamena.

### **Andriamatoa RAKOTOARIMANANA Patrice**

Misaotra anao, Ramatoa Filoha.

Miarahaba anao, Andriamatoa Praiminisitra sy ireo mpiara-dia aminao.

Tsara ny fandaharan'asa saingy ny fanamarihana, misy Distrika tsy voasoratra ato anatin'ny mihitsy. Tahaka an'Ikongo teo, ny Distrikan'Andilamena koa tsy voasoratra ato mihitsy.

Ny antony, tsy fantatra; kanefa raha ny fahafantaranay azy dia fanatanterehana ny programan'Andriamatoa Filohampirenena ity zavatra ity ary ao anatin'izany ny laharan-pahamehana amin'ny fampanantenana nataony tamin'ny fitetezam-paritra.

Tsara ny mampahafantatra antsika Mpanatanteraka, fa ny lalana RN3A, Vohitraivo-Andilamena dia ao anatin'ny "Promesse Présidentielle" ary hatao tara mihitsy izy io raha ny marina.

Faharoa, ny fanamboarana ny tanànan'Andilamena; ao anatin'ny fampanantenana nataon'Andriamatoa Filohampirenena koa izany. Toy izay koa ny kianja ao andrenivohitr'Andilamena izay hatao manara-penitra.

Anisan'ny politika voafaritra ny fampitomboana ny voka-bary eto amintsika. Manana lemaka fambolem-bary midadasika ao Andilamena, fa tsy hita taratra ny fanatsarana an'io lemaka io mba hisian'ny fitomboan'ny voka-bary. Tsara raha jerena io toerana io.

Mikasika ny fanatsarana ny fiompiana, indrindra ny fiompiana omby. Tsara ny manamboatra famonoana omby manara-penitra, Andriamatoa Praiminisitra. Tsara atao mialohan'izany ny fampitomboana ny vokatra azo. Tokony hojerena manokana ny famatsiam-bola ho an'ireo mpiompy omby mba ahafahantsika manana omby betsaka ary aorian'izay isika vao manamboatra famonoana omby.

### **Ramatoa FILOHA**

Andriamatoa RAKOTOARISOA Nirina Fenohery Johnny, voafidy tao Ambohidratrimo.

### **Andriamatoa RAKOTOARISOA Nirina Fenohery Johnny**

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Miarahaba anareo vahiny manan-kaja.

Misaotra tamin'ny fanolorana ny PGE teo, fa ny fanamarihana kely tiako hampiana ato anatin' dia momba ny ady amin'ny kolikoly raha azo atao.

Aoka mba hasiana solotena manatrika amin'ny fandoavana sazy isaky ny mpandoa izany eny an-dalana. Amin'izay fotoana izay, raha voasazy eto ianao dia eo amin'ny ilany ihany no mandoa vola, fa tsy any amin'ny 30 km miala eo vao manao izany.

Eo amin'ny fizahan-tany sy ny fitaterana, rehefa nanao "open sky" isika, irariana ny mba hidiran'ireo kompania vaventy ahafahana manao zavatra tsara eto Antananarivo.

Manaraka, momba ny tetikasa Tanamasoandro, voakasik'io tetikasa io izahay ao Ambohidratrimo. Hatramin'izao anefa lasa tompon-trano mihono izahay; tsy mahalala izay mikasika azy kanefa raha ny fahitana azy, hanomboka amin'ity taona 2019 ity izany. Misavorovoro ny sain'ny vahoaka eny Ambohitrimanjaka amin'izao fotoana izao; ny mpanao politika etsy andaniny efa manomboka mamadika azy ho resaka politika. Mangataka izahay sao mba misy hifampiresahana ambony latabatra aloha.

Miteny aho eto fa tsy tanimbary fotsiny no any, fa honahona mihitsy. Raha honahona no hototofana, sao sanatria hanimba ny tetikasa izany.

Tsy haiko raha mba efa nisy teknisiana nidina tany; tsy teny ambonin'ny fefiloha, fa tena midina ao anatiny mijery hoe honahona tokoa ve no ao sa tsia.

Manaraka, misy asan-dahalo ao amin'ny Kaominina Imerimandroso, Fokontany Ambohimpoloalina. Misy Raiamandreny be roa voatifitry ny dahalo tao. Tsy misy fananana intsony izy ireo; efa niezaka nanao ny mety ny Solombavambahoaka, fa tsy vitako irery; ka mitodika amin'Andriamatoa Minisitry ny Fahasalamana; mangataka fanampiana ho azy ireo ny tenako. Tsy mila vola akory izy ireo, fa misy potika bala, Tompoko, mbola tavela ao andohan'izy mivady lehibe ireo. Mba mangataka fanampiana hanaovana fandidiana azy ireo aho, Tompoko.

Tamin'ny taona 1997 no tapaka tanteraka ary simba ny tohadrano ao Andrombo izay manondraka velaran-tany hatramin'ny 660 ha eo ho eo, sady mampitohy ny lalana ao amin'ny Distrikan'Arivonimamo sy ny Distrik'Ambohidratrimo. Angatahana ny hijerena izany satria mijaly ny tantsaha.

Nisy ihany ny fampidiran-jiro tao amin'ny Kaominina Fiadanana; tamin'ny andron'ny tetezamita no nahazo famatsiam-bola izany. Ny fitaovana rehetra efa tonga avokoa, fa hatramin'izao ny fanamboarana azy no tsy mety vita; koa mangataka aminareo tomponandraikitra amin'ny hanaovana izany. Eo ianao, Andriamatoa Minisitra.

Ny tetikasa lalan-kely, angatahana ny fampiharana ny "troisième" sy ny "quatrième coronne" satria amin'izay mba afaka misitraka izany daholo ny...

### **Ramatoa FILOHA**

Andriamatoa RAKOTOMALALA Lucien, voafidy tao Morombe.

### **Andriamatoa RAKOTOMALALA Lucien**

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Miarahaba an'Andriamatoa Praiminisitra sy ireo mpiakambana ao amin'ny Governemanta.

Ramatoa Filoha, mikasika ny fandriampahalemana no voalohan-teny.

Andriamatoa Praiminisitra, mitondra ny teny fankasitrahana, Tompoko, momba ny ezaka nataon'ny fitondram-panjakana mikasika ny fandriampahalemana tamin'ny nametrahana ny ZRPS, indrindra tao amin'ny Disitrikan'i Morombe.

Raha tao anatin'ny 10 taona hiringiriny izay, tsy maintsy misy faty olona foana isankerinandro, roa na telo tany aminay. Vao tonga tany ireo miaramila mpampandry tany, Andriamatoa Praiminisitra, izao no nolazain'ny vahoaka tao amin'ny Distrikan'i Morombe: hay ve ka misy ihany ny fanjakana, hay misy mpiaro ihany ity Malagasy ity.

Mankasitraka, Tompoko, tamin'ny fahatongavan'ny mpampandry tany tany an-toerana. Isaorana manokana eto ny Tafika Malagasy.

Ny zava-misy anefa, Andriamatoa Praiminisitra, misy ireo manana tombotsoa amin'izany asan-dahalo izany; mandefa amin'ireny tambazotra sosialy rehetra ireny, nahita fa rehefa nisy dahalo voatifitry tany; nilaza fa aiza, hono, ny zon'olombelona. Marina fa misy tokoa ny zon'olombelona, ny vahoaka mpiompy tsy manan-tsiny koa manana ny zo tokony harovana.

Mangataka izahay, aoka hahay hisafidy isika; iza no harovantsika, ny vahoaka tsy manantsiny vonoin'ny dahalo sa ny dahalo izay mahafaty olona miisa 20 na 30 izay matin'ny miaramila. Mangataka izahay, Andriamatoa Praiminisitra, aleo mahita dahalo miisa 100 maty, toy izay mahita tompon'omby tsy manan-tsiny iray maty. Mba jereo izay zavatra izay, fa ohatra ny manery antsika izany indraindray hoe aiza ny "droit de l'homme" ato aminareo. Tsy itariko izay, fa misaotra betsaka tamin'ny fahatongavan'ireo miaramila ireo.

Soso-kevitra, Andriamatoa Praiminisitra, ny dahalo zara raha mahazo vola 100 000 Ariary amin'ny omby iray angalariny, fa ny tena mahazo tombotsoa amin'izany ity dia ny "gros bonnet". Tsy voakasika izy ireo; ny mpividy omby halatra no tiana lazaina eto. Noho izany, tokony hanaovana hevitra mitovitovy amin'ny ZRPS misy amin'izao fotoana izao izy ireo. Raha ireo no anaovana ezaka, tsy hisy olona hivarotan'ny dahalo omby halatra intsony.

### **Ramatoa FILOHA**

Andriamatoa RAVELOSON Guillaume Narindrasana, voafidy tao Fianarantsoa I.

### **Andriamatoa RAVELOSON Guillaume Narindrasana**

Mankasitraka, Ramatoa Filoha.

Mankasitraka ny Praiminisitra sy ny Governemanta ary misaotra betsaka tamin'ny fanolorana ny programa teo izahay ao Fianarantsoa I.

Momba ny famatsiana fanafody manerana an'i Madagasikara no teny hampitaina.

Rehefa nojerena ny momba ny "fonds d'équité", 40 Miliara mahery no tsy hita ny vola. Hanao soso-kevitra izahay momba ireo tambin-karama omena ny "Phagecom" izay tokony handalo any amin'ny Kaominina kanefa tsy tonga any izany. Soso-kevitra: tokony hofoanana ny lalàna momba io "fonds d'équité" io. Foanana ihany koa ny lalàna mandefa ny karaman'ny "Phagecom" izay mitazona ny famatsiana fanafody. Atao kosa izay hiarovana ireo vola miditra avy amin'ny fanafody SALAMA izay 35% manerana an'i Madagasikara ary anisany hojerena manokana ireo "fonctionnaires locaux", ny "concessionnaires", ny "Phagedis", ny "Phagecom" sy ny «agent communautaire» izay akaiky; arak'izay zaka ao amin'ny CSB no handoavana ny karaman'ireo. Ny vola mivoaka ao dia handoavana ny karaman'ireo olona ireo sy handoavana ny vidin'ny fanafody mankany amin'ny SALAMA satria maro loatra ny vola tsy hita ary tokony hahafahana miantoka ny fandoavana karama mba tsy ho very fotsiny izany vola izany.

Izay no fohy apetraka aminao; mankasitraka Tompoko.

### **Ramatoa FILOHA**

Tapitra hatreo ny Solombavambahoaka miisa 10, fa hisy Solombavambahoaka 10 manaraka indray amin'ity andiany manaraka ity.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, voafidy tao Ambatofinandrahana.

Mangataka aminareo aho mba hidina eny.

Andriamatoa RAVONTY Tam Teon Luc Urbain voafidy tao Sainte-Marie; ny Solombavambahoaka RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa; Andriamatoa NASIRA Julien voafidy tao Antalaha; Andriamatoa MBELO NDRIAMANAMPY Jean Germain Odon; Andriamatoa PEPIN MICHOU.

Andriamatoa RASOLOMANANA Beby Olivier voafidy tao Mandritsara; Andriamatoa MANOLOSOA Felix; Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina; Andriamatoa RATSIVAHINISOLO Andriniony; Andriamatoa FAMINDRA Justin.

Izay no andiany manaraka.

- Tabataba -

**Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona**

Misaotra, Andriamatoa Praiminisitra.

Misaotra tamin'ny ezaka natao, indrindra momba ny fandriampahalemana. Marihana fa any andrefana any, mitady hiverina ny tsy fandriampahalemana; asa na ao Zandarimaria na tsia.

Manarak'izay, misy tsy tafiditra ato anatin'ny fandaharan'asan'ny Governemanta, ka angatahana, Andriamatoa Praiminisitra, satria nisy "Promesse Présidentielle". Mba ampidiro ao anatin'izany, efa naverimberinay, ampidiro ao amin'ny vina taona 2019-2020, momba ny Asa Vaventy, ny fanamboarana ny lalana RN35 izay mampitohy an'Ivato-Ambositra mandalo an'Ambatofinandrahana-Malaimbandy.

Nisy ny "Promesse Présidentielle" amin'ny hanamboarana ny tohadrano manondraka ny lemakà Ambondromisotra. Ao anatin'ny "Promesse Présidentielle" daholo ireo. Laharam-pahamehana izany satria tanimbary midadasika no ao.

Misy tetezana mampitohy an'Ambondromisotra sy Ambatomifanongoa, ampitan'ny ranon'i Mania-Ambatomifanongoa ary any Antsirabe no akaiky azy; lakana no iampitana amin'izany rano izany. Mangataka izahay, mba hamboarina ny tetezana, ka hatao ao anaty vina. Ao ihany koa ny MAGRAMA; mba ampidirina ao anaty vina satria tsy tafiditra mihitsy.

Manarak'izay, azo ampidirina ao ny "Lycée" any Amborompotsy. Ramatoa Minisitra, mangataka an'izay izahay.

Isaoranay ny Minisitry ny Fahasalamana, fa efa nahazo CSB maromaro Ambatofinandrahana, fa ny "antenne chirurgicale" any Amborompotsy no tsy misy satria 100 km no mampisaraka azy amin'Ambatofinandrahana.

Ao amin'ny Minisiteran'ny Tanora: mangataka kianja manara-penitra izahay.

Mangataka "brigade de la Gendarmerie" ao Tsangandrano sy Mandabe-Manantsahala satria toerana tsy tongan'ny fiara izany no sady be dahalo.

Azo atao ao koa angamba ny "station service" isaky ny Distrika; tsy tafiditra ao amin'ny programanareo izao izany.

Andriamatoa Praiminisitra, momba ny jiro ao Ambatofinandrahana; mangataka "groupe" vaovao satria efa ratsy ny tao taloha.

Izay no fitenenana, Tompoko.

Mbola mamerina ny fisaorana amin'ny fahavononanareo Governemanta, izay tarihinao Andriamatoa Praiminisitra.

Manambara aho eto, fa tsy hisy hitsipaka an'ity; efa nanaiky daholo ny rehetra fa ny programanareo dia ankahasitrahana saingy mba ampidiro ao anatin'ny vina ireo Distrika izay tavela sy tsy voatonona.

- Tehaka -

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré, indray no nitarika ny fivoriana teto.

### **Andriamatoa FILOHA**

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Ny mandray fitenenana manaraka, Andriamatoa RAVONTY Tam Teon Luc Urbain.

### **Andriamatoa RAVONTY Tam Teon Luc Urbain**

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Mamerina ny fiarahabana anao, Andriamatoa Praiminisitra sy ny mpikambana ao amin'ny Governemanta.

Tiako lazaina aminareo fa ny nosy Sainte-Marie dia manana sata manokana kanefa ny "décret d'application" mbola tsy azonay hatramin'izao. Mangataka ny hanomezanareo izany izahay, Andriamatoa Praiminisitra, satria ny heta rehetra ampidirina any aminay, mankany Fénerive-Est daholo. Raha handeha hividy "filtre 60 000 Fmg" ho an'ny fiara izahay, tsy maintsy miampita sambo mankany Fénerive-Est; tafakatra "2 000 000 Fmg" ny saran-dalana amin'ny fividianana "pièce" ho an'ny fiara hanadiovana tanàna.

Lazaiko eto, fa ny lalana any Atsinanana, izay velirano nataon'Andriamatoa Filohampirenena dia tsy tafiditra ato anatin'ity fandaharan'asa ity. Mangataka izahay ny hampidirana ny lalana any Atsinanana; iny "boucle" iny mba hotanterahina satria simba ny lalana, mbola tsy vita hatramin'izao.

Mikasika ny orinasa nanao ny seranan-tsambo ao Lonkitsy: rehefa vita ny seranana; araka ny fifanekena, sahaniny ny fanatsarana ny lalana nosimbain'ny fiarabe nitatitra vato nanaovana ny asa kanefa rehefa vita izany, lasa ny orinasa, ny lalana simba tsy namboariny akory.

Manaraka, mangataka fitsarana izahay ao Sainte-Marie satria lafo ny sarany aloanay amin'ny fandefasana olona voaheloka any Fénerive-Est. Mamoaka vola am-paosy ny tenanay; mpangalatra iray no tratra kanefa ny vola avoaka "2 Millions Fmg", avoaka andefasana Polisy hitondra azy handeha any Fénerive-Est. Tato anatin'ny iray volana, maro ny olona nalefa "extradition" tany Fénerive-Est.

Mangataka ny hametrahana fitsarana ao Sainte-Marie izahay.

Ny fonja mbola tsy misy fefy, goaka ny paosiko satria ny Polisy manao "escorte" tsy manana tetibola manokana akory; na eo aza ny fiaraha-miasa amin'ny mpitatitra, tsy isan'andro akory ry zareo no hanome tombony ho anay handefa mpangalatra eny ampita.

Raha vao tapitra ny 48 ora, voatery avotsitra ny mpangalatra. Mamporisika azy ireo izany satria tsy manam-bola ireto olona ireto handefasana anay eny ampita dia tohizany hatrany ny fangalarana.

Mangataka sambo hampitana ny vahoakanay izahay, ohatran'i Nosy-Be, satria tsy manana lalam-pirenena mampitohy ny tany be i Sainte-Marie.

Ramatoa Filoha indray no niverina nitarika fivoriana teto ary nitohy ny fanomezana fitenenana ny Solombavambahoaka.

### **Andriamatoa RAZAIHARIMALALA Harizaka Fianantsoa**

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Miarahaba anao Andriamatoa Praiminisitra sy ny mpiara-miasa aminao rehetra.

Mikasika ny RIP, voalaza teo koa ny "Route Nationale", fa ny RIP toa tsy heno loatra.

Any aminay, ny lalana no lalandrà mampandeha, mamelona ny Kaominina. Raha tapaka ny lalandrà, maty ny Kaominina. Noho izany, mba jereo akaiky ny lalana RIP izay mamelona ny Kaominina.

Mikasika ny fihariana no hasiako teny kely. Aleo any amin'ny Faritr'Itasy sy Vakinankaratra, hoy ny Filohampirenena no hanombohana ny fihariana. Aza kobokobonina fa aleo tena hivelatra. Handray andraikitra koa izahay ho an'ny fanatanterahana ny fihariana mba tsy ho tompon-trano mihono.

Momba ny fandraisana mpiasam-panjakana, Ramatoa Minisitra: misy 13 taona, 14 taona ny olona nampianarana, mbola FRAM ihany hatramin'izao fa tsy mbola noraisina. Betsaka ny fitarainana, fa mba omeo "quota" izahay Solombavambahoaka hijery akaiky an'izany.

Mikasika ny "Promesse Présidentielle" hoe hasiana orinasa hamokatra zezika ao amin'ny Distrikanay. Mangataka anareo Minisitera voakasik'izany mba hampidirana azy ao amin'ny PGE.

Ho an'Andriamatoa Minisitry ny Fanantanjahantena sy ny Tanora, tsy manana kianja ny Distrika ao Soavinandriana-Itasy. Nanana ihany izahay taloha, fa lasan'ny olona. Ho avy izao ny adina fanantanjahantena amin'ny "Bacc" sy BEPC, ho aiza ireo ankizy ireo, ho eny antanimbary ve no hanao izany. Mba jereo manokana ny momba izay.

Ny fitsarana, any Miarinarivo izahay vahoakan'i Soavinandriana no mandeha manenjika izany. Tena mahantara amin'ny fivezivezena ny olona. Koa mangataka, mba jereo fa efa ela no nangatahana kanefa hatramin'izao, mbola tsy teraka Ambatobevohoka.

Ny resaka fanondrahana tanimbary: betsaka ireo fefiloha vaky any aminay. Mangataka satria Itasy tena mpamokatra vary. Jereo manokana ireo fefiloha sy ireo lakan-drano mba hampitombo ny vokatra any amin'ny Distrika satria tena manana izahay raha tanimbary no lazaina.

Izay no tiana lazaina, avy tamin'ny vahoakan'ny Distrikan'Itasy.

Farany, ao amin'ny Zandary sy Polisy, amin'ny tsy fandriampahalemana; fisaorana no atao fa vao niteny izahay dia tonga ry zareo.

Mankasitraka indrindra.

Misaotra Tompoko.

### **Ramatoa FILOHA**

Omena an'Andriamatoa NASIRA Julien, voafidy tao Antalaha ny fitenenana.

### **Andriamatoa NASIRA Julien**

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Miarahaba an'Andriamatoa Praiminisitra sy ny mambran'ny Governemanta.

Mankasitraka tamin'ny fanolorana ny fandaharan'asan'ny Governemanta. Tena mankasitraka izahay amin'ny zavatra voalaza teo.

Mikasika ny "Promesse Présidentielle": ny hopitaly manara-penitra, ny kianja manara-penitra sy ny fanomezana Miaramila. Tsy hitanay ato anaty programa loatra ny fanomezana Miaramila satria fangatahan'ny vahoaka any aminay momba ny resaka lavanila. Izay no tena hetahetan'ny vahoaka. Neken'ny Filohampirenena izay zavatra izay tamin'izy tany antoerana hoe: homena miaramila betsaka ny Distrikan'Antalaha hiarovana ny fandriampahalemana. Mba tiako ny hampidirana an'izay ao anaty fandaharan'asa raha azo atao.

Manaraka, mikasika ny RN5 mampitohy an'Antalaha-Maroantsetra, efa nataon'ny Governemanta isan-taona izany teo aloha; Antalaha hatrany Marofinaritra, be mampiasa indrindra io lalana io. Olona avy any Toamasina hatrany amin'ny Faritanin'Antsiranana no tena mampiasa an'io lalana io. Rehefa vita ny fanatsarana isan-taona izany lalana izany dia manakaiky ary manamaivana ny fampiasana azy. Izay no fangatahana, ny hampidirana ny RN5 mampitohy an'Antalaha-Marofinaritra io.

Mikasika ny fahasalamana: ny hetahetan'ny vahoakan'Antalaha amin'izao dia omena dokotera mpandidy vaovao. Marary dia marary raha resaka fandidiana no lazaina raha ny Distrikan'Antalaha. Izay no tena hetahetan'ny vahoaka amintsika fitondram-panjakana. Ho faly ny vahoakan'Antalaha raha voavalintsika haingana izay zavatra izay.

Momba ny seranam-piaramanidina: mangataka ny vahoakan'Antalaha mba hovelomina indray ny seranam-piaramanidin'Antalaha, fa malahelo izy ireo amin'ny tsy fisian'izany ao an-toerana.

Mikasika ny Polisim-pirenena, nanana fiara 4x4 izay ny Polisim-pirenena tao Antalaha kanefa nalain'ny "commissariat"-n'i Sambava izany. Mangataka ny famerenana ny fiara 4x4 any Antalaha hampiasan'ny Polisy ao Antalaha izahay.

Momba ny Kaominina an-drenivohitra, nisy fiara be, fanomezana avy any andafy. Tavela ao amin'ny seranan-tsambon'i Toamasina anefa amin'izao, mihitsoka ao satria tsy voaloa ny "frais de magasinage". Mangataka ny hamafana izany trosa izany mba ho azonay io fiara be io.

### **Ramatoa FILOHA**

Solombavambahoaka manaraka, voafidy tao Anjozorobe.

### **Andriamatoa MBELO NDRIAMANAMPY Jean Germain Odon**

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba anao Andriamatoa Praiminisitra.

Miarahaba anareo mpikambana ao amin'ny Governemanta ihany koa.

Ny voalohan-teny angamba dia fangatahana ho an'ny Distrikan'Anjozorobe mikasika ny fampanantenana nataon'ny Filohampirenena tamin'ny fandalovany tany aminay tamin'ny fanaovana fampielezan-kevitra. Fanomezana Distrika vaovao ho an'Ambatomanohina. Izay no voalohany.

Manarak'izay, ny fanomezana kianja manara-penitra ho an'ny Distrikan'Anjozorobe. Ao amin'ny renivohitry ny Distrika, ao Betatao, toerana nahaterahako. Tao ny Filohampirenena no nanao fampielezan-kevitra tamin'izay fotoana izay. Ao no hanaovana kianja manara-penitra. Mamerina ny teny nataon'ny Filohampirenena fotsiny aho eto, mitondra ny feon'ny vahoaka.

Manarak'izay, ny lalana Anjozorobe-Ambatondrazaka; mampitohy Distrika roa. Hoy ny Filoha tamin'izay fotoana izay, hatao tara (goudron) izany. Araraotiko amin'io ampanhan-dalana io, amin'izao fotoana izao; farafaharatsiny, Andriamatoa Praiminisitra, Andriamatoa Minisitry ny Asa vaventy, mba hovonjena maika Anjozorobe-Betatao, izay 30 km monja, fa tena tsy misy lalana intsony any raha mirotsaka ny orana amin'ity taona ity. Anjozorobe-Ambatondrazaka, araka ny voalaza teo, efa teny nataon'Andriamatoa Filoha.

Fangatahana manaraka, mikasika ny mpampianatra FRAM, Ramatoa Minisitra. Maro ny mpampianatra FRAM ao amin'ny Distrikan'Anjozorobe; mba omeo "quota" izahay, mitovy hevitra tamin'ny Solombavambahoaka namako ny tenako amin'izay zavatra izay.

Isaorana Andriamatoa Praiminisitra sy ianareo mambran'ny Governemanta tamin'ny fanomezanareo jiro dimy ho an'ny Distrikan'Anjozorobe, izay no teny entina misolo tena ny vahoaka avy any an-toerana.

Farany, ny fandriampahalemana; tena mazana io any aminay. Isan'alina izao ao amin'ny Distrikan'Anjozorobe, misy omby very hatrany. Amin'ny 8 ora, alina, ny olona any aminay no miantso ahy. Niantso ny "commandant de compagnie" ny tenako tamin'izany, fa tsy mbola voavaliny hatramin'izao. Ireo ianareo Sekretera Jeneralin'ny Zandarimaria manatrika eto; eo ianao Minisitry ny Foloalindahy, ahoana ny fandraisana andraikitra amin'ny tsy fandriampahalemana ao Anjozorobe ary manantena fa hilamina ny tanàna aorian'izao.

Misaotra Tompoko.

### **Ramatoa FILOHA**

Ny Solombavambahoaka PEPIN Michou.

### **Andriamatoa PEPIN Michou**

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba an'Andriamatoa Praiminisitra.

Miarahaba anareo mambran'ny Governemanta.

Misaotra, Andriamatoa Praiminisitra, fa tena tsara ny programan'asanao.

Tena faly tokoa izahay anefa malahelo izahay ao amin'ny Kaominina Ankazoabo satria tsy voateny tao na iray aza. Gaga izahay, Andriamatoa Praiminisitra. Koa miangavy, mba ampidiro ao amin'ny programan'asa taona 2019 izahay ao Ankazoabo fa efa maty. Miantso vonjy fa efa maty ny vahoakan'Ankazoabo, tsy misy iainana intsony ao aminay. Angamba mety hainao ihany izay.

Ny lalana, Andriamatoa Praiminisitra, tena miangavy izahay satria Sakaraha-Ankazoabo izay 120 km ihany, ratsy ny lalana. Misy tetezana ao Taralava, toerana 25 km miala an'i Sakaraha saingy Ankazoabo sy Beroroha no tena mampiasa azy. Solombavambahoaka telo izahay no any dia Sakaraha, Ankazoabo ary Beroroha kanefa ny lalanay tsy vita. Miangavy an-tànan-droa izahay, Andriamatoa Praiminisitra.

Mikasika anay ao Ankazoabo, efa maty izahay ka mila famonjena malakilaky. Angamba eo amin'ny roa volana eo dia ho rava io tanàna io raha tsy vonjenareo. Mangataka izahay, mba omeo masomboly, fa vonona hamboly ary honeranay ny vokatra avy eo, haverina ny volanareo. Mangataka voan-dandihazo, tongolo, vary, katsaka satria mamboly izahay ary mamahana an'i Toliara sy Sakaraha ary Antananarivo.

Sahala amin'izay koa ny jiro, efa tany maty izahay. Maty isan'andro ny JIRAMA, lasa mirongatra ny asan'dahalo, Andriamatoa Praiminisitra. Mangataka ny hijerena an'izany izahay.

Ny hopitaly, misaotra anareo fa nahazo "bloc opératoire" izahay. Hatramin'izao anefa tsy mbola notokanana io "bloc" io ary tsy misy Dokotera na iray aza. Ataonareo aiza ireo dokotera avoakanareo isan'andro ireo.

Ny "Médecin Inspecteur" any aminay iray kanefa manao ny asan'ny "Médecin Chef", manao ny asan'ny "Infirmier"; mamafa trano aza. Mitondra bisikileta fa tsy manana fiara. Mangataka ny hanomezana fiara an'io "Médecin Inspecteur" io izahay.

Momba ny Zandary, nisy trano namboarina tao amin'ny Kaominina Ankerika sy Andranomafana, fito ny "bâtiments" lehibe, lasan'ny CLD ka na Zandary iray aza tsy afaka mipetraka ao. Zandary miisa 10 no tavela, Miaramila miisa 10 ary Polisy miisa 10, hatao ahoana ny fandriampahalemana, Tompoko. Mba mangataka izahay ary atao aiza ny mpianatra ampidirinareo ho Zandary sy Miaramila miisa 1 200 isan-taona ireo; nahoana no tsy alefa any Ankazoabo, fa tazonina fotsiny eto Antananarivo.

### **Ramatoa FILOHA**

Ny Solombavambahoakan'i Mandritsara.

### **Andriamatoa RASOLOMANANA Beby Olivier**

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba an'Andriamatoa Praiminisitra sy ny mambran'ny Governemanta.

Izahay any Mandritsara dia misaotra tamin'ny PGE izay natolotry ny Governemanta teo satria tafiditra ao i Mandritsara kanefa mbola misy zavatra mampangetaheta ny vahoaka izay tena mafy indrindra dia ny tsy fandriampahalemana.

Isaorana ny SEG, nidina tany an-toerana kanefa tsy hitanay tafiditra ato ny fanokafana ny "brigade" ao amin'ny Kaominina Andohajaogno. Ny Fokonolona efa nanao tsipaipaika nanangana trano niarahana tamin'ny CLD.

Mikasika ny "Promesse Présidentielle", mitoka-monina i Mandritsara rehefa avy orana. Noho izany, mangataka ny hanamboarana ny RN32 mampitohy an'i Mandritsara-Antsohihy. Ny tsy fisian'ny lalana koa no mitarika ny «délestage» satria tsy tonga any ny solika hampiasaina. Mbola mangataka ihany koa ny hanaovana «centrale hybride» any an-toerana izahay mba hampihenana ny solika lany amin'ny «groupe électrogène».

Mangataka tsena manara-penitra, kianja manara-penitra izay efa nolazain'ny...

### **Ramatoa FILOHA**

Ny Solombavambahoaka MANOLOSOA Felix.

### **Andriamatoa MANOLOSOA Felix**

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba an'Andriamatoa Praiminisitra;

Miarahaba ny mambran'ny Governemanta izay miaraka aminao.

Ombako manana ny fisaorana nataon'ny Solombavambahoakan'i Maintirano teo amin'ny fanamboarana ny lalana mampitohy an'i Tsiroanomandidy-Maintirano satria anisany mampikaikaikan'ny vahoaka io lalana io.

Misotro rano maloto ny 75%-n'ny vahoaka ao amin'ny Distrikan'Ambatomainty, Andriamatoa Praiminisitra. Noho izany, saika voan'ny "bilharziose" daholo ny vahoaka.

Efa nisy tetikasa nataon-dRamatoa Minisitry ny Fahasalamana teo aloha, tamin'ny taona 2014; nisy "chateau d'eau" napetraka tamin'izay fotoana izay, nisy "borne fontaine" miisa 12 koa namboarina tao amin'ny Distrikan'Ambatomainty kanefa tsy vita ny asa. Tsy fantatra ny antony.

Mangataka ny vahoakan'Ambatomainty, Andriamatoa Praiminisitra, ny hametrahana rano fisotro madio any an-toerana.

Manaraka, mikasika ny "bloc opératoire": betsaka ny «évacuation sanitaire» misy any aminay. Raha ho any Maintirano, 300 km no aleha; raha ho any Tsiroanomandidy, 300 km miala an'Ambatomainty.

Noho izany, betsaka ireo maty an-dalana ho an'ny olona tsy afaka manofa fiaramanidina manokana. Mangataka ny hametrahana «bloc opératoire» any aminay ny vahoaka mba hialana amin'izay fahasahiranana.

Mikasika ny fifandraisana, efa ho herin-taona izao no tsy nisy "radio" sy televiziona nandeha tany aminay, fa amin'izao fotsiny. Tena mahamenatra izany amin'izao andron'ny fandrosoana izao. Aiza ka tsy hahita vaovao ny vahoakan'Ambatomainty, Andriamatoa Praiminisitra.

### **Ramatoa FILOHA**

Ny Solombavambahoaka RAHOLDINA, voafidy tao amin'ny Boriborintany faha-V.

### **Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina**

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Voalohany, ao amin'ny takila faha-17 milaza hoe: Androhibe, ... amin'ny fifanekena natao tamin'ny Filohampirenena tamin'ny fampielezan-kevitra fa hasiana CEG sy EPP ary kianja manara-penitra eny Analamahitsy; efa misy EPP sy CEG eny an-toerana.

Faharoa, nisy fampanantenana nataon'ny Filohampirenana ihany koa tao Tsarahonenana. Tsy eto ny Minisitry ny Fanajariana ny Tany ... Mikasika ny hanaovana kianja manara-penitra eny an-toerana, miisa efatra izany. Ao Soavimasoandro, RAHOLDINA na ny vadiny sy fikambanana FAFI V hoe hanaovana kianja manara-penitra. Efa fantatry ny Filohampirenena fa diso ny vaovao nalefan'ny Minisiteran'ny Fanajariana ny Tany hoe: an-dRAHOLDINA, fa RAHOLDINA efa nandova, efa manankarena ka tsy mila an'izany.

Fahatelo, fanontaniana apetraka aminao, Andriamatoa Praiminisitra; rehefa misy Minisitra tsy mahavita azy ve "systématique" fotsiny dia tsy maintsy esorina daholo. Ny hitako mahavita azy izao dia ny Minisitry ny Fitsarana, ny Minisitry ny Polisy, ny Jeneraly RAVALOMANANA Richard, SEG. Tena... Rehefa ... Rehefa miantso ny Minisitry ny Polisy dia azo izy. Nisy olona notafihin'olona tao Alarobia, tamin'ny 11 ora alina no nantsoin'ny olona ry zareo, tonga avy hatrany. Isaorana manokana ianareo, Andriamatoa Minisitra, fa tsy mba manavakavaka.

Hametraka fanontaniana aminao aho hoe: rehefa Malagasy ve no mangataka tany dia lazaina fa mpangalatra tany, fa rehefa Sinoa sy Karana dia tsy mpangalatra. Hanome ohatra iray aho; izaho mihitsy no horaisiko ohatra. Nangataka tany izahay tamin'ny taona 2013, nolazaina fa mpangalatra tany RAHOLDINA kanefa ity tany nangatahako dia azoko tany amin'ny Sinoa natao ... Ao amin'ny Sinoa ao Alarobia izy io, Tompoko. Ampitaka no nangatahako azy, fa mbola hanao fanadihadiana parlemantera izahay ary mbola hantsoinay ny Minisitry ny Fanajariana ny Tany.

Lazaina fa mpangalatara tany RAHOLDINA; tany 3 ha, tanin'ny Minisiteran'ny Asa Vaventy izy io, Tompoko. Nosoratana tamin'ny "Société" an-dRAJABALY, "Société immobilière" izy io. Ampahafolon'io tany io no nangatahanay. Nanaovanay "Père PEDRO kely" ary fantatr'Andriamatoa Andry RAJOELINA izany tamin'ny fampielezan-kevitra.

Ny zavatra tiako apetraka aminao, Andriamatoa Praiminisitra, izaho tsy miady amin'ny Minisitra Hajo ANDRIANAINARIVELO.

Izaho kosa mametraka hoe: aoka mba tsy hisy intsony, satria tsy misy IRD, satria akaikin'ny Filohampirenena, satria akaikiny, manodidina azy koa na manao ny tsy nety aza dia tazonina foana. Efa notazonina izy koa miangavy izahay, mba hanara-maso azy ianao, Andriamatoa Praiminisitra, fa ity misy antontan-taratasy tamin'ny tetezamita nentiko eto, mbola hiantsoanay azy, fa be loatra ny tany namidy Ariary ny iray metatra toradroa.

Resaka trano no ato, aiza izany no hametrahana ireo "4 mi" ireo. Izy ireo anie no mipetraka ao "La Réunion kely".

### **Ramatoa FILOHA**

Ny Solombavambahoaka, RATSIVAHINISOLO Andriniony, voafidy tao Atsimondrano.

### **Andriamatoa RATSIVAHINISOLO Andriniony**

Ramatoa Filoha;

Andriamatoa Praiminisitra;

Ianareo mambran'ny Governemanta;

Miarahaba Tompoko.

Atsimondrano no resahana, anisan'ny Distrika lehibe indrindra manerana an'i Madagasikara izany.

Amin'iny faritr'lavoloha akaikin'ny Lapa iny, mandeha fiara avokoa ny olona manana fiara, lasa maka rano eny Tanjombato. Any amin'ny faritr'Itaosy dia tena tsy misy mihitsy ny rano. Fantatrareo, ohatra Ambohidrapeto sy ny manodidina.

Izay ny momba ny rano.

Mikasika ny tsy fandriampahalemana, tsara ny hetsika atao eto an-drenivohitra, fa rehefa voageja avy aty an-drenivohitra ny mpangalatra dia lasa misintaka any amin'ny Distrika ambanivohitra. Efa miezaka amin'ny fiaraha-miasa amin'ny SEG izahay. Betsaka ny zavatra natao tany saingy tsy ampy. Noho izany, mangataka izahay, mba hoe omeo fitaovana ny Zandary sy Polisy satria misy an'ireo fiara maintimainty ireny; tsara raha manana an'ireny eny Atsimondrano.

Isaorana ny Minisiteran'ny Fampianarana fa nahazo sy nisitraka EPP sy CEG manara-penitra izay hatao eny Tanjombato izahay.

Momba ny Tanamasoandro, tetikasa lehibe izay hatao eto Madagasikara. Aleo miresaka tsara ny Mpanatanteraka sy ny mpitondra eny ifotony satria voizin'ny mpanao politika sasany fa hototofana avokoa ny tanimbary rehetra eny Atsimondrano. Misahotaka ny sain'ny tantsaha eny amin'izao fotoana izao kanefa ny Filohan'ny Repoblika tamin'ny fampielezan-kevitra, nampanantena fa hanao tohadrano lehibe eo Ampasika.

### **Ramatoa FILOHA**

Mbola misy ambiny 40 segondra, ny Solombavambahoaka FAMINDRA Justin.

**Andriamatoa FAMINDRA Justin**

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Miarahaba an'Andriamatoa Praiminisitra sy ny mambran'ny Governemanta.

Omeo ahy izay ambiny izay raha ohatra mety.

Tsara ny PGE, Andriamatoa Praiminisitra, fa mangataka mba tsy hihemotra isika amin'ny fanapahan-kevitra atao iadiana amin'ny kolikoly, ny fitsinjaram-pahefana, ny programa momba ny fampandrosoana. Raha ireo no tanteraka, izaho tsy hilaza hoe paradisa, fa hisy fiovàna eto Madagasikara, indrandra ao an-tampon-tanànan'i Toamasina. Mangataka ny tsy hihemotra isika, fa hiroso lalandava satria izay no fanetry ben'ny firenena manahirana antsika. Mba ahafahan'i Toamasina miandry an'izay roa taona izay satria any amin'ny volana May no mety hilaza isika hoe: ity no tsy vita, itsy no vita. At� amboalohany, tena manantena zavatra goavana izahay vahoakan'i Toamasina; miandranda fandrosoana, fa raha izao no tanteraka, angamba hiova ary mety ho tanteraka tokoa ary ivavahana ny hampandroso.

Ho an'ny Minisitry ny Fitaterana, miandry ny fanamboarana ny RN2 izahay. Be loatra ny fampiasana azy io, be koa ny fiara be matory an-dalana, sahirana miakatra sy midina amin'io lalana io. Mangataka izahay, mba atao isaky ny 100 km, anaovana karazana «parc» ahafahana mampiditra fiara be, fa raha misy «evacuation sanitaire», mety ho maty an-dalana ny olona.

Mikasika ny tsy fandriampahalemana ao Toamasina, somary niakatra kely izahay. Ho an'ny Minisitry ny Polisy, Zandary ary ny Miaramila, mangataka izahay, mba ahafahana miandry ny 2 taona, hametrahana ny fampandrosoana.

Manamafy ny resaka Fokontany teo izahay. Hifidy Ben'ny Tanàna isika, kanefa ny karaman'izy ireo hitantsika ihany. Mitodika kely amin'Andriamatoa Praiminisitra aho satria ny Fokontanintsika no kitro ifaharan'io fifidianana io.

Momba ny mpiasa any amin'ny Distrika any amin'ny Faritra Atsinanana, efa misy tapitra ny fifanarahana arak'asa, satria ny Lehiben'ny Faritra, tsy afaka manavao izany. Inona no hevity ny Governemanta amin'izay. Tokony hisy Lehiben'ny Faritra vonjy maika afaka manao izay fanavaozana izay satria sahirana ny mpiasa any amin'ny Distrika.

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Misaotra, Andriamatoa Praiminisitra.

**Ramatoa FILOHA**

Nahay nampiasa koa ianao satria mbola misy iray minitra latsaka kely.

Ny Solombavambahoaka voafidy tao Nosivarika, BAOFENO Micheline.

**Ramatoa BAOFENO Micheline**

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Miarahaba an'Andriamatoa Praiminisitra sy ny mambran'ny Governemanta.

Misaotra, Andriamatoa Praiminisitra tamin'ny programa natolotra teo.

Misaotra manokana satria sambany izahay ao Nosivarika no tafiditra ao anatin'ny programa; na any amin'ny taona 2020 aza ny resaka RN11 mampitohy an'i Nosivarika-Mananjary-Mahanoro. Misaotra betsaka amin'izay lalana izay kanefa manamafy ny tenin'ny namako teo aho satria matetika iny lalana iny no amboamboarina ohatran'izany foana. Lasa mameo ny paosin'ireo orinasa fotsiny, tsy maharitra ny lalana. Mangataka satria Mahanoro-Antananarivo vita tara, Mananjary-Antananarivo, vita tara, io anelanelany io sisa, koa mangataka mba hatao tara koa io lalana io.

Mikasika ny "canal de Pangalane» izay efa an-dalam-panamboarana amin'izao fotoana izao. Mangataka "moteur de bac" izahay satria i Mangoro dia anisan'ny rano lehibe indrindra, ny "bac" misy, fa ny "moteur" no simba.

Ho anay ao Nosivarika manokana, manana "bac" izahay kanefa tsy misy "moteur", sintonina amin'ny tady rehefa miampita hany ka atahorana ny ain'ny olombelona amin'izany.

Mikasika ny angovo, mijaly ny Distrikan'i Nosivarika satria ny jiro, tapak'andro ihany no mandeha, amin'ny 11 ora atoandro ka hatramin'ny 11 ora alina.

Momba ny rano fisotro madio, tena ny Distrika iray manontolo no tsy mahazo izany. Izay anisan'ny mampirongatra ny valan'aretina any aminay satria na ny Distrika tampon-tanàna aza tsy misy an'izany.

Tena mampalahelo ihany koa ao amin'ny hopitaly fandidiana satria tsy misy rano; mitatitra rano mameo "citerne" aloha ny fianakaviana manana marary izay vao mandeha ny fandidiana.

Manarak'izay, ny serasera: ny antsasaky ny Kaominina rehetra mandrafitra ny Distrika no tsy afaka misitraka izany. Izy ireo ihany no mampiasa telefaonina.

Ny resaka haino aman-jery koa, efa taona maro izay no tsy nahita an'izany televiziona izany ny Distrikan'i Nosivarika. Noho izany, mangataka ny hijerena akaiky an'izay izahay.

### **Ramatoa FILOHA**

Ny Solombavambahoaka Lanto RAKOTOMANGA, voafidy tao amin'ny Boriborintany faha-II. Ireto indray ny andiany manaraka: Ny Solombavambahoaka Lanto RAKOTOMANGA, ny Solombavambahoaka CHRISTOPHE Tsiliva, ny Solombavambahoaka NAKANY Charly, ny Solombavambahoaka RAKOTONDRAZAFY José Alain, ny Solombavambahoaka RAMAMONJISOA Jhon Whary, ny Solombavambahoaka RAKOTONIRINA Jimmy Joe, ny Solombavambahoakan'i Mandoto, ny Solombavambahoakan'Antanifotsy, ny Solombavambahoakan'Antsirabe II, izay izany. RANDRIAMANAMPISOA Alfred efa vita?

Misy satroka azafady. Manao satroka ny Solombavambahoaka DJAOSERA Irénée.

### **Andriamatoa DJAOSERA Irénée**

Azafady Ramatoa Filoha, sao dia latsaka tsy ao ny anaranay mba tianay jerena hoe ao na tsia.

### **Ramatoa FILOHA**

Ato daholo ny anaranareo.

Omena ny Solombavambahoaka Lanto RAKOTOMANGA ny fitenenana.

### **Ramatoa RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera**

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.  
Ombako manana ny fiaharaban'ny namana rehetra teo.

Hozaraiko roa ny fitenenako, Andriamatoa Praiminisitra, satria efa vita ity ny fandaharan'asa momba ny fanatanterahana ny Politika Ankapobean'ny Fanjakana ity. Mba misy fangatahana kely, mino aho fa tsy hampiova an'izay tetibolanareo ny fampidirana ny fangatahana raha mety, Tompoko, satria anisan'ny fampanantenana natao tamin'ny vahoaka izany ka angatahana raha mety ary mba ampidirina ao anatin'ity PGE ity.

Ny faharoa, mba atao amin'ny programa manaraka satria tsy ho voalaza eto daholo ny momba ny "frais d'inscription" any amin'ny EPP; na ny Filohan'ny Repoblika aza nandritra ny fampielezan-kevitra dia niteny ny hanafoanana an'izay "frais d'inscription" izay. Angatahana raha mety ny hampidirana an'izay.

Ao ihany koa, Andriamatoa Praiminisitra, ny fandriampahalemana eto Antananarivo Renivohitra. Marina fa tena manao izay tsy eran'ny aina ireo mpitandrofilaminana; mino aho fa tsara kokoa raha asiana "camera de surveillance" manodidina ny toerana mafana, toy ny eny Analakely sy eny amin'ny toerana misy ireny mpanao sintomahery ireny. Tena hitako fa ilaina io fitaovana io.

Ny jiro ho an'ny rehetra, Andriamatoa Praiminisitra, tokony hisy an'izany eto Antananarivo Renivohitra, satria sady hanatsarana ny tanàna no hanampy amin'ny fandriampahalemana ihany koa.

Momba ny Firaiana faha-II manokana, ny tenako manokana dia misaotra anareo mambran'ny Governemanta rehetra tsy ankanavaka satria hita ny fiaraha-miasa amin'ny Solombavambahoaka. Ao anatin'ny indray andro aza dia efa mahita vokatra izahay raha ny fiaraha-miasa amin'ny Governemanta no lazaina. Misaotra anareo izahay.

Momba ny fako, raha mety, rehefa tsy hanao ny Kaominina Antananarivo Renivohitra, sao mba afaka manao isika ao amin'ny Minisitera satria mivangongo tokoa izany.

### **Ramatoa FILOHA**

Ny Solombavambahoaka Tsiliva.

### **Andriamatoa CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot**

Misaotra, Ramatoa Filoha.  
Ombako manana ny fiarababana anao Andriamatoa Praiminisitra.  
Miarahaba anao Ramatoa Filoha.  
Miarahaba ny mambran'ny Governemanta manatrika eto.  
Miarahaba ny vahoaka Malagasy.

Angamba ny "Promesse Présidentielle" no hanomboako azy: misy lalana efa ho 40 taona, tsy mety vita, eo amin'ny 7 km manodidina an'i Morondava izy io. Efa nampanantenana ny hanaovana azy ny Filohampirenena, fa ohatran'ny tsy hitako ato anatin'ity PGE ity izay. Mampahatsiahy am-pitiavana an'izany, Tompoko.

Faharoa, efa misy hopitaly manara-penitra ao Morondava saingy tsy nampiasaina mihitsy. Efa manomboka tresatresaka izy amin'izao fotoana izao; mino aho fa tokony hotohizana ny fanamboarana azy ary vonona hampiasain'ny vahoaka izany rehefa vita.

Fahatelo, resaka tsy fandriampahalemana: mitady hirongatra izany rehefa nosintonina ny mpitandrofilaminana tany an-toerana. Rehefa manao fidinana any ambanivolo, tsapa izany satria misy tranga niseho tato ho ato, ka mampahatsiahy an'izay zavatra izay izahay.

Momba ny fanitarana tanimbary: i Morondava dia anisan'ny tompon-daka raha ny famokarana eto Madagasikara no tenenina satria raha ny vary no resahantsika, mamokatra intelo isan-taona ny Distrikan'i Morondava. Mifampiankina amin'i Dabaraha anefa izay famokarana izay. Mino aho, fa efa ambony latabatra angamba ny mikasika an'izay, anisan'ny lemaka sy mamokatra ny toerana misy anay, ka izany no ilazana izay.

Momba ny seran-tsambo, tena faly aho naheno fa hanomboka ny fanadihadiana. Mangataka anefa izahay, mba atombohy mihitsy, Andriamatoa Minisitra, satria izahay no akaikin'i Afrika Atsimo ary manamora ny fifanakalozana ara-barotra izany.

Misy Kaominina teo aloha lasa Fokontany; tokony haverina ho Kaominina ihany izy ireo; anisan'izany ny Fokontany Manometinay, ao amin'ny Kaominina Befasy. Mijaly tokoa ny vahoaka ao satria mandeha tongotra 80 km raha hanao taratasy anankiray. Mba averina ho Kaominina ny Fokontanin'i Manometinay raha azo atao.

Ho an'ireo biraon'ny Fokontany, maro ny toerana tsy manana an'izany, ao no simba tanteraka, lasa mijaly ny Sefom-pokotany; mba mila jerena akaiky ny momba ireo.

Misy tetezana anankiray izay, hatramin'ny izaho mbola kely, mbola tsy vita foana io tetezana ao Ambatomena io. Raha jerena ny asa hatao ao, tsy dia mila zavatra be ny fanohizana azy. Mampitohy ny Distrikan'i Morondava sy ny Distrikan'i Manja izany, ao no ivezivezen'ny vokatra rehetra kanefa mijaly rehefa tonga ny fahavaratra.

Momba ny famokarana siramamy: izahay angamba no tompon-daka aty amin'ny Ranomasina Indiana raha ny kalitao na ny vokatra no jerena. Azo porofoina izany, koa mangataka ny hamelomana ny SUCOMA, fa ho faly ny vahoakan'i Morondava raha io no miverina haingana.

Ny rano fisotro madio ao Bemanonga, any Morondava izany...

### **Ramatoa FILOHA**

Ny Solombavambahoaka NAKANY Charly.

### **Andriamatoa NAKANY Charly Zafimagnely**

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba an'Andriamatoa Praiminisitra sy ianareo mambran'ny Governemanta.

Misaotra ny SEG tamin'ny fandraisana andraikitra satria faly izahay tamin'ny zavatra nataony; nahazo Kompania izahay. Tena ilaina izany ary misy toerana azo iofanana ao; koa isaorana manokana anareo ny fahazoana izany.

Misaotra an-dRamatoa Minisitry ny Kolotsaina sy ny Serasera satria mahita televiziona avokoa ny vahoakan'i Beroroha.

Isaorana koa ny Minisitry ny Polisim-pirenena satria tamin'ny fasahiana ny fandraisan'andraikitra nataony tamin'ny fanatsarana ny Minisiteranay. Mahasaropiaro anay mirahalahy Solombavambahoaka tokoa io Minisitera io. Mahavelom-panantenana ny ezaka ataonao; tohizo fa mahafinaritra. Eo anatrehan'izay, mangataka izahay amin'ny maha Filohan'ny "commission de la sécurité publique" anay; mba mangataka, Andriamatoa Praiminisitra, atsangano haingana ny "Commissariat" ao Beroroha satria tokotelo maha masa-nahandro ny Miaramila, ny Zandary ary ny Polisy izany. Tokony hatsangana haingana io "Commissariat" io satria tsy i Beroroha manontolo no hasiana an'izay, fa ohatra ny ezaka ataon'ny SEG, avadika ho Kompania ny Distrika rehetra.

Isaorana ny Minisitry ny Asa Vaventy satria nisy tetezana tapaka tao aminay, lasa nihodina tany Toliara, tany Manja vao tonga kanefa Kaominina akaiky kely tsy ampy 50 km akory no halavirany, lasa mankany Toliara izahay. Vao tonga izay tetezana izay, milamina izahay.

Manarak'izay, ho an'ny Minisitry ny Fambolena, mahafinaritra ny fiaraha-miasa aminy satria efa nanatona azy izahay, nampilaza ny zavatra tena ilain'ny vahoaka. Tsara ny fanapahan-kevitra noraisiny.

Manarak'izay, tokony hasiana fitsarana koa ao Beroroha, lasa mankany Ankazoabo izahay kanefa ny lalana mankany manahirana be. Mba mangataka ny hametrahana izany izahay satria lasa manaonao foana ny Polisy, azon'ny fakam-panahy hanao kolikoly, tazoniny ao anatin'ny 15 na 20 andro any amin'ny "violon" ny olona. Mivadika ho fandikan-dalàna ka tsy mety. Tena angatahanay ny fametrahana io fitsarana io.

Manarak'izany, ny lalana noresahan'ny namana Solombavambahoaka teo hoe: Beroroha-Ankazoabo; tena angatahana manokana io, Andriamatoa Praiminisitra, fa sahirana tokoa ny vahoaka; na main-tany na fahavaratra.

Ho an'ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena, ny "Compagnie 503", Tompoko, mijaly izahay satria anarany no mba misy an'io, ny trano tsara ary ny toerana malalaka saingy ny isan'ny Miaramila miasa ao no tena tsy ampy. Tsy vitan'izay, fa tsy manana fitaovana ihany koa. Mangataka fiara 4x4 iray izahay satria mba manampy ny Zandary koa ny olona rehefa manao "intervention".

Momba ireo mpiasam-panjakana tamin'ny andron'ny Distrika...

### **Ramatoa FILOHA**

Ny Solombavambahoaka RAKOTONDRAASOA Fetra.

### **Andriamatoa RAKOTONDRAZAFY Fetra**

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Miarahaba an'Andriamatoa Praiminisitra.

Miarahaba ny mpikambana ao amin'ny Governemanta.

Tsara ny programan'asa fa ny fanatanterahana no andrasana, Andriamatoa Praiminisitra.

Ny tiana horesahana amin'iny Faritr'Itasy iny, raha ny Distrikan'i Miarinarivo manokana, tsy mba tafiditra ato ny resaka fananan-tany.

Misy tany hatramin'ny 6 000 ha ao anatin'ny Distrikan'i Soavinandriana sy ny Distrikan'i Miarinarivo, an'ireo voanjo taloha; mbola tsy misoratra amin'ny vahoaka izany tany izany. Ny tiana ho fantatra, inona no politika-panjakana mikasika an'ireo tany 6 000 ha ireo. Angatahanay ho avy hidina any ny Minisitry ny Fananan-tany na ireo teknisiana mahalala ireo antontan-taratasy ireo mba hanazava amin'ny vahoaka ny lalana arahina sy ny "état de procédure" momba izany toerana izany amin'izao fotoana izao.

Mankasitraka ny Minisitry ny Filaminana Anaty sy ny Minisitry ny Foloalindahy ary ny Zandarimaria tamin'ny nataon-dry zareo.

Mankasitraka, Andriamatoa Praiminisitra.

Misaotra, Ramatoa Filoha.

### **Ramatoa FILOHA**

Misaotra fa tena mbola manana fotoana maro, Andriamatoa Solombavambahoaka.

Ny Solombavambahoaka RAKOTONDRAZAFY José Alain, voafidy tao Ambatondrazaka.

### **Andriamatoa RAKOTONDRAZAFY José Alain**

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba an'Andriamatoa Praiminisitra.

Miarahaba anareo mambran'ny Governemanta.

Misaotra fa tafiditra ato anatin'ny PGE ny fanamboarana ny lalana RN44. Mangataka anefa izahay mba hatomboka ao Vodiala ny fanamboarana an'io RN44 io satria misavorovoro ny sain'ny olona any Ambatondrazaka; hanomboka any Marovoay ve sa avy aiza. Koa mangataka izahay ny hanombohan'izany ao Vodiala.

Anisan'ny fampanantenana nataon'ny Filoha Andry RAJOELINA koa ny fanamboarana ny kianja manara-penitra ny kianjan-dRasolonjatovo. Mangataka hanatanterahana izany asa izany izahay.

Ny lalana RN44 teo, tsy hanomboka ao Vodiala, fa hatrany Vohitraivo. Mba mangataka ny hanamboarana ny lalana Ambatondrazaka mianavaratra, hatrany Vohitraivo, Tompoko.

Efa nisy Solombavambahoaka niteny ihany teo momba ny mpampianatra FRAM. Mangataka izahay, Ramatoa Minisitra, mba hampidiranao an'ireo mpampianatra FRAM any Ambatondrazaka ireo ho mpiasam-panjakana.

Misaotra Tompoko.

### **Ramatoa FILOHA**

Misaotra, mbola manana firy minitra ihany koa ianao.  
Ny Solombavambahoaka Jhon Whary, voafidy tao Soanierana-Ivongo.

### **Andriamatoa RAMAMONJSOA RAKOTONIRINA Jhon Whary**

Misaotra, Ramatoa Filoha.  
Miarahaba an'Andriamatoa Praiminisitra sy mambran'ny Governemanta miaraka aminy.

Mankasitraka tamin'ny fanolorana ny PGE teo, fa mba tafiditra tao i Soanierana-Ivongo tamin'ity indray mandeha ity.

Voalohany, misy zavatra tena maika, Andriamatoa Praiminisitra, ao amin'ny biraon'ny Distrikan'i Soanierana-Ivongo. Rehefa avy ny orana, tsy manao kiraro intsony ny Lehiben'ny Distrikanay, fa kapa satria feno rano ny trano rehetra. Nalaiko sary ny efitrano rehetra ary hoentiko any amin'ny Minisitra tomponandraikitra satria zava-doza no misy ao. Raha ohatra, Andrimatoa Praiminisitra, tonga any aminay ny Minisitry ny Atitany, tsy sahinay ampidirina ao amin'ny biraо sao mirodana ka ianjeran'ny trano ao ianareo; lasa misy lazaina eo indray ny mpanao gazety.

Momba ny fanamboarana kianja manara-penitra: nandalo tany ny Filohampirenena, nilaza izy fa hamboatra kianja manara-penitra. Tsy avelan'ny tanora any aminay intsony izahay amin'io resaka io, ka ampitaina aminaо izany.

Ny mampiavaka anay amin'ny zavatra rehetra notenenin'ny namana teo dia izao: ny anay efa mipetraka eo ny petadrindrina lehibe ka isaky ny mandalo eo ny tanora any dia manontany hoe rahoviana ihany ity raharaha ity no hanomboka.

Ny tambin-karaman'ny Sefo Fokontany, vao tonga avy aty izao izaho dia feno sahady ny trano manontany hoe: ahoana ihany ny karama. Mba noteneninareo ve ny karamanay. Efa ho 20 volana izao no tsy nahazo karama ny Sefo Fokotany any aminay.

Mitodika amin'ny Polisy: mba omeo fiara ny "Commissaire" any aminay, fa tena miasa io lehilahy io. Misy antso azon'ny "Commissaire"-nay amin'ny alina momba ireny mpangalatra lavanila ireny, tokony ho tratra kanefa mandositra mihazo an'iny RN5 iny dia tsy azo intsony.

Momba ny rano fisotro madio: ny Fokontany rehetra ao amin'ny Distrikan'i Soanierana-Ivongo dia saika tsy misotro rano madio mihitsy.

Ho an'ny Minisiteran'ny Fitantanam-bola; mba anamboaro trano ny "trésor" sy ny "centre fiscal", fa ny biraony dia ao ambanindrihan'ny Distrika ary ny rano avy any ambony rehefa avy ny orana, tonga dia mamantana ao amin-dry zareo.

Ny antontan-taratasy rehetra ara-bola, Tompoko. Mahamenatra izany satria tsy hitan-dry zareo intsony ny hampirimana azy kanefa vola no resahana.

Mikasika ny tranon'ny lehiben'ny fonja, raha mandefa "Gardien Chef" any ianareo ka matahotra menarana ny vadiny, aza alefa any satria misy menarana ao ambanin'ny trano, efa ela no naха trano an'izany, hatramin'ny andron'ny dadabe tany ho any. Mahamenatra satria ratsy dia ratsy ny trano ipetrahan'ny "Gardien Chef" ao aminay.

Ny fonja, mitovy amin'ny an'i Sainte-Marie teo.

**Ramatoa FILOHA.**

Ny Solombavambahoaka voafidy tao Antanifotsy.

**Andriamatoa RAFIDIMANANTSOA Narson**

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba an'Andriamatoa Praiminisitra.

Fanamarihana kely fotsiny no entiko anazavana eto mikasika ny Distrikan'Antanifotsy.

Misaotra fa ny CSB ao Ambatoharanana dia hamboarina, efa ato anatin'ny programa izany; ny ivon-ketra koa efa vita ny trano.

Misaotra indrindra fa tena zavatra tsara ny fandaharan'asa.

Koa miangavy, mitalaho aleo mba vitaina io lalana io; efa Solombavambahoaka maro no nifandimby teo ary nilaza fa hanao an'io lalana io. Mino aho fa amin'ity, tena tanjon'ny Filohampirenena izay zavatra izay.

Nisy fampanantenana koa tao Ambatomiady tamin'ny Filohampirenena nanatitra lakolosy tany; nilaza izy fa hamboarina Ambatomiady-Antanifotsy. Izay zavatra izay no hamafisiko eto.

Lehibe ny Distrikan'Antanifotsy raha jerena ny saritany eto Madagasikara, mahazo an'Anosibe An'Ala; ny sisiny mahazo an'i Fandriana. Izany hoe, mila ampiana ny mpitandrofilaminana; omena "moto" ny Zandary sy Polisy satria mandrapahatongan'ny antso any amin-dry zareo hoe misy manafika ny olona aty aminay; na misy omby very atsy; efa tsy hita intsony ny mpangalatra. Ny "moto" no hita fa haingankaingana kokoa. Mangataka an'izany fitaovana izany izahay, Andriamatoa Praiminisitra, mba hiadiana amin'ny tsy fandriampahalemana.

Ho an'ny "maître FRAM", mbola misy 590 izy ireo, miampy ny isan'ny "bénévol" izany dia mahatratra 1 137. Tsy hipetraka amin'ny isa 180 intsony ny fandraisana azy ireo isan-taona, fa mba hitombo satria lehibe loatra ny Distrikan'Antanifotsy, betsaka ihany koa ny "maître FRAM". Mba miangavy, Ramatoa Minisitra, ampitomboy ny isan'ny "maître FRAM" ao Antanifotsy horaisina ho mpiasam-panjakana.

**Ramatoa FILOHA**

Misaotra fa mbola misy iray minitra mahery.

Ny Solombavambahoaka voafidy tao Antsirabe II, RANDRIAMANAMPISOA Alfred.

**Andriamatoa RANDRIAMANAMPISOA Alfred**

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Miarahaba an'Andriamatoa Praiminisitra.

Miarahaba anareo mambran'ny Gouvernemanta.

Misy Kaominina iray, Andriamatoa Praiminisitra, ao Sahaniotry Atsimo; misy tohadrano amboarin'ny fitondram-panjakana. Amin'izao fotoana izao, tsy fantatro raha efa nanao "étude d'impact environnemental" ny Minisitera momba an'io tohadrano hanaovana "hydroélectrique" io, fa ny vahoaka any tsy mankasitraka azy loatra satria misy kajikajy angamba amin'izay zavatra izay; tratra daholo ny tanimbariny raha apetraka io tohadrano io. Izay no ilazana fa tokony haverina any an-toerana ireo mpanao fanadihadiana ireo mba ahafahana miresaka tsara amin'ny vahoaka.

Torak'izay koa ny "plaque solaire" miorina ao amin'ny Kaominina Ibity, misy tanin'olona ary mbola tsy nahavitana fanadihadiana ihany koa. Angatahanay mba handeha any ny teknisiana hiresaka tsara amin'ny olona mipetraka amin'ireo tany ireo.

Rehefa misy fidinana tahaka ireny, Andriamatoa Praiminisitra, angatahanay koa ny Minisitra mba hampandre ny Solombavambahoaka satria anisany tokony hahafantatra izany fidinana ifotony izany izahay mba ahafahana mandamina ny asa any amin'ny toerana misy anay Solombavambahoaka tsirairay avy.

Ho an'ny fanatanjahan-tena, angatahako mba haverina ny "sport scolaire" satria ahafahantsika mitaiza ny zanatsika izany, ao koa no ahazoana ny "relève" eto Madagasikara.

Ho an'ny fanamboaran-dalana amin'ny RN7, angatahiko mba harahina ny fanaovana azy ireny satria lasa ohatran'ny "bonbon" voanjo, hoy isika, ny lalana ka tsy maharitra mihtsy. Angatahana, Andriamatoa Praiminisitra, ny fanaraha-maso an'iny RN7 iny satria tena mampijaly ny vahoaka.

Momba ny PGE teo, izahay Solombavambahoaka dia vonona ny hiara-hiasa amin'ny fitondram-panjakana satria fanatanterahana ny asa no hataontsika eto Madagasikara.

Misaotra Tompoko.

**Ramatoa FILOHA**

Ny Solombavambahoaka RAKOTONIRINA Jimmy Joe.

**Andriamatoa RAKOTONIRINA Jimmy Joe**

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba an'Andriamatoa Praiminisitra sy ianareo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra.

Mikasika ny programa, isaoran'ny vahoakan'lakora fa nahazo anjara, kanefa maro ihany ireo olana ary hatao laharam-pahamehana amin'ity zavatra ity.

Voalohany, mikasika ny angovo sy ny rano fisotro madio: ao amin'ny Distrikan'lakora, indrindra ao an-drenivohtra misy anay, Andriamatoa Praiminisitra, dia nisy JIRAMA tamin'ny taona 1990 kanefa tsy mbola nisy fanatsarana hatreto. Ny angatahanay, nandritra izay 20 taona izay dia mbola 5 ora ihany no "heure de marche"; koa mangataka izahay mba hampitomboana izany ho 24 ora amin'ny 24 ora, Andriamatoa Praiminisitra.

Mikasika ny rano fisotro madio, tokony hojerena izany, indrindra eo amin'ny renivohitry ny Distrika dia Kaominina Ambanivohitr'lakora sy Ranotsara.

Amin'ny lafiny fampianarana, misy Kaominina roa misedra olana, indrindra amin'ny taom-pianarana ho avy izao. Tokony hananganana CEG izy ireo, ny Kaominina Volambita sy ny Kaominina Begogo, satria ho sahirana ny mpianatra rehefa afaka CEPE, tsy maintsy mandeha tongotra any amin'ny 25 km vao hahita sekoly.

Isaorana ianao tamin'ny programa natolotrao teo, Andriamatoa Praiminisitra, fa tena nahafapo, indrindra ny ady atao amin'ny kolikoly sy ny fanatsarana ny fitantanana.

Itodihako manokana ny Minisitry ny Atitany; efa nangatahako fihaonana izy mikasika ny hanoloana tsy misy hatak'andro ny Lehiben'ny Distrika ao lakora satria efa ho 5 taona izy no tao; sahirana ny vahoaka, Andriamatoa Minisitra, tsy misy "adjoint", fa "Chef de District" ihany no ao. Rehefa tsy eo izy, mikatona ny biraon'ny Distrikan'lakora, Andriamatoa Praiminisitra.

Farany, mikasika ny fandriampahalemana, isaorana ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena satria napetraka ny BOA na ny "Bataillon Opérationnel Avancé" ao lakora amin'izao fotoana izao ary efa ato anatin'ity programa ity.

Misaotra anareo ary manamafy ny fangatahana fampitaovana ny Kompanian'ny Zandarimarian'lakora satria tsy nahazo izy teo.

Ny fanatsarana ny "brigade" ao lakora sy Ranotsara, izay no angatahanay fanatsarana.

Ilangavianay ianareo mambran'ny Governemanta rehetra satria karazan'ny Distrika lavitra andriana ny Distrikan'lakora; miangavy anareo mambran'ny Governemanta hitsidika an'io Distrika io mba ahafahana milaza fa misy fanjakana eto amintsika.

### **Ramatoa FILOHA**

Ny Solombavambahoaka RAKOTORAHALAHY Modeste, voafidy tao Mandoto.

### **Andriamatoa RAKOTORAHALAHY Modeste**

Misaotra Tompoko.

Miarahaba an'Andriamatoa Praiminisitra sy ny mambran'ny Governemanta.

Marina tokoa, iaraha-mahalala ny zavatra rehetra nisy notantaraïn'ny namanay teo. Mitovitovy amin'izay daholo satria any aminay aza, mameley ny tsy fandriampahalemana

amin'izao fotoana izao saingy misy an'ireo kalone. Manampy be dia be ny mpitandrofilaminana izy ireo, koa angatahanay izy ireo mba hatao ara-dalàna; homena fiofanana mba ahafahany tsy hihoa-pefy ho fanampiany ny vahoaka. Raha tsy misy an'ireo izahay, tsy maharaka ny mpitandrofilaminana. Porofon'izany, tamin'ny tsy nisy an'ireo kalone ireo, nisy Miaramila nanampy anay tamin'ny tsy fandriampahalemana kanefa matin'ny dahalo, "lieutenant" izany Miaramila izany. Nisy koa Zandary maty tao anatin'izay satria tratran'ny dahalo, amin'ny lazaina hoe: be noho vitsy.

Angatahanay mba hatao ara-dalàna ireo kalone ireo.

Misaotra amin'ny hanomezana anay CSB sahadysatria zavatra tena ilainay ao amin'ny Distrika misy anay izany; lavitra loatra any Antsirabe satria 130 km miala anay. Noho izany, mankasitraka sy mankaterina amin'izany tetikasa izany; na mbola any amin'ny taona 2020 aza; mankasitraka, Andriamatoa Praiminisitra.

Manarak'izay, eo amin'ny jiro sy ny rano: tena mijaly izahay satria misy jiro mandeha ihany saingy amin'ny 5 ora hariva ka hatramin'ny amin'ny 9 ora alina ihany izany. Lafo ny fakitora; raha manana "ampoules" roa ianao, mahatratra 80 000 Ariary isam-bolana ny fakitoran'izay kanefa adiny efatra ihany no andehanan'ny jiro.

Manamarika koa aho, fa ny "maître FRAM" any aminay, mbola betsaka no tsy mandray karama sady tsy mbola voaray ihany koa. Mangataka ny handraisana azy ireo ho mpiasam-panjakana izahay.

Ny CSBII any aminay, mbola maro no manao "bénévol"; angatahanay ny hampidirana azy ireo ho mpiasam-panjakana.

Misaotra sy mankasitraka Tompoko.

### **Ramatoa FILOHA**

Ireto indray izany ny andininy 10 manaraka:

Ny Solombavambahoaka ANDRIANAMBININA Djohary Lee; TSABOTOKAY Honoré; RAZAFINANDRASANA Raulan; DJAOSERA Irenée; RAYMOND; RASIDIMANANA; RANDRIANARISOA; TSARADIA Marco; BERNANDO Germain; RANDRIANIAINA Théophile; ANDRIANAMBININA Djohary Lee.

### **Andriamatoa ANDRIANAMBININA Djohary Lee**

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba an'Andriamatoa Praiminisitra sy ianareo mambran'ny Governemanta.

Fankasitrhana no voalohany, mikasika ny fahazoanay "Département Spécial de Sécurité". Tena zava-dehibe aminay mihitsy izany satria anisan'ny lasibatry ny asan-dahalo i Vondrozo amin'izao fotoana izao. Tao anatin'ny iray volana monja, omby miisa 150 teo ho eo no very tao anatin'ny Distrika.

Fangatahana raha azo atao; mba andefasana mialohan'ny fotoana ny Kompania; alefa mialoha koa ny Miaramila na tsy mbola voapetraka ny fotodrafitsara; ao an-tampon-tanànan'i Vondrozo aza amin'izao fotoana izao, efa anjakan'ny asan-dahalo.

Manarak'izay, Andriamatoa Praiminisitra, mangataka "opération" koa izahay satria fantatra ny toerana misy an'ireo dahalo saingy fa tsy manana fahafahana miditra sy manafika izany toerana izany izahay.

Ankoatran'izay, tena mankarary ny Disitrikan'i Vondrozo koa ny lalana RN27 izay tsy voatonona teo. Mba jereo manokana io mampitohy an'i Farafangana-Ihosy izay mamakivaky ny Distrikan'i Vondrozo io.

Maro ny zavatra tena mankarary, fa ny tsy fandriampahalemana sy ny lalana no tena mibahaha satria ireo no takian'ny vahoakan'i Vondrozo amin'izao fotoana izao.

Mankasitraka Tompoko.

### **Ramatoa FILOHA**

Misaotra anao, mbola tsy tapitra ny anjaranao.

Ny Solombavambahoaka voafidy tao Vohipeno, TSABOTOKAY Honoré.

### **Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré**

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Miarahaba an'Andriamatoa Praiminisitra sy ianareo mambran'ny Governemanta.

Rehefa namaky ny boky nosoratan'Andriamatoa Praiminisitra, NTSAY Christian aho teo dia resy lahatra; kanefa raha nandinika aho; ao amin'ny toko faha-5, andininy faha-5, andalana faha-24 sy faha-25 mivaky toy izao: "Lycée" vaovao 6 ahitana efitra 12 no atsangana amin'ity taona ity, ao Tongarivo, Tanjombato, Vatomasina, Vohipeno.

Io no tiako itondrana ny fanitsiana, Andriamatoa Praiminisitra. Tsotra ny antony; efa nisy fidinana ifotony nataon'ny teknisiana indroa niantoana tany. Rehefa izany, amin'ny tanin'ny Kaominina no hasiana ny "Lycée"; rehefa tonga tany koa ny olona manakaiky ny Filoha dia nataony amin'ny tanindrazany. Isika manao an'ireto fotodrafitsara ireto anie, politika no ny antony mba hitsinjovana ny amin'ny taona 2024.

Maro ny SMS tonga aty amiko, ao ny "message privé" ao amin'ny "facebook" manao hoe: ahoana marina ny hevitrao, Andriamatoa Solombavambahoaka, mikasika an'io zavatra io. Apetrako amin'Andriamatoa Praiminisitra ihany koa hoe: ahoana ny hevitrareo mikasika ny hoe: hatao amin'ny Fokontany iray ve sa itambaran'ny besinimaro ary nankatoavin'ny Mpanjaka sy Olobe any aminay. Ao Maromby-Vohipeno dia tanin'ny Kaominina. Maniry ny vahoakan'i Matatana-Belolava, mba hatao amin'io tany iombonana io satria "Lycée" ho an'ny Distrikan'i Vohipeno izy io, fa tsy "Lycée" ho an'ny Kaominina na Fokontany iray. Izay no voasoratra amin'iny.

Faharoa manarak'izay, misy namanay avy tany Vondrozo niteny teo, mangataka an'io karazana tobim-paritra ao Vondrozo io mba hatao ao Karianga ao amin'ny Kaominin'i Vondrozo ihany amin'izay mba afaka mifehy anay aty Vohipeno sy Ikongo fa tena ilainay izany.

Mikasika ny "Promesse Présidentielle", misy kianja manara-penitra nampanantenaina anay kanefa tsy voasoratra ato izany.

Manarak'izay, misy fananganana orinasa mpanodina voankazo tokony hatao any aminay any.

Mikasika ny angovo azo havaozina; mba fanirianay izy io, izany hoe: ny Namorona II; efa nodradradradrainay teo izany. Tokony hatao izay, fa tena sahirana izahay. Natao ny Namorona I, tsy izahay tompony nanangana azy no nahazo, fa lasa tany Fianarantsoa. Ny fanirianay, mba hahazo amin'ity izahay Atsimo Atsinanana amin'io Namorona II io.

Farany, mikasika ny fandraisana ny mpampianatra FRAM, Andriamatoa Praiminisitra; raha valo arivo izy tamin'ity PGE ity; azo akarina izany mba hitsinjovana ireo mpampianatra FRAM be taona efa hisotro ronono satria tsy tafiditra izy ireo ka lasa sahirana.

Mitodika manokana amin'ny Minisitry ny Fitsarana: matetika miantso anao ny tenako saingy tsy mbola nahazo. Tsy anomezako tsiny anao izany satria betsaka ny asanao. Maniry ny mba hihona aminao aho.

### **Ramatoa FILOHA**

Ny Solombavambahoaka DJAOSERA Irenée, voafidy tao Analalava.

### **Andriamatoa DJAOSERA Irenée**

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Miarahaba an'Andriamatoa Praiminisitra sy ianareo Minisitra miaraka aminy.

Tsara ny PGE natolotrao, Andriamatoa Praiminisitra, satria milaza tanteraka ny vina nataon'Andriamatoa Filohampirenena.

Ny zavatra tiako horesahana dia zavatra roa lehibe: nanao fanokafana seranan-tsambo tao Analalava isika, tsara iny kanefa misy zavatra tokony hiaraka amin'iny. Rehefa misy entana tonga ao Analalava, ny lalana anefa ratsy, indrindra miala amin'ny RN6 mankany Analalava; izany hoe lalana mirefy 62 km monja.

Faharoa, ny fandriampahalemana. Tsara ny fandriampahalemana ao anatin'ny PGE.

Ao Analalava taloha dia faritra mena; nanomboka taty amin'ny taona 2017, nanao dinan'ny Malainkaratra izahay tao Analalava. Nandry fahalemana ny tany kanefa misy tomponandraikitra tsy tia an'izany fandriampahalemana izany. Sanatria ka isika fanjakana indray ve no hanenjika ny vahoaka izay manolo-tànana ny Governemanta hampandry fahalemana ny tany. Mangataka izahay, Andriamatoa Praiminisitra, izay olona rehetra tomponandraikitra mampandry fahalemana ny tany mba tsy henjikenjehina fa tokony homena valisoa. Iray izay.

Mikasika ny "Promesse Présidentielle", Andriamatoa Praiminisitra, ny lalana ao an-tampon-tanànan'Analalava izay 3 km nampanantenain'ny Filohampirenena dia tsy hita ato anatin'ity PGE ity.

Ny fampitaovana ny hopitaly ao Befotaka Avaratra koa, fampanantenana izany.

Farany, momba "homologation"-n'ny Dinan'ny Malainkaratra. Averimberiko hatrany izany. Ilo no nahitanay ny fandriampahalemana ary ny fandriampahalemana no lakilen'ny fampandrosoana ny firenena.

Andriamatoa Praiminisitra, matoky ny fahendrenareo izahay mba hanaraka hampihatra an'izay hetahetam-bahoaka izay ary hanaitra

Andriamatoa Praminisitra matoky ny fahendrenareo izahay mba hanaraka sy hampihatra izay hetahetam-bahoaka izay ary hanaitra ny tomponandraikitra rehetra hisian'ny fadriampahalemana eto amin'ny tany sy ny firenena, indrindra any Ambanivohitra.

Eo koa ny fanamboarana ny biraon'ny CISCO ao Analalava izay may ary tsy misy hiasana intsony amin'izao fotoana izao.

Manarak'izay, momba ny fonjan'Analalava; efa tahaka ny tranon'akoho izany, Andriamatoa Minisitra, ka mila fanamboarana mba hialana amin'ny fitsoahan'ny voafonja.

### **Ramatoa FILOHA**

Solombavambahoaka BERNANDO Germain Berton Ndrianasy, voafidy tao Anosibe An'Ala.

#### **Andriamatoa BERNANDO Germain Berton Ndrianasy**

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Faly miarahaba an'Andriamatoa Praiminisitra sy ianareo mpikambana ao amin'ny Governemanta.

Miarahaba ny vahoaka Malagasy sy ny vahoakan'Anosibe An'Ala.

Fisaorana no ataoko voalohany satria tafiditra amin'ny ampahany kely ny Distrikan'Anosibe An'Ala izay azo lazaina fa tena tany lavitra andriana sy tena latsaka an-katerena tanteraka. Torak'izay koa, ny nahazoana trano lehibe roa momba ny fampiofanana arak'asa.

Misaotra indrindra, Tompoko.

Raha mikasika an'Anosibe An'Ala manokana; ohatry ny tongotra vakivaky, ka sady marary no mahamenatra. Mbola misy mpianatra mipetraka amin'ny tany; misy goaka be ny rindrin-trano fianarana. Miangavy an-tànan-droa mba hijery an'izany faran'izay haingana.

Mikasika ny mpampianatra, mazava ho azy fa tsy ampy satria ataon'ny sasany fakana "poste budgétaire" fotsiny any amin'ny Distrikan'Anosibe An'Ala.

Manarak'izay, mikasika ny fikambanan'ny Ray aman-dRenin'ny mpianatra, saika itovizana amin'ny Faritra rehetra izay.

Raha ny fahasalamana kosa, tsy ampy ny isan'ny Dokotera. Andriamatoa Praiminisitra, efa nifampiresaka isika mikasika ny valan'aretina bonibony; nahatratra 20 tany ho any ny olona maty vao tsy ampy iray volana izay. Isaorana anao, Andriamatoa Praiminisitra, nandefa olona nandray andraikitra tamin'izany. Ny olana anefa nampandoavina vola ireo tambanivohitra, fa izay nahafantatra olona kosa tsy nampandoavina.

Mikasika ny tanàna Sahofika, itovizanay amin'ny Distrikan'Antanifotsy any Antsirabe izany. Ao anatin'ny Distrikan'Anosibe An'ala i Sahofika; mampalahelo anefa fa tsy voatonona mihitsy ny Distrikan'Anosibe An'Ala, fa Antanifotsy foana no voatonona; koa na ny vahoaka aza malahelo satria ireo vokatra ireo dia an'Anosibe An'Ala, fa tsy an'Antanifotsy. Maninona ny lalana Antanifotsy no amboarina, fa tsy any Anosibe an'Ala. Tsara raha misy fepetra tokony horaisin'ny fanjakana.

Manomboka amin'ny 8 ora alina ka hatramin'ny 9 ora alina no mirehitra ny jiro any aminay. Manankarena fotsiny Anosibe An'Ala, tsy natao ho azy izany, fa amatsiana an'Antananarivo sy faritra hafa; inona no mety ho tambiny.

Mikasika ny rano fisotro madio, ao an-tampon-tanàna ihany no voavatsin'izany ary tapatapaka, zara raha mandeha.

Mino aho, Andriamatoa Praiminisitra, fa tena hijery akaiky ny momba anay ianao sy ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta isan-tsokajiny miaraka aminao.

### **Ramatoa FILOHA**

Solombavambahoaka RAZAFINANDRASANA Raulan, voafidy tao Vatomandry.

### **Andriamatoa RAZAFINANDRASANA Raulan**

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba an'Andriamatoa Praiminisitra sy ny mpikambana ao amin'ny Governemanta.

Misaotra Andriamatoa Praiminisitra satria mba nahazo ny tandrify azy ny Distrikan'i Vatomandry izay toeram-piofanana momba ny fambolena.

Mankasitraka sy mankatelina, Tompoko.

Isaorana ianareo amin'ny fanamboarana ny lalana ao Antanambao Manampotsy-Vatomandry satria ny 30 km amin'io dia ao anatin'ny Distrikan'i Vatomandry.

Manantena ny vahoaka ny hahavitan'izany lalana izany.

Mampahatsiahysihy ihany aho, Andriamatoa Praiminisitra, tamin'ny nahatongavano tany Vatomandry. Niteny ianao fa anisan'ny hahazo fiara tsy mataho-dalana ny Kaompanianay any Vatomandry; manantena ny hahazo izany ny Zandarimaria.

Mijaly ny Ray aman-dRenin'ny mpianatra satria ny any amin'ny tapany atsimo rehetra, Brickaville, Vatomandry, Mahanoro, Marolambo ary Antanambao Manampotsy dia any Toamasina no mandefa ny zanany manohy fianarana amin'ny oniversite. Noho izany, mangataka an'izany izahay.

Mikasika ny kianja filalaovam-baolina, anisany zava-dehibe amin'izao andro izao ny resaka fanatanjahantena; mangataka kianja izahay ao Vatomandry satria manana an'izany.

Mikasika ny jono, tsy manaja toerana tokony hanjonoana ny sambo mpanjono industrialy satria midina akaiky loatra, zara raha misy 2 km miala ny moron-dranomasina, hany ka sahirana ireo mpanjono madinika. Mitodika aminareo tomponandraikitra mba hijery izany satria miteraka fahasahiranana ho an'ny mpanjono madinika.

Mangataka lakana hisorohana ny loza mety hitranga rehefa tonga ny andro saroatra tsy ampoizina satria io no foto-pivelomany.

Aiza marina no angatahana ireo fitaovana avy amin'ny BNGRC raha ohatra mahita solika izahay, any amin'ny "Préfet" ve sa any amin'ny Faritra.

Nanomboka tamin'ny taona 1959 i Vatomandry no efa nanana "barrage hydraulique"; na angovo azo havaozina, tsy manana izahay. Maty izany tohadrano izany hatramin'izao ka mangataka ny hanamboarana ny ao Ambodiriana, Kaominina Amboditavolo izahay.

Manantena ny fanamboarana ny lalana RN11A ny tenako satria tena simba tanteraka izany.

### **Ramatoa FILOHA**

Solombavambahoaka RAYMOND, voafidy tao Antsiranana II.

### **Andriamatoa RAYMOND**

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba an'Andriamatoa Praiminisitra sy ianareo mpikambana ao amin'ny Governemanta.

Miandranda ny vahoakan'Agnivorano, mikasika ny fampanantenana nataon'Andriamatoa Filohampirenena amin'ny fanamboarana ny hopitaly manara-penitra.

Nahazo antso an-telefonina izahay, fa hisy ekipa hanao fitsidihana ny toerana hanorenana azy io. Matahotra aho, Andriamatoa Praiminisitra, fa tsy voasoratra ato anaty PGE ny momba izany kanefa raha ny resaka natao, anisan'ny Kaominina ho renivohitry ny Distrikan'Antsiranana II Agnivorano, ka mendrika hanana izany hopitaly manara-penitra izany.

Manarak'izay, mijaly rano ny vahoaka ao amin'ny tanànan'Agnivorano satria tsy manana rano fisotro madio kanefa anisan'ny tanàna vaventy.

Ankoatr'izay, mila rano ny hopitaly, Andriamatoa Praiminisitra. Mba mangataka ny hijerena akaiky izany izahay fa mijaly ny mpitondra marary sy ny marary.

Misy "Lycée" faharoa ao Agnivorano, tompon-daka tamin'ny fandoavana ny tambinkaraman'ny mpampianatra ny Ray aman-dReny tao nanomboka tany amin'ny EPP ka hatrany amin'ny Ambaratonga faharoa.

Amin'izao fotoana izao, ananan'ny mpampianatra trosa mitentina "10 Millions d'Ariary" ny Ray aman-dReny. Mitaraina amin'ny fomba rehetra hanampiana azy ireo izahay.

Manarak'izay, efa nampitain'ny tomponandraikitra tamin'ny "radio" sy fahitalavitra tany amin'ny Minisitera ny tsy fahombiazan'ny "émetteur" any aminay. Tokony hojerenareo ny mikasika an'izay.

### **Ramatoa FILOHA**

Solombavambahoaka RASIDIMANANA, voafidy tao Manakara.

### **Andriamatoa RASIDIMANANA**

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Miarahaba an'Andriamatoa Praiministra sy ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta.

Voalohany, momba ny tsy fandriampahalemana amin'ny resaka fambolena lavanila ao amin'ny Distrikan'i Manakara: ny mpamboly indray no lasa matory anaty ala, fa ny mpangalatra no miadana amin'ny vokatra.

Faharoa, ny mpampianatra FRAM. Eo ianao, Ramatoa Minisitra, izay Solombavambahoaka teo aloha ary nahafantatra izany.

Raha njery ny antontan'isa aho, ny faritra Vatovavy Fitovinany no Faritra betsaka manana izany, indrindra ao amin'ny Distrikan'i Manakara. Miangavy anao ny tenako, Ramatoa Minisitra, hijery akaiky ny mikasika ireo olona ireo.

Misy Kaominina miisa 47 ao amin'ny Distrikan'i Manakara, Andriamatoa Praiministra, koa mangataka ny hizarana azy ho roa samihafa izahay.

Mikasika ny Tahirim-bolam-panjakana; menatra ny tenako, Andriamatoa Minisitra, fa miakatra tohatra ny be antitra rehefa mandeha mandray vola. Manampy an'izany, manofa trano ao amin'ny ARO ny Minisitera. Mpiasan'ny Tahirim-bolam-panjakana ny tenako, menatra raha sendra mandalo any ka mahita izany.

Misy oniversite ao Manakara; efa ho dimy taona no tsy nisy jiro. Kely dia kely ny sampan-pianarana ao raha ny fahafantarako azy. Mba miangavy anao, Ramatoa tomponandraikitra, hijery akaiky no sady hanitatra izany oniversite izany.

Farany, mikasika ny orinasa lehibe mpanodina vokatra izay fampanantenana nataon'ny Filohampirenena; itovizan'ny Faritra Atsimo Atsinanana iny. Niteny ny Solombavambahoaka voafidy tao Vangaindrano, tao Vohipeno ary ny namana ao Manakara amin'ny hampidirana an'izay orinasa mpanodina vokatra izay satria mpamokatra ny ankamaroan'ny mponina amin'ireo toerana ireo.

### **Ramatoa FILOHA**

Solombavambahoaka RANDRIANARISOA Bien Aimé Arsène, voafidy tao Fenoarivobe.

### **Andriamatoa RANDRIANARISOA Bien Aimé Arsène**

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba an'Andriamatoa Praiministra sy ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta.

Mazava ary tsara ny fandaharan'asan'Andriamatoa Praiministra izay natolony teo. Tsy hita taratra tao mihitsy anefa ny Distrikan'i Fenoarivobe; tsy voateny na dia zavatra iray aza, koa apetraka amin'ny fahendrenao izay zavatra izay.

Toy izao ny zava-misy any an-toerana: momba ny tsy fandriampahalemana, tsy mandry andro, tsy mandry alina ny mponina, indrindra any ambany andrefan'Ampamoizankova, ao amin'ny faritr'i Kanehana sy Mahazety ary Ambohisombina amin'izao fotoana izao rehefa niala ny DAS. Efa nifampirehasantsika mianaka izay zavatra izay.

Tena manao izay tiany hatao tokoa ireo dahalo. Tanàna miisa 10 teo no voaroba tao anatin'ny tapabolana, nisy trano may tao Tsinjoarivo; nisy olona maty koa, ka anisan'izany ny mpamilin'ny fiarako. Maty notafihan'ny dahalo rehefa nanangona vary tany Ambanivohitra. Amin'izao fotoana izao, tsy mijanona amin'ny fangalarana omby intsony ny dahalo, fa efa manafika fiara, mamaky trano mihitsy aza ary betsaka ireo lasibatra tamin'izany. Vao afak'omaly, tamin'ny folo alina, tao Mahazevo no nisy nanafika, renivohitry ny Kaominina io toerana io. Manao izay ho afany tokoa ny Zandary saingy vitsy an'isa no tsy ampy fitaovana.

Raha niresaka tamin'ny Komandan'ny Brigade izahay, nilaza izy fa raha mahazo "moto" miisa 3 farafaharatsiny, miampy Miaramila maromaro, mino sy manantena izahay fa hisy ihany ny fandriampahalemana any aminay.

Andriamatoa Praiminisitra, miangavy ny vahoaka raha mbola ho ela ny rafitra hasolo ny DAS, mba hampidina Miaramila any an-toerana. Tsy mampaninona ny mponina ny mandoa vola hanakaramana azy ireo hiantohana ny fandriampahalemana any an-toerana satria hoy ny fitenenana hoe: aleo maty rahampitso toy izay maty androany.

Mangataka aho mba hananana fitaovana ny Komandan'ny Brigade eny anivon'ny Distrika, tahak'izay koa ny fiara ho an'ny "Commandant de Compagnie" ao Fenoarivobe satria mbola anisan'ny faritra mena izahay. Tsy manana fiara torak'izay koa ny Lehiben'ny Distrikany; mandeha "taxi-brousse" miaraka aminay izy. Nanana ihany izy teo aloha saingy efa potika tanteraka satria tratry ny lozam-pifamoivoizana.

Mampikaika ny vahoaka ny lalana simba ao Ampanotokana izay mirefy 140 km kanefa tsy misy fanamboarana hatramin'izao.

### **Ramatoa FILOHA**

Solombavambahoaka RANDRIANANDRAINA Théophile Christian, voafidy tao Benenitra.

### **Andriamatoa RANDRIANANDRAINA Théophile Christian**

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Miarahaba an'Andriamatoa Praiminisitra sy ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta.

Nisaotra avokoa ny namana rehetra nandray ny fitenenena teo mikasika ity fandaharan'asa ity.

Antoko tsy miankina ny tenako ary tsy nilatsaka tamin'ny antoko mpanohitra ihany koa. Tsy hanohitra fa hanitsy izay tsy mety no tena tanjoko.

Tamin'ny nanoloranao ny PGE talohan'ny niravanay, Andriamatoa Praiminisitra, tsy tafiditra tao ny momba ny "Dina be" anefa io no fanoitra anankiray manampy ny mpitandrofilaminana amin'ny asan-jiolahy. Nampilamina ny Faritra Atsimo ny Dina, ka azontsika ampidirina ato ve sa tsia.

Hanatanterahantsika ny vinan'ny fampandrosoana nataon'ny Filohampirenena ny fanatsarana ny tany volena any amin'ny Distrikan'i Benenitra. Misy lemaka roa amin'ireto Kaominina ireto: Kaominin'Iharana izay manana velaran-tany tsy latsaky ny 4 000 ha eo ho eo, Andriamatoa Praiminisitra; ahitana renirano atao hoe:

Anataka izay afaka manondraka io lemaka io. Manana fomba hamatsiana rano ny lemaka iray antsoina hoe Betaninandroko ve isika satria tany tokony hanaovana fambolem-bary izany; itambaran'ny Distrika roa dia i Betioky sy Benenitra; izany hoe Kaominina mifanolo-bodirindrina amin'i Belamonta sy Iharana.

Manarak'izay, ny Kaominina Ankilimary, misy lemaka tsy latsaky ny 3 000 ha saingy tsy misy tohadrano. Raha tanteraka ny famantsian-drano an'ireo lemaka ireo, azo antoka ny teny nataon'Andriamatoa Filohampirenena manao hoe: tsy hanafatra vary avy any ivelany intsony isika.

Toerana misy Safira any aminay saingy ny vahiny no misitraka izany, fa tsy ny mponina teratany.

Mitodika amin-dRamatoa Minisitry ny Fampianarana ny tenako: mangataka ny handraisana ho mpiasam-panjakana ireo mpampianatra FRAM izahay satria efa tapitra sahady izany, Andriamatoa Praiminisitra. Mampalahelo anefa, miady amin'ny kolikoly isika, saingy natao toerana fakana "poste budgétaire" any Benenitra. Lasa niala tao daholo izy ireo vao tafiditra ho mpiasam-panjakana, fa tsy manao ny asany ary tsy misy mipetraka ao Ambarakatsika intsony. Mangataka, Andriamatoa Praiminisitra, ny hanafoanana ny "contrat"-n'izy ireo satria misy zanakay tokony ho tafiditra hanao izay asa izay kanefa tsy zanaky ny tompon-tany ao Benenitra akory, fa zanak'olona avy any Antsiranana sy Toliara no betsaka.

### **Ramatoa FILOHA**

Solombavambahoaka RAHANTANIRINA Lalao, voafidy tao Mahajanga Voalohany.

### **Ramatoa RAHANTANIRINA Lalao**

Misaotra, indrindra Ramatoa Filoha.

Miarahaba an'Andriamatoa Praiministra sy ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta.

Miarahaba no sady mankistraka tanteraka ny fandaharan'asa izay natolotra teo. Maniry ny havitan'izany antsakany sy andavany izahay.

Fohifohy ny anjaram-pitenenana koa angamba amin'ny ambangovangony ihany no holazaiko eto.

Mangataka fihaonana aminareo Minisitra tsirairay avy aho amin'ny fotoana izay mampety izany.

Fisaorana no atolotra ho an'ny Ministry ny Fahasalamana izay efa niara-niasa tamiko andro vitsivitsy lasa izay tamin'ny fanavotana ain'ny olona teo am-bavahaonan'ny fahafatesana ary avotra soa aman-tsara izany olona izany.

Mangataka "scanner" vaovao ny hopitaly manara-penitra any aminay satria tsy mandeha ny ao an-toerana. Andriamatoa Praminisitra, tokony hidina ifotony mihitsy ianareo hijery akaiky izany satria na ny fakana hafanana aza tsy misy akory kanefa ny dokotera vonona hiasa tanteraka.

Hanangana hopitaly amin'ny toerana hafa ianao, araka ny nolazainao, kanefa ny efa eo aza tsy voakolokolo akory. Betsaka ireo marary kanefa matahotra mandeha any amin'ny hopitaly; ny vola koa tsy misy rahateo.

Izay angamba no teny avy aty amiko, fa maniry fiaraha-miasa sy fihaonana aminareo Minisitra tsirairay avy.

Misaotra Tompoko.

### **Ramatoa FILOHA**

Misaotra anao nandray fitenenana, mbola manana roa minitra ianao. Ny Solombavambahoaka TSARADIA Marco, voafidy tany Ampanihy.

### **Andriamatoa TSARADIA Marco**

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana. Miarahaba an'Andriamatoa Praiminitra sy ny mpikambana rehetra ao amin'ny Governemanta.

Fohy ny fotoana ka avy hatrany dia ny zavatra mbola tsy voaresaka no holazaiko. Anisan'ny Distrika farany lehibe indrindra eto Madagasikara ny Distrikan'Ampanihy kanefa maro ny olana mitranga any.

Amin'izao fotoana izao, tsy mijanona ny fanafihana ataon'ny dahalo ao amin'ny Kaominina Fotadrevo, ka tokony hojerena haingana satria tsy mandry fahalemana ny mponina.

Anisan'ny laharam-pahamehana manaraka, misy Fokontany maromaro ao avarabaratr'i Fitampolo. Misotro ranon-tsira efa an-taonany maro ny olona ao noho ny tsy fisian'ny rano fisotro madio ao amin'ny Kaominina Androka, Distrikan'Ampanihy, ka mety hampihena ny halavan'ny andro iainan'ny mponina any an-toerana izany.

Miteraka fahafatesana matetika ny halaviran'ny hopitaly raha miohatra amin'ny Kaominina, tokony hampiana ny hopitaly mba ahafahan'ireo Fokontany maromaro misitraka izany.

Mangataka aho, mba hampitomboana ny isan'ny Kaominina sy ny Distrika hisian'ny fampandrosoana eny ifotony.

Mitodika manokana amin'ny Minisitry ny Taozavatra sy ny Angovo ny tenako; hanatona anareo matetika aho ato ho ato satria io resaka "tapis mohair" io no nampalaza an'Ampanihy hatramin'izay, ka tokony hovelomina indray mba hampiroborobo ny taozavatra Malagasy.

Mangataka fiaraha-miasa momba ny "téléphonie mobile" sy ireo "opérateur téléphonique" izahay satria mbola betsaka ny faritra tsy ahitana izany tambazotra-pifandraisana izany. Marina fa tsy miankina izy ireny saingy misy foana zavatra azontsika ifampiresahana hanatsarana ny kalitaon'ny asa.

Betsaka ny ankizy no tsy manohy fianarana intsony noho ny tsy fahampian'ny "Lycée". Mangataka "Lycée" ho an'ny Kaominina Androka sy "Université annexe" ho an'Ampanihy izahay.

Maro ny zavatra azo trandrahana ao amin'ny faritra atsinanan'ny Distrikan'Ampanihy, ahitana toerana miendrika paradise ary mahasarika mpizahatany maro; ao koa ny fisian'ny "promotion touristique balnéaire", ka mila jerena akaiky ny momba izany.

Fanamafisana ny voalazan'ny Solombavambahoaka namana teo, Andriamatoa Praiminisitra, mikasika ny fanampiana ny Kaominina; ny fanomezana ny volan'ny Ben'ny Tanàna, ny Sefo Fokontany ary ny mpampianatra FRAM; ankinina amin'ny Minisitry ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola ny fanatanterahana izany, efa lasa any ny fangatahana fihaonana momba ny fanaraha-maso an'ireo zavatra ireo.

### **Ramatoa FILOHA**

Solombavambahoaka RATSIMANDRIONA AIDA Hardy, voafidy tao Faradofay.

### **Ramatoa RATSIMANDRIONA AIDA Hardy**

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba an'Andriamatoa Praiminisitra sy ny mpikambana rehetra ao amin'ny Governemanta.

Fisaorana sy fankasitrhana no voalohan-teniko tamin'ny fandaharan'asa natolotrao, Andriamatoa Praiminisitra, momba ny fampandrosoana teo satria hita taratra ny fiovàna, indrindra hitondra an'izay ho an'i Madagasikara. Tsy very anjara amin'izany ny fampandrosoana ny Distrikan'i Faradofay, izay nahalany ahy ho Solombavambahoaka.

Amin'ny maha Solombavambahoaka ahy, marina tokoa fa nisitraka ny PGE ny Distrikan'i Faradofay, kanefa mbola misy tsy tafiditra, ka izay mampisavoritaka sy mampimenomenona ny vahoaka any an-toerana.

Mangataka ny hijerena akaiky ny fanavaozana ny rano satria ny mponin'i Faradofay antampon-tanàna, tsy mahazo rano ny toerana ambony. Izany hoe, tsy ampy ny tanjany ary amin'ny alina, manomboka amin'ny 8 ora any ho any, izay vao mahazo rano ny mponina mipetraka eny amin'ny faritra avo.

Ankoatr'izay, mangataka lalana "inter-communale", ho an'ny Kaominina miisa 8 izay mifamezivezy amin'ny lalana mirefy 70 km izay Kaominina mpamatsy vokatry ny fambolena an'i Faradofay. Izany hoe, ny lalana RIP 18A izay mirefy 70 km monja.

Manarak'izay, mangataka hopitaly manara-penitra ny tenako; na koa hasiam-panavaozana sy omena fitaovana ny hopitaly ao Amboanato, Fokontany Tanambao mba hialana amin'ny fivezivezena aty Antananarivo rehefa misy marary ilana fitiliana.

Tsy mandry fahalemana ny Ditrikan'i Faradofay noho ny asan-jiolahy. Mila fijerena akaiky izany satria tena mitaraina ny vahoaka.

### **Ramatoa FILOHA**

Miditra indray amin'ny Solombavambahoaka folo manaraka isika.

Solombavambahoaka MAMANGY Norbert; RAJAobelina Lova Herizo; RAKOTONDRAVAO Georges; ROCHELI Houssen; RAZAFINDRAVONY Marifidy Christine; RANDRINARISON Temis

Tocle; JEAN Daniel dit Manjosoa; FELICIEN Randrianantenaina ary ny Solombavambahoaka voafidy tao Antsimondrano-Antananarivo.

### **Andriamatoa MAMANGY Norbert**

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.  
Faly miarahaba antsika rehetra tonga manatrika eto.

Laharam-pahamehana ao anatin'ny fampanantenan'Andriamatoa Filohampirenena ny fanatanterahana ny asan'ny Governemanta ary anisan'ny velirano nataony ny fampandrosoana ny firenena. Tafiditra amin'izany ny Distrikan'i Sambava, indrindra ny renivohitry ny Faritra SAVA, izay tena mampidi-bola ho an'ny fanjakana amin'ny resaka lavanila satria mavitrika amin'ny fandoavan-ketra.

Ho an'ny Minisitra tomponandraikiry ny Lalana sy ny Fitaterana; fantatra loatra ny fitohanana iainana ao an-tanànan'i Sambava, lalana 6 km monja. Efa Nolazain'ny Solombavambahoaka namako teo izany. Misy fahasimbana tanteraka ka mijaly ny mpampiasa lalana.

Nandritra ny fandalovanao tany, Andriamatoa Praiminisitra, efa noresahana tamin'izay ny fanatsarana sy fanamboarana lalana vaovao hafa ao an-tampon-tanànan'i Sambava izay mirefy 800 metatra. Manantena ny mponina ao Sambava, fa ho vita ny fanotofana ny lavadavaka amin'ny lalana rehetra ao an-toerana.

Mitovy hevitra amin'ny Solombavambahoaka rehetra izahay amin'ny fangatahana ny fampiharana ny fitsinjaram-pahefana tena izy, mba hialana amin'ny fahasahiranan'ny vahoaka rehefa misy zavatra karakaraina.

Mangataka amin'Andriamatoa Minisitry ny Atitany, mba hatao laharam-pahamehana ny fametrahana Kaominina sy Distrika vaovao manerana an'i Madagaskara. Tsara raha ampidirina amin'ny tetibolam-panjakana taona 2020 izany hialana amin'ny fivezivezena rehefa manao zavatra mikasika ny fanjakana, toy ny fanaovana kopia sy ny fianaran'ny mpianatra amin'ny tanàna rehetra voakasik'izany.

### **Ramatoa FILOHA**

Misaotra anao, mbola tsy lany ny fotoananao.  
Solombavambahoaka voafidy tao Moramanga, RAJAobelina Lova Herizo.

### **Andriamatoa RAJAobelina Lova Herizo**

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.  
Miarahaba an'Andriamatoa Praiminisitra sy ny mpikambana rehetra ao amin'ny Governemanta.

Voalohany, Andriamatoa Praminisitra, anisany nahazo tombotsoa manokana amin'ny lafiny fampandrosoana ny Distrikan'i Moramanga tamin'ny alalan'ny fahazoana ny «Zone d'Emergence Industrielle».

Isaorana ny fitondram-panjakana koa tamin'ny fanomezany ivon-toeram-panofanana mikasika ny fambolena. Manampy anay izay, kanefa mangataka ivon-toeram-panofanana arak'asa mba hoentina hanatevenana ny fahaiza-manaon'ny mponina ao an-toerana alohan'ny hahatongavan'ny ZEI.

Faharoa, mitodika amin'ny Minisitry ny Fitaterana; voalazao fa hisy fividianana lohamasinina anankiroa ho an'ny FCE na Fianarantsoa "Côte-Est". Mangataka ny Distrikan'i Moramanga, fa tapaka amin'izao fotoana izao ny an'i "Tanà Côte-Est" sy ny MLA. Mangataka ny Distrikan'i Moramanga mba hividiananareo sy hiverenan' ny lamasinina mpitondra mpandeha satria misy Kaominina ao aminay, tsy tongan'ny fiara, fa lamasinina mpitondra mpandeha ihany no tonga any. Anisan'izany ny Kaominina Ambatovola. Ny olana mitranga matetika dia ny loza, mitsambikina amin'ny lamasinina mitondra solika na "chrome" ny olona ka mitarika fahafatesana izany. Koa manantena ny hiverenan'ny fiaran-dalamby amin'ny laoniny izahay.

Mampimenomenona ny vahoaka ao amin'ny Kaominina Ambonivohitr'i Moramanga ny tsy fahampian'ny tsena. Efa nisy tsena manara-penitra namboarin'ny orinasa Ambatovy tamin'ny andron'ny tetezamita ao kanefa tsy mifanaraka amin'ny hetahetan'ny mponina sady tsy azo ampiasana afo ihany koa. Betsaka loatra ny mpivarotra hany ka tsy tafiditra ao anatin'ny tsena ny mpivarotra sasany, toy ny mpivarotra hani-masaka. Efa nisy vahaolana niarahana tamin'ny Solombavambahoaka tamin'ny fiadidiana ny Kaominina mikasika ny fanitarana ny tsena.

### **Ramatoa FILOHA**

Solombavambahoaka RAKOTONDRAVAO Georges, voafidy tao Marovoay.

### **Andriamatoa RAKOTONDRAVAO Georges**

Mankasitraka, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba an'Andriamatoa Praiminisitra sy ny mpikambana amin'ny Governemanta miaraka aminy.

Tsara ny fandaharan'asa, araka ny voalazan'ny Solombavambahoaka namana teo.

Ny mampalahelo, Andriamatoa Praiminisitra, lasa haolo tsy tafiditra any Marovoay izay tanàn-dehibe faha-11 tamin'ny andro fahiny, "2<sup>ème</sup> clé-née" tamin'ny andro fahiny i Marovoay.

Voalohany, mikasika ny fandriampahalemana ao Marovoay; efa nifampizara SMS tamin'Andriamatoa Praiminisitra ny Solombavambahoaka satria mitady fampandrian-tany. Ny antony, raha tonga tao Ambatoboeny ao akaikinay ny mpampandry tany dia azo lazaina fa nilamina tao aminay. Nanantena ny fandalovan'ny mpampandry tany ny vahoaka tany an-toerana kanefa tsy nahitana vahaolana izany. Mirongatra andro aman'alina ny asan-dahalo. Matetika ahenoana olona maty sy halatr'omby hatrany any an-toerana.

Saika mitovy amin'izay ao akaikin'Ankarafatsika, ao amin'ny faritr'Ankazomborona, izay toby fiafenan'ny mpanao "kidnapping". Mangataka ny hanomezana fitaovana ho an'ny Zandary izay manatanteraka ny asa any an-toerana mba ahafahana manenjika an'ireo mpanao asa ratsy ireo izahay.

Mikasika fandriampahalemana ihany; maneho fisiorana tamin'ny fandraisan'ny Minisitry ny Foloalindahy momba ny vina mahafinaritra izay tokony hotanterahina.

Tamin'ny andro fahiny, nisy toby Miaramila tao Maivarano, Faritr'i Marovoay. Anisan'ny nahavita zavatra betsaka ny "service civique" napetraka tao ary nanana tanimbary midadasika tokoa.

Ankehitriny, tsy mitsaha-mihena ny isan'ny olona mipetraka any an-toerana. Amafisina koa ny famerenana amin'ny laoniny ny toby Miaramila satria raha mahita Miaramila miisa 100 mipetraka ao Marovoay isika, ny antsasany dia mamboly vary daholo, ny antsasany manao fisafona manerana ny tanàna.

Mba hisian'ny vahaolana faran'izay haingana sy maharitra, mba mangataka ny hamerenana ny mpampandry tany ho an'ny Distrikan'i Marovoay hoentina misoroka ny tsy fandriampahalemana.

### **Ramatoa FILOHA**

Solombavambahoaka RAZAFINDRAVONY Marifidy Christine, voafidy tao Nosy Be

#### **Ramatoa RAZAFINDRAVONY Marifidy Christine**

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba an'Andriamatoa Praiminisitra.

Miarahaba anareo mpikambana ao amin'ny Governemanta ihany koa.

Tsara ny PGE ary ho tafita i Madagasikara raha tanteraka ny fandaharan'asa.

Saika ny ankamaroan'ny programan'i Nosy Be no tsy tafiditra tao anatiny. Efa ela no nangatahana hopitaly manara-penitra ho an'i Nosy Be kanefa tsy mbola tafiditra tao anaty programa izany hatramin'izao.

Miteraka olana ny fifamoivoizana ao amin'ny Distrikan'i Nosy Be noho ny maha "site île" azy satria mananosarotra ny mponina ny faharatsian'ny lalana an-tanety, hany ka mandeha fiaramanidina na sambo izy ireo ary miteraka fahasahiranana rehefa misy aretina ilana fitsaboana haingana mankaty Antananarivo na any Antsiranana.

Fanaovana laharam-pahamehana ny hopitaly manara-penitra no vahaolana haingana ho an'ny mponina, indrindra ho an'ny mpizahatany rehefa misy aretina tsy maintsy idirany hopitaly alohan'ny hitondrana azy any amin'ny toerana fiavany.

Mikasika ny Fampianarana Ambony; Ramatoa Minisitra, mangataka fanamboarana oniversite ho an'i Nosy Be izahay mba hialana amin'ny fandehanan'ny ankizy mandeha mandrato fianarana lavitra toy ny eto Antananarivo. Efa nandalo tany Ramatoa Minisitry ny Fampianarana Ambony njery an'izany toerana izany, fa tsy hainay izay tohiny.

Iaraha-mahalala ny fahanteran'ny fonja ao Nosy Be; mifangaro ny toerana misy ny ankizy voafonja sy ny olon-dehibe. Izany hoe, feno loatra ny fonja, mifangaro ny ankizy sy ny olon-dehibe. Mangataka ny hanamboarana fonja vaovao izahay ary hosarahana ihany koa ireo sokajin'olona roa ireo mba hisorohana ny tsy filaminana ary mba ahafahan'ny ankizy miverina eny anivon'ny fiaraha-monina rehefa tapitra ny saziny.

### **Ramatoa FILOHA**

Ny Solombavambahoaka ROCHELIN Houssen, manao satroka.

#### **Andriamatoa ROCHELIN Houssen**

Misaotra betsaka, Ramatoa Filoha.

Manao azafady tamin'ny fahadisoana.

Mangataka an'Andriamatoa Praiminisitra ny Solombavambahoaka mandritra fivoriana, mba hifantoka amin'ny resaka atao momba izany, amin'izay afaka mandray ny zavatra resahana momba ny fandaharan'asa natolony izy.

### **Ramatoa FILOHA**

Misaotra anao, Andriamatoa Solombavambahoaka.

Angamba, Andriamatoa Praiminisitra, ihany no mandamina ny fandaharam-potoanany. Azafady fa misolovava an'Andriamatoa Praiminisitra. Angamba Andriamatoa Praiminisitra no ihany no angatahana an'izay "suspension" izay sa amintsika rehetra ve izany. Kely sisa no tiako ambara satria Solombavambahoaka miisa 20 eo no sisa mandray fitenenana. Fandaminana no tokony hataontsika satria betsaka ny zavatra tiana tenenina, ka anjarantsika no mandinika izany ahafahantsika mirava alohaloha.

Tohizantsika, ny Solombavambahoaka RANDRIANARISON Temis Tocle, voafidy tao Ivohibe.

### **Andriamatoa RANDRIANARISON Temis Tocle**

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Miarahaba an'Andriamatoa Praiminisitra sy ny mpikambana amin'ny Governemanta tarihiny.

Miteraka olana ho an'ny vahoakan'ny Distrikan'Ivohibe ny fiaraha-miasa amin'ny Komandan'ny Brigade sy ny mpanampy azy amin'ny resaka asan-dahalo. Mangataka ny hijerena akaiky izany izahay satria manomboka tsy mipetraka intsony ny fitokisan'ny vahoaka an'ireo mpitandrofilaminana any an-toerana, ahiahian'ny vahoaka ho mpiray tsikombakomba amin'ny dahalo mantsy izy ireo.

Faharoa manarak'izany, ny RN27 mampitohy an'Ivohibe-Farafangana, simba io lalana io ka izay no anisan'ny tsy mampandroso ny Distrikan'Ivohibe. Raha vao tapaka izany dia tsy misy lalana mampitohy azy intsony, ka ho lasa mitoka-monina izahay.

Mikasika ny tambazotra-pifandraisan-davitra; ao an-tampon-tanànan'Ivohibe ihany no misy "réseau". Tokony hampiana isaky ny Kaominina izany ary atao 4G tsirairay avy.

Ankoatr'izay, ny resaka jiro, mangataka "groupe" vaovao ny Distrikan'Ivohibe entina hamatsiana ny tampon-tanànan'ny Kaominina ary ezahana mba hitarina ao an-tanàna izany ary hatao mandritra ny andro sy alina.

Mikasika ny toeram-pitsabona biby fiompy, maniry ny hanovàna izany hotantanin'ny fanjakana izahay satria tsy miankina no miandraikitra azy hatramin'izay; tsy mifanaraka amin'ny fanirian'ny vahoaka loatra ny fikarakarana ny antonta-taratasin'omby, ka izay no itarainana.

### **Ramatoa FILOHA**

Solombavambahoaka JEAN DANIEL, voafidy tao Bekily.

### **Andriamatoa JEAN DANIEL dit Manjosoa**

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Miarahaba an'Andriamatoa Praiminisitra sy ireo mpikambana amin'ny Governemanta miaraka aminaо.

Mikasika ny fandriampahalemana ao amin'ny Distrikan'i Bekily no tiana horesahana. Tsy mijanona ny tsy fandriampahalemana any aminay tao anatin'ny roa volana. Lasibatry ny asan'ny asan-dahalo ny fiompiana sy fambolena kanefa ireo no antom-piveloman'ny mponina. Mangataka ny hanaovana "opération" matanjaka any an-toerana izahay mba hiadiana amin'ireo asan-dahalo ireo.

Manaraka, entina hanatsarana ny fampianarana, mangataka fotodrafirasa ho an'ny EPP, CEG ary ho an'ny "Lycée" ao amin'ny Distrikan'i Bekily izahay. Tahak'izany koa, mitaky fanorenana "Lycée" vaovao ho an'ny Kaominina Bekitro.

Mikasika ny fahasalamana; efa nisy fampanantenana nataon'ny Filohampirenena ho an'i Distrikan'i Bekily momba ny efitrano fandidiana sy fanomezana "ambulance".

Misaotra an'Andriamatoa Praiminisitra, mikasika ny hanaovana ny lalana RN13. Matetika izany lalana izany no nampanantenaina fa hamboarina. Enga anie ka mba ho tanteraka ny fanamboarana izany amin'ny alalan'ity PGE ity.

Irin'ny mponina ao amin'ny Distrikan'i Bekily ny hahavita hatramin'ny farany "vitrine" izay naorina tamin'ny taona 2017 ao amin'ny paositra satria tsy mbola vita tanteraka vita izany.

### **Ramatoa FILOHA**

Misaotra Solombavambahoakan'i Bekily.

Ny Solombavambahoaka FELICIEN Randrianantenaina, voafidy tao Farafangana.

### **Andriamatoa FELICIEN Randrianantenaina**

Misaotra anao, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana. Misaotra betsaka anao Andriamatoa Praiminisitra sy ireo mambran'ny Governemanta tonga namangy anay eto androany.

Ny voalohan-teny dia mametraka fisaorana ny Minisitry ny Atitany tamin'ny ny fanomezana ny "Préfet de Région" ho an'i Farafangana.

Mankasitraka ny Minisitry ny Asam-panjakana sy ny Minisitry ny Taozavatra ary Fanabeazam-pirenena noho ny fanasoavana ny Distrikan'i Farafangana.

Faharoa manarak'izay, araka ny voalazan-dRamatoa Solombavambahoaka Clarisse, voafidy tao Farafangana teo, misy lalana mirefy 20 km alohan'ny hidirana ao Farafangana. Hatramin'ny andron'ny Filoha RAVALOMANANA Marc ka hatramin'izao, tsy mbola vita izany lalana izany; na betsaka aza ny "Promesse Présidentielle" hatramin'izay. Tamin'ny fandalovan'ny Filohampirenena Andry RAJOELINA tany Farafangana, mbola tao anatin'ny "Promesse Présidentielle" nataony koa ny hanamboarana an'io lalana 20 km io sy lalana ao an-tampo-tanànan'i Farafangana; koa angatahana ny hampidirana izany ao anatin'ity PGE ity.

Araka ny voalazan'ny Solombavambahoaka namana teo; misy lalana mampitohy an'i Farafangana-Ihosy mirefy 168 km, mandalo ao Farafangana, Vondrozo, Ivohibe ary Ihosy. Miangavy anao, Andriamatoa Praiminisitra, mba hanao ny fanamboarana izany satria hampihena ny halaviran-tany, hialana amin'ny fiodinana mankany Fianarantsoa ny fahavitan'izany.

Fahatelo, anisan'ny toerana mamokatra raha i Farafangana, saika hita any daholo ny karazana vokatra, toy ny lavanila, jirofo ary ny kafe. Mangataka ny hanavaozana ny seranantsambo any an-toerana satria tsy azo nampiasaina intsony izany hatramin'izao, mba ahafahana manondrana ireo vokatra ireo.

Mikasika ny kolikoly, tokony hasiana "amendent" ny "code de la route" satria miteraka olana ho an'ny mpampiassa lalana ny "amende forfaitaire" izay efa lany andro.

### **Ramatoa FILOHA**

Misaotra anareo nandray fitenenana teo. Tapitra iny andiany iny ka ireto indray ny andiany manaraka: ZAFINANDRO Perle Bien Aimée; RAKOTOMALALA Miarintsoa Andriantsitonta. RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle; RAZAFINDRIATSARA Jhonson; RABENIRINA Maminaina; TSIKIVY Adrien; RANDRIANATOAVINA Jean Martin; RABEMANANTSOA Herilala Jeannot

Omena fitenenana avy hatrany ny Solombavambahoaka ZAFINANDRO Perle Bien Aimée.

### **Ramatoa ZAFINANDRO Perle Bien Aimée**

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba anao Andriamatoa Praiminisitra.

Miarahaba anareo mpikambana ao amin'ny Governemanta ihany koa.

Velom-bolo sahadys ny Solombavambahoakan'i Faradofay mikasika ny programan'ny Governemanta teo.

Manantena fa ho vita amin'izay ny lalana mampitohy an'i Farafangana-Ambovombe-Ihosy.

Nisy fotoana nihaonanao tamin'ireo mpamboly mitambatra, niaraka tamin'ireo Minisitra vitsivitsy, Andriamatoa Praiminisitra, mikasika ny olan'ny fananan-tany sy ny orinasa QMM. Amin' izao fotoana izao, maro ny vahoaka madinika no mijaly ary betsaka ny zavatra tsy tomombana. Koa miangavy fiaraha-miasa aminareo izay voakasik'izany mba handray andraikitra sy hihaona aminay.

Faharoa, mikasika ny fampandrosoana; manana orinasa maro ny Distrikan'i Faradofay, ny "ristourne" mikasika an'ireo orinasa ireo anefa latsaka ambany loatra. Tsapa fa halatra mihitsy no ataony. Tsy mifandanja amin'ny tombony azony ny vola aloany. Fomba ahoana no tokony hijerena akaiky ny fitrandrahana ny toerana anomezany «ristourne»; 2% monja izany amin'izao fotoana izao. Tsapa fa tsy rariny ny fifanakalozana misy.

Manana seranana manara-penitra izahay dia ny seranant-sampon'i Ehoala izany, tsy fantatra na fahafiry ny laharany eran-tany. Olana ny fiakaran'ny «taxe» alainy kanefa lazaina fa misokatra ho an'ny besinimaro izy io.

Tsapa anefa fa mbola vitsy ny olona mandefa vokatra ao aminy. Noho izany, miangavy anareo tomponandraikitra mba hijery akaiky ny fomba hampidinanana izany «taxe» izany mba entina hanamorana ny fiaraha-miasa amin'ny mpandrahahara ao an-tànana.

Mikasikany lalana ao amin'ny Kaominina izay iadidiako; manamafy ny tenin'ny Solombavambahoaka namana teo satria ao aminay no sompitra raha ny famokarana amin'ny toerana iny no jerena, kanefa na fiara 4x4 aza tsy tafiditra any aminay amin' izao fotoana izao.

### **Ramatoa FILOHA**

Solombavambahoaka RAKOTOMALALA Miarintsoa Andriantsitonta, voafidy tao Ambatolampy.

### **Andriamatoa RAKOTOMALALA Miarintsoa Andriatsitonta**

Misaotra anao, Ramatoa Filoha, nanome fitenenana.

Miarahaba ny Praiminisitra sy ny Governemanta miaraka aminy.

Mankasitraka sahady tamin'ny fanehoana ny fitiavan-tanindrazana satria izao fihainoanareo ny hetahetam-bahoaka izao dia hitanay fa ilaina amin'ny fampandrosoana ny tanindrazantsika.

Iarahana mahafantatra fa mivelona amin'ny akora “aluminium” ny mponina ao amin'ny Distrikan'Ambatolampy. Anisan'ny fampanantenan'Andriamatoa Filohampirenena nandritra ny fampielezan-kevitra nataony tamin'ny vahoaka ny hanamorana ny fampidirana akora rehefa lany soa aman-tsara ny tenany. Ahafahana mitady lalam-barotra ihany koa izany satria izay no mampalaza ny Distrikan'Ambatolampy maneran-tany.

Manarak'izay, misaotra an'Andriamatoa Praiminisitra tamin'ny fampanantenana nataony momba ny hamerenana ny “truites” ao amin'ny Kaominina Tsiafajavona-Ankaratra.

Nampanantena koa, Andriamatoa Filohampirenena, fa hametraka fotodrafitrasa ao amin'ny Distrikan'Ambatolampy satria tsy lavity ny renivohitra no mampifandray ny Faritra Antsimo rehetra izy. Koa hametraka fanontaniana tsotra ny tenako hoe: rahoviana ny mambran'ny Governemanta no nitokana zava-bitia farany.

Rehefa namaky ny PGE ny tenako, tena hadino tanteraka izahay, resaka fampiofanana fotsiny no hitanay amin'ny Distrikanay.

Isaorana manokana ny SEG nilaza, fa hisy fiofanana hatao ao amin'ny tobin'ny Zandarmaria. Mankasitraka amin'izay zavatra iray izay.

Miangavy anareo aho mba hijery akaiky ny fotodrafitrasa mikasika ny fanatanjahantena any amin'ny Distrika nahavoafidy ahy. Tsara raha misy fidinana ifotony ataonareo mikasika izany.

### **Ramatoa FILOHA**

Solombavambahoaka RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle voafidy tao Ambatondrazaka.

### **Andriamatoa RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle**

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Miarahaba an'Andriamatoa Praiminisitra.

Miarahaba anareo mpikambana amin'ny Governemanta.

Mampahatsiahы ny andraikitraiseo Fahefana Mpanatanteraka izahay avy amin'ny Distrikan'Ambatondrazaka.

Ny fambolem-bary, Ambatondrazaka no sompit'i Madagasikara. Miadana ny fanamboarana ny tohadrano, Andriamatoa Praiminisitra, anisan'izany ny tohadrano ao Bevava sy Sahamaloto izay migodana amin'izao fotoana izao. Raha sanatria ka tsy ampy ny rotsak'orana mandritra ny taona, ka tsy vitantsika ny manakana ny rano hanondraka ny lohasaha PC 15 Mariane any an-toerana dia ho simba ny voka-bary ao Ambatondrazaka amin'ny fotoam-pambolena manaraka. Noho izany, mampahatsiahы ny andraikitraiseo Governemanta izahay mba hanao laharam-pahamehana ny fanamboarana tohadrano satria ny vary no fototsakafon'ny Malagasy.

Anisan'ny nahazo famatsiana herin'aratra avy amin'ny rano ny toerana 15 ao amin'ny Distrikan'Ambatondrazaka.

Fampahatsiahivina, Andriamatoa Praiminisitra; misy "cable" efa mipetraka ny ao Imerimandroso sy Ambatosoratra. Araka ny fandaharam-potoana raha Imerimandroso no jerena, tokony hahazo famatsiana avy amin'ny herin'aratra ny resaka rano; noho izany, tokony hahazo famatsiana avy amin'ny alalan'ny "groupe électrogène" ihany koa satria tsy ampy intsony ny filan'ny mponina. Tany ampiandohana, nandeha adiny 8 ny jiro, tsy mitsaha-mihena hatrany izany ka niafara tamin'ny "délestage" ankehitriny. Mampahatsiahы ny Minisiteran'ny Angovo ho an'ny olona nahazo tetikasa mba hanaraka ny bokin'andraikitra amin'ny fanatanterahana ny asa tokony hatao.

Manampy an'izany, anisan'ny laharam-pahamehana koa, Andriamatoa Praiminisitra, ny fanamboarana ny RN44.

Ankoatr'izay, ny tsy fahalavorarian'ny tetezana ao Ranofotsy; tetezan-kazo no andehanana, ny mpamily fiara no mandahatra an'ireo hazo rehefa handalo eo. Raha toa tsy misy fanamboarana izany tetezana izany, indrindra fa raha tapaka ireo hazo ireo, ho sarotra ny fanaovana "déviation" amin'izany toerana izany.

Ho fampahatsiahivana: sompit'i Madagasikara ny Distrik'Ambatondrazaka; raha misy fahatapahan'ny lalana satria fiara be mihoatra ny 5 taonina daholo no mivezivezy any; raha tapaka ny lalana, tapaka koa any amin'ny Distrika hafa, toy ny lalana Amparafaravola-Ambatondrazaka, Andilamena-Ambatondazaka.

Andriamatoa Praiminisitra, tsy ampy hanamboarana tsena vaovao ny tetibolan'ny Kaominina Ambonivohitr'Ambatondrazaka. Koa mba anjaranareo tompon'andraikitra no mijery na mendrika hahazo tsena vaovao ny Kaominina Ambonivohitr'Ambatondrazaka misy anay na tsia.

Ampitainay aminareo Fahefana Mpanatanteraka izay fampitam-baovao avy aty aminay izay.

Mikasika, ny CLD, raha ny rijan-teny tamin'ny taona 2017...

### **Ramatoa FILOHA**

Ny Solombavambahoaka RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol, voafidy tao Befotaka Sud.

### **Andriamatoa RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol**

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Miarahaba an'Andriamatoa Praiminisitra sy ny mpikambana ao amin'ny Gouvernenanta.

Tsara resahaha etoana koa ny fametrahana fotodrafirasa ho an'ny Kompanian'ny Miaramila sy ny Zandary ary ny fanamboarana ny lalana mirefy 10 km.

Mangataka fiara lehibe mba hitaterana ny fitaovana, toy ny simenitra hananterahana asa ao Ranotsara Sud. Irinay ny hananterahana izany asa izany alohan'ny taona 2020.

Manampy an'izay, tsy manana Radio Nasionaly Malagasy sy ny Televiziona Malagasy izahay, Andriamatoa Praiminisitra.

Manaraka, izahay any Befotaka Atsimo dia mangataka ny hijerena haingana ny hisian'ny fampitana vaovao mitovy amin'ny Distrika hafa.

Ankoatr'izay, mila fanamboarana ny fotodrafirasa ho an'ny fampianarana satria betsaka no simba tanteraka, Ramatoa Minisitra. Torak'izay ny Sekoly Ambaratonga Voalohany sy ny Ambaratonga Faharoa, mbola maro ireo Kaominina tokony hanaovana izany araka ny namakiana azy teo sady tsy tafiditra ato amin'ny PGE.

Ho an'ny Minisitry ny Fahasalamana: misy efitrano fandidiana vao vita any aminay kanefa tsy mbola misy fitaovana sy mpitsabo, ny "Médecin Inspecteur" irery no Dokotera any Befotaka Atsimo. Koa miangavy ny Ministeran'ny Fahasalamana mba hijery akaiky an'izany.

Tsy mirehitra maharitra ny jiro ao Befotaka Atsimo, fa adiny efatra na adiny dimy eo ihany no mandeha ao anatin'ny indray andro, koa miangavy ny tomponandraikitra ao amin'ny JIRAMA mba handray an-tàhana ny momba izany.

### **Ramatoa FILOHA**

Solombavambahoaka SATRA Augustin, voafidy tao Brickaville.

### **Andriamatoa SATRA Augustin**

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba an'Andriamatoa Praiminisitra sy ianareo mpikambana ao amin'ny Governemanta.

Misy oha-pitenenana fampiasa any amin'ny ilan'ny Atsinanana sy Avaratra, Andriamatoa Praiminisitra, manao hoe: fodilahy mena ambany korevaka, mitovitovy amin'izay izahay ato an-dapa. Izany hoe, ny anaranay no samihafa, fa ny ny votoatin-draharaha sy ny asa atao, tokana ihany satria mitondra ny feon'ny vahoaka.

Mitodika manokana amin'ny Minisiteran'ny Fitaterana: misaotra indrindra tamin'ny filazana ny hanomezana lohamasinina roa alohan'ny faran'ny taona 2019 hampiasaina amin'ny FCE any amin'ny Faritra Atsimo Atsinanana. Torak'izay koa ny MLA ho an'ny Distrikan'i Brickaville.

Mitovy ihany angamba ny olana, Andriamatoa Praiminisitra, satria tsy misy lalana hafa ahafahana mivily ankoatra ny lalana manamorona ny Distrikan'i Brickaville, ny Kaominina Ambanivo hitra Andekaleka, Loreandava sy Fagnasana ary Razanaka. Mangataka lohamasinina sy "wagon" fitaomana olona mihazo ny Faritra Atsinanana mandalo ny zotra TCE satria anisan'ny misedra olana mafy ny mponina any an-toerana noho ny tsy fisian'izany. Fitaomana entana na "citerne" no iakaran'ny olona, hany ka miteraka fahafatesana sy kilema ho azy izany. Saika miala ny tongony na ny tànany ilany; izayno hita amin'iny faritra iny, noho ny fijapiana masinina.

Mbola mangataka ihany, Andriamatoa Praiminisitra, raha toa mba mahazo an'izay lohamasinina izay ny TCE, mba asiana "wagon" fitaomana entana koa satria mamatsy ny renivo hitra amin'ny vokatra avy any aminy iny faritra iny, raha tsy hiteny afa-tsy ny tamotamo, sakarivo, indrindra fa ny akondro.

Mankasitraka, Ramatoa Minisitra, tamin'ny nahazoanay sahady sekoly EPP manara-penitra, indrindra fa ny sekoly fiofanana momba ny fambolena satria iny Distrika iny tsy mba tafiditra tao anatin'ny "vocation agricole".

Mikasika an'izay, mbola mangataka, Ramatoa Minisitra, satria milanja vesatra be loatra ny Ray aman-dRenin'ny mpianatra amin'ny fiantohana ny mpampianatra FRAM. Ny zava-misy, tsy voaloa ara-dalàna ny karaman'ireo mpampianatra FRAM satria tsy mahantoka azy intsony ny Ray aman-dReny ary mampitombo ny tahan'ny tsy fidirana an-tsekoly.

Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré, Filoha Lefitra, indray no nitarika ny fivoriana teto.

### **Andriamatoa FILOHA**

Ny Solombavambahoaka manaraka Andriamatoa RANDRIAMISA NAINA Marie Nicolas David.

### **Andriamatoa RANDRIAMISA NAINA Marie Nicolas David**

Misaotra, nanome ny fitenenana, Andriamatoa Filoha.

Miarahaba an'Andriamatoa Praiminisitra sy ny Governemanta manatrika eto.

Solombavambahoaka avy ao amin'ny Distrikan'i Mitsinjo no mandray fitenenana.

Raha namaky ny PGE natolotrao teo aho dia maneho fankasitrahana ary misaotra sahadys amin'ny fanamboarana ny lalana RNT19 izay tafiditra ao amin'ny tetibola taona 2020. Ohatran'izay koa ny fahazoanay ny CHD.

Tiako hohamarinina fa ny Distrikan'i Mitsinjo dia manana orinasa iray izay mampirehareha aty amin'ny farity ny ranomasimbe indiana, eto Madagasikara ary ao Mahajanga; tsy iza izany fa ny orinasa SIRAMA. Ny fahalalanay an'io orinasa io amin'izao fotoana izao dia tantanan'ny Sinoa. Tiako ny manamarika, fa ireo Sinoa miasa ao ireo, ny mpitantana azy io izany; sady tsy mahay teny gasy, tsy mahay teny anglisy no sady tsy mahay teny frantsay. Anisan'ny mananosarotra ny fifampiresahana amin'izy ireo izay tsy fahaizana ny teny tokony hahafahana mifandray izay. Eto aho mba te-hisintona ny saintsika amin'ny fampidirana ireo mpandrahahaha amin'ny sehatra fitantanana orinasa, fahafaharatsiny mba misy teny azo ifampiresahana amin'ny mpiasa sy ny olona tantaniny. Izay no zava-misy. Ohatra fotsiny, ao amin'ny orinasa COPLAN, mbola misy mandray karama 3°800 Ariary isan'andro; sady miantoka fanafody any amin'ny hopitaly no miantoka ny sakafony. Mazava ho azy, ny fainana andavan'andro. Ny fanafody any amin'ny hopitaly anefa vidiana ary rehefa voatsabo ara-dalàna ny marary, eo vao manao "remboursement" ny orinasa. Ny karama anefa efa io voalaza eo ambony io.

Tany mamokatra ny Distrikan'i Mitsinjo, efa misy ny tetikasa nalefa tany amin'ny Minisiteran'ny Fambolena mikasika ny hanamboarana ny tohadrano ao Ambararatabe, Kaominina Antseza. Misy renirano iray atao hoe Ihopy, afaka manondraka tanimbary midadasika koa; kanefa amin'izao fotoana izao, 40%-ny tanimbary ihany no voatrandraka.

### **Andriamatoa FILOHA**

Solombavambahoaka EDIZARD, voafidy tao Vohemar.

### **Andriamatoa EDIZARD**

Misaotra anao, Andriamatoa Filoha.

Miarahaba an'Andriamatoa Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta sy ianareo mambran'ny Governemanta ary isika Solombavambahoaka izay manatrika eto.

Voalohany, fisaorana sy fankatelemana no apetrakay amin'ny, Andriamatoa Filoha hajaina, amin'ny fanamboarana ny lalana mampitohy an'Ambilobe-Vohemar.

Isaoranay manokana koa ianao, Andriamatoa Praiminisitra, nampiditra izay fandaharan'asa amin'ny programan'asanao.

Isaorana manokana koa Ramatoa Minisitry ny Fanabeazam-pirenena sy Teknika izay nanome fotodrafitsara any, trano manara-penittra natao tao an-tampon-tanànan'i Vohemar.

Manarak'izay, fiangaviana, Andriamatoa Praiminisitra, amin'ny hampidiranao ao anatin'ny programan'asanao ho laharam-pahamehana na ny "Projet Présidentiel" izay nataon'ny Filoha hajaina ao an-tampon-tanànan'i Vohemar amin'ny fanamboarana tohadrano manara-penittra.

Manarak'izay, ny fanamboarana hopitaly manara-penittra ary mbola tafiditra ao anatin'izany; na efa nahazo trano mikasika ny fonja aza.

Miangavy anao ihany koa izahay, mba hametraka lapan'ny fitsarana ao Vohemar.

Ombako manana ny teny nataon'ny Solombavambahoaka teo aloha satria mahatsapa izahay, fa efa ela no tsy nisy teto Madagasikara ny fanokafana Distrika. Koa miangavy izahay mba hampidiranao ao anatin'ny programan'asanao ny fanokafana izany "Chef Lieu de District" izany satria efa maro ny toerana tokony hahazo an'izany.

Manarak'izay, mitodika manokana amin'ny Minisitry ny Fanajariana ny Tany sy ny Minisitry ny Fambolena, ny Fiompiana ary ny Jono, indrindra ianao Andriamatoa Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta.

Raha i Vohemar no resahaha, mizara roa lehibe izy io: ny tapany avaratra, toerana fiompiana omby, ny tapany atsimo kosa toerana fambolena.

Amin'izao fotoana izao, misedra olana ny mpiompy omby satria lafo daholo ny tany tokony hiompiana omby.

### **Andriamatoa FILOHA**

Mandray fitenenana manaraka, ny Solombavambahoaka voafidy tao Ambanja, DARKHOUI Siritis.

### **Andriamatoa DARKHOUI Siritis**

Misaotra anao, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba anao Andriamatoa Praiminisitra sy ianareo mambran'ny Governemanta miaraka aminao.

Tsara dia tsara ny programa raha ny fahitanay azy eto.

Anisan'ny tafiditra izahay ao Ambanja kanefa mbola misy zavatra maharary ao, mikasika ny fandriampahalemana, ka mba tiako hampidirina ato anatin'ny programa, indrindra mikasika ny lavanila.

Maro ny olona migadra; maro ny olona maratra; maro koa ny olona maty.

Andriamatoa Praiminisitra, raha ny hafatry ny vahoaka avy any Ambanja, ny mampalahelo azy ireo dia ny mpividy tsy mba tratra, fa ny mpangalatra ihany no midoboka any am-ponja.

Ny hafatra tiana hampitaina, mba tokony hojerena akaiky ny faritr'Ambanja mikasika ity raharaha lavanila ity satria ny Fokonolona manao andrimaso, miaro ny halatra lavanila indray no ampidirina am-ponja.

Ataoko fa ho tafiditra ao anatin'ny programa izany hafatry ny vahoaka izany.

Manaraka, ny resaka hopitaly CHRD ao Ambanja; efa nahitanay famatsiam-bola maro izany. Maro ny fotodrafitsara efa vitanay mikasika ny hopitaly. Maro ny asa efa nataonay, indrindra ny fanarenana ny hopitaly simba. Ny olana aminay dia tsy ampy mpitsabo, toy ny Dokotera.

Eo koa ny lafiny rano, tafiditra ato anaty programa Ambanja. Amin'izao fotoana izao, nahita famatsiam-bola izahay amin'ny hanamboarana azy, fa ny olana, ny ao amin'ny JIRAMA, misy manohana; indrindra eto Antananarivo izay milaza fa tsy azonareo amboarina io fotodrafitsara io. Fotodrafitsara nataon'ny PAEAR izay tsy vita tao anatin'ny taona maro ka nahitanay famatsiam-bola mitentina amina miliara maromaro kanefa izao izahay tohanana izao.

Tsy ho lava resaka aho.

Misaotra Tompokolahy sy Tompokovavy.

### **Andriamatoa FILOHA**

Andriamatoa TSIKIVY Adrien.

### **Andriamatoa TSIKIVY Adrien**

Misaotra nanome ny fitenenana, Andriamatoa Filoha.

Miarahaba anao, Andriamatoa Praiminisitra.

Miarahaba ny mambran'ny Governemanta izay manatrika eto.

Tsara ny programa ary voasoratra ao ny anarana hoe Kandreho.

Fampahatsiahivana kely, Andriamatoa Praiminisitra: nomeko “devis estimatif et quantitatif” ianao, niaraka tamin’ny “plan”-n’ny CSB anankiroa mikasika ny Kaominina Antanimbaribe sy Kaominina Mahatsinjo, Distrikan’i Kandreho saingy tsy voasoratra ato.

Ny mampalahelo dia tsotra, trano tafobozaka mirefy 5 metatra sy 3 metatra no hopitaly ao amin’io Kaominina Antanimbaribe io. Ao no fampiterahana, ao no andraisana marary, ao no anaovana “hôspitalisation”; koa na tsy mbola tsy tafiditra amin’ity taona 2019 ity, mba ataovy amin’ny tapatapaky ny taona 2020, Tompoko, mba mangataka.

Momba ny mpitsabo mpanampy ao aminay, mbola maro amin’izy ireo no “bénévoles”, ka amin’ny fandraisana azy no tokony hatao laharam-pahamehana, fa tsy ireo olona avy at� Antananarivo ary rehefa mahazo “numéro d’immatriculation” izy ireo, telo volana at� dia tsy hita sahadys.

Momba ny fampianarana, voasoratra ato koa izahay amin’ny hoe hahazo “Lycée technique”. Izaho tsy miteny hoe foano izany, fa metimety aminay, Ramatoa Minisitra, ohatr’izany Kaominina Antanimbaribe izany, tsy mbola mahita ianao hoe EPP mitafo fanitso. Izaho tsy miteny hoe “bâtiment en dur” fa na fanitso aza tsy anananay.

Ny CEG ao Kandreho, mpianatra arivo mahery no ao kanefa efitrano fianarana efatra no ianaran’ny mpianatra. Ampahatsiahivina fa tsy voasoratra ato izany.

Momba ny “recrutement” ihany; aoka re, Tompoko, mba ireo mpampianatra mijaly ao amin’ny CISCO Kandreho no horaisina ary tokony hatao maromaro ny an’i Kandreho, tsy ohatra ny teo taloha hoe 16 monja.

Ho an’Andriamatoa Sekreteram-panjakana misahana ny Zandarimaria. Tsy voasoratra ato ny “moto” roa nampanantenainao. Manantena anefa izahay fa halefanao alohan’ny faran’ny taona izany.

Andriamatoa Praiminisitra, Andriamatoa Minisiry ny Atitany; ny fiara ho an’ny “Chef de service”-nay any an-toerana. Tsy manana koa ny Distrika. Tsy manana an’izany ny “Inspecteur” sy ny CISCO. Mba ampitovio amin’ny Distrika hafa izahay, Tompoko, mba omema an’ireo fa mampalahelo.

Momba ny fambolena, tsy voasoratra ato mihitsy Kandreho, kanefa izany Kaominina Antanimbaribe izany dia manana tany aman’arivony hekitara.

Maninona raha mba soratana ato, farafahakeliny mba omena masomboly lojy sy tongolo ary itadiavanay mpividy ny vokatra amin'ny herin-taona.

### **Andriamatoa FILOHA**

Solombavambahoaka manaraka, RABEMANANTSOA Herilala Jeannot, voafidy tao Belo sur Tsiribihina.

### **Andriamatoa RABEMANANTSOA Herilala Jeannot**

Misaotra, nanome ny fitenenana, Andriamatoa Filoha.

Andriamatoa Lehiben'ny Governemanta sy ny mpikambana ao aminy, faly miarahaba anareo.

Mankasitraka sahady ny tenanay izay voafidy tao Belo sur Tsiribihina amin'ny hanomezana lalana an'i Morondava-Bekopaka.

Ny mangidihidy no haoriana, ny mahay no atoro; mba tianay hampidirina ato koa ny fanamboarana ny lalana ao an-tampon-tanànan'i Belo sur Tsiribihina sy ny fanamboarana tohadrano, Andriamatoa Praiminisitra, satria mahamenatra kanefa anisan'ny masarika ny mpizahatany raha eto Madagasikara iny "descente de Belo sur Tsiribihina" sy ny "Tsingy de Bemaraha" iny. Mitondra anjara biriky lehibe ho an'ny firenena amin'ny fampidirana vola vahiny, noho izany ny Distrikan'i Belo amin'ny fananana azy ireo.

Noho izany, mangataka "vedette rapide" izahay mba ahafahana mandamina ny fandriampahalemana amin'io "descente de Belo sur Tsiribihina" io.

Mangataka fiara tsy mataho-dalana ho an'ny Sefo Distrika ihany koa izahay, mba ahafahana mandamina ny Dina izay hita fa tena mahomby ao anatin'ny Distrikan'i Belo, satria rehefa milamina ny tany, hita fa misy fiara tsy mataho-dalana zato isan'andro mandeha mijery ny "Tsingy de Bemaraha" sy ny "descente de Belo sur Tsiribihina io".

Iray monja ny "bac" any aminay. Tamin'ny andron'ny tetezamita no nanomezan'ny Filoha izany ary mba tianay hampiana iray indray satria zato isan'andro, Andriamatoa Praiminisitra, ny fiara miampita eo.

Mikasika ny fampianarana, voalaza teo ny toerana nametrahana sekoly EPP manana efitra 12, sy ny CEG manana efitra 24. Ho an'ny Distrikan'i Belotsribihina, raha misy Fokontany miisa 153, Fokontany 10 ihany no mba manana EPP amin'izany. Ny CEG kosa Kaominina 3 ihany no misy, fa ankoatran'izay, tsy misy.

Mangataka izahay, Andriamatoa Praiminisitra, fa mba hasiana hopitaly manara-penitira ao amin'ny Distrikan'i Belotsribihina satria mahamenatra rehefa misy vazaha marary tampoka tonga mitsidika ny Tsingin'i Bemaraha, noho izay tsy fanana hopitaly izay.

Mikasika ny fambolena sy fiompiana; lemaka ny Distrikan'i Belotsribihina ary mamokatra tokoa. Mangataka "tracteur" izahay, Andriamatoa Minisitra, mba ahafahan'ny tantsaha mamboly satria lany ny omby.

Mikasika ny fandriampahalemana; misy kizo, Andriamatoa Praiminisitra, izay famoahan'ny dahalo omby amin'ny toerana mampisasaka an'i Miandrivazo-Belotsiribihina; mangataka angidimby izahay hamotehana an'ireo kizo ireo.

### **Andriamatoa FILOHA**

Ireto indray ireo Solombavambahoaka 10 handray fitenenana. Ankoatran'izay, mbola misy folo. Efa madiva ho vita ihany.

Ny Solombavambahoaka RATSIMBAZAFY Alain Jean; RIVOTIANA Richard Jean Bosco; RASOAMALALA Honorine; RAKOTOMANJATO Edmond Rodin Georges; RABENARY Jean; ANDRIAMBELOSOA Heriniaina; MOHAMAD Ahmad; SAID ZAKANIAINA Mahafaly Joseph; RATSIMANOSIKA Alexandre Andriamanantena; REMI dit DJAO Jean.

Omena fitenenana ny Solombavambahoaka RATSIMBAZAFY Alain Jean.

### **Andriamatoa RATSIMBAZAFY Alain Jean**

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Andriamatoa Praiminisitra; ianareo mpikambana ao amin'ny Governemanta; faly miarahaba anareo, Tompoko.

Zavatra vitsivitsy ihany no tiako homarihina; efa nolazain'ny Solombavambahoakan'Atsimondrano sy Ambohidratrimo teo ihany ny mikasika ny tetikasa tanamasoandro. Mba hamafisina, Tompoko, ny fisian'ny fiaraha-midinika momba azy io satria tena tompon-trano mihono tokoa raha izahay Solombavambahoaka.

Faharoa, mikasika ny fanomezana rano fisotro madio. Tsara angamba raha mba itadiavana vahaolana maharitra ho an'ny faritra Itaosy sy ny manodidina iny ny rano fisotro madio satria olana lava ny fanomezana ny rano izany amin'iny faritra iny.

Manaraka, mikasika ny fanabeazam-pirenena. Raha ny voasoratra ato anatin'ity fandaharan'asa ity, mazava tsara fa andraiktry ny Governemanta ny manao an'ireny fotodrafitrasa lehibe ireny, toy ny sekoly sy ny sisa. Talohan'ny naha Solombavambahoaka ahy dia Ben'ny Tanànan'Ambohijanaka aho ary maro ireo fangatahana efa natao saingy tsy mbola nahazo "Lycée" mihitsy izany Kaominin'Ambohijanaka izany hatramin'izao. Ankehitriny anefa, nanao ezaka izahay niaraka tamin'ny vahoaka tao amin'ny Kaominina. Tiana ny milaza fa herimpon'ny vahoaka tao amin'ny Kaominin'Ambohijanaka no nahavitana sekoly hatao "Lycée" amin'izao fotoana izao, izay neverina hotokanana amin'ny faran'ity volana ity. Ramatoa Minisitra, antenaiko fa ny fahatongavanao any, amin'ny farany volana ho avy izao hitokana an'io "Lycée" io dia mba hitondra dabilio ho anay ianao satria izay no mba angatahanay ankehitriny. Raha ny voalaza ato anatin'ity fandaharan'asa ity, ao amin'ny pejy faha-17 dia dabilio miisa 19 000 no hovitaina amin'ity taona ity, koa inoana fa mba hanana anjara amin'izany ny Kaominin'Ambohijanaka.

Farany, mikasika ny fanamboaran-dalana. Rehefa nihaona tamin'ireo Ben'ny Tanàna ao amin'ny Distrikan'Atsimondrano izahay dia anisan'ny manana olana ny RIP8 izay mampitohy an'Alatsinainin'Ambazaha sy Androhibe satria fantatsika tsara fa nisy fanafihan-jiolahy tany; na dia nanao ny ho afany aza ny mpitandrofilaminana, noho ny faharatsian'ny lalana,

vitan'ireo jiolahy ireo ihany ny nanao ny fanafihana sy naka ny ombin'ireo olona tao antoerana.

Ho an'ny Minisitry ny Fiompiana sy Fambolena; misy tanimbarry 850 ha ao amin'ny Kaominina Androhibe sy Alatsinainin'Ambazaha, mba mangataka ny hanaovana tohadrano any an-toerana izahay.

### **Andriamatoa FILOHA**

Omena fitenenana, Solombavambahoaka RIVOTIANA Jean Bosco, voafidy tao Lalangina.

### **Andriamatoa RIVOTIANA Jean Bosco**

Misaotra nanome ny fitenenana.

Miarahaba anareo mambran'ny Governemanta.

Politika Ankapoben'ny Fanjakana no tenenina eto. Raha mihaino ny resaka eto aho ary rehefa mijery azy ity ihany koa, misy Distrika misoratra inenina na impito ato kanefa misy Distrika tsy voasoratra mihitsy na indray mandeha aza.

Faharoa, raha mieritreritra aho dia hoe 5 taona ny zavatra tokony ho hita ato kanefa toa amin'ity taona ity sy amin'ny herin-taona no nosoratanareo ato. Izahay mantsy mieritreritra fa hisaotra ny Governemanta rehefa miverina eto ianareo kanefa ny Distrikani Lalangina dia anisany tsy voasoratra ato anatin'ity, afa-tsy ny hopitaly CHD izay hatao ao Lalangina.

Andriamatoa Minisitry ny Fahasalamana; nanome an'io ianao ka isaorana. Izao anefa, nisy fangatahana nataonay tany aminao, mikasika ny fanomezana tobim-pahasalamana ho an'ireo Kaominina mbola tsy misy an'izany, ka tokony hatao laharam-pahamehana ny momba izany.

Faharoa, mikasika ny Solombavambahoaka rehetra; misy ny atao hoe CLD. Vola anampiana ny Solombavambahoaka mba hanatanterahana fotodrafitsara any aminy izany. Izao no zavatra hita: ny famoahana ny "chiffre" anaovana io CLD dia manahirana ary tena sarotra ho an'ny Solombavambahoaka. Eto, ny Minisitry ny Atitany, tokony hamoraina ny fanaovana an'io CLD io mba ahafahana mamaly ny hetahetan'ny vahoaka eran'i Madagasikara amin'izay tsy mangataka zavatra any aminareo izahay.

Fahatelo, gaga aho fa ny Distrikani Lalangina tsy mba misy Brigady akory; ny an'olona efa lasa Kompania. Tsy misy na "commissariat". Efa noteneniko tamin'ireo Minisitra tomponandraikitra izany ary anisan'ny renivohitry ny Distrika tsy misy paompy kanefa 10km miala an'i Fianarantsoa.

Ny tianay hotenenina dia miasa ny Zandary ao aminay ary tena manao ny ainy tsy ho zavatra. Zandary iray no ao amin'ny Brigady kanefa mbola mipetraka any Fianarantsoa indray, miandraikitra Kaominina miisa 24; Distrika efatra, Brigady iray. Mba jereo ihany fa mirongatra ny asan-dahalo amin'izany toerana izany.

Manantena koa izahay satria ny zavatra angatahanay tsy ho vita ao anatin'ny telo minitra. Mangataka mba hitsidika ny Distrika misy anay ianao, Andriamatoa Praiminisitra.

Misaotra Tompokolahy sy Tompokovavy.

### **Andriamatoa FILOHA**

Omena fitenenana ny Solombavambahoaka RASOAMALALA Honorine, voafidy tao Ambohimahasoa.

### **Ramatoa RASOAMALALA Honorine**

Misaotra nanome ny fitenenana.

Miarahaba anareo, Andriamatoa Praiminisitra sy ny mambran'ny Governemanta.

Izahay ao amin'ny Distrikan'Ambohimahasoa dia mankasitraka ny programan'asan'ny Governemanta sy ny fitondram-panjakana satria anisan'ny Distrika gisitra indrindra teto Madagasikara mihitsy anefa efa mba hita manangasanga ny hopitaly manara-penitra ato anatin'ny programan'asa, ny "détachement", ny jiro amin'ny Kaominina telo any ambanivohitra, ny fampiofanana arak'asa sy ny tsy voatanisa.

Mba mangataka sy mihanta amin'izany Distrika izany amin'ny hanampiana ny jiro amin'ireo Kaominina miisa 15 satria ny Kaominina 17 manodidina rehetra dia tena maizina tanteraka ka mahatonga ny tsy fandriampahalemana izany.

Mbola mampahatsiahys an'Andriamatoa Filoha izahay, "Promesse Présidentielle" mikasika ny lalana Kaominaly ao Ambohimahasoa, ny biraon'ny Kaomisaria, ny biraon'ny Kaominina ambonivohitra Ambohimahasoa, ny tsena manara-penitra.

Fampahatsiahivana ihany izany, fa mino sy mahatoky izahay fa horaisin'Andriamatoa Filoha hajaina tsy ho ela ny fanapahan-kevitra mikasika izany.

Eo koa ny fangatahanay ny lalana mikasika ny RIP rehetra amin'ny Kaominina sy "intercommunale" satria tena sarotra ny famonjena ny olona marary, indrindra ny resaka ny tsy fandriampahalemana. Lalana 20 km, alaina adiny dimy; any amin'ny Kaominina rehetra any, simba daholo ny lalana.

Jerena manokana koa ny RN25, mampitohy an'Ifanadiana-Ranomafana.

Mikasika ny Kaominina telo ao amin'ny Distrikan'Ambohimahasoa, izay anisan'ny mamokatra tokoa, fa ny lalana no avokavoky ny fampandrosoana amin'ny resaka fambolena sy fiompiana.

Amafisiko ny momba ny fitarainana amin'ny maha Solombavambahoaka ny tenanay, amin'ny fandraisana ireo mpampianatra FRAM sy ny fijerena ny famatsiam-bola azy ireo; 5 000 Ariary monja no mba fandraisana anjara ataon'ny Ray aman-dRenin'ny mpianatra ho azy ireo isam-bolana; mba mila jerena akaiky izay.

Isaorana manokana ny momba ny fandriampahalemana, fa mba anisan'ny tsy "zone rouge" intsony ny Distrikan'Ambohimahasoa. Isaorana manokana ny Polisim-pirenena, ny Zandariniam-pirenena ary ny DAS.

Angatahanay aminareo, Andriamatoa Minisitra, mba tsy hesorina ny DAS sy ny Miaramila ao amin'ny Distrikan'Ambohimahasoa satria raha vao miala ny Miaramila dia mirongatra indray ny tsy fandriampahalemana.

### **Andriamatoa FILOHA**

Omena fitenenana, RAKOTOMANJATO Rodin Edmond Georges, Solombavambahoaka voafidy tao Arivonimamo.

### **Andriamatoa RAKOTOMANJATO Rodin Edmond Georges**

Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Voalohany, miarahaba Andriamatoa Praiminisitra tafaverina indray.

Amin'ny anaranay no itondrako ny fitenenana eto niatrika anao niaraka tamin'ny Solombavambahoaka miisa 73.

Gaga sady talanjona aho, Andriamatoa Praiminisitra, fa noresahana betsaka ity zavatra ity ary mba miangavy; fantatra fa ato anatin'ity programa ity vao notenenina androany ity; tsy "face à face" akory ity, fa resaka tetikasan'ny Governemanta hoentina hanatsarana ny fiainam-bahoaka. Mahafinaritra izy ity saingy, ohatra ny tsy eto Madagasikara no misy ny Distrikan'Arivonimamo; tsy ato anatin'ny saritanin'i Madagasikara mihitsy. Tsy fantatro na inona loatra fa sahirana aho. Nanao LFR ianareo tamin'ny tetibola, tamin'izay no niala teto amin'ity toerana ity izahay. Ny fitsarana ireto Solombavambahoaka ireto tamin'izany tena navesatra, fa ny tetibola, tsy fantatray ny hanaovana azy.

Mizara fitaovana ho an'ny Miaramila, Polisy ary Zandary ianareo; ny an'ny Polisy, 20 litatra amin'ny 100 no nomenareo azy. Izahay tena miangavy mihitsy, aleo mba angatahana ny hanatsarana ny Polisy satria mampalahelo izy ireo. Tena teneniko izany. Ny antony, ny trano tsy zarizary, ny fitaovana iasana tsy misy.

Aninkeheo, nahita mihitsy aho, Andriamatoa Praiminisitra; miala eo Anosy, alahatra indray ny olona mankany Antaninarenina; handoa vola, ohatran'ireny valala manjohy ireny; handoa vola hanaovana pasipaoro. Naninona no nesorina tao amin'ny Polisy izany; tsy atokisana ve ny Polisy sanatrian'ny vava.

Andriamatoa Minisitra, ity no zavatra noresahantsika teto tamin'izay: maimaimpoana ny vakisiny ho an'ny omby. Mahantra ny any ambanivo hitra; ny FIB, aleo mba hitovy ny vidin'izany eran'i Madagasikara. Angatahana mba hatao 10 000 Ariary satria ataon'ny "Délégué" risoriso izany. 10 000 Ariary isaky ny FIB. Aleo mba hitovy.

Ho an'ny Minisiry ny Atitany; mijaly ny tantsaha, mijaly ny vahoaka. Efa ho 10 taona ny "Délégué"-nay no tsy nafindra toerana, sao tsy azo afindra toerana intsony izy ireo. Alefaso any Manjakandriana na any Antsirabe; aleo mba any aminay indray no andefasana olona vaovao hanatsara ny fiainam-bahoaka, amin'izay mba milamina ny tsy fandriampahalemana. Ny Zandary foana no lazaina eto kanefa ry zareo aza mitaraina fa ireto zalahy ireto anie no manahirana ny miara-miasa aminy.

Resaka vao omaly noresahana tao amin'ny biraonao; vao niteny teo ny Solombavambahoaka RAHOLDINA, fa efa tapitra anie ny "contrat" 90 taona kanefa tamin'ny andron'ny Minisitra ANDRIANAINARIVELO Hajo, mbola nomena 25 taona indray. Ireo olona mpamboly dia Malagasy, fa naninona ny vazaha...

### **Andriamatoa FILOHA**

Solombavambahoaka ROCHELIN Houssen, voafidy tao Toliara II

### **Andriamatoa ROCHELIN Houssen**

Miarahaba an'Andriamatoa Lehiben'ny Governemanta sy ireo mpikambana ao aminy.

Raha ny fahitana azy tamin'ny fanolorana ny PGE androany, Andriamatoa Lehiben'ny Governemanta, ny ankabeazan'ny Solombavambahoaka rehetra dia nankasitraka izay voavaky teo tamin'ny maraina. Isaorako manokana i Toliara II fa nahazo jiro mandeha amin'ny masoandro 11 isa.

Ny fanamarihana momba azy iny, Andriamatoa Lehiben'ny Governemanta dia misy roa karazana ny "projet" izay hanao azy kanefa ny vidiny tsy mitovy. Ny iray lafo, ny iray mora. Ohatra, ao amin'ny Kaomininan'i Saint Augustin, lafo be ary mitaintaina ny vahoaka kanefa ao amin'ny Kaominan'i Manombo, tena afapo ny vahoaka. Mba mila jerena akaiky ny hampitovy ny vidin'izay.

Manarak'izany ny resaka tsy fandriampahalemana.

Isaorana ny fitondram-panjakana nanao "opération" faobe amin'izao fotoana izao, saingy ny Distrikan'i Morombe.

Misy olona iray atao hoe: Jaonary izay efa voagejan'ny Miaramila ao ny ombiny miisa 574. Avy aty amin'ny Kaomininan'i Toliara II; taty aminay, nisy omby very tamin'ny faha-28 Febroary teo. Tratra ao ireo omby ireo ary maro ny tompon'omby izay mahita fa ao ny ombiny. Izay fandehan-javatra izay no tianay apetraka eto, Andriamatoa Lehiben'ny Governemanta. Misy ny lalàna manan-kery ao amin'ny fitsarana, fa isika eto Madagasikara, mino aho fa amin'ireto Solombavambahoaka namana ireto, misy koa ny lalàna tokony hihatra, ny Dinam-pokonolona, izay tokony "homologuer"-n'ny fitsarana.

Vao tamin'ny hariva teo no tratra ny omby ary nasaina notazonina, fa ny sisa kosa haverina amin'ny tompony. Miandry ny Dinabe ka rehefa vita ny taratasy famerenana ny omby very dia tokony hihatra amin'izay ny sazin'ny Dinabe. Izay no iangavianay eto satria izahay no tompon'ny omby very. Ny lalàna ao amin'ny Dinabe izay "homologuer"-n'ny fitsarana, ny omby very ka hita dia omby iray misolo omby telo; fa ny omby very tsy hita, omby iray misolo omby efatra. Mbola milaza koa io Dina io, fa ny olona tratra ambodiomby dia tsy misy kabary intsony, fa tonga dia avahana. Koa raha io omby io no lasa any amin'ny tompony, mety sahirana ny Dinabe.

### **Andriamatoa FILOHA**

Omena fitenenana ny Solombavambahoaka RABENARY Jean, voafidy tao Andapa.

### **Andriamatoa RABENARY Jean**

Misaotra nanome ny fitenenana.

Andriamatoa Praiminisitra sy ianareo mambran'ny Governemanta.

Misaotra tamin'ny fanolorana ny PGE.

Ny tsara ho fantatra dia mikasika ny tsy fandriampahalemana.

Vokatra ny lavanila any amin'ny Distrikan'Andapa dia lasa mirongatra ny tsy fandriampahalemana. Vokatr'izany, sahirana ny mpitandrofilaminana.

Ny Polisy sy Zandary anefa tsy manana fitaovana. Marina fa nahazo Kompania izahay ao Andapa kanefa mbola aterina any Antalaha ihany ireo tsy mataho-tody. Mba miangavy raha omena fitaovana ihany; na ny Zandary na ny Polisy, eny na tsy hahazo fiara aza, fa na "moto" mba hampiasaina satria tena mirongatra ny tsy fandriampahalemana manoloana ny fahalafosan'ny lavanila.

Manoloana ny volan'ny lavanila, mitombo ihany koa ny kolikoly. Manao ahoana ny fomba fisehony: ataon'ireo mpanam-bola fitaovana ny mpitandrofilaminana sasany; mandeha mampihorohoro vahoaka, toa hitaky trosa, hany ka lasa sahirana ny vahoaka amin'ny hitakiana trosa ary lasa matahotra ny mpitandrofilaminana izy ireo.

Eo amin'ny lafiny lalana sy ny fanatsarana ny endrik'i Madagasikara.

Misaotra fa efa tafiditra ao amin'ny PGE ny fanamboarana ny lalana Andapa-Bealanana. Araka ny fahafantaranay azy, rehefa vita io lalana Andapa-Bealanana io, tena hanova ny endrik'i Madagasikara izany, satria ilaintsika io lalana io. Misaotra, Andriamatoa Praiminisitra.

Raha ny renivohitry ny Distrikan'Andapa, misy lalana mirefy 3 km izay ratsy dia ratsy, hiakatra ny Distrikan'Andapa no, misy azy io. Mba miangavy ny hanaovana "goudron" an'io lalana io.

Ao amin'ny "cuvette d'Andapa", anisan'ny tany be orana sady ratsy koa ny lalana. Izany hoe ny "ceinture d'Andapa" no tokony hamboarina mialoha.

Tahak'izany ny lalana mampitohy ny Kaominina Ambalamasy II-Doany, Andrakata, Anoviara. Anisan'ny lalana tokony hamboarina izany io satria hita fa ao Doany sy Anoviara no Kaominina matanjaka raha ny vokatra no resahina.

Eo amin'ny tontolo iainana, ny angovo sy rano fisotro madio.

Anisan'ny Distrika manana rano fisotro madio raha ny tena marina ny Distrikan'Andapa kanefa tsy voatrandraka izany. Ambany dia ambany ny salan'ny rano fisotro madio any amin'ny Distrikan'Andapa, ka tokony hatao laharam-pahamehana izany.

### **Andriamatoa FILOHA**

Omena fitenenana, ny Solombavambahoaka voafidy tao Avaradrano, ANDRIAMBELOSOA Heriniaina.

### **Andriamatoa ANDRIAMBELOSOA Heriniaina**

Mankasitraka, Andriamatoa Filoha.

Mamerina ny fiarahabana anao, Andriamatoa Praiminisitra sy ny mpiara-miasa aminao ary ianareo Minisitra mambran'ny Governemanta.

Lava dia lava ny "Politique Générale de l'Etat» nataonao teo ary sahiko ny miteny, fa feno dia feno ho an'ny Distrikan'Avaradrano manokana.

Mampahatsiahay izahay, fa nisy velirano nataon'Andriamatoa Filohampirenena mikasika ny fanorenana oniversite, ny fizahantany sy ny varotra ao amin'io Distrika io, satria misy rova miisa telo izay malaza dia malaza amin'io toerana io.

Ao ny rovan'Ambohimanga izay "patrimoine international" iarahana amin'ny UNESCO, ny rovan'Ambohitrabiby ary ny rovan'llafy. Ny mpianatra hivoaka amin'ireo dia eritreretina hanampy tosika ny rovan'i Manjakamiadana satria mila amidy izany tolotra izany, ka hamarino ihany, Andriamatoa Praiminisitra, sao misy fahadisoana, sao hadino fa tokony ho ao izay zavatra izay.

Manarak'izay, mankasitraka amin'ny fotodrafitsara izay atao momba ny fahasalamana sy ny fampianarana, fa ny zava-dehibe, Andriamatoa Praiminisitra dia mikasika ny fampandehanana azy ireo. Tsy mihodina ny fotodrafitsara ataonareo amin'izao fotoana izao. Raha izaho manokana, aleoko miasa any amin'ny hopitaly toy izay hiasa ato Tsimbazaza satria tsy ampy ny fampihodinana ny hopitaly sy ny fampianarana.

Ao Ambohimangakely, vao tsy ampy enim-bolana ny fitokanana no natao. Trano tsara tarehy, ny mpiasa 21 monja, tsy misy na "laboratoire" na "radio".

Izay angamba, fa ny ambiny raha mandray telefonina ireto Minisitra ireto dia mety hovoavaha moramora ihany.

Mankasitraka Tompoko.

#### **Andriamatoa FILOHA**

Misaotra anao, Andriamatoa Solombavambahoaka.

Omena fitenenana manaraka, ny Solombavambahoaka NAKANY Charlie Zafimagnely. Satroka.

#### **Andriamatoa NAKANY Charlie Zafimagnely**

Misaotra nanome fitenenana, Andriamatoa Filoha.

Solombavambahoaka vaovao no ankamaroantsika, fa ireto "redoublant" sy "triplant" sy ny efa taloha, vitsivitsy ihany. Mahatsikaritra aho eto fa somary vitsivitsy tokoa. Marina fa mahafinaritra ny programa natolotry ny fanjakana saingy tokony mba hanome fahafaham-po koa isika. Tokony mba hotenenina angamba izay tomponandraikitra any ambadika any satria efa kely sisa ireo handray fitenenana, ka mba asaina miverina. Tokony ho maro isika no ato amin'ity efitra ity.

#### **Andriamatoa FILOHA**

Misaotra anao, Andriamatoa Solombavambahoaka.

Omena fitenenana, Andriamatoa Solombavambahoaka Mohamad Ahmad, voafidy tao Fenoarivo Atsinanana.

#### **Andriamatoa MOHAMAD Ahmad**

Misaotra Andriamatoa Filoha.

Miarahaba an'Andriamatoa Praiminisitra sy ny mambran'ny Governemanta izay tonga eto.

Mahavelom-bolo ny PGE, Andriamatoa Praiminisitra, satria tsy adino tato anatin'izany ny Distrikan'i Fenoarivo Atsinanana. Misy tsy tafiditra ihany ny "promesse présidentielle" ao amin'ny Distrikanay satria iny no nanaovana propagandy tamin'izany fotoana izany.

Misy kianja tsy manara-penitra ao aminay; tsy hita ato izay ary mino aho fa maromaro ny toerana nandehanan'ny Filohampirenena no nanaovany fanambarana mikasika izany kianja manara-penitra izany.

Tokony hojerentsika izay Distrika tokony hahazo an'izany.

Ao anatin'izany koa ny hopitaly manara-penitra ary anisan'ny Kaominina ambanivohitra nandalovan'ny Filohampirenena satria efa Filohampirenena izy tamin'izany. Ao izany Kaominina antsoina hoe Vohilengo izany; nampanantenainy hopitaly sy nampanantenainy hahazo Kaominina vaovao ihany koa, ka tsara raha tokony ho hitantsika ato izany.

Ny faniriako, Andriamatoa Praiminisitra, ny mba hanatanterahantsika amin'izay ny fitsinjaram-pahefana eny ifotony. Io no fanalahidy amin'ny fampandrosoana an'i Madagasikara.

Koa mankahery anareo ny tenako mba hanatanteraka izany satria ny olana rehetra izay tenenintsika eto; na ireo "route communale" sy "intercommunale" ireo; rehefa mahazo an'izany fitsinjaram-pahefana tena izy izany isika, ho vita izany, Andriamatoa Praiminisitra. Mino ny tenako fa hiverina eto isika amin'ny taona ho avy ary efa hita sy ho azo tsapain-tanana izany.

Anatin'izany misy "bac" iray ao amoron-drano ao, nanaovan'Andriamatoa Filoha fampanantenana ihany koa izany; mampitohy ny Kaominina maromaro ao anatin'ny Distrikan'i Fenoarivo Atsinanana izany ka tokony hojerena.

Fampahatsiahivana ny anay, Andriamatoa Praiminisitra. Mankahery anareo mambran'ny Governemanta ny tenanay.

Misaotra Tompokolahy.

Mankasitraka Tompokovavy.

### **Andriamatoa FILOHA**

Misaotra anao, Andriamatoa Solombavambahoaka.

Omena fitenenana, ny Solombavambahoaka voafidy tao Soalala, SAID ZAKANIAINA Mahafaly Joseph.

### **Andriamatoa SAID ZAKANIAINA Mahafaly Joseph**

Misaotra Andriamatoa Filoha.

Miarahaba anao Andriamatoa Praiminisitra sy ny Governemanta tarihinao.

Soalala dia anisan'ny Distrika azo lazaina fa lavitra indrindra kanefa manankarena sady mety ho avin'i Madagasikara ary nanavotra ny fitondrana tetezamita tamin'ny 5 taona izay fantatsika fa tsy nahazo famatsiam-bola mihitsy.

Ho an'ny Minisitry rano: "Commune urbaine 2<sup>ème</sup> categorie" nandritra ny naha Distrika azy izahay ary tsy nisy rano fisotro madio koa hatramin'izay. Any amin'ny 10 km no mantsaka rano kanefa "Chef lieu de District 2<sup>ème</sup> categorie" izao. Asa ao ny Minisitry ny Rano, fa tena misy valan'aretina ary maromaro no maty tamin'izany.

Jiro ao Andranomavo, Kaominina ambanivohitra. Tsena faharoa eto Madagasikara ny tsenan'omby any an-toerana ankoatran'i Tsiroanomandindy. Andranomavo no tsena faharoa tsy misy jiro. Koa miangavy izahay ny hijerena akaiky an'izany satria tena mijaly ny vahoaka anefa toerana anisan'ny be omby eto Madagasikara izany toerana izany.

Minisitry ny Fambolena sy Fiompiana.

Isaorana manokana, satria efa tany ny teknisiana momba ny tohadrano.

Misy lemaka lehibe faharoa, ankoatran'i Marovoay ao Antsakoamileka; faharoa ao Mahajanga kanefa olona 2 na 3 isan-taona no matin'ny tsy fahampian-tsakafo amin'io toerana io.

Andriamatoa Minisitra, misaotra anao, fa efa nandefana teknisiana ianao. Alefaso ny voalohany ao Antsakoamileka; manaraka azy, ao Antanandava. Ny fahatelo, ny tohadrano ao Ambohipakotso-Lepako.

Minisitry ny Fahasalamana.

Misy hopitaly fandidiana any aminay kanefa tsy misy Dokotera. Tsy tamana ny dokotera tonga any aminay; mila fiara tsy mataho-dalana sy "ambulance" saingy ny tena angatahanay dia Dokotera mpandidy satria efa ao ny fotodrafirasa ary azo atao tsara ny mandidy ao.

Minisitry ny Fanajariana ny Tany.

Tamin'ny taona 1985 no nisy fanamboarana farany ny "digue de protection" ao Soalala satria nosy izahay. Raha tsy vita amin'ity taona ity izany, hotratran'ny orana sy ny fiakaran'ny ranomasina, ka mety ho foana ao amin'ny tantaran'i Madagasikara ny fision'i Soalala. Tena mila fanamboarana haingana io "digue de protection" io amin'ny maha nosy anay. Tena mila jerena farany haingana izay zavatra izay.

Mangataka aminao, Andriamatoa Lehiben'ny Governemanta, satria manohana tsy misy fepetra an'io Programa io izahay.

Tafiditra ato ny RN19 Katsepy-Maintirano, kanefa mangataka aminao, Andriamatoa Praiminisitra, mba hidina any miaraka amin'ny Sekreteram-panjakana miadidy ny Zandarinaria sy ny Minisitry Fiompiana, Fambolena ary ny Jono, fa tena tany lavitra andriana izahay. Efa ho 20 taona izay no tsy nisy Praiminisitra tonga tany; izany hoe Distrika gisitra indrindra amin'ny fotodrafirasa sy ny fampandrosoana izahay.

Momba an'io lalana io ihany, angatahanay ny hijerena akaiky azy.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filohan'ny Antenimierampirenena indray no nitarika ny fivoriana teto.

### **Ramatoa FILOHA**

Omena fitenenana manaraka, Andriamatoa RAMBOASALAMA Emilien.

### **Andriamatoa RAMBOASALAMA Emilien**

Misaotra anao, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba an'Andriamatoa Praiminisitra sy ireo mambran'ny Governemanta miaraka aminy.

Ho an'ny Minisitry ny Rano.

Resaka fako sy ny fanadiovana saingy hanome hafatra kely, “honorable” ho an-dRamatoa Solombavambahoaka RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera ny tenako.

Ny fako eto Antananarivo, tsy misy idiran’ny Kaominina Ambonivohitra Antananarivo, Tompoko, fa andraikiry ny SAMVA. Ny Kaominina Ambonivohitra Antananarivo no mitondra ny fako amin’ny “bac à ordure” sy ny barikabe, fa ny fitondrana ny fako miala amin’ireny toerana ireny mankany Andralanitra no andraikiry ny SAMVA izay eo ambany fifehezan’ny Minisiteran’ny Rano.

Tsara ho fantatrazo izay zavatra izay, aza manao an’izany fa tsy mety ny fomba fiteninao.

Manarak’izany, mankahery anao, Andriamatoa Praiminisitra, amin’ny fampitaovana ny SAMVA; satria ianao no nanome fiarabe ho azy ireo. Ny mahatonga ny fako eto Antananarivo mivangongo ohatran’io, misy toerana tsy tongan’ireny fiarabe ireny; mamporisika anao aho mba ovaina ho kelikely ny haben’ny fiara, amin’izay tafiditra amin’ireny toerana ireny. Mifanaraka tsara isika rehefa avy eo sao sanatrian’izany ho lasa fako politika ity zavatra ity. Ny fahavaratra ho avy sao ho tonga ny pesto.

Apetraka aminao izay zavatra izay.

Manarak’izay, mikasika ny jiro sy rano ao amin’ny Fokontanin’Ankaditoho, Anosy Mahavelona.

Misy faritra roa atao hoe Bemaizina ao. Misy olona teraka tao anatin’ny aizina mivelona ao anatin’io aizina io. Mivelona ao anaty aizina; maty ao anatin’ny aizina. Tsy misy jiro sy rano, mba eto Antananarivo Renivohitra ihany anefa dia tsy misy an’izany; eo amin’ny “limitrophe”-n’ny Fivondronana Antananarivo Atsimondrano sy ao Antananarivo Renivohitra, eo ampitan’Ikopa. Lazaina aminareo izany zavatra izany mba hanamorana ny fampidirana rano fisotro satria rano iray “bidon” miloko mavo, vidina 500 Ariary; tsy maharaka ny volan’olona raha izany no fandehany. Noho ny fahantrana, lasa ny ranon’Ikopa no sotroiny. Rehefa misotro ranon’Ikopa; misy orinasa “Zone Franche” ireny eo akaiky eo izay mandefa “déchet toxique” ka miteraka aretina izany. Mampalahelo ihany ny vahoaka eny ka mila jerena akaiky.

Manarak’izany, ny fandriampahalemana.

Rehefa mamaky aho ato, misy milaza hoe: mbola mitohy hatrany ny fisafona na ny “patrouille” ety an-tanàn-dehibe izany. Ny fangatahako, ataovy ny fisafona ao anaty tanàna na “patrouille de proximité”. Izao no antony; ny mpifoka rongony, ny mpanendaka, ny mpanolana vehivavy, tsy eny amin’ny RN1 na RN7 na aty amin’ny arabe no mandeha, fa any anelakelan-trano. Alefaso any ireo mpitandrofilaminana telo ireo: ny Miaramila, Polisy ary ny Zandary, amin’izay mandry fahalemana raha tonga any izy ireo satria any no tena misy olana fa tsy amin’ny lalan-dehibe.

Farany, momba ny lalana.

### **Ramatoa FILOHA**

Solombavambahoaka REMI dit DJAO Jean

**Andriamatoa REMI dit DJAO Jean**

Misaotra betsaka, Ramatoa Filoha.

Ny zavatra angatahiko voalohany, Andriamatoa Praiminisitra, ny olona marary any amin'ny hopitaly izay voalaza hoe hopitalim-panjakana dia mandoa vola hatrany. Tokony tsy hisy sarany aloa, tokony tsy handoavam-bola raha misy marary na aiza na aiza no misy azy eto Madagasikara amin'ireny hopitalim-panjakana ireny.

Faharoa, momba ny programa teo; nahafinaritra kanefa tsy afenina anao, fa "promesse Présidentielle" ihany koa ny fanamboarana kianja manara-penitira ao Antsohihy, torak'izany koa ny hopitaly manara-penitira. Mba tianay hotanterahina izany satria "promesse Présidentielle".

Ny tranon'ny Lehiben'ny Distrika any aminay, narodan'ny rivo-doza; tsy misy intsony zavatra mitsangana ao. Noho izany, angatahana mba ho vitaina io trano io.

Nilaza isika tamin'ny resaka fitsinjaram-pahefana teo, Andriamatoa Praiminisitra, fa ny tena mahavita ny "décentralisation" dia ny Solombavambahoaka, Tompoko, satria efa nangataka ihany ny Solombavambahoaka rehetra teo hoe: hamboarina izao, hatsaraina izao. Ny olan'ny vahoaka rehetra dia miantefa amin'ny Solombavambahoaka, ka izay no antony ilazako an'izany.

Farany, momba ny fandriampahalemana...

**Ramatoa FILOHA**

Misaotra, Andriamatoa Solombavambahoaka.

Mandray ny fitenenana manaraka, RAMAHANDRISOA Edu Edmond, voafidy tao Vangaindrano.

**Andriamatoa RAMAHANDRISOA Edu Edmond**

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Miarahaba an'Andriamatoa Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta sy ireo mpiara-dia aminao.

Resaka lalana no hoteneniko eto.

Voalohany, misaotra anareo tamin'ny fampidiranareo tao anatin'ny programan'asanareo lalana mampitohy an'i Vangaindrano-Taolagnaro.

Manarak'izay, any aminay any Vangaindrano, nahavita "gare routière" vaovao izahay kanefa hatramin'izao, mbola tsy nisokatra; resaka lalana no antony. Misy tapany tokony hovitaina ao mba ahafahana manokatra azy io. Marihako eto, fa io "gare routière" io dia lavidaviry ny tanàna satria i Vangaindrano efa teritory,ka any amin'ny sisiny no nanamboarana azy. Mangataka izahay mba hatao laharam-pahamehana ny famitana an'io lalana tsy vita io.

Manarak'izay, tamin'ny fotoanan'ny propagandy, nisy tetezana ao anatin'ny Kaominina Lopary, toerana atao hoe Soseragna no fiantso azy. Tapaka tanteraka izy io; koa mampahatsiahya amin'ny tokony hamitana azy haingana izahay satria efa hiakatra izao ny jirofo ary tena miasa io lalana io kanefa tsy vita hatramin'izao.

Mangataka izahay mba hatao “pont bailey” izy io mba hampalaky azy satria 13 metatra monja no refin’izany lalana izany.

Manaraka, momba ny EPP. Raha mandalo Distrika maromaro isika, mbola tsy nahita aho any amin’ny Kaominina ambonivohitra any hoe misy mpianatra tsy mipetraka amin’ny dabilio. Any aminay any Vangaindrano, mbola misy EPP iray ao Ampasy, tsy misy dabilio ipetrahan’ny ankizy. Mipetraka ambany ny mpianatra, koa mangataka izahay mba hatao laharam-pahamehana izany satria mampalahelo ny ankizy izay mbola manana ny ho aviny tokoa.

Manarak’izany, maheno izahay fa misy fiara tsy mataho-dalana ao amin’ny Minisiteran’ny Atitany, mba mangataka anankiray ho an’ny Lehiben’ny ao an-toerana izahay.

Momba ny tsy fandriampahalemana, vao vetivety izay sady nivoaka tamin’ny fahitalavitra mihitsy, nisy fanafihana tao an-tampon-tanànay. Mangataka mba hohatsaraina ny fandriampahalemana satria raha misokatra io “gare routière” lavidavitra ny tanàna io, ka raha tsy ho voafehintsika ny tsy fandriampahalemana, mety hanahirana ny vahiny izay tonga any aminay izany.

Farany, momba ny omby; mitaraina ny vahoaka ao Vangaindrano...

#### **Ramatoa FILOHA**

Solombavambahoaka      RAKOTONDRAVOAVY      Andrianjafinjanakolona,      voafidy      tao Arivonimamo.

#### **Andriamatoa RAKOTONDRAVOAVY Andrianjafinjanakolona**

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Natao tamin’ny herinandro iny ny fivoariana ho an’ny programan’asa ny 2020. Miangavy, Andriamatoa Praiminisitra, mba handinika tsara ireny tetikasa izay nalefa ka nimatimatesan’ny tany amin’ny Faritra sy ny Distrika, nalefa tany amin’ny Ministéria tsirairay avy ireny satria voafaritr’ireny daholo ny programan’asan’ny Filohampirenena Andry RAJOELINA. Matoa nalefanay any ireny dia zavatra nifanaraharanay tamin’ny vahoaka sady efa nekena ihany koa.

Mikasika ny “Biomex” ao Faharetana; miangavy ny Minisiteran’ny Fanajariana ny Tany izahay, mba hanazava aminay Solombavambahoaka sy ny vahoaka iray manontolo hoe: inona marina no mikasika ity Faharetana ity satria itarina be ka lasa resaka politika. Amin’ny isika miteny izao, miala tsiny fa izay no nahatara ahy, ataon’ny mpanohitra ny fitondrana amin’izao fotoana izao resaka politika ny momba an’i Faharetana satria efa akaiky ny fididianana. Manizingizina ry zalahy maniry ho lany Ben’ny Tanàna, fa horoahintsika ny vazaha. Ianao amin’io mitaiza ny vahoaka ho an’ny fahamarinana mba hanara-dalàna, ohatra ny tena indray no manan-doza avy eo. Mangataka aminao aho, Andriamatoa Praiminisitra, mba hijery akaiky io tanin’i Faharetana io, mba hazavaina indray mandeha amin’ny vahoaka; aorian’izay, mba raisina izay fanapahan-kevitra tokony horaisina.

Mankasitraka Tompoko.

### **Ramatoa FILOHA**

Solombavambahoaka RAFIDIMANANTSOA Narson, voafidy tao Antanifotsy.

### **Andriamatoa RAFIDIMANANTSOA Narson**

Misaotra anao, Ramatoa Filoha.

Andriamatoa Praiminisitra sy ny mambran'ny Governemanta izay tonga eto; mankasitraka amin'ny fahatongavanareo ato amin'ny Lapampanjakana, Tompoko.

Fanontaniana telo ihany, Tompoko.

Voalohany, amin'izao fotoana izao, any amin'iny faritra Vakinakaratra iny, mitady hirongatra indray ny pesta. Mba hialana amin'izay firongotry ny pesta izay, tokony hojerentsika sahady izany, Andriamatoa Praiminisitra. Inona no tokony hatao dieny izao, sao efa sahirana isika vao hitady vahaolana indray.

Mikasika ny fahasalamana, ao amin'ny Distrikan'Antanifotsy, tsy hiteny aho hoe 350 000 no isan'ny mponina ao kanefa na hopitaly iray aza tsy misy azo andidiana marary. Avy any Ambohitompoina ny olona, any amin'ny 100 km akaikin'i Marolambo izany, avy any ny vehivavy saro-piterahana; mandalo CSB II efa ho efatra dia alefan'ny Dokotera fotsiny. Tonga ao Antanifotsy, miteny ny Dokotera tsy azo andidiana ato aminay; halefa aiza, any Antsirabe sa aty Antananarivo. Ny 99%-n'ny olona iharan'izany, maty avokoa.

Andriamatoa Minisitry ny Fahasalamana, mangataka anao aho mba hiaraka amiko any ianao amin'ny herinandro, hojerentsika dieny izao, sao ho sahirana isika avy eo. Miasa mafy ianao, miasa mafy ny Governemanta, miasa mafy ny Praiminisitra; andao mba hiaraka isika hijery an'izay fa tena sahirana izahay, Tompoko.

Ankoatran'izany, ny bokin'omby, tena manahirana amin'iny faritra iny kanefa mbola lafo koa izany. Tokony hojerentsika miaraka izay, Tompoko.

Farany, fantatro ny ezaka ataonao, Andriamatoa Praiminisitra, eo koa ny Governemanta. Amin'ity "projet" ity raha fijeriko azy, toa tsy misy "coaching". Tsy maninona satria efa niadiana hevitra tao amin'ny vaomiera hoe aza asiana "coaching" aloha, fa haingana loatra ny angatahantsika an'izany. Amin'ny manaraka, rehefa handany ny tetibola isika, hangataka "coaching" tsirairay avy mihitsy mikasika an'izay. Manaiky izahay, saingy ao amin' ny fampianarana; mitodika aminareo namako aho; namanay amin'iny Faritra Vakinankaratra iny ihany koa; tsy hiteny an'Antanifotsy intsony aho fa tena manahirana ny fampianarana any. Ny mpampianatra FRAM, tsy misy dabilio, fa mipetraka amin'ny tany ny mpianatra; na any ampiangonana aza, mbola mipetraka amin'ny tany. Tokony hojerentsika akaiky ny momba izany. Andao hiaraka isika mianadahy, Ramatoa Minisitra, satria tamin'ny izaho Minisitra dia hoy ianao hoe: andao mba hiaraka any isika. Efa lasa izany, fa amin'izao; mangataka anao aho, Ramatoa Minisitra, andao mba hiaraka any isika hijery ny zava-misy any an-toerana.

Misaotra, Andriamatoa Praiminisitra.

### **Ramatoa FILOHA**

Handray fitenenana farany, ny Solombavambahoaka MICHELLE Bavy Angelica, voafidy tao Fenoarivo Atsinanana.

### **Ramatoa MICHELLE Bavy Angelica**

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Manao mbola tsara, Andriamatoa Praiminisitra, tahaka izay koa ianareo mambran'ny Governemanta.

Sady manao fiarahabana ny vahoakan'i Fenoarivo Atsinanana izay mijery sy manaraka ny fahitalavitra amin'izao fotoana izao.

Voalohany, hita ary tena isaorana betsaka tamin'ny PGE teo satria anisan'ny tafiditra tao anatin'ny PGE ny RN5 izay mahavelom-bolo anay sahady ny fampidirana izany tao. Tsy handihy tsy afa-tavony anefa izahay raha ohatra mbola tsy manomboka ny zavatra.

Mikasika ny lalana notenenintsika teo; misy lalana izay efa noteneniko tamin' Andriamatoa Filoha hajaina Andry RAJOELINA tamin'ny fandalovany tany Vohilengo; lalana Fenoarivo Atsinanana-Sarahambana izay mampikaika ny vahoaka amin'iny Distrikin'i Fenoarivo Atsinanana iny izany. Lavitra andriana no azo itenenana azy. Rehefa manorana ny andro, sahirana ny vahoaka, indrindra amin'ny fitondrana marary.

Laharam-pahamehana any na "urgent" no itenenako azy satria ny lalana RN5 mbola tsy vita. Ny Distrikan'i Fenoarivo Atsinanana izay "Chef Lieu de Région" dia tsy manana "ambulance". Tamin'ny faha-26 Jona teo, nolokoina fotsiny ny "ambulance" satria hanao filaharana. Mba mangataka izahay, atao "urgent" mihitsy satria ny RN5 mbola tsy vita; na amin'io herinandro io, azo atao ny mandefa izany ho an'ny vahoakan'y Distrikan'i Fenoarivo Atsinanana, Tompoko.

Misaotra Tompoko.

Tsy latsak'izay koa ny mpamojoy voina; "Chef Lieu de Région" araka ny noteneniko teo kanefa tsy manana an'izany akory. Tsara raha jerena izay satria indraindray raha sendra misy trano may, misy tanàna may any aminay tsy misy "pompier" hamonjy voina.

Mikasika ny fitsarana; marina sady isaorana fa manana Tribonaly izahay kanefa tsy ampy ny mpiasan'ny fitsarana; tahaka izay koa ny fitaovana.

Mikasika ny fandriampahalemana; isaorana ianareo tamin'ny ezaka natao. Mamokatra lavanila ny Distrikan'i Fenoarivo hatramin'izay; sambany tamin'ity taona ity mba nioty an'izay hatsebohany izay ny tantsaha. Raha ny soso-kevitra avy aminay, satria any ifotony no jerena, tsara jerena ihany ireny "quartier mobile" ireny.

### **Ramatoa FILOHA**

Misaotra, Ramatoa Solombavambahoaka.

Misaotra antsika nanao fanamarihana sy nandray fitenenana teo.

Manao satroka ny Solombavambahoakan'i Tsaratanana, RATSIMANOSIKA Alexandre Andriamanantena.

### **Andriamatoa RATSIMANOSIKA Alexandre Andriamanantena**

Efa voatonona tao anatin'ny folo teo aho saingy voadingana angamba. Mbola tsy niteny aho.

## Ramatoa FILOHA

Omena anao ny fitenenana, Andriamatoa Solombavambahoaka.

## Andriamatoa RATSIMANOSIKA Alexandre Andriamanantena

Mba Solombavambahoaka ihany mantsy ny tena, ka manahirana raha tsy hiteny satria ity zavatra ity, mivantana amin'ny Televiziona Malagasy. Ny vahoaka any aminay koa mijery; jereny ny Solombavambahoakan'i Tsaratanana tsy mandray fitenenana akory kanefa nangataka fitenenana.

Iaraha-mahalala ny Distrikan'i Tsaratanana, fa dia Distrika sarotra lalana indrindra eto Madagasikara ary Distrika tena niharan'izany tsy fandriampahalemana izany teto amin'ity Nosy ity.

Ny PGE voalaza teo dia efa namaly tamin'ny ampahany an'izany olana mianjady aminay izany.

Isaorana, Andriamatoa Praiminisitra sy ireo mpiara-dia aminy tamin'ny famaliana ny olana mianjady any amin'ny Distrikan'i Tsaratanana izany.

Mitodika amin'ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena.

Raha sendra tafaresaka fohy izahay sy Andriamatoa Praiminisitra tamin'ny fotoan'androny, voalaza teo ny mikasika ny "Bataillon Opérationnel Avancé". Rehefa nifampiresaka tamin'ny Kaominina Bekapaika izahay, toerana hametrahana azy dia nilaza ny olona tany fa efa mandeha haingana dia haingana ny fametrahana ny "bataillon". Tsy fantattro raha misy fitohizany ny raharraham-panjakana ao amin'ny Minisitera ao.

Taty amin'ny tapany atsimon'i Tsaratanana, efa nisy ihany ny "compagnie" izay nifamatotra tamin'ny RM3 ao Andilamena, hapetraka any amin'ny farany atsimon'ny tanàna. Hatramin'izao io zavatra io, tsy mihetsika. Ny Miaramila hiara-hiasa aminy efa mivezivezy ao amin'ny Kaominina Brieville ary isaorana ny "Chromite Malagasy" nandray azy ireo.

Ny fotodrafitsara, Tompoko, mbola tsy miainga hatramin'izao; na efa herin-taona aza no nivoahan'io didim-panjakana io.

Manarak'izany, mikasika "Chromite Malagasy" manokana.

Diso eo anatrehan'ny vahoakanay ihany aho raha tsy mitondra ny hetahetan'ireo vahoaka ireo; herin-taona izay, nandalo fotoan-tsarotra ny orinasa "Chromite Malagasy". Nivezivezy ireo mpiasa ireo nitady vahaolana mikasika ny hamahana ny olana; hatramin'izao anefa tsy misy vahaolana hita. Ny zavatra heno farany, izahay taty Antananarivo, nanomboka tamin'ny faha-2 Jolay teo ka hatramin'izao, tsy misy intsony ny asa atao ao amin'ny orinasa "Chromite Malagasy" io; avokavoka mamelona ny Distrikan'i Tsaratanana sy ny tapany atsimo iray manontolo anefa io orinasa io. Mitodika aminao aho, Andriamatoa Minisitry ny Harena ankibon'ny Tany, mba hijery faran'izay maika ny olana mianjady amin'io "Chromite Malagasy" io satria mimenomenona loatra, mijaly ny vahoaka any amin'iny faritra misy anay iny.

Mitodika amin'ny Sekretaram-panjakana miadidy ny Zandarimariam-pirenena, mikasika ny "Brigade de Brieville" manokana; tantanan'ny Kaompanin'Ambatondrazaka. Raha ny tianay, mba tantanan'ny Kaompanian'i Tsaratanana io "brigade" io. Noho izany, mangataka izahay ny hiverenan'io any amin'ny Distrika misy anay.

Izay ihany, Tompokolahy sy Tompokovavy, fa hofaranako ny anjarako.  
Misaotra Tompoko.

### **Ramatoa FILOHA**

Misaotra Tompoko.

Izay angamba ny fandraisam-pitenenan'ny Solombavambahoaka.  
Hiroso amin'ny fandraisam-pitenenan'ireo solotenan'ny Vondrona isika izao.

Averina any amin'Andriamatoa Lehiben'ny Governemanta aloha ny fitenenana ary aorian'ny famalian'Andriamatoa Lehiben'ny Governementa ny fanontaniana teo, no miteny ny solotenan'ny Vondrona na ny Filohan'ny Vondrona Parlementera hanome soso-kevitra. Omena anao, Andriamatoa Lehiben'ny Governementa, ny fitenenana mba ahafahanao mamaly ireo fanontaniana nipetraka teo na koa ny fanamarihana na ireo hataka izay natao teo mba hampidirana azy ao anaty Politika Ankabopen'ny Fanjakana. Ianao no mahalala ny fomba handraisanao azy.

Tiako homarihana fa naroso teto amintsika ny fandaharan'asa; ny zavatra ilantsika tsy tafiditra tao anaty fandaharan'asa no angatahantsika hampidirina. Izay no tena votoatin'ny fotoanantsika androany. Ny fihaonan'ny Governemanta sy ny Solombavambahoaka, hafa koa iny. Amin'iny no ahafahana manao hoe: izahay nangataka an'izao sy izao. Ny angatahantsika izao dia ny hampidirana izay tsy tafiditra tao anaty fandaharan'asa. Koa hamaly ianao, Andriamatoa Praiminisitra, amin'ny fangatahana izay nataon'ny Solombavambahoaka amin'ny hampidirana ao anaty fandaharan'asa any amin'ny Distrika izay tsy tafiditra tao. Ianareo no mahafantatra ny fotoana hanaovana azy sy ny fanatanterahana izany.

Misaotra Tompoko.

- 6 -

### **- Fanampim-panazavana nentin'Andriamatoa Praiminisitra -**

**Andriamatoa NTSAY Christian, Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta**  
Misaotra indrindra, Ramatoa Filoha.

Voalohany indrindra, misaotra anareo rehetra izay nandray fitenenana ka nitondra fanamarihana, nitondra tsikera ary nitondra soso-kevitra ihany koa tamin'ny programan'asa ho fanatanterahana ny Politika Ankabopen'ny Fanjakana teo iny aho.

Ny tiako homarihana voalohany dia ny foto-pisainana nitondrana ny asa nandrafetana an'iny Politika Ankabopen'ny Fanjakana Teo amin'ny programan'asa fanantanterahana azy iny. Mahafantatra tsara isika fa tsy ao anatin'ny ora iray na ora roa no ahafahana sy handraisana ny zavatra rehetra hataon'ny Governemanta. Tsy ao anatin'ny ora iray na ora roa fotsiny ihany koa no ahafahana mizara amintsika rehetra ny zavatra maro isan-karazany izay hataon'ny Governemanta, ao anatin'izany ny departemanta tsirairay.

Ny zavatra azo ifampiresahana, ny lalana sy ny toe-tsaina nentina nandrafetana an'iny programan'asa iny no naseho teto. Zavatra tsotra no voalazako tao anatin'iny programan'asa iny.

Amin'izao fotoana izao, mandrafitra teti-pivoarana mba ahafahantsika mampandroso ny firenentsika isika. Ny "Plan Emergence de Madagascar" no teti-pivoarana haroso ary andalam-pandrafetana izany isika amin'izao fotoana izao.

Voalazako tao anatin'io programan'asa io, fa ao anatin'ny 5 taona no hanaovantsika ny "Plan Emergence de Madagascar". Izany hoe, ny taona 2019 hatramin'ny taona 2023. Ao anatin'izany fandrafetana ny "Plan Emergence de Madagascar" izany no ahitantsika ny valinteny maro tamin'ireny fanontaniana napetrakareo ireny; na tamin'ny soso-kevitra narsonareo teo koa. Ao ihany koa no ahitana ny pitsopitson'ny asa rehetra hataontsika ao anatin'ny 5 taona.

Ny tanjontsika, ho vita tanteraka ao anatin'ny volana vitsy ny fandrafetantsika izany "Plan Emergence de Madagascar 2019-2023" izany.

Ao no misy ny "chronogramme" rehetra. Mbola ao ihany koa no ahitantsika ny fomba ahafahantsika manatanteraka ary indrindra eo amin'ny famatsiam-bola an'iny "Plan Emergence de Madagascar" iny.

Ny zavatra faharoa tiako ifampiresahana amintsika; marina tokoa ny voalazanareo fa toa roa taona ihany no zavatra atao. Tsotra ny antony, miankina amin'ny tetibolam-panjakana ny fampitaovana amin'ny fanatanterahana izay programan'asa izay.

Efa eo am-pelan-tànantsikany tetibolam-panjakana izay nahitsy tamin'ity taona 2019 ity. Eo ampandrafetana ny tetibolam-panjakana, taona 2020 isika amin'izao fotoana izao. Izay no antony nahatonga anay nisafidy hoe izay zavatra hatao ao anatin'izay fe-potoana izay ihany no nentina teto.

Ao anatin'ny "Plan Emergence de Madagascar" no ahitantsika ny antsipirian'ireo zavatra hatao ao anatin'ny dimy taona. Izao anefa, noho ny antony ara-teknika, tsy nataonay tato anatin'ity programan'asa ity ny antsipiriany maro izay hazavaiko eo avy eo. Ohatra, hiresaka ny fanamboarana isika, indrindra ny asa hatao aminy mba ahafahantsika mampitombo ny voka-bary, fanajariana ny lemaka. Tsy ireo fotsiny no lemaka hohajariantiska, fa ho avo folohenin'izao ny lemaka hohajariana. Betsaka tamin'ireo lemaka nolazainareo teo no efa ao anatin'ny programan'asa, fa natao sisa sy ny sisa ny fitondrana azy teto satria raha tsy natao an'izay, mety ho 4 pejy na 5 pejy no itanisana izany.

Ohatra koa ny voalazanareo mikasika ny asa hataontsika hametrahana ny fahitalavitra, ny radio any amin'ny Distrika teo. Maro ny Distrika hahazo "emetteur" amin'izao fotoan'andro izao, fa tsy notanisaina tato izany. Maro ny zavatra azoko resahana mikasika ny antsipiriany izay somary nohafohezina tato anatin'ity programan'asa ity mba ho zavatra hitarafana ny ankabopen-javatra no hatao.

Malagasy daholo isika. Ny tiako ambara amin'izany, ho an'ny Malagasy tsy ankanavaka ny fampandrosoana hataontsika ary tsy hisy mihitsy toerana tsy itondrana fampandrosoana ao anatin'izao fanatanterahana ny Politika Ankabopen'ny Fanjakana izao. Ny fandaminana ny asa ihany no mila arindra amin'izay azo anaovana azy.

Tsotra ny zavatra tiako ambara ao ambadik'izany, hametraka ny fitsinjaram-pahefana isika. Efa voalazako teo ny lalan-tsaina hitondrantsika ny fitsinjaram-pahefana. Efa voalazako teo ihany koa ny ezaka hatao ao anatin'ny fotoana fohy sahady hanatanterahantsika izany. Ohatra, raha niteny aho teo hoe vola 1 Miliara Ariary no homena ny Faritra amin'ity taona ity; nampiako hoe: hisy fampitaovana homena ny Faritra izany.

Azo tarafina sahady, fa tokony hifandray amin'ny filàna sy ny laharam-pahamehana misy any amin'ny Faritra ny hampiasana izany vola izany. Ohatra, miteny matetika isika fa misy lalana na misy tetezana iray tsy mety vita tao anatin'ny taona maro kanefa ireny tetezana ireny mety 50 Tapitrisa Ariary any no hanaovana azy. Tokony ho afaka manapakevitra ny tomponandraikitra any amin'ny Faritra satria manana fitaovana ary afaka mandroso amin'ny fanatanterahana ny asa tokony hataony.

Dingana iray ahafahantsika mitondra vahaolana izay ary azo ampiharina any amin'ny Faritra rehetra misy antsika. Raha tiantsika tokoa ny hiasa haingana, tsy maintsy miditra ao anatin'ny fitsinjaram-pahefana isika satria tsy ho vitan'ny Fanjakana foibe ny hijery ny antsipirian'ny zavatra tena ilain'ny vahoaka any amin'ny Faritra rehetra any ka izy indray no hanapakevitra mikasika izany. Haka ohatra iray ho anareo aho; matetika teneniko izany ary horesahako aminareo izao: indray mandeha aho nandeha, tsy hoteneniko anareo ny Minisitera nandehanako vao tsy ela akory izay, tamin'ny herinandro lasa teo iny. Nivory niaraka tamin'ny Minisitra sy ny tomponandraikitra rehetra tao amin'io Minisitera io aho. Mihoatra ny 40 na 50 izy ireo nivory niaraka tamiko. Napetrako tamin'izy ireo ny fanontaniana tsotra hoe: iza taminareo no efa tany Kandreho; na iray tamin'ireo tomponandraikitra ireo mbola tsy nahita izany Kandreho izany. Napetrako indray ny fanontaniana hoe: efa nisy taminareo ve nandeha efa tany Besalampy.

Tsy nisy na iray aza. Ahoana no ahafahantsika mahafantatra ny laharam-pahamehana any amin'ny Distrika. Mbola tsy miresaka Kaominina isika, mbola tsy miresaka Fokontany isika; raha ohatra ny tomponandraikitra mpanapakevitra aza tsy mahalala akory na ny toerana na ny filàna misy any an-toerana.

- Tehaka -

Izay no ilazako amintsika, fa tsy azontsika ihodivirana intsony ny hametrahantsika eto amin'ny firenentsika ny fitsinjaram-pahefana raha tiantsika ny hihazakazaka amin'ny fampandrosoana ny firenentsika. Ao anatin'izany koa, tiako hametrahana lalan-kevitra mazava tsara amin'ny hitondrantsika fampandrosoana eo amin'ny lafiny fanamboarana fotodrafitsara amin'ny ankabobeny. Mametraka mazava tsara izany isika fa raha tsy misy fotodrafitsara; ohatra ny lalana dia tsy afaka mampandroso firenena izany isika satria tsy afaka mivezivezy ny entana, tsy afaka mivezivezy ny olona ary tsy afaka mametraka fandriampahalemana isika. Izany rehetra izany no ilazako amintsika, fa ezaka iombonana no ahafahantsika mamaha ny olona amin'ny ankabobeny. Ao anatin'izany politika hitondrantsika ny fitsinjaram-pahefana sy ny fanapariaham-pahefana izany no apetraka ny adidy sy andraikitra ary anjara asan'ny Fanjakana foibe. Inona kosa no apetratsika any amin'ny Faritra, any amin'ny Distrika, any amin'ny Kaominina ary any amin'ny Fokontany. Izay no zavatra tiako resahana amintsika ary ianareo izay misolotena ny vahoaka no tsy maintsy handany ny lalàna satria lalàna ny politika mikasika ny fitsinjaram-pahefana. Amin'izay fotoana izay, volavolan-dalàna no entina eto amintsika ao anatin'ny fotoana fohy. Tsy mihoatra ny roa volana ny tetiandro noeritreretin'ny Governemanta amin'izao fotoana izao.

Aorian'izay, hoentina ny volavolan-dalàna mikasika ny politikam-pirenena, ny fitsinjaram-pahefana ary ny fanapariaham-pahefana. Matetika naverimberintsika teo ny fandriampahalemana. Marina tokoa, fa olana goavana ary napetraka ho fanamby lehibe tao anatin'ny veliranon'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika ny tsy maintsy amerenantsika ao anatin'ny fotoana fohy ny filaminana sy ny fandriampahalemana. Antoky ny fahafahan'ny vahoaka Malagasy miasa sy miaina amin'ny toerana misy azy sy amin'ny toerana iveauzeny ny filaminana sy ny fandriampahalemana. Ataoko fa mazava amintsika ny politika vaovao izay hapetraka, indrindra any amin'ny tontolo ambanivohitra izay nametrahantsika ny "Zone Rurale Prioritaire de Sécurité" na ny ZRPS. Raha tsy mametraka rafitra vaovao eto anivon'ny firenena isika, mbola hiankina amin'ny rafitra taloha, ka ho sarotra ny fahafahantsika mitondra vahaolana amin'ny olana isan-karazany eo amin'ny fandriampahalemana. Izay no antony tsy maintsy anaovantsika "bataillons" maromaro. Rehefa nodinihana ny mikasika ny "degré de sécurité" na ny "niveau de sécurité" amin'ireo toerana ireo dia nametraka rafitra vaovao mikasika ny fandriampahalemana isika.

Miandalana ny fampitaovana ataontsika amin'ny fanatanterahana izany. Miezaka amin'ny zavatra rehetra azo ampiharina isika mba ahafahana mihetsika. Ny fisian'ny "opération coup de poing" no mahazatra antsika. Mety izany fa ny tokony ho izy, rehefa voafaritra ny toerana hitantsika fa mifandray amin'izao vanin'andro izao, eo amin'ny lafiny fandriampahalemana izany dia ny fampitaovana izay no ahafahantsika manana «mobilité géographique» ary mba ahafahan'ireo mpitandrofilaminana ireo tonga dia mitondra vahaolana amin'izay trangan-javatra miseho.

Lalan-tsaina vaovao no apetratsika na amin'ny fandriampahalemana eo amin'ny tontolo ambanivohitra izany na mikasika ny fiarovantsika ny sisin-tany sy ny fari-dranomasintsika. Ahoana tokoa no ieritreretana fa ny lalam-barotra andalovan'ny sambo maro isan'andro dia any atsimo kanefa tsy manana na «centre d'observation» iray aza isika amin'ny fiarovana ny sisin-tanintsika sy ny fari-dranomasintsika. Izay no mahatonga antsika tsy maintsy mametraka fomba fijery vaovao amin'ny famerenana ny fandriampahalemana ao anaty fotoana fohy. Ezaka tsy maintsy amafisintsika ny fampitaovana ireny "base" na "bataillon" ireny; raha Zandarimaria dia «Groupement» na «Compagnie» na «Brigade» no hapetraka.

Hiteny zavatra tsotra amintsika aho; tsy maintsy ahitantsika vahaolana hatrany ny toerana izay tsy misy fandriampahalemana. Fantatra fa tsy afaka miasa ny olona raha tsy misy fandriampahalemana. Matetika ary tsapa, nisy namana avy any Tsaratanana niteny teo ary mahalala izany tsara ny tenako satria tany aho njery ny zava-misy, fa tsy afaka miasa ny olona miaina ao anatin'ny tahotra sy tsy fisian'ny fandriampahalemana toy izany. Sanatrian'ny vava mety hamonoan'olona anao ny vokatry ny asa ataonao. Ohatra, nahazo volamena 5 na 10 grama ianao androany, tonga ny olona hangalatra azy rahampitso. Mampiditra vary 10 na 100 daba ianao, izay no hahafaty anao. Izay no mahatonga antsika tsy maintsy mamorona izao rafitra sy paikady vaovao izao, mba ahafahantsika mitondra vahaolana mikasika izany.

Ny zavatra fahatelo tiako ambara dia mikasika ny valan'aretina izay voalazantsika teo sy ny lafiny fahasalamana amin'ny ankapobeny mihitsy.

Fantatrareo tsara hatramin'izay fa maro ny vola nampiasaina tamin'ny fahasalamana amin'ny ankapobeny kanefa ianareo ihany no mahita ary namaly ny zava-misy.

Vola tsy toko tsy forohana no lany tao amin'ny tetibolam-panjakana kanefa isika ihany no mahita hoe aiza ny CSB tena mihodina, aiza ny CHD izay mahafa-po, aiza no misy CHU hitantsika fa tena mihodina amin'ny tokony ho izy. Isika no tokony hisafidy.

Voalohany, hametraka fotodrafitrasa isika amin'izao fotoana izao. Ny ezaka hataontsika, ampanakaikezina ny vahoaka ny fotodrafitrasa ary tsy maintsy mampihodina izany isika. Ao anatin'izany koa ny fanatsarana ny fotodrafitrasa efa misy.

Rehefa nojerena anefa ny nampiasana ny volam-panjakana, hita fa tsy nandeha tamin'ny tokony ho izy. Ohatra iray no horaisiko: tany Besalampy ny tenako njery ny "bloc opératoire" tao amin'ny hopitaly, tokony efa ho vita raha jerena ny taratasy; tonga tany anefa aho, tsy nisy "bloc opératoire" vita izany.

Tany Maintirano indray ny tenako njery hopitaly hatrany. Raha nojereko ny vola nampiasaina tamin'ny fanavaozana izany hopitaly izany tao anatin'ny telo taona farany teo, hita fa tena vola tsy toko tsy forohana. Raha nametraka fanontaniana isika hoe: faly amin'ny hopitalin'i Maintirano ve ny olona. Hohitanareo amin'izay fotoana izay, fa tsy faly ny olona satria tsy zarizary ary tena tsy manara-penitra na ny "centre de tri" na ny toerana fandraisana vonjy taitra.

Tsotra no tiako ambara amintsika, nisafidy hanao zavatra manaraka ny fenitra isika, ka izay no antony anaovantsika izao ezaka izao. Tsy hadino ny fampihodinana azy ireo, indrindra ny fanarenana izay efa misy. Raha tsy manao izany fanovàna izany isika, tsy misy zavatra hiova na kely mihitsy aza raha momba ny fahasalamana no resahana.

Ankoatran'izay, efa mipetraka amin'izao fotoana izao ny rafitra hijerentsika sy hitondrantsika vahaolana amin'ny valan'aretina na ny pesta izany na ny "ebola" satria fantatsika fa mirongatra ny "ebola". Noho izany, tsy maintsy mitandrina isika amin'ny olona mifamezivezy eto amintsika. Ao koa ny "rougeole" izay efa fantatsika ny mikasika azy.

Efa nojerena raha ny mikasika an'i Faratsiho ary tsy misy tokony hanafenana izany. Hita tamin'izany fa nisy «cas non confirmés» sy «cas confirmés» tamin'izany. Tsotra ny tiako ambara; mitarazoka ny fisian'ny aretina pesta eto amin'ny firenentsika, indrindra ny «peste bubonique». Efa fantatra koa ny toerana niandohan'ny aretina pesta ary efa mandray fepetra isika amin'izao fotoana izao. Tsy misy tokony hampanahy antsika mikasika izany satria efa miasa 24 ora amin'ny 24 ora ny rafitra itantanantsika izany amin'izao. Manana traikera isika tamin'ireo zavatra niseho tamin'ny taona 2017, indrindra ny fandrindrana ny asa ka nahomby izany taty amin'ny taona 2018. Ataoko fa rariny raha misy fanahiana mikasika izany; efa manana fanafody sy ekipa azo ahetsika mikasika izany isika.

Mikasika ny fampianarana sy ny fanabeazana amin'ny ankabobeny; azoko tsara ny ahiahintsika, azoko tsara ny olana apetrakareo amin'ny tsy fahampiana na ny EPP izany na ny CEG, ao ihany koa ny dabilio. Izay no nahatonga antsika tsy maintsy manao ezaka manokana mikasika ny dabilio satria mampalahelo, fa amin'izao vanin'andro izao, mbola misy zanaka Malagasy mipetraka amin'ny tany rehefa mianatra. Tsy rariny izany ary hita fa tokony hahasahana an'i Madagasikara manontolo izany ezaka izany. Tsy hoe hametraka na hanamboatra fotodrafitrasa toy ny sekoly na EPP fotsiny isika amin'izao fotoana izao. Izay no nataontsika satria maro ny toerana eto amintsika no efa ela no tsy nisy sekoly vaovao.

Sekoly hoy aho, fa tsy efitrano fianarana, sekoly vaovao namboarina na noforonina tamin'ireo toerana. Izay no antony mahatonga antsika miteny hoe: misy sekoly vaovao 12, efitrano fianarana 24 sy ny sisa sy ny sisa.

Aza manahy isika fa hojerena akaiky ny fanatanterahana ny programan'asa napetraka. Amin'ny alalan'ny fifampiresahana ireo filàna misy no hanaovana izany. Olombelona no nanao azy io ary olombelona ihany koa no hanitsy azy raha misy mety.

Ankoatran'izay, niteny mikasika ny jiro sy rano isika; miara-manaiky fa mila ezaka maro tokony hatao momba ny jiro sy rano satria ireo no fototry ny fampandrosoana amin'ny maha olombelona na ny ara-toekarena koa.

Misandrahaka amin'ny zavatra maro ny ezaka atao amin'izao fotoana izao ary vinan'ny Filohan'ny Repoblika ny hampiakarana avo roa heny ny famokarana jiro eto amintsika. Raha ohatra 400 MW eo ho eo ny famokarana amin'izao fotoana izao, hampiakarina 800 na 1°000 MW izany. Efa nambara tao anatin'ity programan'asa ity ny ezaka hatao, ka tsy maintsy arenina aloha ny JIRAMA.

Efa betsaka ny zavatra noresahana mikasika ny JIRAMA, ka tsy iverenako intsony; na ny fitantanana na ny trova miavosa ao aminy. Ampahafantariko anareo, fa mihoatra ny 1°000 Miliara Ariary ny trova ao amin'ny JIRAMA amin'izao fotoana izao. Mila fomba fijery vaovao izany rehetra izany, ka tsy maintsy ametrahantsika vahaolana maharitra mba tsy hiverenan'izany olana izany intsony. Ao anatin'izay tontolo saroatra izay ihany koa no tsy maintsy amahantsika ny olana mianjady amin'ny mponina andavan'andro ary tafiditra ao anatin'izany ny jiro. Voalazantsika fa efa misy programan'asa amin'izao fotoana izao mba ahafahantsika mamokatra jiro avy amin'ny rian-drano.

Misy fandaharan'asa famokarana jiro avy amin'ny masoandro. Misy koa fampiasana ny "centrale thermique" toy ny mahazatra antsika. Hampiasa ny "fuel lourd" isika mba hialana amin'ny fangalarana ny solika sy hampihenana ny sarany. Tetika efa apetratsika, amin'izao fotoana izao izany mba ahafahantsika mitondra vahaolana mikasika ny jiro.

Mila fahaiza-mitantana eo anivon'ny JIRAMA anefa izany satria izy ireo no hanampy amin'ny fanatanterahana ny asa sy ny fitantanana ny vokatra azo avy amin'ny famokarana jiro eto amintsika.

Mikasika ny rano manokana, olana goavana eto amintsika izy io ary miara-manaiky izany isika. Antony iray lehibe mahatonga izany ny fanapotehantsika ny ala misy eto amintsika. Noho izany, mila mahay miara-miasa isika. Ianareo misolotena ny vahoaka ary ny Mpanatanteraka kosa, ny Governemanta. Tokony hiara-manaiky isika, fa ny fanapotehana ny ala no mahatonga ny tsy fahampian'ny rano eto amintsika. Noho izany, tsy tokony hisy olona hiaro ny mpamotika ny ala satria manimba firenena izany. Fantatsika tsara, fa tsy misy ny rano rehefa potika ny ala. Mila mijoro sy sahy isika amin'ny tsy tokony hiarovana ireo olona na vondron'olona manimba ala.

Faharoa, misy ezaka manokana andrasana amin'ny JIRAMA amin'ny ankabopeny.

Raha mikasika ny eto Antananarivo, efa nanomboka njery vahaolana maharitra isika raha vao nanomboka ny taona. Amin'izao fotoana izao, manao famokarana ao amin'ny ranon'lkopa isika mba hijerena ny faritra Atsinanan'Antananarivo. Eritreretina ho vita amin'ny faran'ity volana ity ny fotodrafitsara ahafahana mijery sy mitondra vahaolana mikasika ny faritra Ambohimangakely sy iny faritra Atsinanana rehetra iny.

Mikasika ny ao Atsimondrano, efa manomboka ny “forage”, indrindra ao Avarabohitra-Itaosy sy ny manodidina; heverina ho vita ao anatin’ny fotoana fohy sy hahitana vahaolana ny mikasika izany. Efa mandeha ny fanadihadiana sy ny fandinihana mikasika ny hanaovana foto-draftrasa telo hafa, toy ny any Ambohidrapeto, any Ivato sy ny manodidina an’i Sabotsy-Namehana sy ny sisa. Tokony hahavita fotodraftrasa dimy isika mba ahafahantsika mitondra vahaolana.

Ankoatran’izay, fantatsika fa efa trrainy ny “réseau” eto Antananarivo. Efa misy tetikasa hapetraka mba ahafahana mitondra vahaolana maharitra amin’ny fanavaozana ny “réseau de distribution” rehetra eto Antananarivo.

Olana sedraintsika amin’izao fotoana izao ny tsy fahampian’ny rano amin’ny faritra maro. Efa mitondra vahaolana vonjy maika isika ary eritreretina fa hanampy antsika ireo vahaolana vonjy maika ireo. Tanjontsika ny hamokarana  $100 \text{ m}^3$  isan’ora any amin’ny faritra atsinanana sy amin’ny faritra Itaosy. Amin’izay fotoana izay, afaka mitondra vahaolana haingana isika, mba ahafahana mamaha ny olana misy eo amin’ny mponina mipetraka amin’ireny toerana ireny satria tsy ampy tokoa ny famokarana rano eto Antananarivo.

Manana olana mitovy amin’izany koa any amin’ny faritra. Ohatra, any Mahajanga, any Antsiranana ary any amin’ny renivohi-paritany rehetra. Ankoatran’izay, misy olona koa any amin’ny Renivohitry ny Distrika maro. Efa voatanisa ato ny fandaminana hataontsika mikasika azy ireo.

Tena miezaka ny Governemanta handrindra ny asa amin’ny famokarana ny jiro sy rano eto amin’ny firenentsika. Tsy maintsy mitondra vahaolana isika, indrindra ny Governemanta, mba ahafahana mampihena ny tebitebin’ny olona momba ny tsy fahampian’ny jiro sy rano eto amintsika.

Teboka iray hifampiresahantsika ihany koa ny Dina. Fantatsika fa mametraka ny fifampitokisana eo amin’ny fiarhamonina ny Dina. Haroso sy efa handeha ho-“homologuer” izany. Ny olana matetika, ny mpiray Dina dia mbola tsy manavao ny mpitantana ary indraindray koa tenenin’ny olona maro, fa miray tsikombakomba amin’ny olon-dratsy ny tomponandraikitra amin’izany. Mametraka mazava tsara ny fitondram-panjakana, fa manaiky ny Dina “homologué” ary tsy misy antony tokony tsy hanatanterahana izany. Fifampiresahana eo amin’ny tomponandraikitra sy ny Governemanta ary izay rehetra voakasik’izany no hamahana izay olana madinidinika mipetraka. Olana mety hipetraka amin’izao fotoana izao, ny mikasika ny kalone na jama na jado. Tsy mbola misy lalàna mamaritra tsara ny anjara andraikitra sy ny fahefana amin’ny fampiasana azy ireo.

Tany Ambatofinandrahana ny tenako ary niteny ny olona tany, fa nisy fandaminana eo amin’ny fiarhamonina nahafahana nanampy tosika ny famerenana ny fandriampahalemana. Nisy koa tany Manandriana; nahatsapa ny olona fa ilaina ny fifampitokisana, nisy ny fampihetsehana ary ny fandraisana anjaran’ny tanora amin’ny resaka fandriampahalemana. Ny zavatra hatao dia tsy maintsy mametraka lalàna sy rijanteny mikasika an’izany isika.

Tranga iray tany Betsiboka no ato an-tsaiko amin’izao; nivadika ho jiolahy na dahalo ireny tanora efa niasa tamin’ny sehatry ny fandriampahalemana ireny rehefa tsy voafehy intsony satria mahafantatra tsara ny firafitry ny fiarhamonina sy ny olona ao an-toerana izy ireny. Noho izany, tsy maintsy mitandrina mba tsy hiverenan’izany zavatra izany intsony.

Izay no isaorako ireo mpitandrofilaminana satria amin'ny toerana misy ireny kalone na jama na jado ireny dia niezaka nanofana sy njery ny fomba tsy hisian'ny fioharana ataon'ny olona na vondron'olona efa niasa tamin'ny filaminana ny mpitandrofilaminana.

Mikasika ny Dina mbola tsy "homologué", misy izany sady efa nolazaiko tamin'ireo nametraka fanontaniana teo ny tokony ho lalana arahina mba ahafahana miroso amin'ny "homologation"-ny satria tsy azontsika atao ny famonoana olona. Tsy mamela antsika hamono olona ny lalàna, koa anjarantsika no mijery ny fepetra tokony hapetraka mba ahafahana manana Dina mifandray amin'ny filan'ny vahoaka sy manaja ny zon'olombelona ary manaja ny didy aman-dalàna manan-kery eto amintsika.

Mikasika ny fandriampahalemana ihany no teboka farany horaisiko.

Miara-manaiky isika fa ilaina ny fisian'ny fifampitokisana eo amin'ny mpitandrofilaminana sy ny vahoaka; ilaina ny fifampitokisana eo amin'ny fitsarana sy ny vahoaka; ilaina ny fifampitokisana eo amin'ny mpitondra any an-toerana sy ny vahoaka. Raha voarindra tsara izany fifandrindrana asa izany, afaka mamerina ny fandriampahalemana haingana isika.

Mampanantena anareo aho fa misokatra ny Governemanta amin'ny dinika sy ny fandraisana an'ireo izay manana zavatra tiana hampitaina aminay. Noho izany, mila arindra izay zavatra izay ary manaiky koa aho, fa mbola mety mitavozavoza izahay eo anivon'ny Governemanta amin'izay fifandraisana izay.

Efa noresahana ireo Minisitra ireo amin'ny tokony handaminana ny fandraisana anareo Solombavambahoaka mba ahafahanareo mahatsapa fa iray lalana tokoa isika.

- Tehaka -

Hitondra "efficacité collective" ho antsika izany fomba fiasa izany satria tsy mbola nisy nahita tombony mikasika ny fomba fiasa misampantsampana izany. Ny fiaraha-miasa no lalana mahomby hirosoantsika amin'ny fijerena vahaolana maro isan-karazany amin'ny alalan'ny fampandrosoana ny firenentsika.

Mankasitraka Tompoko.

- Tehaka -

### **Ramatoa FILOHA**

Misaotra sy mankasitraka, Andriamatoa Praiminisitra, tamin'ny fandraisanao ny fitenenana teo.

Hiroso amin'ny fandraisam-pitenenan'ny solotenan'ny Vondrona Parlemantera indray isika izao. Araka ny voalazan'ny andininy faha-99 ao amin'ny Lalàmpanorenana, hanolotra tolo-kevitra izy ireo; koa iangaviana ianareo Vondrona Parlemantera efa vonona amin'izany mba hanatitra ny anaranareo etì anoloana.

Miangavy anao mba tsy handray fitenenana aho, Andriamatoa Solombavambahoaka, raha tsy mahazo izany.

Omena fitenenana ny Vondrona Parlemantera GPUR.

- 7 -

**- Fandraisam-pitenenan'ny Vondrona Parlemantera -**

**Andriamatoa MAMANGY Norbert**

Misaotra anao, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Andriamatoa Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta. ianareo Minisitra sy isika Solombavambahoaka. Ao anatin'ny Fitsipika Anaty mifehy antsika no anton'ny fandraisam-pitenenanata on'ny Vondrona Parlemantera.

Mankasitraka Tompoko.

Ny Vondrona Parlemantera GPUR na ny "Groupe Parlementaire Uni pour la République" dia miala tsiny, fa lasa namita iraka ny Filohany amin'izao fotoana izao, ka ny mpitondrateny no mandray ny fitenana eto.

Andriamatoa Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta sy ianareo mpikambana ao anatin'izany Governemanta izany; Solombavambahoaka voafidy tamin'ny antoko tsy miankina tany amin'ny fari-pifidianana nisy anay izahay. Rehefa tonga tato amin'ny Antenimierampirenena izahay, voafaritry ny lalàna mihitsy ny fisian'ity Vondrona Parlemantera GPUR ity.

Ramatoa Filoha, ambaranay eto fa afovoany no misy anay. Izany hoe, mitondra ny anjara birikinay eo amin'ny fampandrosoana ity firenena ity izahay ary vonona ny hifanome tànana amin'izany rehetra izany.

Mitondra fanitsiana ihany koa izahay amin'ireny zavatra rehetra voateny teo ireny. Tsy midika anefa izany fa mpanohitra izahay rehefa manitsy saingy mba ahafhana mametraka arofanina amin'ny fitantanana ny firenena no anaovana izany.

Manambara izahay Vondrona Parlemantera GPUR izay tarihin'ny Filohanay, fa vonona hifanome tànana amin'ny Governemanta sy ny fitondram-panjakana amin'ny fitondrana ity firenentsika ity satria tombotsoa iaraha-manana izany. Manindry koa izahay ary misaotra tamin'ny fanapanahan-kevitra noraisin'ny Governemanta amin'ny hanatanterahana ny fifidianana izay ho Ben'ny Tanàna amin'ny farany volana Novambra ho avy izao.

Ambaranay Vondrona Parlemantera GPUR fa takianay ny hisian'ny fifidianana mangarahara sy handraisany herivelona rehetra anjara.

Alohan'ny farany, Andriamatoa Praiminisitra, eo amin'ny lafiny fandriampahalemana; mitodika manokana amin'ny Minisitry ny Foloalindahy izahay: mahatsapa izahay Vondrona Parlemantera GPUR, fa miparitaka loatra ny lamban'ny mpitandrofilaminana eny an-tsena sy eny amin'ny olon-tsotra hany ka manano sarotra ny fitadiavana ny marina. Tsy fantatra intsony ny manavaka izay tena mpitandrofilaminana sy ny jiolahy. Efa misy lalàna mipetraka eto amin'ny firenena, ka ampirisihanay ny hanohizana izany satria fomba entin'ny mpanao ratsy handotoana ny mpitandrofilaminana ireny akanjo miparitaka ireny. Miala tsiny fa mitondra teny izahay no eto.

Torahanay voninkazo ianao, Ramatoa Minisitry ny Fanabeazana, tamin'ny ezaka nataonao mikasika ny fanitsiana ny tetiandrom-pampianarana. Mankasitraka iny fanapahan-kevitra noraisinao iny izahay Vondrona Parlemantera GPUR.  
Porofon'izany, omenay tehaka mirefodrefotra ianao.

Farany, ho an'ireo Minisitra mpikambana ao amin'ny Governemanta rehetra; mahatsapa izahay Vondrona Parlemantera GPUR, fa somary miavonavona ny "Secrétaire particulière" amin'ireny Minisitera ireny rehefa mba manatona anareo any izahay. Tsy izahay irery no mahatsapa izay, fa ao ireo Solombavambahoaka namanay hanamarina izany. Mitovy amin'izany ihany koa no atao'ireo Minisitra sasany. Tsy misy firaharahiana ary matetika koa izahay tsy omena sezä. Atao ankilabao izahay, mahatsapa izany koa isika. Ianareo ato anatin'ity efitrano ity mety tsy hahita izany, fa izahay Vondrona Parlemantera GPUR no tena mahatsapa izany. Miangavy izahay, mba hotenenintsika ireny "Secrétaire particulière" ireny. Rehefa mangataka fotoana any aminareo izahay; manaraka ny fandaminana ataonareo kanefa matetika tsy misy fanomezan-danja anay olom-boafidy.

Tsy hitanareo izany satria ao anaty birao ianareo, fa izahay aty ivelany. Raha aravona, azo lazaina fa ireo "Secrétaire particulière" ireo no mitovy amin'ny Minisitra izay andehananay. Ny fiavonavonana, manginy fotsiny; izahay tsy omeny sezä ipetrahana, tsy fantray na manao "facebook" na mijery "vidéo" izy, fa na ny endrikay aza tsy jereny akory. Tena marina izany zavatra teneninay izany. Koa miangavy anareo mba tsy hatao tahaka izany izahay Solombavambahoaka.

Maniry izahay ny hanokanan'ny Minisitera tsiraiaray avy andro iray ao anatin'ny herinandro, mba handraisanareo anay Solombavambahoaka, ka amin'izay fotoana izay, afaka manatona any izahay ary hifanakalo hevitra sy hitondra ny hetahetanay.

Hamaranana azy, misaotra an'Andriamatoa Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta sy ny Minisitra rehetra.

Misaotra manokana ny Biraô Maharitra nanome anjara fitenenana anay.

Misaotra Tompokolahy.

Misaotra Tompokovavy.

### **Ramatoa FILOHA**

Misaotra ny Vondrona Parlemantera GPUR.

Mandray anjara fitenenana manaraka, ny Vondrona Parlemantera TIM.

### **Andriamatoa RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle**

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Manantitra ny fisaorana ho an'Andriamatoa Praiminisitra.

Voatazona noho ny andraikitra ao anatin'ny antoko ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera TIM ka ny mpitondrateny no mandray ny fitenenana eto anoloanareo.

Mankasitraka tamin'ny teny nataon'Andriamatoa Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta amin'ny hisian'ny fiaraha-miasa eo amin'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta sy izahay ato amin'ny Antenimierampirenena, indrindra izahay amin'ny ankolafy mpanohitra. Nisafidy ny ho mpanohitra izahay Tiako I Madagasikara araka ny lalàna nataon'ny mpitondra amin'izao fotoana izao ary miandry ny didy fampiharana izay mbola tsy navoakan'ny Governemanta hatramin'izao.

Androany no notanterahina ny fifidianana izay ho Filohan'ny antoko mpanohitra, ka rehefa vita izany, Andriamatoa RAVALOMANANA Marc no lany tamin'ny fomba ofisialy ho Filohany. Marihana fa ny vondron'ny mpanohitra no nanao izay fifidianana izay.

Mahatsikaritra sy mahatsapa izahay Solombavambahoaka ato amin'ny Antenimierampirenena, indrindra izahay Vondrona Parlemantera Tiako I Madagasikara, fa misy manao fanahy iniana amin'ny tsy hisian'ny fivelaran'ny fanoherana eto Madagasikara. Andriamatoa Lehiben'ny Governemanta; miangavy anao mba hametraka tsara ny atao hoe demokrasia marina eto amin'ity firenentsika ity.

Matoky izahay Vondrona Parlemantera Tiako I Madagasikara, fa olona “démocrate” ianao ary ho “démocrate” hitovy aminao ihany koa ny Governemanta izay tarihinao ary hahazaka tsikera sy fanoherana araka ny teny nataony Filohan'ny Repoblika manao hoe:  
“Avelako hanohitra malalaka Adriamatoa RAVALOMANANA Marc raha izaho no lasa Filohan'ny Repoblika”.

Fanirianay Vondrona Parlemantera Tiako I Madagasikara ihany koa ny hipetrahan'ny fanoherana araka ny tokony ho izy, araka ny lalàna ary tsy hanao fanoherana bontolo izahay fa hanaraka izay lalàna mifehy ny fanoheranana izay. Tsy tokony hisy izany hevitra hafahafa na fanahy iniana sadasada mety hanohintohina ny fahafahan'ny antoko politika manohitra eto amin'ny firenentsika izany. Izay no fanirianay Vondrona Parlemantera Tiako I Madagasikara.

Ny antoko, Tompoko, no manohittra, izay zavatra izay no tianay hapetraka sy atsidikay aminareo fahefana Mpanatanteraka.

Mikasika ny satan'ny Solombavambahoaka; matoa betsaka ny Solombavambahoaka mitaraina, ny namana ao amin'ny Vondrona Parlemantera GPUR vao niteny teo mikasika ny fomba fandraisana Solombavambahoaka any amin'ny Fahefana Mpanatanteraka. Mahatsapa izahay fa mbola tsy mipetraka amin'ny toerana tokony maha izy azy ny Solombavambahoaka. Noho izany, sady tsy fangatahana no tsy fiangaviana ity, fa fanomezana soso-kevitra ho anareo Fahefana Mpanatanteraka mba hametrahanareo amin'ny toerana tokony hisy azy ny Solombavambahoakan'i Madagasikara. Olom-boafidy avokoa izahay 151 ato anatin'ity Lapa ity kanefa mahagaga, fa araka ny rijan-teny, manamaivana ny vahoaka nifidy anay izany zavatra izany. Mino sy manantena izahay, fa hanatanteraka ny andraikitra sahaza anareo ianareo Fahefana Mpanatanteraka sady hametraka anay amin'ny toerana tokony hisy anay amin'ny maha mpanara-maso ny asan'ny Fahefana Mpanatanteraka anay. Ho hitan'ny vahoaka taratra amin'izay, fa ho tody amin'ny tanjona iriany ny safidy izay nataony tamin'ny fifidianana. Matoa izy nisafidy anay ho Solombavambahoaka, hanara-maso ny Fahefana Mpanatanteraka izany no tokony ho asanay. Raha tsy tonga amin'izany toerana tokony hisy anay izany izahay, iza no hanara-maso anareo ary ho aiza ity firenentsika ity.

Mino izahay fa hisaraka tsara ny fahefana misy eto amin'ny firenena. Izany hoe, ny Fahefana Mpanatanteraka sy ny Fahefana Mpanao Lalàna ary ny Fahefana Mpitsara.

Misaotra Tompokolahy.  
Mankasitraka Tompokovavy.

### **Ramatoa FILOHA**

Misaotra ny Vondrona Parlemantera Tiako I Madagasikara isika.  
Ny Vondrona Parlemantera IRD na solotenan'ny Filohan'ny vondrona no mandray fitenenana manaraka.

### **Andriamatoa DJAOSERA Irénée**

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Andriamatoa Praiminisitra sy ianareo mpikambana ao amin'ny Governemanta.  
Misolotena ny Vondrona Parlemantera IRD ny tenako sady mitondra feo ho an'ny Solombavambahoaka IRD rehetra manerana an'i Madagasikara.

Raha ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana no resahana, Andriamatoa Lehiben'ny Governemanta, fanatanterahana ny vina izay nifanaraharan'ny Filohampirenena tamin'ny vahoaka no antom-pisiany.

Andriamatoa Praiminisitra, efa ela no niatrehanay ny fanolorana PGE sahala amin'izao. Tamin'ity indray mitoraka ity, Andriamatoa Praiminisitra, hafahafa satria tsy nisy PGE tsara miohatra noho ity hatramin'ny nahitako izany fanolorana izany tato.

- Tehaka -

Tsara ity PGE ity satria nahoana; telo ambiny folo (13) no velirano napetraky ny Filohampirenena; hita taratra tato daholo izany velirano izany ary tsy mampandainga ny Filohampirenena ny Governemanta napetrany. Izany hoe, afa-po ary tsy diso hevitra izahay Solombavambahoaka IRD nanolotra anao Andriamatoa Praiminisitra. Tsy diso hevitra ihany koa Andriamatoa Filohampirenena nanendry anao Andriamatoa Praiminisitra.

Andriamatoa Praiminisitra, resy lahatra sahady izahay tamin'ny fanazavana voalohany natolotrao ary vao maika mazava ny PGE tamin'ny nanampianao fanazavana teo. Mino izahay, fa mandry ivohan'ny vato ny vahoaka Malagasy hiandranda fampandrosoana vokatr'ity PGE ity. Noho izany, miangavy izahay mba horaisina tanteraka sy hampidirina ao anatin'ity PGE ity ireo fangatahana nataon'ny Solombavambahoaka teo, mba ho fanatsarana azy. Tsy fanankianana fa fanatsarana izany; indrindra fa ny fankasitrahana ny Dina napetrakao teo raha ny fandriampahalemana no asiana teny.

Tompokolahy sy Tompokovavy, tsy ho lava resaka aho satria fanolorana ny PGE no natao. Manome toky anao izahay, Andriamatoa Praiminisitra miaraka amin'ny Governemanta izy tarihinao, fa tena hanolo-tànana sy hiara-hiasa ary hanatanteraka ny vina napetraky ny Filohampirenena voalaza ato anatin'ity PGE ity isika.

Tompokolahy sy Tompokovavy, mankasitraka sy mankatelina. Matoky ny Solombavambahoaka rehetra fa hotanteraka ny zavatra voalaza ato anatin'ity PGE natolotry ny Governemanta ity.

Misaotra Tompoko.

### **Ramatoa FILOHA**

Misaotra ny Vondrona Parlemantera IRD isika tamin'izay teny nataony izay.

Hofaranantsika ny fotoana androany satria tsy misy manan-kolazaina intsony.

Mbola mamerina sy manantitrantitra ny fisaorana feno an'Andriamatoa Praiminisitra sy ny mpikambana ao amin'ny Governemanta tamin'ny fahafoizanareo fotoana niarahana nitafa sy niarahana nidinika taminay teto.

Manantena sy matoky ny fanomezan-toky nataon'Andriamatoa Praiminisitra amin'ny fiaraha-miasa malalaka amin'ny Governemanta isika, ka tsy ho rano raraka an-tany ireny rehetra nambara teto ireny, fa mba hahazoantsika vokany any aoriania.

- 8 -

### **- Fiatoan'ny favoriana -**

### **Ramatoa FILOHA**

Mialohan'ny hiatoan'ny favoriana, tiako ny mampahatsiahy antsika, fa amin'ny Alatsinainy faha-19 Agositra 2019, amin'ny 9 ora, maraina, hisy ny favoriambe handinihana sy handraisana fanapahan-kevitra mikasika ny "proposition de résolution n°01-2019/R" izay manao ny fanitsiana ny Didim-pitondrana mikasika ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena izay natolotry ny Solombavambahoaka HENRI Jean Michel sy ny namany.

Manentana antsika Solombavambahoaka ho tonga mavitrika hanatrika io favoriambe io.

Heveriko angamba fa tsy ilaina ny anaovana fandaniana ny PGE satria tsy voalaza ao amin'ny Lalàmpanorenana izany. Raha ny andininy faha-99 ao amin'ny Lalàmpanorenana mantsy no itondrana ny "Politique Générale de l'Etat" eto, voalaza ao fa: «Dans les trente jours de sa nomination, le Premier Ministre présente son programme de mise en œuvre de la politique générale de l'Etat au Parlement qui peut émettre des suggestions».

Noho izany, manome soso-kevitra ihany isika, fa tsy voalaza ato amin'ny andininy faha-99 izay ijoroan'ny Praiminisitra sy ny mambran'ny Governemanta eto hoe mila tsangan-tànana ny fanolorana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana. Rariny loatra izany raha aatontsika ny favoriana.

Mitsodrano ny Praiminisitra sy ny mambran'ny Governemanta tarihiny hanatanteraka ireo asa sy fampanantenana izay nomeny teo ireo isika, koa mifanao fotoana amin'izy ireo indray amin'ny fotoam-pivorian parlemantera manaraka. Amin'izay fotoana izay no hanao ny asantsika izay tsy inona fa "évaluation et contrôle" momba an'io politika io isika Solombavambahoaka.

Koa tsofina rano ianareo, Andriamatoa Praiminisitra sy ny mpikambana ao amin'ny Governemanta.

Mifampitaona kosa isika Solombavambahoaka amin'ny Alatsinainy faha-19 Aogositra amin'ny 9 ora, maraina, satria amin'izay no hanao ny fandinhana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny fanitsiana ny Fitsipika Anaty hifehy ny Antenimierampirenena.

Miato hatreo ny fivorantsika.  
Misaotra Tompoko.

- Lakolosy -

Niato tamin'ny 6 ora sy 40 minitra, hariva, ny fivoriana.



## FIZAHAN-TAKELAKA

	Pejy
- Fitohizan'ny fivoriana .....	01
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	01
- Famakiana ny andininy faha-99 ao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny andininy faha-171 ao amin'ny Fitsipika Anaty .....	01
- Teny nataon-dRamatoa MICHELLE Bavy Angelica .....	01
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	02
- Fiantsoana anarana .....	02
- Teny nataon'Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré .....	02
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	02
- Fanolorana ny PGE nataon'Andriamatoa Praiminisitra .....	02
- Teny nataon'Andriamatoa NTSAY Christian, Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta .....	02
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	26
- Fanomezana soso-kevitra sy fanamarihana nataon'ny Solombavambahoaka .....	26
- Teny nataon'Andriamatoa AFAKANDRO Alphonse .....	26
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	27
- Teny nataon'Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle .....	27
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	28
- Teny nataon'Andriamatoa ANDRIANO Giscard .....	28
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	28
- Teny nataon'Andriamatoa ANDRIAMANJATO Liantsoa Bina .....	28
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	29
- Teny nataon'Andriamatoa RAPHAELIEN Solofoniaina Emilien Narson .....	29
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	30
- Teny nataon'Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré .....	30
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	30
- Teny nataon-dRamatoa RAHELIHANTA Jocelyne .....	30
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	31
- Teny nataon-dRamatoa ANGELE Solange .....	31
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	32
- Teny nataon'Andriamatoa ANDRIATAHINANOMENJANA HARY Felicien .....	32
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	33
- Teny nataon'Andriamatoa ANDRIANJANA HARY Fanomezantsoa .....	33
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	34
- Teny nataon-dRamatoa RAHARIMAMPIONONA .....	34
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	34
- Teny nataon'Andriamatoa RANDRIANARIVELO Justin Abel .....	34
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	35
- Teny nataon'Andriamatoa DINAH Romual .....	35
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	36
- Teny nataon'Andriamatoa RAZANADRABEARIMANANA Jacques Aurelien .....	36
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	37
- Teny nataon-dRamatoa VOAHANGINIRINAZAFIMADIMBY Marie Laurette .....	37
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	37

- Teny nataon'Andriamatoa RAMILISON Ange Richard .....	37
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	38
- Teny nataon'Andriamatoa RANDRIANASOLO Augustin .....	38
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	39
- Teny nataon'Andriamatoa RAVENASY Jean Emanielson .....	39
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	40
- Teny nataon'Andriamatoa RAJOELINA Andriami-harimanana Seth .....	40
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	41
- Teny nataon'Andriamatoa ROI LAHY .....	41
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	42
- Teny nataon'Andriamatoa RAJOELINA Andriami-harimanana Seth.....	42
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	42
- Teny nataon'Andriamatoa RAHOLIDINA Naivo Herinantsoina .....	42
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	42
- Teny nataon'Andriamatoa RAKOTOMALALA Lucien .....	42
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	43
- Teny nataon'Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène.....	43
- Teny nataon'Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré .....	43
- Teny nataon'Andriamatoa RAZANADRABEARIMANANA Jacques Aurelien .....	43
- Teny nataon'Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré .....	43
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	43
- Teny nataon'Andriamatoa RAZAFINANDRASANA Raulan .....	43
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	44
- Teny nataon'Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina .....	44
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	44
- Teny nataon-dRamatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore .....	44
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	44
- Teny nataon'Andriamatoa VELOMAHAZO Patrice.....	44
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	45
- Teny nataon'Andriamatoa ANDRIANANDRASANA Norbert Marie Ignace .....	45
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	46
- Teny nataon-dRamatoa MAMIZARA Yasmirah Loeticia .....	46
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA.....	47
- Teny nataon'Andriamatoa RAMENASON Rio Merci .....	47
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	48
- Teny nataon-dRamatoa RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine.....	48
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	49
- Teny nataon'Andriamatoa MAMIHAJA Charlot .....	49
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	50
- Teny nataon'Andriamatoa FIAROVANA Lovanirina Celestin .....	50
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	51
- Teny nataon'Andriamatoa IDEALSON .....	51
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	52
- Teny nataon'Andriamatoa FERNAND Jeannot .....	52
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	53
- Teny nataon-dRamatoa RICHARD Tsimahalefy Alexandrine .....	53
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	53

- Teny nataon-dRamatoa RICHARD Tsimahalefy	Alexandrine .....	53
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	54	
- Teny nataon-dRamatoa JOHASY RAHARISOA	Eléonore .....	54
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	55	
- Teny nataon-dRamatoa RAFENOMANANTSOA	Tsirimaharo Ny Aina .....	55
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA.....	56	
- Teny nataon'Andriamatoa RAZAKANDRAINY	Henri Dominique .....	56
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	57	
- Teny nataon'Andriamatoa VONINAHITSY	Jean Eugène.....	57
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	57	
- Teny nataon-dRamatoa RAHERIARIJAONA	Régina Clarisse .....	57
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	58	
- Teny nataon'Andriamatoa RAHOLIJAONA	Harson .....	58
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	59	
- Teny nataon'Andriamatoa RAKOTOARIMANANA	Patrice .....	59
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	60	
- Teny nataon'Andriamatoa RAKOTOARISOA	Nirina Fenohery Johnny .....	60
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	61	
- Teny nataon'Andriamatoa RAKOTOMALALA	Lucien .....	61
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	62	
- Teny nataon'Andriamatoa RAVELOSON	Guillaume Narindrasana .....	62
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	62	
- Teny nataon-dRamatoa RAZANAMAHASOA	Christine Harijaona .....	63
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	64	
- Teny nataon'Andriamatoa RAVONTY	Tam Teon Luc Urbain .....	64
- Teny nataon'Andriamatoa RAZAIHARIMALALA	Harizaka Fiainantsoa.....	65
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	66	
- Teny nataon'Andriamatoa NASIRA	Julien .....	66
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	67	
- Teny nataon'Andriamatoa MBELO NDRIAMANAMPY	Jean Germain Odon .....	67
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA.....	68	
- Teny nataon'Andriamatoa PEPIN	Michou .....	68
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	69	
- Teny nataon'Andriamatoa RASOLOMANANA	Bebý Olivier .....	69
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	69	
- Teny nataon'Andriamatoa MANOLOSOA	Felix .....	69
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	70	
- Teny nataon'Andriamatoa RAHOLDINA	Naivo Herinantsoina .....	70
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	71	
- Teny nataon'Andriamatoa RATSIVAHINISOLO	Andriniony .....	71
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	71	
- Teny nataon'Andriamatoa FAMINDRA	Justin .....	72
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	72	
- Teny nataon-dRamatoa BAOFENO	Micheline.....	72
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	73	
- Teny nataon'Andriamatoa DJAOSERA	Irénée .....	73
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	73	

- Teny nataon-dRamatoa RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera .....	74
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	74
- Teny nataon'Andriamatoa CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot.....	74
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	75
- Teny nataon'Andriamatoa NAKANY Charly Zafimagnely.....	75
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	76
- Teny nataon'Andriamatoa RAKOTONDRAZAFY Fetra.....	77
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	77
- Teny nataon'Andriamatoa RAKOTONDRAZAFY José Alain .....	77
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	78
- Teny nataon'Andriamatoa RAMAMONJSOA RAKOTONIRINA Jhon Whary.....	78
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	79
- Teny nataon'Andriamatoa RAFIDIMANANTSOA Narson .....	79
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	80
- Teny nataon'Andriamatoa RANDRIAMANAMPISOA Alfred.....	80
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA.....	80
- Teny nataon'Andriamatoa RAKOTONIRINA Jimmy Joe .....	80
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	81
- Teny nataon'Andriamatoa RAKOTORAHALAHY Modeste .....	81
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	82
- Teny nataon'Andriamatoa ANDRIANAMBININA Djohary Lee .....	82
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	83
- Teny nataon'Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré .....	83
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	84
- Teny nataon'Andriamatoa DJAOSERA Irenée .....	84
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	85
- Teny nataon'Andriamatoa BERNANDO Germain Berton Ndrianasy .....	85
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	86
- Teny nataon'Andriamatoa RAZAFINANDRASANA Raulan .....	86
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	87
- Teny nataon'Andriamatoa RAYMOND .....	87
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	87
- Teny nataon'Andriamatoa RASIDIMANANA .....	88
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	88
- Teny nataon'Andriamatoa RANDRIANARISOA Bien Aimé Arsène .....	88
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	89
- Teny nataon'Andriamatoa RANDRIANANDRAINA Théophile Christian .....	89
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	90
- Teny nataon-dRamatoa RAHANTANIRINA Lalao .....	90
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	91
- Teny nataon'Andriamatoa TSARADIA Marco.....	91
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	92
- Teny nataon-dRamatoa RATSIMANDRIONA AIDA Hardy .....	92
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	92
- Teny nataon'Andriamatoa MAMANGY Norbert .....	93
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	93
- Teny nataon'Andriamatoa RAJAOBELINA Lova Herizo .....	93

- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	94
- Teny nataon'Andriamatoa RAKOTONDRAVAO Georges .....	94
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA.....	95
- Teny nataon-dRamatoa RAZAFINDRAVONY Marifidy Christine .....	95
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	95
- Teny nataon'Andriamatoa ROCHELIN Houssen .....	95
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	96
- Teny nataon'Andriamatoa RANDRINARISON Temis Tocle .....	96
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	96
- Teny nataon'Andriamatoa JEAN DANIEL dit Manjosoa .....	97
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	97
- Teny nataon'Andriamatoa FELICIEN Randrianantenaina .....	97
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	98
- Teny nataon-dRamatoa ZAFINANDRO Perle Bien Aimée .....	98
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	99
- Teny nataon-dRamatoa RAKOTOMALALA Miarintsoa Andriatsitonta .....	99
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	99
- Teny nataon'Andriamatoa RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle .....	100
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	101
- Teny nataon'Andriamatoa RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol .....	101
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	101
- Teny nataon-dRamatoa SATRA Augustin .....	102
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	102
- Teny nataon'Andriamatoa RANDRIAMISA NAINA Marie Nicolas David .....	102
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	103
- Teny nataon'Andriamatoa EDIZARD .....	103
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	104
- Teny nataon'Andriamatoa DARKHOUI Siritis .....	104
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	105
- Teny nataon'Andriamatoa TSIKIVY Adrien .....	105
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	106
- Teny nataon'Andriamatoa RABEMANANTSOA Herilala Jeannot .....	106
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	107
- Teny nataon'Andriamatoa RATSIMBAZAFY Alain Jean .....	107
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	108
- Teny nataon'Andriamatoa RIVOTIANA Jean Bosco .....	108
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	109
- Teny nataon-dRamatoa RASOAMALALA Honorine .....	109
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	110
- Teny nataon'Andriamatoa RAKOTOMANJATO Rodin Edmond Georges .....	110
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	111
- Teny nataon'Andriamatoa ROCHELIN Houssen .....	111
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	111
- Teny nataon'Andriamatoa RABENARY Jean.....	111
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	112
- Teny nataon'Andriamatoa ANDRIAMBELOSOA Heriniaina .....	112
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	113

- Teny nataon'Andriamatoa NAKANY Charlie Zafimagnely.....	113
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	113
- Teny nataon'Andriamatoa MOHAMAD Ahmad.....	113
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	114
- Teny nataon-dRamatoa SAID ZAKANIAINA Mahafaly Joseph.....	114
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	115
- Teny nataon'Andriamatoa RAMBOASALAMA Emilien.....	115
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	116
- Teny nataon'Andriamatoa REMI dit DJAO Jean .....	117
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	117
- Teny nataon'Andriamatoa RAMAHANDRISOA Edu Edmond.....	117
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	118
- Teny nataon'Andriamatoa RAKOTONDRAVOAVY Andrianjafinjanakolona.....	118
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	119
- Teny nataon'Andriamatoa RAFIDIMANANTSOA Narson .....	119
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	119
- Teny nataon-dRamatoa MICHELLE Bavy Angelica .....	120
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	120
- Teny nataon'Andriamatoa RATSIMANOSIKA Alexandre Andriamanantena .....	120
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	121
- Teny nataon'Andriamatoa RATSIMANOSIKA Alexandre Andriamanantena .....	121
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	122
- Fanampim-panazavana nentin'Andriamatoa Praiminisitra .....	122
- Teny nataon'Andriamatoa NTSAY Christian, Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta .....	122
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	129
- Fandraisam-pitenenan'ny Vondrona Parlemantera .....	130
- Teny nataon'Andriamatoa MAMANGY Norbert .....	130
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	131
- Teny nataon'Andriamatoa RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle .....	131
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	133
- Teny nataon'Andriamatoa DJAOSERA Irénée .....	133
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	134
- Fiatoan'ny fivoriana .....	134